

Daroul-hikmah

Ambohitrarimo

دار الحكمة

الفقه الميسر

DIDY AMAN-DALANA NOTSORINA



المترجم سالم معروف

Nadikan'i Salim Manrouf

Institut Islamique de Madagascar



لَا إِلَهَ إِلَّا اللَّهُ
مُحَمَّدٌ رَسُولُ اللَّهِ
عَلِيٌّ أَمِيرُ الْمُؤْمِنِينَ وَوَلِيُّ اللَّهِ

**Ireo didy aman-dalàna islamika
tsotra sy mazava sady fampiasa andavan'andro,**

**Ivondronan'ireo manam-pahaizana
izay mpanaraka ny madh'ħab Aħloul-Baīt (a.s)**

بسم الله الرحمن الرحيم

أحمد لله رب العالمين، والصلاة والسلام على محمد وأله الطاهرين،
واللعنة الدائمة على اعدائهم أجمعين.

Teny fampidirana

Dera sy laza ho an'i Allah, nitarika antsika tamin'ny finoana islam izay mitondra makany amin'ny fahasambarana.

Dera sy laza ho an'i Allah izay nandefa ireo Mpaminany mba hitari-dàlana antsika sy hanazava ny lala-mahitsy.

Dera sy laza ho an'i Allah izay nanome voninahitra sy nanavotra antsika mba hampihatra ny lesona teo anatrehan'ireo tsy mpino.

Tena marina fa ny finoana islam dia nanoro antsika mpino silamo ny lalana mankany amin'ny fahasambarana sy ny fanavotana. Fa kosa ny tsy fahafantaran'ny ankamaroan'ireo mpino ny tanjon'ilay finoana, miampy ny ezaka ataon'ireo mpanjanaka ara-tsaina, no nahatonga ny silamo maro an'isa, ho lasa mihataka amin'ny antsipirian'ny finoany sy ny lalana mifehy izany.

Ankoatr'izany, dia tsapa fa ny mpino eto amintsika dia tsy rototra firy intsony amin'ny famakiana nohon'ny tsy fisian'ny boky izay mahasarika sy tena ilaina amin'ny fiainana andavan'andro ; manampy trotraka izany koa ny rendrarendra sy ny tsy firaharahana ny finoana izay anisan'ny antony lehibe tsy nahafantaran'ny ankamaroan'ny olona ny finoany antsipiriany.

Amin'izao fotoana izao anefa dia hita fa mihamandroso ny finoana amin'ny ankapobeny, izay vokatry ny fijoroan'ireo manam-pahaizana sy ireo firenena islamika amin'ny asa fampielezana. Eny, mihamanatona sy te hahalala bebe kokoa, ary te hampihatra izany ireo olona mpino mpankato, aorian'ny fahafantaran'izy ireo ny tsy fahamarinan'ny foto-kevitra izay nijoroan'ireo mpanjanaka ara-tsaina ireo.

Koa marina dia marina fa, andraikitra lehibe mipetraka ao andamosin'ireo manam-pahaizana, ny fampandrosoana ny asa fanoratana

ireo boky, mba hitoetra hatrany eo amin'ireo vahoaka sy ho fanampiana amin'ny fampahalalana an'ilay finoana Islam.

Arak'izany dia raisinay ampanetren-tena ny mandray anjara amin'ny fanavaozana an'ity boky ity, izay mirakitra ny sasantsasany amin'ireo «lalànan'ny islam ilaina andavan'andro, izay itambaran'ireo manam-pahaizana mpanaraka ny madh'habo Ahloul-Bayt (a.s)», ary niezahanay nazavaina ireo tranga mateti-piseho مسائل , izay mety ahitana fifanoherana.

Isaoranay etoana ireo izay nanampy tamin'ny fanatontosana ity boky ity. Enga anie i Allah hanome fitahiana sy fahombiazana hatrany, ary mba hanaiky ny asa rehetra vita. Ary iangaviana izay mamaky azy ity mba hamaky ny souratoul-fâtihah ho an'ireo ray aman-drenintsika ara-panahy indrindra fa ny al-marhoum ROSHAN Jamil izay nahafantarnay ity finoana marina sy mahafinaritra ity.

الإِجْتِهَادُ وَالتَّقْلِيدُ
Ny ezaka sy ny fanarahana

1-Loharano nipoiran'ireo lalàna

Rehefa nahary ny olombelona i Allah dia napetrany teto ambonin'ny tany ary tsy namela azy hijaly Izy, fa mbola nanome ihany koa, ireo zavatra mba hahatsara sy hahasambatra ny fiainany.

Isika dia mahatsapa fa, nomanin'i Allah ho an'ny zanak'olombelona ireo zavatra rehetra ilain'ny vatana, na ara-tsakafo na ara-pitafiana ...sns. Sahala amin'izany ihany koa, dia nomaniny ireo zavatra rehetra ilain'ny fanahy, mba hisian'ny fitoniana sy filaminana.

Arak'izany, Ilay Mpahary dia nampidina ireo lalàna tamin'ny alalan'ireo Mpaminaniny sy ireo Irany (fandriam-pahaleman'i Allah ho Azy ireo), mba hampirindra ny fiainan'ny zanak'olombelona.

2-Ny anjara asan'ireo Mpaminany

Ireo Mpaminany dia, nandray fampianarana tamin'ny Anjely Djibrail (a.s), ary nampielany izany tamin'ny zanak'olombelona mba hitari-dàlana azy ireo ho any amin'ny lala-mahitsy sy hampihatra ireo lalàna amin'ny lafiny rehetra eo amin'ny fiainany. Ary izany anjara asa izany ihany, no mbola notohizan'ireo Imàm izay mpandimby ny asan'ireo Mpaminany, mba hiaro ny vahoaka amin'ny fahaverezana sy hitarika azy ireo amin'ny fampiharana ny “charīanh”.

Ny farany tamin'ireo Mpaminany dia i Mouhammad (s.a.w), ary ireo mpandimby Azy dia ireo Imàm roa ambin'ny folo avy amin'ny ankohonany, izay voatendry mba hitarika ny vahoaka aoriany sy hiaro ilay finoan'i Allah farany.

3-Ny anjara asan'ireo manam-pahaizana

Nohon'ny tantara nampalahelo izay nandalo teo amin'ny finoana islam, hatramin'izay ka hatramin'ny vanim-potoan'ilay olo-masina farany,

Al-Imàmoul-Mahdi (a.s), izay nampanjavonin'i Allah nohon'ny Fahendreny, dia nametraka hafatra tamin'ireo manam-pahaizana mpiezaka sy marina ilay Imàm (a.s) mba hitarika ny vahoaka sy hiaro ny finoana nialohan'ny nanjavonany.

Noho izany, dia adidintsika vahoaka mpanaraka no mankato azy ireo, ary manaiky ireo baiko rehetra izay nandidiany antsika, araka ny hadith voaray avy tamin'ilay Imàm (a.s) , manao hoe:

"مَنْ كَانَ مِنَ الْفُقَهَاءِ صَانِتًا لِنَفْسِهِ حَافِظًا لِدِينِهِ مُخَالِفًا لِهَوَاهُ مُطِيعًا لِأَمْرِ
مَوْلَاهُ فَلِلْعَوَامِّ أَنْ يُقَلِّدُوهُ"¹.

“Rehefa misy manam-pahaizana izay manaja tena sy miaro ny finoana, manohitra ny fanirian-dratsiny, mankato ny baikon'i Allah, dia adidin'ireo olon-tsotra ny manaraka azy”².

4-Famaritana

A-Ny charianh

Ny “charianh” dia fitambaran'ireo didy aman-dalàna avy amin'i Allah, izay ampiasaina ho entina mandamina ny fiainam-bahoaka amin'ny ankapobeny, eo amin'ny sehatra rehetra misy azy, na ara-tsaina, na ara-tsosialy, na ara-politika, na ara-toe-karena, na ara-tafika, na ara-pinoana, na ara-pitondrantena.

B- Ny idjtihad

Ny antsoina hoe “idjtihad” dia fijoroan'ny andian'olona hianatra sy hiaroka lalina ireo lalànan'ny finoana, mba hahafantarana ny wadjib sy

¹تحرير الوسيلة الجزء الأول ص.5

² Miverena amin'ny boky “Tahriroul-wasilah nosoratan'ny Imàm Al-khomeïni (tso-dranon'i Allah anie ho azy), p. 05”.

ny haràm. Koa ny vokatry ny fianarana sy ny fikarohana no hahatonga azy ireo ho afaka manatsoaka ny lalàna avy amin'ny Qour'an masina sy ny hadith avy amin'ireo olo-masina (a.s). Ny olona manao izany fikarohana izany no antsoina hoe: “moudj'tahid” مجتهد .

D- Ny taqlid

Ny “taqlid” dia fanarahana avy hatrany sy fankatoavana ny moudjtahid iray, izay manam-pahaizana indrindra mihoatra ny hafa, fanarahana ny heviny sy ny lalàna izay avoakany.

Isika mpanaraka no antsoina hoe: “mouqallidīn” مقلدين. Ary ilay “moudj'tahid” izay arahina no antsoina kosa hoe: “mardjan” مرجع .

5-Ireo lalàna mikasika ny taqlid

Mas'alah¹.1: Adidin'ny mpino silamo tsirairay iharan'ny didy, no mahafantatra ireo lalàna mifehy ny asa izay ataony eo amin'ny fiainany manontolo; koa tsy azony atao ny manao tsirambina sy mamela izany fianarany izany.

M².2: Adidin'ny silamo tsirairay efa ampy taona, ny miverina amin'ny hevity ny “mardjan” izay manam-pahaizana indrindra mikasika ny asa rehetra atao, na amin'ny karazana asa inona, na karazana asa inona, mba hanao taqlid azy. Rehefa tsy manao izany izy, dia ny asa rehetra izay nataony raha mifanohitra amin'ny fomba fijerin'ilay mardjan izay mendrika arahina amin'ilay fotoana iainany, dia tsy mitombona; afa-tsy hoe, io asa nataony io dia mifanandrify tamin'ny hevitr'ilay moudj'tahid izay wadjib ny manao taqlid azy.

¹ مسألة: Trangan-javatra mety hiseho

² Mas'alah

M.3: Mitombona ny fahampian'ny taona amin'ny finoana islam, rehefa feno sivy taona araka ny calendrier hidjriyah ho an'ny vehivavy, ary rehefa feno dimy ambin'ny folo taona kosa ho an'ny lehilahy, na rehefa hivoahan'ny ranonaina amin'ny alalan'ny nofy na koa rehefa itsirian'ny volo amin'ny manodidina ny henatra.

6- Ireo fepetra takiana amin'ny mardjan

Takiana amin'ilay mardjan izay anaovana taqlid ireto fepetra manaraka ireto:

a) الأَعْمِيَّةُ ny fahambonian'ny fahalalàna

Wadjib ho an'ilay mardjan izay anaovana taqlid ny manana fahaizana mihoatra ny an'ireo moudj'tahid izay mbola velona, ary wadjib amintsika ny mamantatra izany amin'ny alalan'ny fanontaniana apetraka amin'ireo moudj'tahidina, mba hanambara ny tena mahay amin'izy ireo. Fa raha miparitaka ny lazan'ilay mardjan ka manaraka azy ny ankamaroan'ny olona, dia ekena ny tena fananany fahaizana lehibe.

b) الْعَدَالَةُ ny fanaovana ny rariny

Ny mardjan izay arahina dia tsy maintsy lehilahy mpino, mpatahotra an'i Allah, no sady manaraka ny lalàna an-tsakany sy andavany, tsy manao haram, ary tsy mamela ny wadjib. Fantatsika ny momba azy, amin'ny fandrenesana ny lazan'ny finoany sy ny fahatahorany an'i Allah, eo anatrehan'ny olona izay mahafantatra azy.

d) الْحَيَاةُ ny fahavelomana

Ny mardjan efa maty dia tsy azo atao ny manaraka azy, afa tsy hoe efa narahana izy fony fahavelony, ary tamin'ny fahavelomany dia izy no manam-pahaizana indrindra raha mitaha amin'ireo moudj'tahidina velona; na izany na tsy izany, ny fijanonana amin'ny fanarahana ny mardjan efa maty dia tsy azo raha tsy nahazo fahazoan-dàlana avy tamin'ilay mardjan lehibe izay mbola velona. Torak'izany koa, voafetra amin'ilay mardjan izay anaovana taqlid, ny tsy maintsy ampy taona, vory saina, lehilahy, madio ara-piterahana (tsy zanaka avy tamin'ny fijangajangana),

manam-pitadidiana tsara, ary koa “shian” mpanaraka ireo Imàm roa ambin’ny folo.

7- Lalàna amin’ny ankapobeny mikasika ny fanompoana

Hotanisaina eto ny sasantsasany amin’ireo lalàna amin’ny ankapobeny mikasika ny fanompoana izay tsara ho fantatra:

Amin’ny finoana islam dia misy zavatra maro nodidiana sy nametrahana fepetra ny fanatanterahana izany amin’ny alalan’ i Allah, Ilay Avo Indrindra, ho an’izay rehetra iharan’ny didy, izany hoe ilàna fikasana mba hanatanteraka ny didin’i Allah ny fanaovana azy ireo.

Koa tsy ho tanteraka ara-dalàna izany raha tsy atao miaraka amin’ny fikasana madio, ary ireo asa ireo no antsoina hoe: "عبادات" na fanompoana.

Ny mifanohitra amin’izany, misy asa hafa nodidian’i Allah, fa kosa tsy nametrahany fepetra ny fanaovana azy miaraka amin’ny fikasana mba hanatanteraka ny didiny.

Arak’izany, ny olona dia tompon-tsafidy mikasika ireo asa ireo, na hanatanteraka izany amin’ny alalan’ i Allah, na amin’ny antony hafa. Raha manao ny iray amin’ireo fomba roa ireo izy, dia ekena no sady aradalàna, saingy, ny tiana hambara amin’izany, dia ny mba hahazoan’ilay mpanatanteraka tombontsoa, ary tsy voafetra hisy fikasàna ny fanaovana azy. Tsara ho marihina fa, ireo asa fanompoana na "عبادات" ireo dia manana anjara asa lehibe ao anatin’ny finoana islam.

Ho an’izay mila mahafantatra bebe kokoa mikasika izany dia miverena amin’ilay boky antsoina hoe: "الْفَتَاوَى الْوَأَضِحَةُ" izay nosoratin’i Mouhammad Bakir Al-swadr (رحمه الله).

Ireo asa fanompoana amin'ny lalàna islam dia maro ka ny voalohany amin'izany araka ny fandaharana nataon'ireo manampahaizana dia:

Ny “twahàrah”: tafiditra ao anatin'izany ny woulwou, ny ghousle ary ny tayammoum.

Ny “swalàt”: tafiditra ao anatin'izany ny adhàn, ny iquàmah ary ilay tenan'ny swalàt mihitsy.

Ny sawm.

Ny in'tikaf.

Ny hadj sy ny oun'mrah ary ny twawaf.

Ny zakàt.

Ny khoums.

Ny djihàd.

Ny kaffarah.

Ary ny “int'q”: izany hoe famoahana andevo.

Ary ny ankoatr'ireo voalaza ireo, amin'ireo wadjib sy moustahab dia ny zavatra nobaikoan'ny charīanh ho tanterahantsika, fa tsy anisan'ny fanompoana, ohatra: manadio ny vatana sy ny lamba amin'ireo nadjis, manao fandaniana amin'ny vady sy ireo fianankaviana, ny fifandraisana amin'ny havana, ny fampianarana ny lalàna, ny fanefana ny trosa, ny fanatanterahana ny fampanantenana, ny fanaovana ny tsara amin'ireo ray aman-dreny, ny famaliana salam ...sns amin'ireo asa moustahab sy wadjib fa tsy anisan'ny fanompoana.

Ny atao hoe fikasàna mba hanakaiky an'i Allah, dia toy izao: fanatanterahana ny asa amin'ny alalan'i Allah Ilay Avo Indrindra.

Izany fikasana izany no manosika ny olona hanao ilay asa, na dia nohon'ny fahatahorana ny sazin'i Allah aza no hanatanterahany izany, na nohon'ny faniriana te hahazo ny fahasoavany, na nohon'ny antony fitiavan'ilay mpanompo Azy sy ny finoany amin'ny mahamendrika ny fankatoavana Azy.

Noho izany, ny fanompoana dia ara-dalàna raha atao miaraka amin'ny fikasàna, nohon'ny antony iray amin'ireo voalaza ireo, ary tsy voatery hanao ny fikasàna hoe: wadjib na moustahab, fa ampy fotsiny ny manatanteraka azy ho fankatoavana an'i Allah.

Raha ny olona iharan'ny didy no manatanteraka ny asa wadjib izay tsy anisan'ny fanompoana, ohatra: ny fandaniana amin'ny vady. Koa raha nanao izany ny olona tamin'ny alalan'ny fikasana mba hanakaiky an'i Allah dia efa niaro ny tenany amin'ilay sazy no sady mendrika azy ny fahasoavana nohon'ny fiantran'i Allah.

Fa raha nanao izany kosa ny olona nohon'ny antony hafa, toy ny fitiavany ny vadiny ohatra, dia efa niaro ny tenany amin'ilay sazy ihany koa izy, fa saingy tsy mendrika ny hahazo ny fahasoavana noho izany.

Torak'izany koa, raha ny mpanana no nanao fanomezana, tamin'ny alalan'ny harenany dia misy fanazavana toy izao:

-Raha nikasa izany nohon'ny fitiavany te hanakaiky an'i Allah, dia mendrika ny hahazo ny fahasoavana izy, ka ilay hatsarana nataony no antsoina hoe: “swadaqah”.

-Raha tsy nikasa ny hanakaiky an'i Allah, dia tsy mendrika ny hahazo ny fahasoavana izy; fa izay manao toy izany dia ampian'i Allah fotsiny izy noho izy malala-tànana.

Ireo asa wadjib sy moustahab, izay samy tsy anisan'ny fanompoana, raha nataon'ny olona tamin'ny alalan'ny fikasana mba hanakaiky an'i Allah sy miampy antony hafa manokana, raha nanao izany izy, dia efa niaro tena amin'ny sazy no sady mendrika ny hahazo fahasoavana. Fa mikasika ireo fanompoana wadjib dia tsy avotra amin'ny sazy mihitsy ny olona iharan'ny didy, raha tsy nanao izany tamin'ny fikasàna madio mba hanakaiky an'i Allah.

Raha fantatr'ilay olona iharan'ny didy, fa ilay asa dia tsy takian'i Allah, amin'izay fotoana izay dia haram aminy ny manao izany amin'ny fikasàna mba hanakaiky Azy. Koa ny toy izany no antsoina hoe: "بِدْعَةٌ" famoronana lalàna, ary izany dia haràm amin'ny finoana islam. Fa raha misalasala amin'ny asa iray ny olona, amin'ny hoe takian'i Allah ve izany sa tsia, nefa tiany ny manao azy amin'ny fikasam-panantenana mba ho anisan'ny takian'i Allah izany; raha toy izany no izy, dia tsy hahazo fahotana ilay olona, ary izany no antsoin'ireo manam-pahaizana hoe: اِحْتِيَاظُ "ihtiyàtw" izany hoe fitandremana amin'ny lalàna.

Wadjib amin'ny olona iharan'ny didy, na lahy na vavy ny mba hikaroka amin'ny finoany sy ny hahafantatra ireo lalàna izay mety hiseho; tsy vita anefa ny mampihatra izany, raha tsy manana fahalalana ny olona.

Koa tsy afa-tsiny ny olona iharan'ny didy, ny amin'ny famelàny ny wadjib nohon'ny tsy fahalalany. Torak'izany ihany koa dia tsy afa-tsiny, ny tsy fanatanterahana ara-dàlana ny wadjib, nohon'ny tsy fahafantarany ireo fepetra sy ny singany.

Noho izany, ny adidy mipetraka amin'ny silamo iharan'ny didy dia ny mianatra ireo lalàna. Koa rehefa mampihatra ireo adidy takian'i Allah toy ny swalàt na ny fifehezana izy dia manana fahatokisana izy fa nanatanteraka tokoa ilay adidy amin'ny fomba marina sy ara-dalàna noho izy nanana fahalalana. Amin'izay fotoana izay dia manana fialan-tsiny eo anatrehan'ny Tompony izy no sady tsy enjehin'ny eritreriny.

القسم الأول
Fizarana voalohany
العبادات
Ireo asa fanompoana

الصلاة

Ny swalàt

الصَّلَاةُ اليَوْمِيَّةُ

Ny swalàt fanao andavan'andro

مُقَدِّمَاتُ الصَّلَاةِ

Ireo fampidirana amin'ny swalàt

الْمُقَدِّمَةُ الْأُولَى

Fampidirana voalohany

الطَّهَارَةُ

Ny fahadiovana

Famaritana:

a) Al-twahàrah

Ny atao hoe: الطهارة “al-twahàrah” dia ny fahadiovana ny vatana, ny fitafiana sy ny sakafo amin'ny loto izay mipetaka amin'izy ireo, ka amin'ny alalan'ny fanasana, na ny woulwou na iray amin'ireo zavatra manadio no entina manatanteraka izany, izay mbola ho resahana amin'ny manaraka.

b) Al-nadjàsah

Ny atao hoe: النجاسة “al-nadjàsah” dia ny fipetahan'ny loto toy ny kaka, na ny rà amin'ny vatana, na amin'ny fitafiana, na amin'ny sakafo, na koa fisehoan'ny loto ara-pinoana eo amin'ny vatan'olombelona; koa noho izany dia misy karazany roa ny nadjàsah:

- الخبث “al-khabath”:

Ny al-khabath dia ireo loto azo tsapain-tànana izay hita mivoaka amin'ny vatan'olombelona toy ny rà, pipy, kakà...sns amin'ireo karazana loto.

- الحدث “al-hadath”:

Ny al-hadath dia ny loto ara-pinoana izay vokatry ny fivoahan’ny pipy, rivotra, na ny fisehoan’ny torimaso ...sns, ary izy ireo no antsoina hoe loto kely ara-pinoana. Miseho ihany koa ny al-hadath, amin’ny alalan’ny fikasihana faty, na fisehoana جنابة “djanàbah”, na حيض “hailwou” ...sns, koa izany no antsoina hoe loto lehibe ara-pinoana.

أنواع النَّجَاسَاتِ - الْأَخْبَثُ -

Ireo karazana nadjis -al-khabath-

a-Ny kakà sy ny pipy

Ny pipy sy ny kakà dia anisan’ny loto ara-pinoana¹, raha toa ka avy amin’ny biby izay tsy azo hohanina ny nofony, toy ny olombelona, ny liona sy ireo biby rehetra izay manana hozatra eo amin’ny tendany ka miporitsika ny ràny rehefa vonoina; tsy ao anatin’izany ny vorona. Fa raha azo hohanina ny nofon’ilay biby toy ny omby na ondry, na tsy manana hozatra eo amin’ny vozony toy ny bibilava na trondro, na ireo vorona toy ny voromahery na akoho, marina tokoa fa tsaraina ho madio ny pipy sy ny kakà mivoaka amin’izy ireo.

b-Ny rà

Ny rà dia loto ara-pinoana raha avy amin’ny biby rehetra izay manana hozatra eo amin’ny vozony, na dia azo hohanina na tsia ny nofony, na anisan’ny vorona na tsia toy ny ondry, liona, voromahery, voalavo ...sns, fa kosa ny biby izay tsy misy hozatra eo amin’ny vozony toy ireo bibikely rehetra, trondro sy ny bibilava, marina tokoa fa ny ràny izy ireo dia tsaraina ho madio ara-pinoana².

¹ Nadjis

² Twaḥàrah

M.4: Ny rà izay tavela ao anatin'ny vatan'ny biby novonoina araka ny lalàna islamika, aorian'ny fivoahan'ny rà mahazatra aminy dia tsaraina ho madio; ohatra amin'izany dia ny rà sisa tavela ao anatin'ny fo na ao amin'ny aty na ao anatin'ny sasantsasan'ireo hozatra.

M.5: Ny rà izay notsetsefin'ny moka na parasy vao vetivety amin'ny vatan'olombelona dia tsy anisan'ny ràny izany; marina tokoa fa ràn'olombelona izy io ka tsaraina ho nadjis.

d-Ny biby maty ho azy

Ny antsoina hoe biby maty ho azy dia biby izay maty fa tsy araka ny fomba islamika ny namonoana azy, ary izany biby izany dia manana hozatra no sady miporitsika ny rà rehefa vonoina. Fa ny biby izay novonoina araka ny fomba islamika, na dia tsy azo hohanina aza, toy ny fosa, ny liona, ...sns, na ireo biby tsy manana hozatra sy tsy miporitsika ny rà rehefa vonoina, toy ny bibilava sy ireo bibikely, marina dia marina fa tsaraina ho madio ara-pinoana ny fatin'izy ireo.

M.6: Avahana manokana amin'izany Ireo singan'ny biby nadjis maty ho azy sy tsy manan'aina hatrany am-piandohany, ohatra ny tandroka, ny volo, ny hoho...sns amin'ireo singa tsy misy nofo sy rà; marina tokoa fa ireo zavatra ireo dia tsaraina ho madio ara-pinoana.

M.7: Tsy azo hohanina ny hena izay nafarana avy any amin'ny tanànan'ireo kafir, raha tsy hoe angaha fantatra fa olona silamo no namono azy. Rehefa atokisana fa kafir ny mpamono dia tsy azo hohanina izy io no sady nadjis ihany koa. Ny hoditra izay hanamboarana kiraro na fehikibo dia tsaraina ho nadjis nohon'ny antony voalaza teo aloha.

e-Ny toaka

Ny karazan-javatra mahamamo rehetra, izay tsiranoka no niandohany, ka anisan'izany ny labiera sy ny divay dia nadjis na dia kely aza. Ary ho fanampin'izany, ny fisotroana sy fanolorana azy amin'ny hafa

mba ho sotroiny, eny fa na dia ny fipetrahana miaraka amin'ny olona misotro azy amin'ny toerana iray aza, dia voarara, haràm. Ny alikaola kosa dia madio ara-pinoana fa saingy tsy azo sotroina.

Ireo zavatra mahamamo izay mivaingana ny fiandohany, toa ireo zava-mahadomelina isankarazany, marina tokoa fa twahàrah izy ireo na dia levonina amin'ny rano aza, saingy tsy azo sotroina na dia kely noho izy mahamamo.

f-Ny kafir

Ny kafir dia ny olona izay tsy nanaraka finoana, na nanaraka finoana fa ankoatra ny finoana islam, na koa nanaraka ny finoana islam ihany, saingy nitsipaka ny zavatra efa fantatra fa anisan'ny finoana. Koa ny fitsipahana toy izany no maneho ny fanoherany ny finoana islam, na dia amin'ny ankapobeny aza, izany hoe lasa mampandainga ny Mpaminany (s.a.w) amin'ireo fampielezana sasany nataony mikasika ny fototry ny finoana, Ohatra: ny tsy finoana mikasika ny andro farany ...sns, na ankoatr'izany amin'ireo sampan'ny finoana, ohatra ny tsy finoana ny maha-wadjib ny swalàt.

Raha ilay fitsipahana no tsy mikasika ireo voalaza ireo, ohatra: nohon'ny fipetrahany amin'ny toerana lavitra, izay tsy dia misy mpino silamo sy ny tsy fahafantarany ny lalàn'ilay finoana, dia tsy azo tsarina ho kafir izy.

Eny fa ny mikasika ireo vondrona sasany very lâlana, izay milaza ny tenany ho islam dia misy fahasamihafana ny fombafomban'izy ireo, anisan'izany ireo antsoina hoe: “al-ghoullàte” الغلاة , ary izy ireo dia misy fahasamihafana amin'ny lafin'ny “anqīdah” عقيدة. Koa izay manana finoana ka tonga amin'ny fetra izay azo iantsoana azy ho kafir, araka ny famantarana izay hita teo aloha dia tsarina ho nadjis, fa ny ankoatr'azy ireo kosa dia tsy anisany.

Anisan'ireo very lâlana ihany koa, ny vondrona antsoina hoe: “an-nawàswwb” التّوَّاصِب, ireo no maneho miharihary ny fankahalana an'ireo “Ahloul-baït ” (a.s); tsy hisalasalana mihitsy ny maha-nadjis ireo olona ireo.

Anisan'izy ireo koa ny “al-khawàridj”, الخوارج izay mizara roa: misy ny mampiharihary ny fankahalana an'ireo “Ahloul-baït ” (a.s). Noho izany, dia mitovy lenta amin'ireo التّوَّاصِب izy ireo. Fa misy ihany anefa ny tsy tahaka izany, na dia heverina ho anisan'ny الخوارج aza, nohon'ny fanarahany ny lalàn'izy ireo, ka tsy tsarina ho najjis.

Izany voalaza rehetra izany, dia tsy tafiditra ho anisan'izy ireo ny “kafir ahloul-kitab” toy ny kristianina sy ireo Jiosy, ary ny “mourtadde” المرتدّ izay mpino silamo niala tamin'ny mahasilamo azy.

Ny mikasika ireo kafir ahloul-kitab, ny sasany amin'ireo manampahaizana milaza azy ireo ho najjis, fa ny sasany toa an'ny As-sayed as-sistanî kosa dia mahita fa “twaàrah”, na dia miteny aza izy fa tsaratsara amin'ny olona ny mitandrina. Fa ny “mourtadde” kosa dia jerena araka ny lalàna mifehy azy, mikasika ny vondrona izay nidirany taorian'ny fialàny tamin'ny finoana islam.

g-Ny alika sy ny kisoa an-tanety

Ny tsirairay amin'izy ireo dia tsarina ho najjis, na dia efa vita vaksiny aza, izay manadio ny otrik'aretina tahaka izay hita ankehitriny.

h-Ny ranon'aina

Ny ranon'aina dia tsiranoka izay mivoaka amin'ny lehilahy, na amin'ny vehivavy rehefa tratran'ny faniriana faratampony. Izy io dia tsarina ho najjis, na avy amin'ny olona, na biby rehetra manana hozatra amin'ny vozony izay miporitsika ny ràny rehefa novonoina.

Fomba fifindran’ny nadjis

M.8: Ny nadjis dia mandoto raha mifindra amin’ny vatana na sakafo na fitafiana amin’ny alalan’ny hamandoana izay mahatonga ny fifindran’ny nadjis avy amin’ny toerana iray makany amin’ny toeran-kafa madio. Fa ny fifampikasohan’ny olona amin’ny nadjis maina, kanefa maina ihany koa ny vatany na ny fitafiany, dia tsy mifindra izany.

M.9: Raha misy zavatra voan’ny karazana loto iray, amin’ny fomba voalaza teo aloha: toy ny tanana ohatra, io zavatra io dia afaka mandoto ny hafa madio izay mifampikasoka aminy raha nisy ny hamandoana, na dia tsy nametraka faritra aza ilay nadjis; koa ilay zavatra voakasika no antsoina hoe: مُتَجَسِّسٌ “motanadjjis” izany hoe voan’ny loto.

Fanamarihana:

Ny zavatra rehetra hisalasalana ny maha-nadjis azy, nefa nanana fahalalana mikasika ny fahadiovany izy teo aloha dia heverina fa mbola madio izany. Ary tahak’izany koa, ny zavatra izay tsy fantatra ny toetrany teo aloha, dia tsarina fa madio ihany. Noho izany, tsy voatery atao ny fikarohana amin’ny zavatra izay hisalasalana mikasika ny maha-twahàrah na ny maha-nadjis azy, na dia mora atao aza izany fikarohana izany. Fa raha misalasalana kosa ny amin’ny fahadiovan’ny zavatra iray, aorian’ny fahafantarana ny nampahaloto azy teo aloha dia tsarina fa mbola nadjis hatrany izany.

Fomba fanadiovana

M.10: Tsy voatery ny fanalana ny nadjis raha tsy efa hivavaka na hisakafo ny olona, satria tena marina fa tsy mety ny swalàt raha atao miaraka amin’ny lamba nadjis, na koa vatana nadjis; fa wadjib ny manadio azy alohan’ny swalàt. Tsy mety ihany koa ny mihinana sakafo voan’ny nadjis, na mihinana amin’ny tanana voan’ny nadjis; raha mahatonga ny hamandoana amin’ny fikasihana ilay sakafo izany.

M.11: Tsy tanteraka mihitsy ny fanadiovana ny loto afa-tsy amin'ny fomba izay nofaritan'ny lalàna islamika, fa raha fafana fotsiny ny rà na ny pipy izay mipetaka amin'ny tanana dia tsy mampahadio azy velively; ka tsy maintsy ilaina ny fanasana ilay faritra maloto amin'ny rano. Noho izany, tsy ampy ny fialan'ny vaingan'ny loto mba hahatanteraka ny fahadiovany, afa-tsy eo amin'ny zavatra roa:

-Ny biby voan'ny loto

Tena marina fa ampy mampahadio azy ny fialan'ny vaingan'ny loto eo amin'ny vatany, na amin'ny fomba ahoana na amin'ny fomba ahoana.

-Ireo zavatra anaty

Ohatra ny ativavan'olombelona, tena marina fa ampy mampahadio azy ny fialan'ny vaingan'ny loto, na dia tsy nosasàna tamin'ny rano aza.

Marihina fa misy roa ambin'ny folo ireo zavatra afaka manadio araka ny finoana islamika, ary hazavaina eto amin'ny fomba tsotra fa tsy amin'ny antsipiriany izany; fa amin'ny boky hafa manaraka no hahitana ny fanazavana amin'ny antsipiriany raha sitrapon'i Allah.

الْمُطَهَّرَاتُ

Ireo zavatra mpanadio

1 - Ny rano الْمَاءُ

Azo sokajiana ho roa karazana ny rano dia ny rano madio tsy mifangaro الْمَاءُ الْمُطْلَقُ sy ny rano mifangaro الْمَاءُ الْمُضَافُ; ary misy koa ny rano kely sy ny rano be.

Ny rano madio tsy mifangaro

Ny antsoina hoe rano madio tsy mifangaro dia rano tsy ahitana fanampin-javatra mifangaro aminy. Manana karazany maro izany, dia ny rano mikoriana, ranon'orana, rano amin'ny vovo, ranomasina, rano miandrona betsaka ampy “kour” na mihoatra, ary rano miandrona fa kely latsaky ny “kour”.

Raha betsaka sy ampy “kour” izany hoe 377kg no mihoatra ny rano, dia tsy nadjis rehefa hidiran'ny loto, raha tsy hoe angaha, niova ny iray amin'ireto toetrany anankitelo ireto: dia ny lokony, ny fofony, ary ny tsirony. Fa raha ilay rano madio tsy mifangaro no rano kely izany hoe tsy ampy “kour”, dia maloto avy hatrany rehefa nidiran'ny nadjis na ny zavatra voan'ny nadjis; afa-tsy hoe ny rano no miraraka avy ambony eo amin'ilay nadjis, sady miaraka amin'ny tosika mafy izay tsy mahatonga ilay rano anatin'ny siny ho nadjis; fa ny rano izay mikasika amin'ilay nadjis ihany no nadjis.

Ny rano mifangaro

Ny rano mifangaro dia rano madio ny tenany, saingy tsy afaka manadio ny loto ara-pinoana, na ny hita maso na ny tsy hita maso. Ary rehefa hidiran'ny loto azo tsapain-tanana izy, dia maloto avy hatrany, na dia mahafeno ny fetran'ny “kour” izy na tsia.

Anisan'ny porofo amin'ny maha-twahàrah ny rano mifangaro, dia ny fitsipika anankiray mikasika ny twahàrah izay voaray avy tamin'ilay mpanaradian'ny Al-Imàm Al-Swàdiq (a.s), izay antsoina hoe Ammàr.

رَوَى عَمَّارٌ عَنْ أَبِي عَبْدِ اللَّهِ (ع) "كُلُّ شَيْءٍ نَظِيفٌ حَتَّى نَعْلَمَ أَنَّهُ قَدْرٌ، فَإِذَا عَلِمْتَ فَقَدْ قَدَّرَ، وَمَا لَمْ تَعْلَمْ فَلَيْسَ عَلَيْكَ."

(الفقه الإستدلالي على المذهب الجعفري؛ الجزء الأول. ص22)

بقلم باقر الإيرواني

Dikany: Noraisin'i Ammàr avy tamin'ny Al-Imàm As-Swàdiq (a.s) izay niteny nanao hoe:

“Ny zavatra rehetra dia twahàrah hatramin'ny hahafantarana azy ho nadjis, raha fantatrao ny maha-nadjis azy dia nadjis izy amin'izay fotoana izay, fa raha tsy fantatrao dia tsy ananan-tsiny”.

Miverena amin'ny boky “Al-fiqhoul-istidlàli” nosoratan'i Bàqir Al-irawàni (دام ظلّه).

Ny rano kely

Ny rano kely dia izay rano milanja latsaky ny 377kg, toy ny rano anaty barika na siny ... sns. Izany rano izany dia madio, ary afaka manadio ny zavatra hafa voan'ny nadjis, raha mbola tsy tratan'ny iray amin'ireo nadjis nolazaina teo aloha. Fa raha nidiran'ny nadjis, na dia kely indrindra mitovy amin'ny loham-panjaitra aza io rano kely io, dia maloto avy hatrany.

Ny rano be

Ny rano be dia izay rano ampy 377kg na mihoatra, na koa rano ampy 27 zehy tora-telo, na ny ranomasina sy ireo renirano lehibe; izy ireo dia madio, ary afaka manadio ihany koa ny hafa voan'ny loto. Tsy mety ho maloto amin'ny alalan'ny fidiran'ny nadjis ao aminy izy, raha tsy hoe angaha niova ny lokony, na ny fofony, na ny tsirony, noho ilay nadjis niditra tao aminy. Noho izany, dia tsy mitovy ny fomba fanadiovana amin'ny rano, arakaraka ny mahasamihafa ny karazan'ny rano ampiasaina amin'ny fanadiovana sy ny mahasamihafa ny zavatra voan'ny loto, ary koa arakaraka ny mahasamihafa ny karazan'ny loto..., toy izao manaraka izao:

Ny fanadiovana ny fitaovana an-dakozia

M.12: Ny fitaovana ampiasaina amin'ny fisakafoanana na fisotroana, raha voan'ny loto nohon'ny fisakafoanan'ny alika sy ny

fisotroany taminy, dia wadjib ny manosotra azy amin'ny fotaka aloha, avy eo esorina ilay fotaka, izay vao kobanina indray mandeha amin'ny rano be na indroa amin'ny rano kely.

M.13: Rehefa voan'ny loto nohon'ny fisotroan'ny kisoa, na nahafatesana voalavo ny fitaovana an-dakozia dia, wadjib ny manakobana azy im-pito amin'ny rano kely, na amin'ny rano be.

M14: Raha voaloton'ny toaka ny fitaovana an-dakozia dia wadjib ny manadio azy, in-telo amin'ny rano be na rano kely.

M.15: Raha voan'ny loto ankoatra ireo voalaza teo ireo ny fitaovana an-dakozia, dia wadjib ny manadio azy in-telo amin'ny rano kely, na indray mandeha amin'ny rano be.

Ny fanadiovana ankoatr'ireo fitaovana an-dakozia

M.16: Ny zavatra rehetra ankoatra ny fitaovana an-dakozia toy ny vatana, na fitafiana na koa zavatra mivaingana, dia ampy ny manadio azy amin'ireo karazana loto rehetra izay mety hipetaka aminy, indray mandeha amin'ny rano kely, na amin'ny rano be, afa-tsy ny loto toy ny pipy izay wadjib ny manadio azy in-droa amin'ny rano kely, fa raha ny lamba no voaloton'ny pipy dia wadjib ny manadio azy, in-droa amin'ny rano kely na rano be, fa raha manadio azy amin'ny rano mandeha, dia ampy ny fanadiovana azy indray mandeha.

Ny zavatra na ny lamba voan'ny pipin'ny zazalahy kely mbola minono, mbola tsy misakafo ankoatra ny nono, ary tsy mihoatra ny roa taona, dia ampy ny fanadiovana azy amin'ny fanondrahana ilay faritra voan'ny pipy, ary tsy maninona na dia tsy fihàzana raha lamba. Fa ny Al-sayed As-sistani (دام ظلله) dia mahita fa, tsy mifanalavitra ny fampiharana io lalàna io ny amin'ny zazavavy kely mbola minono; ary tsy mihoatra ny roa taona ihany koa.

M.17: Ny famerimberenana ny fanadiovana ny loto, dia manomboka amin'ny fanasana aorian'ny fanesorana ny vaingan'ily loto raha mazava ny fipetahany, toy ny rà, ka tsy maintsy esorina aloha ny vaingan'io loto io, vao diovana araka ny lalàna voalaza teo.

M.18: Ny lamba dia tsy maintsy fihàzana aorian'ny fanadiovana azy amin'ny rano, satria tena marina fa tsy madio raha alona fotsiny ao anaty rano, ary tsy maintsy fihàzana alohan'ny hanahàzana na hanamainana azy; afa-tsy hoe nadio tamin'ny alalan'ny firotsahan'ny orana ka amin'izay fotoana izay dia tsy voatery fihàzana.

2 - Ny masoandro الشمس

M.19: Ny masoandro dia manadio ny tany sy ny zavatra rehetra mifikitra eo aminy; ohatra ny trano.

Ny zavatra manaraka ny trano toy ny varavarana, na ny hazomaniry sy ny rantsany, na ny voankazo, na ny anam-bazaha, dia misy fifanoherana amin'ireo manam-pahaizana; koa ny Al-sayed as-sistanī dia manana fisalasalana mikasika ny fampiarahana ho iray ny lalàna ny tany sy ireo zavatra mifikitra eo aminy. Ny manam-pahaizana hafa anefa dia mahita fa, afaka ampiarahina izany.

M.20: Tsy afaka manadio ny masoandro raha tsy mitaratra mivantana an'ily toerana maloto, izany hoe tsy voasakan'ny rahona, ary mila mando ilay nadjis ka ny taratry ny masoandro no manamaina azy; fa raha mbola tavela ny ventin'ily nadjis, toy ny kaka, na ny rà dia, tsy madio mihitsy ilay toerana. Raha ohatra ilay zavatra voan'ny loto afaka mitroka rano, ka tafiditra ao anatin'ny ilay nadjis, toy ny tafo, na hazo fisaka, amin'izay fotoana izay dia madio ny ao anatin'ny raha miara-maina amin'ny ivelany amin'ny alalan'ny taratry ny masoandro izany.

3 - Ny tany الارض

M.21: Ny tany dia afaka manadio ny faladian-tongotra sy ny ao ambanin'ny kiraro fotsiny. Ny fanadiovana azy dia tanteraka amin'ny alalan'ny fandehanana, na fikosehana amin'ny tany raha miala ny vaingan'ily nadjis. Voafetra ho madio no sady maina ilay tany ary voafetra ihany koa, mba tamin'ny alalan'ny fandehanana amin'ny tany no nahazoana ilay nadjis.

4 - Al-Istihàlah الأستحالة

Ny atao hoe istihàlah dia fiovan-javatra ho amin'ny endrika hafa, izay samy hafa ny karazan'ny endriny, araka ny fomba fahitan'ny olona; ohatra amin'izany, ny fahadiovan'ny zavatra iray maloto teo, na voan'ny loto taorian'ny nahamain'ny afo ka nampiova azy ho lavenona.

5 - Al-inquilàb الأنقلاب

Ny al-inquilàb dia voatokana hanadio ny zavatra iray. Izany dia fivadihan'ny toaka ho lasa vinaigitra.

6 - Al-intiquàl الانتقال

Ny al-intiquàl dia ny fifindran'ny ràn'olombelona amin'ny vatan'ny biby izay tsy misy rà amin'ny mahazatra, toy ireo bibikely, moka, parasy, ...sns. Ary voafetra io rà io mba ho efa nifikitra amin'ny vatan'ily biby, ka lasa ho anisan'ny singan'ny vatany. Fa raha tsy izany, na manalalana ny mahasingan'ny vatany azy dia tsy tsarina ho madio.

7 - Al-islàm الإسلام

Ny finoana islam dia manadio ny vatan'ny olona kàfir, tsy mpino, amin'ny nadjis izay vokatry ny fitsipahany an'i Allah. Fa ny nadjis izay mahavao azy kosa, toy ny pipy, marina dia marina fa ny nadjis ohatr'izany dia tsy miala nohon'ny fidiran'ny olona amin'ily finoana islam, fa tsy maintsy ilaina ny fanalana na fanadiovana izany nadjis izany amin'ny alalan'ny fanasàna ilay vatana amin'ny rano, ary tsy misy ny fahasamihafana eo amin'ny kàfir teo ampiandohana sy ny ankotrany araka ny fahitan'i Al-sayed as-sistani. Koa rehefa mibebaka ny olona

“mourtadd” المرتد na dia “mourtadd fitw’rī” مرتد فطري aza, dia tsaraina ho twahàrah.

8 -Ny fanarahana التَّبَعِيَّة

Ny fanarahana dia hita amin’ny ambaratonga maromaro nefa ireto anankiroa ireto ihany no holazaina eto:

1-Raha ny olona kâfir izay tsaraina ho nadjis araka ny hita teo aloha no niditra islam dia madio ary manaraka azy amin’ny fahadiovany ny zanany mbola kely.

2-Ny toaka nivadika ho vinaigitra dia madio, ary madio manaraka azy koa ireo zavatra nitoerany: ohatra ny tavoahangy na barika, raha toa ka tsy nisy nadjis hafa niditra tao anatin’ily tavoahangy, na ily barika ...sns.

9 – Ny tsy maha-eo ny silamo ampy taona, na izay mahay manavaka - ny tsara sy ny ratsy- غياب المسلم البالغ او المميز

Raha voan’ny nadjis ny vatan’ny olona silamo na ny lambany ...sns, amin’ireo zavatra am-pelatanany, avy eo lasa tsy teo izy, dia tsaraina ho twahàrah ily zavatra voan’ny nadjis, raha nanana fanahiana mitombona ily olona nahatazana fa efa nodiovin’ily silamo tompony izany.

10-Fialan’ny vaingan’ny nadjis زوال عين النجاسة

Tanteraka ny fahadiovana nohon’ny fialàn’ny vaingan’ny nadjis amin’ny zavatra anankiroa:

Ny ao anatin’ny olombelona, izay ankoatra ny lavaky ny fivoahan’ny maloto, ohatra ny ao anatin’ny orona, sofina, maso ...sns, raha ohatra mivoaka ny rà ao am-bava, na tratan’ny nadjis avy ety ivelany, dia madio avy hatrany ny vavan’ily olona aorian’ny fialàn’ny vaingan’ily nadjis.

Ny vatan'ny biby rehefa voan'ny nadjis, na avy ety ivelany, na avy ao anatiny, dia madio avy hatrany, aorian'ny fialàn'ny vaingan'ily loto eny aminy.

11-Fanadiovana ny biby **إِسْتِبْرَاءُ الْحَيَوَانَاتِ**

Ny biby rehetra izay fihinana, rehefa lasa “djallal” **جَلَالٌ** izany hoe zatra nihinana ny maloton'olombelona dia haràm ny fihinana ny henany, na ny fisotroana ny rononony, no sady lasa nadjis ny pipiany sy ireo zavatra mivoaka aminy, ary torak'izany ihany koa ny hatsembohany, ka tsaraina ho madio ireo zavatra voalaza ireo aorian'ily “Istibrà'e” .

Ny fanadiovana azy dia ny fanakanana ily biby amin'ny fihinanany nadjis mandritra ny fotoana hialan'ny maha-djallal azy, ary ny fitandremana tsara atao amin'izany dia ny fanarahamaso amin'ily fotoana fanadiovana azy izay voafetra momba izany, araka ny voalazan'ny hadith masina sasany. Izany fotoana izany dia:

- ho an'ny akoho, mandritra ny 3 andro
- ho an'ny dokotra, mandritra ny 5 andro
- ho an'ny ondry aman'osy, mandritra ny 10 andro
- ho an'ny omby, mandritra ny 20 andro
- ho an'ny rameva, mandritra ny 40 andro

12-Ny fivoahan'ily rà mahazatra amin'ily biby novonoina

خُرُوجُ الدَّمِّ بِالْمِقْدَارِ الْمُنْعَارَفِ مِنَ الذَّبِيحَةِ

Rehefa nivoaka tamin'ily biby izay novonoina ara-pinoana ny rà mahazatra dia tsaraina ho madio ny rà sisa tavela ao amin'ny vatany aorian'ny famonoana azy.

فِي أَحْكَامِ الْأُمُوتِ
Ny lalàna mifehy an'ireo maty

Rehefa maty ny silamo anankiray dia mitodika any amin'ireo velona ny adidy maromaro izay antsoina hoe: “wadjib kifà'i” وَاجِبٌ كِفَائِي izany hoe, wadjib amin'ny rehetra ny fanatanterahana izany andraikitra izany nefa raha nisy ny sasany efa nanatanteraka ilay andraikitra dia afaka adidy kosa ireo hafa. Fa raha izy rehetra no indray tsy nandray ny andraikiny dia mendrika azy ireo ny sazin'i Allah any amin'ny andro farany.

M.22: Ny fitandremana tsy maintsy atao, rehefa misy olona silamo miala aina, dia atodika mba hiatrika ny qiblah, araka ny voalazan'ny manam-pahaizana maro. Toy izany koa no atao, raha misy zazakely, na ireo silamo adala, rehefa miala ny fofon'ainy. Misy kosa ny sasany amin'ireo manam-pahaizana toa an'ny As-sayed Mouhammad Twabatwabaï Al-Hakim (دام ظلّه), dia mahita ny maha-moustahab ny fanatodihana azy any amin'ny qiblah amin'ny fotoana ialany aina, fa aorian'ny fialany aina izay vao wadjib ny manatodika azy any amin'ny qiblah. Wadjib ny fampatoriana azy mitsilany ary ny tongony dia arirana mitodika any amin'ny qiblah, amin'ny fomba raha ohatra ka hapetraka izy dia manatrika avy hatrany ny qiblah ny tarehiny.

Ny fitandremana tsara atao amin'ny olona miala aina, dia izy tenany ihany no tokony hanao izany raha vitany, ary tsy voafetra ny fakàna fahazoan-dàlana any amin'ilay mpiandraikitra raha fantatra fa io olona miala aina io dia faly na manaiky izany. Izany no atao raha ohatra ka tsy zazakely na koa olona adala ilay miala aina; fa raha ohatra ka izany tokoa, ny fitandremana tsy maintsy atao dia ny maka fahazoan-dàlana any amin'ny mpiandraikitra.

Tsy misy ny mahasamy hafa ny fampitodihana ny faty any amin'ny qiblah eo amin'ny lehilahy sy vehivavy, na koa eo amin'ny olon-dehibe sy zazakely.

Moustahab ny manafaingana ny fikarakarana azy, afa-tsy hoe, misy fisalasalana mikasika ny tena fahafatesany, ary amin'izay fotoana izay dia adidy ny manemotra ny fikarakarana hatramin'ny fahafantarana fa efa maty tanteraka izy. Ary “makrouh” na tsy tsara atao ny mametraka zavatra eo ambonin'ny kibony sy ny mamela azy ho irery, araka ny voalazan'ireo manam-pahaizana.

Voalazan'ireo manam-pahaizana ihany koa fa moustahab ny mamindra ny olona hiala aina ho eny amin'ny toerana izay fanaovany swalât mahazatra azy, raha ohatra ka sarotra ny fialany aina. Ary moustahab ny manao “talqîne”¹ تلقين azy na fampahatsiarovana azy ny finoana, izany hoe ireo chahadataïne dia ny fampanekena azy an'i Allah sy ny Mpaminany (s.a.w) miaraka amin'ireo Imâm roa ambin'ny folo (a.s) ...sns.

Rehefa maty izy dia moustahab ny fanakipizana ny masonry, sy ny fanakombonana ny vavany ary ny fanatsorana ny tongony sy ny tanany hahitsy manaraka ny halavan'ny vatany, avy eo vao saromana lamba.

Ary moustahab ny mamaky ny Quor'an masina eo anatrehany, torak'izany ihany koa, ny fampahafantarana ireo mpino mba hamonjy ny fatiny.

M.23: Wadjib amin'ny ilay mpiandraikitra ny mampanandro an'ily faty sy ny manatanteraka ny fikarakarana rehetra tsy maintsy atao izay mbola ho avy ny fanazavana momba izany. Noho izany, anjarany no manatanteraka izany mivantana, na koa maniraka olona izy. Ary afaka

¹ Jereo any amin'ny pejy faha-66 mikasika ny fomba fanaovana ny talqîne

adidy ny mpiandraikitra, raha misy olon-kafa mitsangana manatanteraka, rehefa nomeny fahazoan-dàlana amin'ny fikarakarana. Fa ny amin'ny fandevenana kosa dia tsy misy olana, na maka fahazoan-dalana na tsia.

Eny, rehefa tsy eo ny mpiandraikitra dia wadjib ho an'ny olona rehetra iharan'ny didy no mikarakara ilay faty; fa izany adidy izany dia “wadjib kifà'i”. Torak'izany ihany koa, wadjib amin'izy ireo ny mikarakara ilay faty raha toa ka eo ilay mpiandraikitra nefa tsy mandray ny andraikiny mivantana na maniraka olona hafa. Koa amin'izay fotoana izay dia tsy mihatra ilay fakàna ny fahazoan-dàlana avy aminy.

Raha nametraka hafatra ny maty, talohan'ny nahafatesany, mikasika ny fikarakarana atao azy, ohatra amin'ny fampitafiana, fampandroana, fandevenana ...sns, dia izany olona izany no mendrika tokoa ny mikarakara azy ankoatra ny hafa, araka ny voalazan'ny manam-pahaizana sasany toa an'ny As-sayed as-sistani.

Misy amin'ireo manam-pahaizana anefa mahita fa ny fitandremana tsy maintsy atao, dia ny maka foana ny fahazoan-dalàna any amin'ilay nametrahana hafatra sy ilay mpiandraikitra ny faty, mikasika ny fikarakarana rehetra atao. Fa raha tsy nisy ny hafatra dia ny lehilahy no manana andraikitra lehibe amin'ny vadiny maty. Ary ny ankoatra ny fatin'ny vehivavy manambady dia izay mpandova azy akaiky amin'ireo fianankaviany no tompon'andraikitra lehibe kokoa mialoha ny hafa, mikasika ny fikarakarana azy araka ny ambaratongan'ny fifandovana izay mbola holazaina any amin'ny faramparan'ity boky ity.

Ny manam-pahaizana maro dia miteny fa ny lehilahy no manana andraikitra mialoha amin'ny isan'ambaratonga, ary anisany miteny izany ny As-sayed as-sistani. Ny olona mbola tsy ampy taona na ny olona adala dia tsy manana andraikitra mikasika izany, ary torak'izany koa ny olona tsy eo no sady tsy mora ny fampandrenesana azy sy ny fahafahany hanatanteraka ny fikarakarana ilay faty mivantana na maniraka olona.

Raha ny olona maty no tsy manana mpandova afa-tsy ny Imàm ma'enswoum (a.s), ny fitandremana tsara atao amin'ny fikarakarana azy dia ny maka fahazoan-dàlana any amin'ilay mpitsara ara-pinoana mpandala ny rariny, dia ilay “Al-hàkim ash-shar'in al-àndil” fa raha sarotra ny fahazoana izany, dia maka izany any amin'ireo mpino mpandala ny rariny.

M.24: Wadjib ny fampandroana sy ny fanaovana “tah'nīw” تحنيط, izany hoe, fanosorana “kafour” ny faritra fito fanaovana “soudjoud” amin'ny zaza rano, avy eo ny fampikianjoana azy, raha efa feno efa-bolana izy. Eny, fa na dia tsy ampy efa-bolana aza, saingy efa miseho ny endrika maha-olona azy, dia ireo no fitandremana tsy maintsy atao aminy. Fa tsy wadjib no sady tsy moustahab ny manao swalàt ho azy.

Raha tsy feno efa-bolana no sady tsy miseho ny endrika maha-olona azy, ny fitandremana tsy maintsy atao amin'izany dia ny famonosan-damba, avy eo vao ny fandevenana.

M.25: Haràm ny mijery na mikasika ny henatry ny maty, torak'izany koa, ny fijerena ny henatry ny velona, na koa ny fikasihana azy; fa ny fampandroana ilay faty kosa dia tsy simba noho izany.

M.26: Voafetra amin'ny fampandroana ny faty, ny fanalana mialoha ny vaingan'ny nadjis raha misy, fa kosa tsy voatery ny fanalana izany amin'ny vatany manontolo mialoha ny fanombohan'ny fampandroana; na dia izany no fitandremana tsara atao. Eny, ampy ny manala izany isaky ny ratsam-batany mialoha ny fampandroana.

Amin'ny fotoan'ny fampandroana dia moustahab ny mametraka ny faty mba atodika any amin'ny qiblah, izay tahaka ny teo ampialany aina.

Fepetra takiana amin'ilay mampanandro

Voafetra amin'ny olona mampanandro mivantana an'ilay faty dia mba ho olona vory saina sy mpino silamo mpanaraka ireo Imàm roa amin'ny folo, araka ny voalazan'ireo manam-pahaizana maro; ary tsy voafetra ho ampy taona, araka ny fahitan'ny As-sayed as-sistani. Noho izany, dia ekena ny fampanandroan'ny ankizy izay efa mahay manavaka ny tsara sy ny ratsy, raha mampanandro izany amin'ny fomba ara-dalàna.

Voafetra ihany koa ho an'izay mampanandro sy ny ampandroina, ny mba hitovy eo amin'ny lafin'ny taovam-pananahana, na samy lahy na samy vavy.

Fa misy amin'ireo tranga sasany no tsy iharan'izany fitsipika izany, ohatra ny amin'ny:

-Mpivady: azon'iray amin'izy roa ny mampanandro ny vadiny efa maty, fa miankina amin'ny safidiny izany. Ary ny fitandremana tsara atao aminy, dia mila saromana lamba ilay faty amin'ny fotoan'ny fampanandroana.

-Zaza izay tsy mihoatra ny telo taona, araka ny fahitan'ny manam-pahaizana sasany, fa ny As-sayed as-sistani kosa dia mahita fa ampy ny tsy fahaizan'ilay zaza manavaka ny tsara sy ny ratsy. Koa amin'izay fotoana izay dia mety na lahy na vavy no mampanandro ilay zaza maty. Eny, fa na dia lahy na vavy ihany koa ilay zaza.

-Olo-pady: izany hoe, ny olona rehetra izay fady aminy mandrakizay ny manambady azy, na amin'ny alalan'ny fihavanana, na fampinonoana, na amin'ny maharafozana. Azo atao ny mampanandro ny olo-pady, na dia tsy mitovy taovam-pananahana aminy, raha sendra tsy mahita olona mitovy taovam-pananahana amin'ilay maty. Fa ny

fahitan'ireo manam-pahaizana sasany, ny fitandremana tsara atao amin'izany dia ny fanaronana lamba an'ilay faty amin'ny fotoana fampandroana.

M.27: Raha silamo tsy mpanaraka ireo Imàm roa ambin'ny folo no mampanandro ny fatin'ny olona mitovy fìnoana aminy, dia afaka adidy ireo mpanaraka ireo Imàm roa ambin'ny folo, na dia tsy mitovy aza ny fomba fampandroana. Rehefa ny olona mpanaraka ireo Imàm roa ambin'ny folo kosa no nampanandro, dia wadjib ny manao izany araka ny lalàna mifehy ny “madh’hab” misy azy, raha tsy hoe amin'ny fotoana ilàna ny fampiasana ny تَقِيَّةُ “taqiyyah” izany hoe, fanehoana ivelany ny tsy marina, ary fanafenana ao am-po ny fahamarinana nohon'ny fiarovan-tena. Mazava ho azy fa izany dia tsy azo lazaina ho fiatsaram-belatsihy.

كَيْفِيَّةُ تَغْسِيلِ الْمَيْتِ

Fomba fampandroana ny faty

Wadjib ny fampandroana ny fatin'olona silamo arak'izao filaharany izao, fa tsy maintsy manao fikasana aloha ilay mampanandro ka miteny manao hoe:

أَغْسَلْ هَذَا الْمَيْتَ بِمَاءِ السِّدْرِ - او بِالْمَاءِ الْكَافُورِ - او بِالْمَاءِ الْخَالِصِ قُرْبَةً
إِلَى اللَّهِ تَعَالَى.

Dikany: “Izaho dia mampanandro ity faty ity amin'ny rano mifangaro “sidr”, na rano mifangaro “kafour”, na rano madio tsy mifangaro mba hanakaiky an'i Allah Ilay Avo Indrindra”.

Voalohany: amin'ilay rano mifangaro sidr na ravina mokonazy.

Faharoa: amin'ilay rano mifangaro kafour. Ny kafour dia karazan-javatra manitra nalaina avy tamin'ny hazo antsoina hoe “camphrier” na ravintsara.

Fahatelo: rano tsotra tsy mifangaro.

Marihina fa ilaina ny endriky ny fampandroana, mba hisy ambaratongany, izany hoe, sasàna mialoha ny loha sy ny vozona, avy eo ny ilany havanana ary farany ny ilany havia.

M.28: Ny fangaron'ny sidr sy ny kafour dia ilaina mba ho tonga amin'ny fetra, izany azo tenenina hoe, rano mifangaro amin'izy ireo.

Koa noho izany dia voafetra mba tsy ho betsaka ny sidr, na ny kafour ampiasaina ka tsy hahatonga ny rano hiala amin'ny maharano tsotra azy ary ho lasa rano mifangaro.

M.29: Raha tsy misy ny sidr na ny kafour, na koa izy roa, dia ny fitandremana tsy maintsy atao amin'izay fotoana izay, dia mampanandro ilay faty amin'ny rano tsotra ho solon'ny ranon'ny sidr na ny ranon'ny kafour, fa mila tandremana ny amin'ny filaharan'ilay fikasana, ka ampanarahana azy avy eo ny “tayammoum” iray. Toy izao ny fomba fanaovana ny fikasana ho solon'ny ranon'ny sidr ohatra:

أَغْسَلُ هَذَا الْمَيْتَ بِالْمَاءِ الْخَالِصِ بَدَلًا عَنْ مَاءِ السُّدْرِ قَرَبَةً إِلَى اللَّهِ تَعَالَى

Dikany: “Izaho dia mampanandro ity faty ity amin'ny rano tsy mifangaro solon'ny ranon'ny ravina mokonazy mba hanakaiky an'i Allah Ilay Avo Indrindra”.

Raha tsy misy ny rano tsotra, nefa misy ny ranon'ny sidr na ny kafour, ny fitandremana tsy maintsy atao dia ampandroina amin'izay misy ilay faty mba ho solon'ny rano tsotra, avy eo ampanarahana tayammoum

iray; fa raha tena tsy misy daholo ireo dia ampy ny fanaovana tayammoum.

Rehefa tsy misy mihitsy ny rano, dia ampanaovina tayammoum ilay faty ho solon'ny fampandroana ary ny As-sayed as-sistani dia mahita fa ampy ny fanaovana tayammoum iray, koa ny fitandremana tsara atao dia mampanao tayammoum in-telo miaraka amin'ny fikasàna mba ho solon'ireo fampandroana telo ireo, araka ny filaharana izay takiana. Anisan'ny fitandremana tsara ataon'ilay mampanao tayammoum, dia ny iray amin'ireo tayammoum telo ireo no mila ataony amin'ny fikasàna mba hanatanteraka ny adidy izay manenjika azy ao amin'ny eritreriny.

M.30: Raha naratra ilay faty na may na koa nisy aretina mibotsimbotsina, na nendra, ka atahorana sao dia miendaka ny nofony rehefa ampandrina dia wadjib ny mampanao tayammoum azy. Ary ferana ny tayammoum mba atao amin'ny alalan'ny tanan'ilay velona, fa ny fitandremana moustahab dia manao azy amin'ny alalan'ny tanan'ilay velona sy amin'ny alalan'ny tanan'ilay maty raha azo atao.

M.31: Azo atao ny mampandro faty misarona lamba, na dia mitovy taovam-pananahana aminy aza ilay mampandro azy. Eny, tsy mifanalavitra ny mahatsara izany noho ny mampandro azy mivantana, ka ny henatra irery ihany no saromana, na dia ankoatran'ny mpivady sy ny mpifady aza.

Ireo fepetra rehetra takiana amin'ny fandroana djanàbah mikasika ny rano sy ny fitaovana misy an'ilay rano ary ny toerana anaovana fandroana ...sns, dia ireo ihany koa ny fepetra takiana amin'ny fampandroana faty. Ary ny lalàna mifehy ny vato na ny fandriana ampiasaina amin'ny fampandroana faty dia sahala amin'ny lalànan'ilay toerana amin'ny fandroana djanàbah. Torak'izany koa ny lalàna mifehy ny sidr sy ny kafour dia mitovy amin'ny lalàna mifehy an'ilay rano.

M.32: Voafetra ny fikasana mba hanakaiky an'i Allah amin'ilay fampanandroana, ary tsy azo atao ny maka karama amin'izany araka ny fitandremana tsy maintsy arahina. Fa ny maka tambiny amin'ny zavatra mialoha an'ilay fampanandroana, ohatra ny fakana rano ...sns amin'ireo zavatra na fihetsika tsy wadjib ny manao azy maimaim-poana, dia tsy maninona ny fakana tambiny.

M.33: Raha voan'ny loto ny vatan'ilay faty eo anivon'ny fampanandroana, na aoriany, na izy io nadjis avy ety ivelany, na avy any anatiny, dia tsy wadjib ny mamerina ny fampanandroana, fa adidy ny manadio ny toerana misy ilay nadjis, na dia aorian'ny fampidirana azy ao am-pasana aza, raha ohatra ka tsy miteraka olana, na koa fanalam-baràka azy izany.

تَكْفِيْنُ الْمَيْتِ

Fampitafiana ny maty

Wadjib ny mampitafy ny fatin'olona silamo, amin'ny karazan-damba miisa telo: dia ny mi'izar, ny qamīsw, ary ny izàr.

Ny fitandremana tsara atao, rehefa mampitafy ny faty amin'ny alalan'ilay mi'izar, dia atomboka eo amin'ny foitra hatrany amin'ny lohalika; fa ny tena tsara, dia atomboka eo amin'ny tratra hatreny amin'ny faladian-tongotra. Ny fitandremana atao amin'ilay qamīsw, dia atomboka amin'ny soroka roa hatreny amin'ny manasa-dranjo; fa ny tena tsara aminy dia hatreny amin'ny faladian-tongotra. Ny wadjib amin'ilay izàr, dia ny mandrakotra tanteraka ny vatana iray manontolo, ary ny tena tsara dia atao lava izany mba hahafahana mamatotra ny an-doha sy ny antongotra, ary ny sakany, dia afaka manarona ny hafa.

Ny fitandremana moustahab, isaky ny lamba asarona, dia tokony mba hanarona ny eo ambaniny, na dia ampy ny manatanteraka ny

fanaronana atao amin'ily faty amin'ny fitambaran'ny lamba rehetra izay manarona.

Raha tsy mora ny fahazoana ireo karazan-damba telo ireo, dia afaka fonosina amin'ny ravin-damba izay misy.

M.34: Raha tsy nanana harena navela ny maty, mba hividianana “kafan” na lamba-paty ho azy; dia tsy azo alevina miboridana izy. Fa ny fitandremana wadjib amin'ireo silamo dia ny mamoaaka kafan ho azy, ary izay mamoaaka izany dia azo heverina ho anisan'ny zakât-ny izany.

M.35: Ny miantoka ny kafan ho an'ny vehivavy maty, dia ny vadiny ihany, na dia mpanana aza ilay vehivavy maty, ary misy amin'ireo manam-pahaizana sasany toa an'ny As-sayed as-sistanî dia mahita fa io lalàna io dia mihatra foana na dia amin'ny vady ao anatin'ny fanambadiana voafetra na koa amin'ny vady “nàshiz” aza, izany hoe vehivavy tsy manaiky miray amin'ny vadiny. Eny, izany fiantohan'ily lehilahy izany, dia raha ohatra ka tsy nisy nanome kafan; fa raha nisy ny nanome dia afaka adidy ilay lehilahy. Torak'izany ihany koa, afaka adidy ilay lehilahy, raha nametraka hafatra ilay vadiny maty, fa hoe, vidina amin'ny harenny ny kafan, na raha niara-maty izy roa, na koa nisy fahasahiranana lehibe tamin'ny fahazoan'ily lehilahy izany kafan izany. Raha ilaina ny mitrosa, ka tsy miteraka fahasahiranana, dia wadjib ny manao izany, fa raha miteraka fahasahiranana kosa, dia tsy wadjib velively.

M.36: Azo atao ny manoratra ny Quor'an rehetra na ny sasan-tasany, amin'ily kafan; fa tandremana tsy ho voan'ny nadjis.

شُرُوطُ الْكَفَنِ

Fepetra takiana amin'ily kafan

Voafetra amin'ilay lambam-paty na ilay kafan ireto zavatra manaraka ireto:

-Ny fahazoan-dàlana.

-Ny fahadiovany izany hoe, tsy lamba avy amin'ny nadjis na voan'ny nadjis.

-Tsy lamba landy.

M.37: Ny olona maty maritiora dia tsy mila ampanaovina kafan, fa alevina miaraka amin'ny lamba eny an-kodiny, raha tsy hoe, miboridana ny vatany, ka amin'izay fotoana izay, dia wadjib ny mampanao kafan azy.

M.38: Moustahab ny mametraka hazo lena roa antsoina hoe: **جريدة** “djarīdah” miaraka amin'ilay faty, ary tokony ho avy amin'ny hazon'ny atrendry na “datte” raha tsy sarotra fahazoana izany. Fa raha sarotra kosa, dia alaina avy amin'ny hazon'ny mokonazy, na ampongabendanitra. Ny moustahab amin'ilay fomba fametrahana azy, dia mametraka ny anankiray amin'ny ilany havanana eo amin'ny taolam-panavy, ny faharoa amin'ny ilany havia izay mifanandrify amin'ny taolam-panavy ihany, fa kosa eo anelanelan'ny “qamīsw” sy ny “izar”.

الْحُنُوطُ

Fanosorana “kafour”

M.39: Wadjib ny fanaovana **تحنيط** “tahnitw” ny fatin'ny olona silamo. Ny “tahnitw” dia fanosorana vovoka “kafour” izay mbola tsy lany hanitra eo amin'ireo toerana fito ampiasaina amin'ny soudjoud. Ampy ny fiantsoana azy hoe nosorana, ary moustahab ny manafangaro azy kely amin'ny “tourbatoul-Houssein -a.s-”, fa kosa tandremana mba tsy hosorana any amin'ny toerana tsy hahitam-panajàna. Voafetra mba ho nahazoan-dàlana sy madio ilay kafour.

M.40: Ny fitandremana tsara atao dia hosorana amin'ny alalan'ny felatanana ary atomboka eny amin'ny handrina.

صَلَاةٌ عَلَى الْمَيِّتِ

Ny swalàt atao amin'ny maty

Wadjib ny manao swalàt amin'ny fatin'olona silamo rehetra, na dia olona silamo tsy miraharaha finoana aza. Ary ny maha-wadjib azy dia mitovy amin'ny maha-wadjib ny fampandroana, izay efa nandalo teo aloha.

M.41: Tsy wadjib ny manao swalàt amin'ireo fatin'ankizy silamo, raha tsy hoe, efa mahafantatra ny antsoina hoe swalàt izy, ary ny famantarana izany, dia rehefa ampy enin-taona. Raha ilay ankizy no mbola tsy mahafantatra, dia misy ny manam-pahaizana sasany mahita fa moustahab ny manao swalàt ho azy, nefa ny As-sayed as-sistani dia manana fisalasalana momba izany, ka hoy izy, ny fitandremana tsy maintsy atao dia manao swalàt, fa amin'ny fikasàna mba hitadiavan'i Allah izany "رَجَاءُ الْمَطْلُوبِيَّةِ"; izany hoe, enga anie i Allah hitady izany.

M.42: Ny swalàt atao amin'ny maty dia wadjib alohan'ny fandevenana. Koa raha sendra nalevina alohan'ny mbola tsy nanaovana swalàt, nohon'ny fanoheran'ilay velona an'i Allah, na koa nohon'ny fisian'ny antony hafa, dia tsy azo atao mihitsy ny mamokatra azy, mba hanatanterahana ny swalàt. Ny fitenenana ny maha-ara-dalàna ny fanaovana swalàt amin'izy efa ao am-pasana, izany dia misy fifanoherana amin'ireo manam-pahaizana, fa ny As-sayed as-sistani dia manana fisalasalana mikasika izany, nefa kosa izy dia mahita fa ny fitandremana tsy maintsy atao, dia manao ny swalàt amin'ny fikasàna mba hitadiavan'i Allah izany "رَجَاءُ الْمَطْلُوبِيَّةِ".

كَيْفِيَّةُ صَلَاةِ الْمَيِّتِ

Fomba fanaovana swalàt amin'ny maty

Wadjib ny fanaovana takbir dimy amin'ny swalàt atao amin'ny maty, izany hoe ny fitenenana اللهُ أَكْبَرُ “Allah Akbar” sy mangataka دُعَاءُ “douàn” ho an'ny maty aorian'ny iray amin'ireo takbir ireo, fa ny sisa tavela amin'ireo takbir, dia ny mpanao swalàt no manan-tsafidy, mikasika ny swalàt an'là Mouhammad sy ny taranany, sy ny manao chahadatain, ary ny fanaovana douan ho an'ny mpino rehetra miaraka amin'ny fiderana an'i Allah.

Ny fitandremana amin'ny fanaovana izany swalàt izany amin'ny fomba fohy, dia toy izao:

Voalohany ny fanaovana ny fikasana:

أُصَلِّي عَلَىٰ هَذَا الْمَيِّتِ - أَوْ هَذِهِ الْمَيِّتَةِ - قُرْبَةً إِلَى اللَّهِ تَعَالَى.

“Ouswalli anlà hâdhal-mayyiti -na hâdhihîl-mayyitah- qourbatane ilà-LLAHI TA'ANLA”.

Dikany: “Izaho manao swalàt ho an'ity lehilahy maty ity -na ity vehivavy maty ity- mba hanakaiky an'i Allah Ilay Avo Indrindra”.

Avy eo manao ilay takbir voalohany, miteny manao hoe:

“أَشْهَدُ أَنْ لَا إِلَهَ إِلَّا اللَّهُ وَ أَنَّ مُحَمَّدًا رَسُولُ اللَّهِ”

“Ach'hadou allà ilàha illa-LLAHOU wa anna Mouhammadane RassoulouLLAH”.

Avy eo manao takbir faharoa, ary mangataka fitahiana ho an'ny Mpaminany (s.a.w) sy ireo havany akaiky (a.s), amin'ny fitenenana hoe:

"اللَّهُمَّ صَلِّ عَلَى مُحَمَّدٍ وَآلِ مُحَمَّدٍ"

“Allahoumma swalli an’là Mouhammadine wa àli Mouhammad”.

Ny takbir fahatelo dia ny fangatahana douàn ho an’ny mpino lahy sy vavy, amin’ny fitenenana hoe:

"اللَّهُمَّ اغْفِرْ لِلْمُؤْمِنِينَ وَالْمُؤْمِنَاتِ"

“Allahoumma’gh’fir lil-mou’eminīna wal-mou’eminàte”.

Ny takbir fahefatra, dia fangatahana douàn ho an’ily maty, amin’ny fitenenana hoe:

"اللَّهُمَّ اغْفِرْ لِهَذَا الْمَيِّتِ".

“Allahoumma’gh’fir lihàdhal-mayyiti”.

Avy eo manao ny takbir fahadimy, dia mifarana hatreo ny swalàt.

Raha manao io fomba fohy io, dia efa ampy. Fa ny tena tsara kokoa, dia ny fanaovana ity fomba manaraka ity:

Voalohany ny fanaovana ny fikasana mitovy amin’ny teo aloha ihany:

أُصَلِّي عَلَى هَذَا الْمَيِّتِ - او هَذِهِ الْمَيِّتَةِ - قُرْبَةً إِلَى اللَّهِ تَعَالَى.

“Ouswallī anlà hādhal-mayyiti -na hādhihīl-mayyitah- qourbatane ilà-LLAHI TA’ANLA”.

Dikany: “Izaho manao swalàt ho an’ity lehilahy maty ity -na ity vehivavy maty ity- mba hanakaiky an’i Allah Ilay Avo Indrindra”.

Avy eo manao tabir voalohany, miteny manao hoe:

"أَشْهَدُ أَنْ لَا إِلَهَ إِلَّا اللَّهُ وَحْدَهُ لَا شَرِيكَ لَهُ وَأَشْهَدُ أَنَّ مُحَمَّدًا عَبْدُهُ
وَرَسُولُهُ، أَرْسَلَهُ بِالْحَقِّ بَشِيرًا وَنَذِيرًا بَيْنَ يَدَيْ السَّاعَةِ".

Avy eo manao takbir faharoa, miteny manao hoe :

"اللَّهُمَّ صَلِّ عَلَى مُحَمَّدٍ وَآلِ مُحَمَّدٍ وَارْحَمْ مُحَمَّدًا وَآلَ مُحَمَّدٍ كَأَفْضَلِ مَا
صَلَّيْتَ وَبَارَكْتَ وَتَرَحَّمْتَ عَلَى إِبْرَاهِيمَ وَآلِ إِبْرَاهِيمَ إِنَّكَ حَمِيدٌ مَجِيدٌ وَصَلِّ عَلَى
جَمِيعِ الْأَنْبِيَاءِ وَالْمُرْسَلِينَ وَالشُّهَدَاءِ وَالصَّادِقِينَ وَجَمِيعِ عِبَادِ اللَّهِ الصَّالِحِينَ".

Avy eo manao takbir fahatelo, miteny manao hoe:

"اللَّهُمَّ اغْفِرْ لِلْمُؤْمِنِينَ وَالْمُؤْمِنَاتِ وَالْمُسْلِمِينَ وَالْمُسْلِمَاتِ الْأَحْيَاءِ مِنْهُمْ
وَالْأَمْوَاتِ تَابِعِ اللَّهُمَّ بَيْنَنَا وَبَيْنَهُمْ بِالْخَيْرَاتِ إِنَّكَ مُجِيبُ الدَّعَوَاتِ إِنَّكَ عَلَى كُلِّ شَيْءٍ
قَدِيرٌ".

Avy eo manao takbir fahefatra, miteny manao hoe :

"اللَّهُمَّ إِنَّ هَذَا الْمُسَجَّى قَدَامَنَا عَبْدُكَ وَابْنُ عَبْدِكَ وَابْنُ أَمَتِكَ نَزَلَ بِكَ وَأَنْتَ
خَيْرُ مَنْزُولٍ بِهِ، اللَّهُمَّ إِنَّا لَا نَعْلَمُ مِنْهُ إِلَّا خَيْرًا وَأَنْتَ أَعْلَمُ بِهِ مِنَّا اللَّهُمَّ إِنْ كَانَ مُحْسِنًا
فَزِدْ فِي إِحْسَانِهِ وَإِنْ كَانَ مُسِيئًا فَتَجَاوَزْ عَنْ سَيِّئَاتِهِ وَاغْفِرْ لَهُ، اللَّهُمَّ اجْعَلْهُ عِنْدَكَ فِي
أَعْلَى عِلِّيِّينَ وَاخْلِفْ عَلَى أَهْلِهِ فِي الْعَابِرِينَ وَارْحَمْهُ بِرَحْمَتِكَ يَا أَرْحَمَ الرَّحِمِينَ"

Ary manao takbir fahadimy ka tapitra hatreo ny swalât.

Tsara ho marihina fa io fomba io dia natokana ho an'ny olona mpino shian maty. Ary ny swalât ho an'ireo zanaky ny mpino izay mbola tsy ampy taona kosa, dia toy izao no vakiana aorian'ny takbir fahefatra:

"اللَّهُمَّ اجْعَلْهُ لِأَبَوَيْهِ وَلَنَا سَلَفًا، وَفَرَطًا وَاجْرًا"

Aorian'ny takbir fahefatra, raha vehivavy no maty, dia miteny manao hoe:

"اللَّهُمَّ إِنَّ هَذِهِ الْمُسَجَّاةُ قُدَّامَنَا أَمْتُكَ وَابْنَةُ عَبْدِكَ وَابْنَةُ أَمْتِكَ نَزَلَتْ بِكَ وَأَنْتَ خَيْرُ مَنْزُولٍ، اللَّهُمَّ إِنَّا لَا نَعْلَمُ مِنْهَا إِلَّا خَيْرًا وَأَنْتَ أَعْلَمُ بِهَا مِنَّا. اللَّهُمَّ إِنْ كَانَتْ مُحْسِنَةً فَزِدْ فِي إِحْسَانِهَا وَإِنْ كَانَتْ مُسِيئَةً فَتَجَاوَزْ عَنْهَا، وَاعْفِرْ لَهَا. اللَّهُمَّ اجْعَلْهَا عِنْدَكَ فِي أَعْلَى عِلِّيِّينَ وَاخْلِفْ عَلَى أَهْلِهَا فِي الْعَابِرِينَ وَارْحَمْهَا بِرَحْمَتِكَ يَا أَرْحَمَ الرَّحِمِينَ".

Raha ohatra olona, “moustalw’anf” no maty na olona tsy nahatody nikaroka ny fahamarinana, dia miteny toy izao ilay mpanao swalat:

"اللَّهُمَّ اغْفِرْ لِلَّذِينَ تَابُوا وَاتَّبَعُوا سَبِيلَكَ ، وَقِهِمْ عَذَابَ الْجَحِيمِ."

Fa raha toa kosa zaza tsy ampy taona, dia miteny toy izao :

"اللَّهُمَّ اجْعَلْهُ لِأَبُوَيْهِ وَلِنَا سَلْفًا، وَفَرَطًا وَأَجْرًا."

Anisan’ny sounnah na moustahab ny fijoroan’ny mpivavaka amin’ny toerany, indrindra ny imàm, mandram-pialan’ilay vata-paty, ary amin’ny hadith rehefa vita ny swalàt ho an’ny maty dia miteny toy izao:

"رَبَّنَا آتِنَا فِي الدُّنْيَا حَسَنَةً، وَفِي الْآخِرَةِ حَسَنَةً، وَقِنَا عَذَابَ النَّارِ."

شُرُوطُ الصَّلَاةِ عَلَى الْمَيِّتِ

Fepetran’ny swalàt atao amin’ny maty

-Mila tazana na hita eo anoloana ny razana, ary tsy mety mihitsy ny swalàt atao raha tsy eo ilay faty.

-Ampatoriana mitsilany ilay faty ary afenina amin’ny alalan’ny kafan ny henatra, na amin’ny alalan’ny zavatra hafa raha sendra tsy misy kafan.

-Mitodika any amin'ny qiblah ny mpivavaka, ary mitsangana, manakaiky ilay faty, ny lohan'ilay faty dia eo ankavanan'ny mpivavaka, ka tokony tsy hisy sakana manelanelana ilay faty sy ny mpivavaka.

-Ny swalàt dia tanterahina eo am-pitsanganana, afa-tsy, nohon'ny antony eken'ny lalàna islamika.

Tsy anisan'ny fepetra takiana mba hahatomombana ny swalàt atao amin'ny maty ny twahàrah.

Anisan'ny sounnah ny fijoroan'ny mpivavaka eo afovoan'ilay faty lehilahy, ary mitsangana mifanandrify amin'ny tratra raha ohatra ka vehivavy no maty; manala ny kiraro.

M.43: Voafetra ao amin'ny swalàt atao amin'ny maty izao manaraka izao:

-Ny swalàt dia atao aorian'ny fampandroana sy fanaovana tahnitw ary ny kafan, fa raha tsy izany, dia simba ilay swalàt ary tsy maintsy averina. Raha sarotra ny fampandroana, na ny fanaovana tayammoum ho solon'ny fampandroana, ary torak'izany ihany koa ny fampitafiana ilay faty sy ny fanosorana ny kafour na “tahnitw” dia tsy manafiana ny fanaovana ilay swalàt aminy izany.

-Ny fanaovana fikasana na “niyah” ary mila fantatra ilay faty izay anaovana swalàt.

-Fanatanterahana ny swalàt am-pitsanganana raha mahavita.

-Ampatoriana mitsilany ny faty.

-Mba ho eo ankavanan'ny mpanao swalàt ny lohan'ilay faty.

-Ny fitodihan'ny mpanao swalàt any amin'ny qiblah.

-Mba ho eo anoloan'ny mpivavaka ilay faty.

-Mba tsy hisy zavatra manelanelana ilay faty sy ny mpivavaka, toy ny efitra lamba na rindrina, fa tsy maninona ny fanelanelanan' ilay vata-paty na faty hafa.

-Takian ny fitohizana eo amin'ny takbir sy ireo dhikr manaraka azy, izany hoe tsy mila asiana elanelana lava be ka manimba ny endriky ny swalàt.

-Mba tsy hifanalavitra be ilay faty sy ny mpivavaka, raha tsy hoe, ilay swalàt dia atao djamàanh ka misy fitohitohizan'ny andalam-pilahrana, na misy faty maromaro ka atao indray mandeha ny swalàt ho azy ireo.

-Mba tsy ho amin'ny toerana avo be ny iray amin'ny mpivavaka sy ilay faty.

Tsara ho marihina fa ny fandraisana ho zava-dehibe ny sasany amin'ireo fepetra voalaza ireo, dia nohon'ny fanarahana an' ilay fitandremana tsy maintsy atao.

دَفْنُ الْمَيِّتِ

Fandevenana ny maty

Wadjib ny mandevina ny fatin'olona silamo sy izay miray lalàna aminy; ary ny maha-wadjib izany dia mitovy amin'ny maha-wadjib ny fampandroana izay efa nandalo teo aloha. Ny fomba fandevenana dia, ny manitrika azy anatin'ny lavaka amin'ny tany, fa tsy ara-dalàna ny manorina trano eo ambonin' ilay faty, na mametraka azy ao anatin'ny trano, na lava-bato raha toa ka mbola vita ihany ny mandevina azy ao anatin'ny tany. Ny fitandremana tsy maintsy arahina amin' ilay lavaka dia tokony amin'ny fomba tsy hahatonga ilay faty hohanin'ny biby, sy amin'ny fomba tsy hampivoaka ny fofony ka hampijaly ny olona, na dia ny lalàna manan-kery aza no manambara arka ny voalazan'i As-sistanī fa

ampy fotsiny ny fanitrihana ny razana anatin'ny tany raha atokisana fa tsy hitranga ireo olona anankiroa voalaza teo ireo, na dia amin'ny lafiny tsy fisian'ny bibidia hihinana ilay faty na ny tsy fisian'ny olona hijaly amin'ilay fofona, na amin'ny fomba fanorenana fasana aorian'ny fandevenana.

Wadjib ny mametraka ilay faty ao am-pasany amin'ny ilany havanana, ary atodika any amin'ny qiblah ny tarehiny.

M.44: Wadjib ny fandevenana ireo singa izay nisarakana taminy, na dia ny singam-bolo, na nify, na hoho aza; izany no fahitan'ny manampahaizana sasany toa an'ny As-sayed as-sistani.

M.45: Ny olona maty ao anatin'ny sambo, ka tsy misy hevitra ny handevenana azy ety an-tanety, eny, fa na dia ny fanemorana ny fandevenana aza, nohon'ny fahatahorana ny fahasimban'ilay faty, na nohon'ny antony hafa, dia ampandroana, sy ampanaovana kafan sy tahnitw ary anaovana swalât izy, avy eo ampidirina ao anatin'ny sinibe vita amin'ny tanimanga na vy ohatra, na zavatra hafa ...sns, ary fehezina mafy ny lohan'ilay sinibe, na ihany koa fehezina miaraka amin'ny zavatra mavesatra ny tongotr'ilay faty, toy ny vato na vy ...sns, avy eo dia alatsaka any anatin'ny ranomasina. Fa ny fitandremana moustahab, dia ny fisafidianana ny fomba voalohany raha mahavita. Torak'izany ihany koa, no atao amin'ny faty, izay atahorana sao tonga ny fahavalo mpanageja, ka hanokatra ny fasany mba handoro, na hamiravira azy.

M.46: Tsy azo atao ny mandevina ny faty, eny amin'ny toerana mety hahatonga azy ho afa-barâka. Ohatra ny toerana izay lalovan'ny rano maloto, na fanariam-pako. Torak'izany ihany koa, tsy azo atao ny mandevina azy eny amin'ny fasan'ireo olona kâfir, ary tsy azo atao koa ny mandevina fatin'olona kâfir eny amin'ny fasan'ireo silamo.

M.47: Ferana ny toerana handevenana mba ho toerana nahazoan-dàlana, ka noho izany, tsy azo atao ny mandevina azy amin'ny toerana nalaina an-keriny, na toerana natao ho fananan'ny daholobe “waqf” **وَقْفٌ** izany hoe, toerana napetraky ny tompony mba hahazoan'ny be sy ny maro tombontsoa, nohon'ny fitiavany hanakaiky an'i Allah. Ohatra ny tokontanin'ny madressah na tokontanin'ny masjid ... sns.

M.48: Raha nalevina amin'ny toerana tsy azo andevenana ny faty, dia wadjib ny mamokatra azy indray, ka alevina eny amin'ny toerana izay azo andevenana.

M.49: Raha nalevina ilay faty, nefa mbola tsy vita fampandroana, na kafan, na tahnītw, kanefa mbola azo atao ny manatanteraka izany, dia wadjib ny mamokatra azy indray raha mahavita manao ireo wadjib ireo, ary averina alevina fanindroany raha toa ka tsy hahatonga ilay faty ho afa-baràka izany. Fa raha tsy izany, dia misy fisalasalana mikasika an'io lalàna io araka ny fahitan'ny As-sayed as-sistani.

M.50: Raha ny singan'ilay razana izay tavela no azo antsoina hoe vatan'ilay maty, ohatra raha tapaka ny ratsam-batany toy ny loha, ny tanana, ny tongotra, na izy rehetra na ny antsasany, na koa ny ny taolan'ilay faty rehetra dia eo avokoa fa saingy tsy mitafy nofo intsony, na koa ny ankamaroan'ny taolany no hita eo fa miaraka amin'ny taolan-tratra, raha izay rehetra voalaza izany no mitranga, dia wadjib ny manao swalāt aminy sy ny manatanteraka ireo zavatra rehetra mialoha ny swalāt, toy ny fampandroana, fanaovana tahnītw raha misy ny toerana hanaovana azy, sy ny fampitafiana kafan amin'ny alalan'ny “izàr” sy “qamišw”. Eny, na dia ny fampitafiana azy amin'ny lamba “mi'izar” aza, raha ohatra ka misy ny tsy maintsy saromana eo aminy.

Raha ilay razana kosa no tsy azo antsoina hoe vatan'ilay maty, fa ny antsasaky ny vatany no hita, koa raha mbola eo ny tapany ambonin'ny vatany toy ny tratra sy ny lamosina, na dia misy singam-batany hafa

miaraka aminy na tsia, dia wadjib ny manao swalât aminy, ary torak’izany koa ny maha-wadjib ireo zavatra mialoha ny swalât toy ny fampandroana, ny fampitafiana “kafan” amin’ny lamban’ny “izâr” sy “qamîsw” ary ny “mi’izar”, raha misy ny tsy maintsy saromana eo aminy, na dia ny antsasan’ny singa ihany aza no eo. Izany no fitandremana tsy maintsy atao.

Raha mbola hita eo amin’ny vatan’ily faty ireo faritra anaovana tahnitw dia wadjib ny fanaovana izany, araka ny fitandremana tsy maintsy arahina. Miray lalâna amin’izany raha ohatra ka mbola hita amin’ily faty ny taolana rehetra na ny ankamaroany amin’ily tapany ambony, araka ny fitandremana tsy maintsy atao.

Raha tsy hita ny tapany ambony amin’ny vatan’ily faty, izany hoe ny hita aminy dia ny rantsam-batana rehetra na ny antsasany izay miaraka amin’ny nofo na tsia, na ihany koa, ny hita amin’ily faty dia ny sasantsasan’ny taolana, na dia miaraka aminy aza ny antsasan’ny taolan-tratra, dia tsy voatery ny fanaovana swalât aminy. Eny, fa na dia ny mampandro sy ny manao tahnitw sy ny fampitafiana kafan aza, araka ny fahitan’i As-sistani.

Raha mbola hita eo amin’ily faty ny zavatra izay tsy misy taolana na dia mbola eo aminy aza ny fo, dia misy fifanohêrana amin’ny manam-pahaizana ny mikasika izany, fa As-sayed as-sistani dia mahita fa tsy voatery ihany koa ny manao ireo zavatra wadjib izay efa voalaza tany aloha, afa-tsy ny fandevenana. Ary ny fitandremana atao amin’izany, dia ny fandevenana aorian’ny famonosan-damba azy.

Fampahatsiahivana anankiroa no tsara fantatra:

1-Tena moustahab amin’ny silamo ny mandeha mitsapa alahelo amin’ireo olona tra-pahoriana, izay atao amin’ny fomba fiteny mendrika sy feno fampiononana toy ny fampahatsiahivana ny fahoriana izay

mandalo eto amin'ny fiainana an-tany. Fampahatsiahivana fa izany dia lâlana tsy maintsy mbola ho diavintsika rehetra, fa izy ireo no efa nialoha lâlana. Noho izany, izay miaritra amin'ny lahatr'i Allah dia omeny fahasoavana lehibe, indrindra fa ny olona izay namoy ny zanany. Efa voalaza amin'ny hadith masina fa: “ny zaza rano dia hitsangana eo amin'ny varavaran'ny Paradisa amin'ny endrik'olona tezitra, ary hiteny toy izao: izaho tsy hiditra any amin'ny paradise aho raha tsy miditra miaraka amiko ny ray aman-dreniko”. Koa i Allah amin'ny mahabe famindram-po Azy, dia hampiditra azy ireo ihany koa any am-Paradisa”. Ary mila miteny toy izany amin'ny alalan'ireo teny malefaka izay manamaivana ny alahelo.

Ny fomba fitsapàna alahelo dia azo atao aloha na aorian'ny fandevenana, fa ny tena tsara dia ny aoriana. Ary misy fahasoavana lehibe izany ho an'ilay mpamangy, indrindra fa ny fitsapàna alahelo ho an'ny vehivavy maty zanaka, na vady; na ihany koa, amin'ny zaza kamboty. Amin'ny “hadith” dia milaza toy izao: “ny olona mandeha mitsapa alahelo amin'ny olona tra-pahoriana dia mahazo fahasoavana mitovy amin'ny fahasoavana azon'ny olona tra-pahoriana”. Ny hadith manaraka dia mbola milaza manao hoe: “ny mpino izay mandeha mitsapa alahelo any amin'ny rahalahiny mpino dia ampitafian'i Allah lamban'ny voninahitra izy”. Raha te hahita ireo hadith ireo dia miverena amin'ilay boky تحرير الوسيلة “tahrīroul-wasīla” p. 96 izay nosoratan'ny imàm Al-khomeinī (رحمه الله).

2-Moustahab ny manao swalât amin'ny alin'ny andro voalohan'ny nandevenana, mba ho mariky ny fanomezana “hadiyah” ho an'ilay maty; izany swalât izany no antsoin'ireo hoe صلاة الوحشة “swalâtoul-wah'chah”.

Voaray amin'ny hadith masina avy tamin'ny Mpaminany (s.a.w) manao hoe: “Tsy misy fotoana mavesatra indrindra, amin'ny maty mihoatra ny alina voalohany nandevenana azy, ka noho izany, mamindrà fo amin'ny havanareo efa maty ianareo, amin'ny alalan'ny famoahana

swadaqah, fa raha tsy mahita izany, dia manaova swalàt rakante roa ho azy, ny iray aminareo”.

Ny fomba fanaovana swalàtoul-wah’chah

Ny fomba fanaovana ny swalàtoul-wah’chah dia misy anankiroa araka ny voalazan’ireo manam-pahaizana.

Fomba voalohany:

Manao fikasana aloha:

”أُصَلِّي صَلَاةَ الْوَحْشَةِ - أَوْ صَلَاةَ لَيْلَةِ الدَّفْنِ - قُرْبَةً إِلَى اللَّهِ تَعَالَى”

Avy eo mamaky ny سورة الفاتحة “souratoul-fâtihah” iray sy mamaky ny آية الكرسي “ayatoul-koursi” indray mandeha eo amin’ny rakante voalohany

Avy eo amin’ny rakante faharoa dia mamaky ny سورة الفاتحة “souratoul-fâtihah” iray sy ny سورة القدر “souratoul-qadr” im-polo.

Rehefa vita ny taslîm dia mangataka toy izao:

”اللَّهُمَّ صَلِّ عَلَى مُحَمَّدٍ وَآلِ مُحَمَّدٍ وَابْعَثْ نَوَابِهَا إِلَى قَبْرِ فُلَانٍ.”

Dikany: “Ry Allah ô! Omeo fitahiana i Mouhammad sy ireo fianankaviany, ary alefaso ny fahasoavan’izany “swalàt” izany ho any amin’ny fasan’ny ranona (tononina ny anaran’ilay maty)”.

Ny fomba faharoa:

Aorian’ilay fikasana sy ny takbîratoul-ih’ram ilay mpivavaka dia mamaky ny سورة التوحيد “souratoul-fâtihah” iray sy ny سورة التوحيد “souratout-tawhîd” indroa eo amin’ny rakante voalohany.

Ary eo amin'ny rakante faharoa dia mamaky ny سورة الفاتحة "souratoul-fâtihah" iray sy ny سورة التكاثر "souratout-takàthour" im-polo.

Rehefa vita ny swalât dia mangataka toy izao ny mpivavaka:

"اللَّهُمَّ صَلِّ عَلَى مُحَمَّدٍ وَآلِ مُحَمَّدٍ وَابْعَثْ نَوَابَهَا إِلَى قَبْرِ فُلَانِ بْنِ فُلَانٍ"

Dikany: "Ry Allah ô! Omeo fitahiana i Mouhammad sy ireo fianankaviany, ary alefaso ny fahasoavan'izany "swalât" izany ho any amin'ny fasan'ny ranona zanak'i ranona (tononiny ny anaran'ily maty sy ny anaran'ny rainy)".

Araka ny voalazan'ny hadith masina dia eo noho eo i Allah no mandefa ireo Anjely aman'arivo any amin'ny fasan'ily maty, ary isaky ny Anjely dia mitondra lamban'ny Paradisa, no sady manitra ny fasany miala amin'ny fahaterena, ka lasa malalaka hatrany amin'ny andro farany, fa ny omena ny mpanao swalât kosa, dia ny hatsaràna mitovy isa amin'ny hatsaràna izay tratran'ny masoandro eto an-tany ary ampiakarin'i Allah amin'ny mari-boninahitra efapolo izy. Miverena any amin'ny "tahrîroul-wasilah" nosoratan'ny imàm Al-khomeinî pejy faha-97.

Marihina fa ny tena tsara raha ampiarahina ireo fomba anankiroa ireo, ary ny fitandremana dia ny famakiana ny "ayatoul-qoursi" hatrany amin'ily teny hoe: "هم فيها خالدون" araka ny voalazan'ireo manam-pahaizana sasany toa an'ny As-sayed al-khouî (رحمه الله) sy ao amin'ny mafâtihoul-djinàn.

Misy amin'ireo manam-pahaizana mahita fa ny fotoana hanatanterahana an'ily swalât dia mandrakotra ny alina manontolo, fa ny tena tsara kosa dia amin'ny voalohan'ny alina avy nandevina.

Eto dia misy tranagan-javatra vitsivitsy tsara ho fantatra mikasika ny lalàna mifehy ny olona maty, izay aseho amin'ny alalan'ny fanontaniana sy valiny, ka notsongaina manokana tao anatin'ily boky

lalàna izay antsoina hoe: **صِرَاطُ النَّجَاةِ فِي أُجُوبَةِ الْإِسْتِفْتَاءَاتِ** “swiràtwoun-nadjàte fi adj’wibatil-istif’taàte” nosoratin’ily manam-pahaizana lehibe mpampianatra an’ireo manam-pahaizana moudjta’edina maro, dia As-sayed Aboul-Qàsım Al-khouï (رحمه الله) .

F.1: Raha trà-doza ny olona ka maty, kanefa tsy mety ny fampandroana na fampanaovana azy tayamoum, nohon’ny tsy fisian’ireo ratsam-batana rehetra atao tayamoum, na ny sasantsasany, ka inona no lalàna mifehy izany?

V.1: Raha ny ratsam-batana rehetra amin’ny tayamoum no tsy misy dia alevina araka izay misy eo aminy ny faty aorian’ny fampitafiana sy ny fanaovana swalàt aminy. Fa raha ny sasany ihany no niala, amin’izay fotoana izay dia atao tayamoum ilay sisa tavela, ampitafiana kafan sy hanaovana swalàt ary halevina. Adidy ho an’ily mampanao tayamoum ny mandro nohon’ny fikasihana faty.

F.2: Aorian’ny takbïr fahefatra, izay atao amin’ny swalàtoul-mayit dia misy fehezanteny tenenina manao hoe:

”اللَّهُمَّ إِنَّا لَا نَعْلَمُ مِنْهُ إِلَّا خَيْرًا.”

Dikany: “Andriamanitra ô! Marina tokoa fa izahay dia tsy mahafantatra ny momba azy afa-tsy ny hatsarana”.

Koa raha ilay mpanao swalàt mahafantatra tsara fa ilay maty dia olona tsy niraharaha finoana, ohatra tsy mpanao swalàt na mpisotro toaka ...sns, moa ve ny tena tsara dia ny mamela ilay fehezanteny io, sa ny mamela fotsiny ny fikasàna tian’ily fehezanteny hambara?

V.2: Tsy misy olana ny fitenenana an’ily fehezanteny atao amin’ily maty eo amin’ny swalàt raha toa izy dia anisan’ireo olona nanam-pinoana teo, izany hoe nanana “imàne” tamin’ny fanarahana an’ireo Ahloul-baït .

F.3: Moa ve azo atao ny mampitafy ny maty amin'ny alalan'ny kafan izay misy soratry ny Qour'an?

V.3: Eny, azo atao izany, fa mila harovana ny faritra misy ilay soratra, izany hoe soratana amin'ny toerana izay tsy ahiahiana ho azon'ny najjis aorian'ny fisaratsarahan'ny vatan'ilay maty, araka ny voalazan'ny As-sayed ao amin'ny bokiny antsoina hoe minhàdjous-swàlihîna.

F.4: Ny silamo maty maritiora, raha ohatra ka halevina miaraka amin'ny lambany, moa ve adidy ny mandro raha mikasika azy?

V.4: Eny, adidy ny mandro nohon'ny fikasiana azy.

F.5: Raha misy silamo shian maty namono tena, moa ve mety amin'ilay swalât izay atao aminy ny manao fangatahana famelan-keloka ho azy na ny manao ilay vavolombelona hoe: “marina tokoa fa izahay tsy mahafantatra ny momba azy afa-tsy ny hatsarana”?

V.5: Eny, azo atao ny manao izany arak'izay efa nolazaintsika teo fa izy dia “moue'min” mpanaraka ny madh'hab Ahloul-baît (a.s).

F.6: Eo amin'ny swalât atao amin'ny maty, raha ohatra ilay mpivavaka nanao ireo “chahàdataïne”, sy ny fangataham-pitahiana ho an'i Mouhammad sy ireo taranany ary nanao “dou'an” ho an'ireo mpino sy “dou'an” ho an'ilay maty, koa moa ve mbola azon'ny mpivavaka atao ny mamaky ny dou'an hafa, na dia tsy dou'an izay voaray avy tamin'ireo olo-masina aza?

V.6: Tsy misy olana ny amin'izany.

F.7: Rehefa misy rà mivoaka amin'ilay ratra izay misy amin'ny maty, amin'ny fotoana ny fampandroana azy, moa ve tsarina ho aradalàna ny fampandroana sa tsia, ary moa ve miova ilay “houkm” mankany amin'ny “tayamoum”?

V.7: Raha tsy misy ny fanantenana na dia fotoana fohy aza amin'ny fijanonan'ily rà mandritra ny fotoana izay tsy mifanohitra amin'ny fikarakarana tsy maintsy atao amin'ily faty, amin'izay fotoana izay dia adidy ny mampanao tayamoum azy ho solon'ny fampandroana.

F.8: Raha misy ratra maromaro amin'ily faty, moa ve wadjib ny manjaitra ireo ratra ireo, ny mametraka landihazo sy “sparadra” izay manakana ny fivoahan'ily rà amin'ny fotoan'ny fampandroana, ary moa ve, amin'izay fotoana izay koa, dia ampy ny fisafoana eo ambonin'ily “sparadra”?

V.8: Adidy ny manao ireo karazana fitsaboana ireo mba tsy ho maloto amin'ily rà ny lambam-paty. Fa tsy ampy ny maha-ara-dalàna ny fampandroana ilay faty raha ohatra ka tsy mety ny mampanana ny vatany manontolo. Koa ny adidy amin'izany dia ny mampanao tayamoum io faty io ho solon'ny fampandroana.

F.9: Moa ve azo atao ny mamokatra ny maty, amin'ny fotoana izay tsy hampisy fahafaham-baràka azy?

V.9: Eny, araka io fanontaniana io, dia azo atao raha misy antony tsy azo ialàna.

F.10: Ny malaza dia tsy azo atao ny mandevina faty amin'ny masdjid, kanefa isika mahita fa maro amin'ireo masdjid lehibe fanta-daza no misy fasana eo aminy, toy ny Masdjidoul-haràm, ny Masdjidoun-nabawī, ny masdjid cheikh At-twousī ... sns, koa moa ve ireo fasana ireo dia tsy hoheverina ho singan'ireo masdjid izay iharan'izany lalàna izany sa ahoana?

V.10: Ireo fasana ireo, mikasika an'ireo masdjid voalaza teo ireo dia efa nisy talohan'ny nanamboarana an'ireo masdjid ireo.

Fampahatsiahivana

Voaray avy tamin'ny cheikh At-twousi voarakitra ao amin'ilay boky مَفَاتِيحُ الْجَنَانِ “mafàtihoul-djinàn”, fa anisan'ny fahalalam-pomba na “adàb” amin'ny fitondrana ilay vatam-paty dia raisina manomboka eo amin'ny tanana an-kavanan'ilay faty izay tandrifin'ny ilany an-kavian'ilay fandriana atoriaran'ilay maty avy eo izy mihemotra milanja azy mankany amin'ny tongotr'ilay maty an-kavanana, avy eo miodina milanja azy amin'ny soroka an-kavia any amin'ny tongotr'ilay faty an-kavia ary avy eo izy dia mankeo amin'ny tandrifin'ny tanan'ilay maty an-kavia ka milanja azy amin'ny soroka an-kavia. Tandremo anefa fa tsy anisan'ny “adàb” ny mandray ny filanjan'ilay faty avy ety aloha fa tokony hiodina mandray izany avy aoriana. Entin'ireo mpitondra azy mihodikodina amin'ny fomba ohatr'izany amin'ny zorony efatra ilay vatam-paty.

Tsara ho marihina fa izany fomba fitondrana faty izany no voalaza ao amin'ny “mafàtihoul-djinàn” nefa nilaza ilay mpanoratra an'io boky io fa misy manam-pahaizana hafa no manambara fa ny fanombohan'ny filanjana an'ilay vatam-paty dia mifanohitra amin'izany, izany hoe manomboka amin'ny tandrifin'ny tanan'ilay faty an-kavia.

Koa rehefa entina hatreny amin'ilay fasana izany dia avela aloha ilay vatam-paty ho eo amin'ny faritry ny tongotry ny fasana raha lehilahy no maty, ary akisaka in-telo indray mandeha manantona amin'ilay lavaka izany, fa raha vehivavy kosa no maty dia avela manoloana ilay fasana manatrika ny qiblah ilay vatam-paty. Avy eo, miditra ao anatin'ny fasana ny tompon'andraikitra na ny mpiandraikitr'ilay faty, na izay nobaikon'ilay mpiandraikitra, ary ny fidinany ao an-dava-pasana dia eo amin'ny faritry ny tongotr'ilay fasana, no sady miteny manao hoe:

”اللَّهُمَّ اجْعَلْهَا رَوْضَةً مِنْ رِيَاضِ الْجَنَّةِ وَلَا تَجْعَلْهَا حُفْرَةً مِنْ حُفْرِ النَّارِ.”

“Andriamanitro ô! Ataovy izany -toerana- mba ho anisan’ny zaridaina iray amin’ireo zaridainan’ny Paradisa fa aza atao ho helo iray amin’ireo helon’ny Afobe”.

Anisan’ny “adab” amin’ny fandevenana dia ny fidirana ao amin’ily lava-pasana tsy manao kiraro sy miala satroka sy misokatra bokotr’akanjo ary maka ilay faty manomboka eo amin’ny lohany ka mampidina azy ao amin’ily fasana no sady miteny toy izao manaraka izao:

”بِسْمِ اللَّهِ وَبِاللَّهِ وَفِي سَبِيلِ اللَّهِ، وَعَلَىٰ مِلَّةِ رَسُولِ اللَّهِ، اللَّهُمَّ إِيْمَانًا بِكَ وَتَّوْبَةً بِكِتَابِكَ، هَذَا مَا وَعَدَنَا اللَّهُ وَرَسُولُهُ، وَصَدَقَ اللَّهُ وَرَسُولُهُ، اللَّهُمَّ زِدْنَا إِيْمَانًا وَتَّوْبَةً سَلِيمًا.”

“Amin’ny anaran’i Allah sy amin’ny alalan’i Allah ary eo amin’ny lalan’i Allah, ary araka ny fomba amam-panon’ily Irak’i Allah, ry Andriamanitro ô, finoana Anao sy fanekena ny bokinao, ity ilay fampanantenan’i Allah sy ilay Irany anay, ary marina ny tenin’i Allah sy ilay Irany, ry Andriamanitro ô, ampitomboy ho anay ny fananam-pinoana sy ny fankatoavana”.

Avy eo dia mampatory ilay faty mihorirana amin’ny ilany ankavanana ka mampitodika ny handriny manatrika ny qiblah, vahana ilay fatotra amin’ny lohany sy amin’ny tongony, ary apetaka amin’ny tany mihorirana ny takolany ary tsara ampiarahina aminy ny singany kely amin’ny tourba an’ny Al-Imàm Al-Houssein (a.s), ary arafitra eo aminy ny vato na biriky na hazo, no sady miteny toy izao ilay mpandrafitra:

”اللَّهُمَّ صَلِّ وَحَدِّثْهُ، وَأَنْسِ وَحَشْتَهُ، وَأَرْحَمْ غُرْبَتَهُ وَ أَسْكِنِ إِلَيْهِ مِنْ رَحْمَتِكَ رَحْمَةً يَسْتَعْنِي بِهَا عَنْ رَحْمَةِ مَنْ سِوَاكَ وَأَحْشُرْهُ مَعِ مَنْ كَانَ يَتَوَلَّاهُ مِنَ الْأَيْمَةِ الطَّاهِرِينَ عَلَيْهِمُ السَّلَامُ.”

“Andriamanitro ô, ampifandraiso ny fahatokanany, sy omeo namana tsara hanala ny fahanginany, mamindrà fo amin’ny fahalavirany, toneo amin’ny famindram-ponao izy, famindram-po izay tsy itakiany famindram-po avy amin’ny hafa ankoatra ny avy Aminao, ary atsangano izy miaraka amin’izay narahiny avy amin’ireo Mpitarika madio, fitahiana anie ho amin’Izy ireo”.

Ary moustahab ny mampanao تَلْقِيْنَ “talqîne” amin’ilay faty dia ireo chaḥâdâte anankiroa sy amin’ny anaran’ireo Imàm roa ambin’ny folo (a.s) izay narahiny, rehefa mametraka azy ao am-pasana alohan’ny mandrafitra an’ilay vato na biriky na hazo eo aminy, ka miteny ilay mpanao “talqîne” manao hoe:

”يا فلان بن فلان”

Ary tononina ny anaran’ilay maty sy ny anaran’ny rainy solon’izany fitenenana izany.

”أَذْكُرُ الْعَهْدَ الَّذِي خَرَجْتَ عَلَيْهِ مِنْ دَارِ الدُّنْيَا: شَهَادَةَ أَنْ لَا إِلَهَ إِلَّا اللَّهُ وَحْدَهُ لَا شَرِيكَ لَهُ وَأَنَّ مُحَمَّدًا عَبْدُهُ وَرَسُولُهُ وَأَنَّ عَلِيًّا أَمِيرَ الْمُؤْمِنِينَ وَالْحَسَنَ وَالْحُسَيْنَ وَعَلِيًّا وَمُحَمَّدًا وَجَعْفَرًا وَمُوسَى وَعَلِيًّا وَمُحَمَّدًا وَعَلِيًّا وَالْحَسَنَ وَالْحُجَّةَ أَيْمُنُكَ أَيْمَنُ الْهُدَى الْأَبْرَارُ.”

Rehefa vita ny fandrafetana ilay vato na biriky na hazo eo amin’ny fasana dia mandraraka ilay vovo-tany amin’ny alalan’ny vohon’ny felatanana, ary moustahab amin’ireo mpanatrika ny manao toy izany ihany koa, ka miteny izy ireo amin’izay fotoana izay manao hoe:

”إِنَّا لِلَّهِ وَإِنَّا إِلَيْهِ رَاجِعُونَ هَذَا مَا وَعَدَنَا اللَّهُ وَرَسُولُهُ وَصَدَقَ اللَّهُ وَرَسُولُهُ.
اللَّهُمَّ زِدْنَا إِيْمَانًا وَتَسْلِيمًا.”

Rehefa hivoaka hiala ao anatin’ilay fasana dia mivoaka amin’ny ilany amin’ny tandrifin’ny tongotra, avy eo hakatona sy totofana amin’ny

tany ilay fasana ka ampiakarina amin'ny fetran'ny tondro efatra ny haavony, ary tsy mampiditra vovo-tany hafa, apetraka eo an-dohampasana ny biriky na vato na hazo iray, avy eo tondrahana rano eo ambonin'ilay fasana manomboka eo amin'ny faritry ny loha ary manao azy manodidina amin'ny zorony efatra ka hatramin'ny nanombohana azy teo amin'ny loha. Raha misy ambiny tavela tamin'ilay rano dia araraka eo ampovoan'ilay fasana. Rehefa vita ny fanotofana dia mametraka ny tanany eo ambonin'ilay fasana ireo izay te hanao izany, mivelatra ireo ratsantanana no sady ampidirina lalina ary mangataka ho an'ilay maty, ka miteny toy izao:

”اللَّهُمَّ أَنْسِ وَحَشَنَّهُ وَارْحَمْ غُرْبَتَهُ وَأَسْكِنِ (أَمِنْ) رَوْعَتَهُ وَ صِلْ وَحَدَنَّهُ
وَأَسْكِنِ إِلَيْهِ مِنْ رِحْمَتِكَ رَحْمَةً يَسْتَعْنِي بِهَا عَنْ رَحْمَةِ مَنْ سِوَاكَ وَاحْشُرْهُ مَعَ مَنْ كَانَ
يَتَوَلَّاهُ.”

Rehefa lasa ny olona, tavela ny havan'ilay maty tena akaiky, dia mangataka famindram-pon'i Allah ho azy izy, ary miteny amin'ny feo ambony raha tsy misy hatahorana amin'ireo fahavalo, manao hoe :

”يا فلان بن فلان”

Ary tononina ny anaran'ilay maty sy ny anaran'ny rainy solon'izany fitenenana izany

”اللَّهُ رَبُّكَ وَ مُحَمَّدٌ نَبِيُّكَ وَ الْقُرْآنُ كِتَابُكَ وَ الْكَعْبَةُ قِبْلَتُكَ، وَ عَلِيٌّ إِمَامُكَ
وَ الْحَسَنُ وَ الْحُسَيْنُ وَ عَلِيٌّ وَ مُحَمَّدٌ وَ جَعْفَرُ وَ مُوسَى وَ عَلِيٌّ وَ مُحَمَّدٌ وَ عَلِيٌّ وَ الْحَسَنُ
وَ الْحُجَّةُ أَيْمُنُكَ أَيْمَةُ الْهُدَى الْأَبْرَارِ.”

Voalazan'ireo manam-pahaizana fa misy toerana anankiroa tsara ny manao “talqīne” an'ireo maty ankoatra ny fotoana hialany aina.

Voalohany: rehefa nampiditra azy tao anatin'ilay fasana, ary ny tena tsara amin'izany dia ny fitazonana ny sorok'ilay maty an-kavanana

amin'ny alalan'ny tanana ankavanana, ary ny soroka ankavia amin'ny alalan'ny tanana an-kavia, ka mampihetsiketsika¹ an'ily faty izay vao manao talqine azy.

Faharoa: voaray ao amin'ny boky “mafātīhoul-djinàn” مَفَاتِيحُ الْجِنَانِ fa moustahab amin'ny mpiandraikitr'ily faty izany hoe ny havan'ily maty tena akaiky azy, ny mipetraka manandrify manatrika ny lohan'ily maty aorian'ny fandevenana, rehefa lasa ny olona ka manao ny “talqine” amin'ily maty amin'ny feo avo. Ny tsara atao amin'izany dia ny mametraka ny felatanana roa eo amin'ily fasana, ny vavan atao akaiky ny fasana. Tsy mampaninona fa azon'ily mpiandraikitra atao ny maka olon-kafa hanao izany raha misy ny tsy fahafahany.

Voaray amin'ny hadith fa rehefa nanaovana an'izany talqine izany ilay faty dia miteny i Mounkar sy i Nàkir hoe: efa nampianarina izy ka tsy ilaina intsony ny manontany azy, koa 'ndaho isika handeha, ary lasa tokoa izy roa tsy hanontany azy. Niteny Al-anllamah Al-madj'lisī (رِجْمَةُ اللَّهِ) hoe : ilay talqine feno dia ny fitenenan'ily mpanao azy hoe:

إِسْمَعُ إِفْهَمَ - يَا فُلَانُ ابْنَ فُلَانٍ - وَلْيَذْكَرِ اسْمَهُ وَاسْمَ أَبِيهِ

-Ary tononina ny anaran'ily maty sy ny anaran'ny rainy solon'ily teny hoe - foulàn Ibn foulàn -

هَلْ أَنْتَ عَلَى الْعَهْدِ الَّذِي فَارَقْتَنَا عَلَيْهِ مِنْ شَهَادَةِ أَنْ لَا إِلَهَ إِلَّا اللَّهُ وَحْدَهُ لَا شَرِيكَ لَهُ، وَأَنَّ مُحَمَّدًا صَلَّى اللَّهُ عَلَيْهِ وَآلِهِ عَبْدُهُ وَرَسُولُهُ وَسَيِّدُ النَّبِيِّينَ وَخَاتَمَ الْمُرْسَلِينَ، وَأَنَّ عَلِيًّا أَمِيرَ الْمُؤْمِنِينَ وَسَيِّدَ الْوَصِيِّينَ وَإِمَامَ أَفْرِضَ اللَّهُ طَاعَتَهُ عَلَى الْعَالَمِينَ ، وَأَنَّ الْحَسْنَ وَ الْحُسَيْنَ وَ عَلِيَّ بْنَ الْحُسَيْنِ وَ مُحَمَّدَ بْنَ عَلِيٍّ وَ جَعْفَرَ بْنَ مُحَمَّدٍ وَ مُوسَى بْنَ جَعْفَرَ وَ عَلِيَّ بْنَ مُوسَى وَ مُحَمَّدَ بْنَ عَلِيٍّ وَ عَلِيَّ بْنَ مُحَمَّدٍ وَ الْحَسْنَ بْنَ عَلِيٍّ وَ الْقَائِمَ الْحُجَّةَ الْمَهْدِيَّ صَلَوَاتُ اللَّهِ عَلَيْهِمْ أَيْمَنَةُ الْمُؤْمِنِينَ وَ حُجَجُ اللَّهِ

¹ Toy ny mamoha ny olona matory.

عَلَى الْخَلْقِ أَجْمَعِينَ وَأَيْمُنُكَ أَيْمَةٌ هُدًى أَبْرَارٌ، يَا فَلَانَ ابْنَ فَلَانٍ¹، إِذَا أَتَاكَ الْمَلَكَانِ الْمُفْرَبَانِ الرَّسُولَانِ مِنْ عِنْدِ اللَّهِ تَبَارَكَ وَتَعَالَى وَسَأَلَاكَ عَنْ رَبِّكَ وَعَنْ دِينِكَ وَعَنْ كِتَابِكَ وَعَنْ قِبْلَتِكَ وَعَنْ أَيْمَتِكَ فَلَا تَخَفْ وَ قُلْ فِي جَوَابِهِمَا: اللَّهُ جَلَّ جَلَالُهُ رَبِّي وَ مُحَمَّدٌ صَلَّى اللَّهُ عَلَيْهِ وَآلِهِ نَبِيِّ وَ الْإِسْلَامُ دِينِي، وَالْقُرْآنُ كِتَابِي، وَالْكَعْبَةُ قِبْلَتِي، وَآمِيرُ الْمُؤْمِنِينَ عَلِيُّ بْنُ أَبِي طَالِبٍ إِمَامِي وَ الْحَسَنُ بْنُ عَلِيٍّ الْمُجْتَبَى إِمَامِي وَ الْحُسَيْنُ بْنُ عَلِيٍّ الشَّهِيدُ بِكَرْبَلَاءَ إِمَامِي وَ عَلِيُّ زَيْنُ الْعَابِدِينَ إِمَامِي وَ مُحَمَّدٌ بَاقِرُ عِلْمِ النَّبِيِّينَ إِمَامِي وَ جَعْفَرُ الصَّادِقُ إِمَامِي وَ مُوسَى الْكَاطِمُ إِمَامِي وَ عَلِيُّ الرِّضَا إِمَامِي وَ مُحَمَّدٌ الْجَوَادُ إِمَامِي وَ عَلِيُّ الْهَادِي إِمَامِي وَ الْحَسَنُ الْعَسْكَرِيُّ إِمَامِي وَ الْحُجَّةُ الْمُتَنْظَرُ إِمَامِي هَؤُلَاءِ صَلَوَاتُ اللَّهِ عَلَيْهِمْ أَجْمَعِينَ أَيْمَتِي وَ سَادَتِي وَ قَادَتِي وَ شَفَعَائِي، بِهِمْ أَتَوَلَّى وَ مِنْ أَعْدَائِهِمْ أَتَبَرَّأُ فِي الدُّنْيَا وَ الْآخِرَةِ. ثُمَّ اَعْلَمَ يَا فَلَانُ بْنُ فَلَانٍ² أَنَّ اللَّهَ تَبَارَكَ وَ تَعَالَى نِعَمَ الرَّبِّ، وَأَنَّ مُحَمَّدًا صَلَّى اللَّهُ عَلَيْهِ وَآلِهِ نِعَمَ الرَّسُولِ، وَأَنَّ أَمِيرَ الْمُؤْمِنِينَ عَلِيَّ بْنَ أَبِي طَالِبٍ وَأَوْلَادَهُ الْأَيْمَةَ الْأَحَدَ عَشَرَ نِعَمَ الْأَيْمَةِ وَأَنَّ مَا جَاءَ بِهِ مُحَمَّدٌ صَلَّى اللَّهُ عَلَيْهِ وَآلِهِ حَقٌّ وَأَنَّ الْمَوْتَ حَقٌّ وَ سَوَالَ مُنْكَرٍ وَ نَكِيرٍ فِي الْقَبْرِ حَقٌّ وَ الْبَعْثُ حَقٌّ وَ النَّشُورُ حَقٌّ وَ الصِّرَاطُ حَقٌّ وَ الْمِيزَانَ حَقٌّ وَ تَطَائِيرَ الْكُتُبِ حَقٌّ وَ الْجَنَّةُ حَقٌّ وَ النَّارُ حَقٌّ وَأَنَّ السَّاعَةَ آتِيَةٌ لَا رَيْبَ فِيهَا وَأَنَّ اللَّهَ يَبْعَثُ مَنْ فِي الْقُبُورِ؛ ثُمَّ يَقُولُ: أَفْهَمْتَ يَا فَلَانُ³.

وَ فِي الْحَدِيثِ أَنَّ الْأَمِيَّتَ يُحِبُّ: بَلَى. فَهَمْتُ ثُمَّ يَقُولُ: تَبَّتْكَ اللَّهُ بِالْقَوْلِ الثَّابِتِ، هَذَاكَ اللَّهُ إِلَى صِرَاطٍ مُسْتَقِيمٍ، عَرَفَ اللَّهُ بَيْنَكَ وَ بَيْنَ أَوْلِيَائِكَ فِي مُسْتَقَرٍّ مِنْ رَحْمَتِهِ، ثُمَّ يَقُولُ: اللَّهُمَّ جَافِ الْأَرْضَ عَنِ جَنَّبِيهِ وَ اصْعَدْ بِرُوحِهِ إِلَيْكَ وَ لَقِّهِ مِنْكَ بُرْهَانًا. اللَّهُمَّ عَفْوِكَ عَفْوِكَ.

Tsara ny mampahatsiahy fa ilaina ny fitandremana mikasika ny mahalahy na mahavavy an'ireo solontena tampisaka izay manondro an'iaiy maty.

¹ Tononina ny anarany sy ny anaran-drainy

² Tononina ny anarany sy ny anaran-drainy

³ Tononina ny anarany sy ny anaran-drainy

Voaray avy tamin’ny Mpaminany (s.a.w) , manao hoe: izay nahita vatam-paty ka niteny manao hoe:

اللَّهُ أَكْبَرُ هَذَا مَا وَعَدَنَا اللَّهُ وَرَسُولُهُ وَصَدَقَ اللَّهُ وَرَسُولُهُ. أَللَّهُمَّ زِدْنَا إِيمَانًا وَتَسْلِيمًا. أَلْحَمْدُ لِلَّهِ الَّذِي تَعَزَّزَ بِالْقُدْرَةِ، وَقَهَرَ الْعِبَادَ بِالمَوْتِ.

“Allah no Lehibe Indrindra, izao ilay nampanantenain’i Allah sy ilay Irany anay ary marina ny voalazan’i Allah sy ilay Irany. Ry Andriamanitra ô, ampitomboho ho anay ny fananam-pinoana sy ny fankatoavana. Dera sy laza ho an’Andriamanitra izay Tompon’ny hery, sy nampandresy ny fahafatesana an’ireo mpanompo”.

Izay manao izany dia tsy misy anjely tavela any an-danitra raha tsy mitomany mangataka famindram-po ho azy.

Tsy anisan’ny sounnah ny fanarahan’ny vehivavy ny vatam-paty araka ny voalazan’ireo manam-pahaizana, ary makhrou ho an’izay eo akaiky sy izay manaraka ny vatam-paty ny mihomehy na ny manao resaka fahantany.

Voaray ao amin’ny “مَفَاتِيحُ الْجَنَانِ mafàtihoul-djinàn” izao manaraka izao:

قَالَ الْعَلَامَةُ الْمَجْلِسِي (رَحِمَهُ اللهُ) فِي كِتَابِهِ أَلْحَلِيَّةِ، رُوِيَ عَنِ النَّبِيِّ (ص) قَالَ: مَنْ صَلَّى عَلَيَّ مَيِّتٍ صَلَّى عَلَيَّ سَبْعُونَ أَلْفَ مَلَكٍ، وَعَفَرَ اللهُ لَهُ مَا تَقَدَّمَ مِنْ ذَنْبِهِ وَمَا تَأَخَّرَ فَإِنْ أَقَامَ حَتَّى يُدْفَنَ وَيُحْتَى عَلَيْهِ التُّرَابُ، كَانَ لَهُ بِكُلِّ قَدَمٍ نَقْلَهَا قَبْرًا مِنْ الْأَجْرِ وَالْقَبْرَاطُ مِثْلُ جَبَلٍ أَحَدٍ.

Dikany: Niteny Al-anllamah Al-madj’lisi ((رَحِمَهُ اللهُ)) ao amin’ny bokiny antsoina hoe “al-hil’yah”, voaray avy tamin’ny Mpaminany (s.a.w) nanao hoe: “izay nanao swalàt amin’ny olona maty dia manao swalàt aminy ny anjely fitopolo arivo, ary i Allah hamela azy tamin’ny fahotana rehetra izay nataony, na efa vita izany na mbola ho avy. Raha maharitra

mandram-pandevenana sy mandraraka ny vovoka eo aminy, isaky ny dingana izay nataony dia ahazoany ny “qiràtwe”-n’ny fahasoavana, ary ny lanjan’ny “qiràtwe” iray dia mitovy amin’ny tendrombohitra Ouhoud”.

وَرُويَ عَنْهُ صَلَّى اللهُ عَلَيْهِ وَآلِهِ فِي حَدِيثٍ آخَرَ أَنَّهُ قَالَ: أَيُّمَا مُؤْمِنٍ صَلَّى عَلَيَّ جَنَازَةً، وَجَبَتْ لَهُ الْجَنَّةُ إِلَّا إِذَا كَانَ مُنَافِقًا أَوْ عَاقًا لِوَالِدَيْهِ.

Dikany: Ary voaray avy Aminy (s.a.w) ao amin’ny hadith hafa fa Izy dia niteny hoe: “na iza na iza mpino nanao swalàt ho an’ny olo-maty dia tsy maintsy ho azony ny paradisa, afa-tsy ny olona mpitsaravelatsihy na olona mpampijaly ny ray amam-dreniny”.

وَرُويَ بِسَنَدٍ مُعْتَبَرٍ عَنِ الصَّادِقِ صَلَوَاتُ اللهُ عَلَيْهِ أَنَّهُ إِذَا مَاتَ الْمُؤْمِنُ فَحَضَرَ جَنَازَتَهُ أَرْبَعُونَ مِنَ الْمُؤْمِنِينَ وَقَالُوا: "اللَّهُمَّ إِنَّا لَا نَعْلَمُ مِنْهُ إِلَّا خَيْرًا وَأَنْتَ أَعْلَمُ بِهِ مِنَّا".

قَالَ اللهُ تَعَالَى: "قَبِلْتُ شَهَادَتَكُمْ، وَغَفَرْتُ لَهُ مَا لَمْ تَعْلَمُوهُ وَعَلِمْتُهُ".

Dikany : Ary voaray ny hadith izay ekena ny fahamarinany avy tamin’ny Imàm As-Swàdiq (a.s) manao hoe: “rehefa maty ny mpino iray ka tonga eo anatrehany ny mpino efapolo mijoro vavolombelona amin’ny fitenenana hoe: “ry Allah ô, tena marina, izahay dia tsy mahafantatra ny momba azy afa-tsy ny hatsarana ary Ianao no mahafantatra indrindra ny momba azy mihoatra anay”.

Dia i Allah Ilay Avo Indrindra hamaly manao hoe: “nekeko ny fijoroanareo vavolombelona, ary namela azy Aho amin’izay tsy fantatrareo kanefa fantatro”.

Ireo fandroana moustahab

Maro karazana ireo fandroana moustahab araka ny voalazan'ireo manam-pahaizana (رض) fa ny sasantsasany amin'izy ireo dia tsy iombonan'ny As-sayed As-sistani hevitra afa-tsy ireto tanisaina manaraka ireto:

1-Fandroana amin'ny andro zoma, ary hamafisina ny maha-moustahab azy io, ka ny fotoana fanatanterahana azy dia manomboka ny mangirandratsy hatramin'ny filentehan'ny masoandro; fa ny tena tsara dia ny manao azy alohan'ny zawàl.

2-7-Fandroana amin'ny alina voalohany sy ny faha-17, 19, 21, 23, 24 ny volana masina Ramadan.

8-9-Fandroana amin'ny andron'ny “eid-oul fitwr” sy ny “eid-oul oulw'hà”, ny fotoana fanatanterahana azy dia manomboka ny mangirandratsy hatramin'ny alohan'ny filentehen'ny masoandro, araka ny fahitan'ny manam-pahaizana sasany toa an'ny As-sayed As-sistani. Fa ny tena tsara, dia manatanteraka izany alohan'ny “swalâtoul-eid”.

10-11-Ny fandroana amin'ny andro fahavalo sy ny fahasivin'ny volana dhil-hadj, fa ny tena tsara amin'ny andro fahasivy dia manatanteraka azy amin'ny fidiran'ny zawàl.

12-Ny fandroana nohon'ny fitafiana ny lamban'ny hadj na “ihràm”.

13-Fandroana nohon'ny fidirana ny faritra masina, izay manodidina an'i Makka.

14-Fandroana nohon'ny fidirana ao Makka.

15-Fandroana nohon'ny famangiana ilay trano masina Ka'anbah.

16-Fandroana nohon'ny fidirana ao anatin'ny Ka'anbah.

17-Fandroana nohon'ny famonoana ilay biby atao sorona amin'ny fotoan'ny hadj.

18-Fandroana nohon'ny fandraratana tanteraka na ny fihetezana ny loha.

19-Fandroana nohon'ny fidirana amin'ny manodidina ny tanànan'i Madina.

20-Fandroana nohon'ny fidirana ao Madina.

21-Fandroana nohon'ny fidirana ao amin'ny Mosken'ny Mpaminany (s.a.w).

22-Fandroana ho an'ny fanaovam-beloma ny fasan'ilay Mpaminany (s.a.w).

23-Fandroana nohon'ny fanaovana "istikhàrah".

24-Fandroana alohan'ny fanaovana ny "swalâtoul-istisqâ", izany hoe, swalât atao rehefa tsy misy ny rotsak'orana, mba hangataka amin'i Allah handatsahany izany.

25-Fandroana nohon'ny fanaovana moubâhalah, izany hoe fifanozonana amin'ny mpanohitra.

26-Fandroana nohon'ny fikasihana faty taorian'ny fahavitan'ny fampandroana azy.

Koa anjaran'ilay mpanaraka na mpanao "taqlid" no mamantatra hoe: aiza amin'ireo no mifanaraka amin'ny manam-pahaizana arahany mba hahazoany araka ny lalàna ny fanaovana ny fikasàna manao hoe **قُرْبَةً**

"إِلَى اللَّهِ تَعَالَى" rehefa hanao azy. Raha tsy manana fahatokisana ny mahamoustahab ilay fandroana izy manoloana ny manam-pahaizana izay arahany, dia tsy azo atao ny manao fikasana "قُرْبَةً إِلَى اللَّهِ تَعَالَى" fa ny tsara aminy dia ny manao ny fikasana: "رَجَاءَ الْمُطْلُوبِيَّةِ" ho solon'ny "قُرْبَةً إِلَى اللَّهِ تَعَالَى", satria ny fitenenana ilay faharoa dia maneho ny fahatokisana eo amin'ilay mpivavaka fa ilay fanompoana dia takian'i Allah, araka ny hevitra ny Mardjan izay arahany.

Araka ny fahitan'ny As-sayed As-sistani, ireo fandroana voalaza ireo dia mahasolo ny "woulwou". Fa ny fandroana hafa ankoatra ireo, rehefa manao azy dia atao amin'ilay fikasana: "رَجَاءَ الْمُطْلُوبِيَّةِ", ary tsy maintsy ampiarahana amin'ny "woulwou" rehefa hanao asa fanompoana mitaky twahàra. Koa dia ireto tanisaina manaraka ireto ny sasantsasany amin'ireo fandroana ireo:

1-Fandroana amin'ireo alina izay manana daty tsy ankasa na "impaire", ary amin'ireo alina folo farany amin'ny volana masina Ramadan.

2-Fandroana amin'ny faran'ny alin'ny faha-23 ny volana masina Ramadan, manakaiky ny mangirandratsy.

3-Fandroana amin'ny andro faha-24 ny volana Dhil-hadj.

4-Fandroana amin'ny andro antsasaky ny volana Cha'anban.

5-Fandroana amin'ny andro voalohany sy afovoany ary farany amin'ny volana Radjab, sy ny andro nanirahana an'i Mouhammad (s.a.w) ho Mpaminany, ary izany dia ny faha-27 ny volana Radjab.

6-Fandroana nohon'ny famangiana ny iray amin'ireo olo-masina, na famangiana lavitra izany, na koa akaiky.

7-Fandroana amin'ny andron'ny faha-25 ny volana Dhil-qa'enda.

Ny loto lehibe ara-pinoana izay tsy hita maso

Ny atao hoe الحدث الأكبر “al-hadathoul-akbar” dia ireo loto ara-pinoana, raha mitranga amin’ny olombelona ny iray amin’izy ireo dia mitaky fandroana mba hahatonga ny olona ho afaka hanatanteraka ny swalât, toy ny fikasihana faty na ny djanâbah na ny fadimbolana ...sns.

Ireo antony mahatonga ny loto lehibe ara-pinoana

Lazaina fa voan’ny loto lehibe ara-pinoana ny olona noho ireo antony maromaro, fa ireto sasantsasany ireto ihany no holazaina eto:

a.Ny fikasihana faty " مَسُّ الْمَيْتِ "

Ny tiana hambara amin’ny fikasihana faty dia ny fikasihana’ny velona ny vatan’ny maty aorian’izy efa mangatsiaka sy ny fialàn’ny hafanana aminy no sady mbola tsy vita fampandroana. Marina tokoa fa ny vatan’ilay maty raha amin’ny toe-javatra toy izany dia mbola nadjis; koa rehefa voakasiky ny velona izany dia wadjib aminy ny mandro raha hanao swalât izy. Fa ankoatra ny fatin’olombelona dia tsy mitaky fandroana ny amin’ny fikasihana azy. Ity lalàna ity dia misy fanazavana lava fa tsy resahina eto.

M.51: Tsy misy fahasamihafana amin’ny maha-wadjib ny fandroana nohon’ny fikasihana faty, na izany fatin’olon-dehibe na fatin’ankizy, eny fa na dia zaza rano aza izay efa misy fanahy na dia mbola tsy ampy efa-bolana. Fa ny mikasika ny silaky ny vatana izay tapaka, na eo amin’ny velona na eo amin’ny maty, raha mbola tafaraka ihany ny taolana sy nofo, dia ahitana fifanoherana eo amin’ireo samy manam-pahaizana mikasika ny fandroana aorian’ny fikasihana azy. Ny sasany mahita fa wadjib ny mandro, ary ny sasany kosa toa an’ny As-sayed As-sistani dia mahita fa tsy voatery ny fandroana, fa ny fitandremana tsara atao dia ny manao ilay fandroana.

M.52: Raha atao “tayammoum” ny faty ho solon’ny fampandroana nohon’ny antony manokana, dia mahita ny manam-pahaizana sasany fa wadjib ny mandro noho ilay fikasihana azy.

b.Ny djanàbah الْجَنَابَةُ

Ny tiana hambara amin’ny djanàbah dia ny fivoahan’ny ranonain’ny olombelona amin’ny alalan’ny nofy, na amin’ny alalan’ny firaisana na dia tsy nisy aza ny fivoahan’ny ranonaina. Noho izany, dia tsy maintsy mandro rehefa mitranga aminy ny djanàbah nohon’ny iray amin’ireo antony roa voalaza teo aloha. Ary tsy misy fahasamihafana amin’ny fivoahan’ny ranonaina eo amin’ny lehilahy na vehivavy. Rehefa manonofy ny vehivavy ka mivoaka aminy ny hamandoana aorian’ily nofy, na aorian’ny fifanomezana fahafinaretana feno ka fantany fa ilay hamandoana izay mivoaka aminy dia ranonaina, dia raisiny ho ranonainy izy io ka tsy maintsy mandro izy aorian’izany.

Wadjib ny fandroana “djanàbah” rehefa hanatanteraka ireto zavatra efatra ireto:

1-Fanatanterahana ny “swalàt wadjib”, afa-tsy ny “swalàtoul-mayite” izay tsy atao amin’ny “mosque”.

2-Fanatanterahana ny singan’ny swalàt izay hadino toy ny “sadj’dah” iray, “tachahhoud” ...sns, ary torak’izany koa, ny “swalàtoul-ihtiyiàtw”; fa ny amin’ny “soudjoudous-sahwi” kosa dia tsy voatery ho twahàrah ny olona, na dia izany aza no fitandremana tsara atao.

3-Ny fanaovana “twawàf”.

4-Ny fifehezana.

M.53: Haràm amin’ny olona voan’ny djanàbah ny manao zavatra maromaro:

Voalohany: Ny fikasihana ny soratra masina ao amin'ny Quor'an.

Faharoa: Ny fikasihana ny anaran'Andriamanitra "Allah" sy ireo anarana sy ny toetra voatokana ho Azy. Fa ny fitandremana tsara atao dia ampiarahana amin'izany lalàna izany ny anaran'ireo olo-masina araka ny fahitan'ny manam-pahaizana sasany.

Fahatelo: Ny fidirana ao anatin'ireo masjid, na dia mandalo maka zavatra fotsiny aza. Eny, tsy haràm ny fandalovana raha miditra ny varavarana anankiray ary mivoaka amin'ny varavarana iray hafa.

Fahefatra: Ny fipetrahana ao amin'ny masjid.

Fahadimy: Ny fametrahan-javatra ao amin'ny masjid na dia amin'ny endriky ny fandalovana aza, na koa fametrahan-javatra ao aminy fa saingy avy ety ivelany, araka ny fitandremana izay tsy maintsy arahina.

Fahenina: Ny fidirana ao amin'ny Masjidoul-haràm sy ny Masjidoun-Nabi (s.a.w), na dia ny fandalovana fotsiny ihany aza.

Fahafito: Ny famakiana ny iray amin'ireo andininy izay mitaky soudjoud, fa ny tena tsara dia tsy mamaky mihitsy ny sourat izay misy andininy mitaky "soudjoud wadjib", dia ny "sourat alif lām-mīm tanzil" sy ny "sourat hāmīm as-sadj'dah" sy ny "souratoun-nadjm" ary ny "souratoul-anlaq".

Moustahab ny mamaky an'ity dhikr manaraka ity eo amin'ny soudjoud aorian'ny famakiana ny andinin'ny soudjoud:

لَا إِلَهَ إِلَّا اللَّهُ حَقًّا حَقًّا، لَا إِلَهَ إِلَّا اللَّهُ إِيْمَانًا وَتَصَدِيقًا، لَا إِلَهَ إِلَّا اللَّهُ عِبُودِيَّةً
وَرِقًّا، سَجَدْتُ لَكَ يَا رَبِّي تَعْبُدًا وَرِقًّا لَا مُسْتَنْكَفًا وَلَا مُسْتَكْبِرًا، بَلْ أَنَا عَبْدٌ ذَلِيلٌ خَائِفٌ
مُسْتَجِيرٌ.

d. Ny fadimbolana الْحَيْضُ

Ny atao hoe fadimbolana na “haïlwou” dia ny rà izay mivoaka eo amin’ny vehivavy, amin’ny fotoana voatokana isam-bolana, na oviana na oviana ny fijanon’izany rà izany dia tsy maintsy mandro aorian’izany ilay vehivavy raha hanao swalât izy. Koa noho izany, tsy azon’ny vehivavy atao ireo swalât na ny fifehezana rehefa mitranga aminy ny fadimbolana. Rehefa tapitra izany dia wadjib aminy ny manolo ny fifehezana fa tsy ny swalât. Mbola ho avy ny fanazavana izany bebe kokoa mikasika izany.

Ny ràn’ny fadimbolana, amin’ny ankamaroan’ny vehivavy dia ahitana izany indray mandeha isam-bolana; ny sasany indray mety ho mihoatra na tsy mahita mihitsy.

Ny ràn’ny fadimbolana mazàna dia amin’ny endrika mainty na mena, ary mivoaka miaraka amin’ny hafanana. Ny faharetan’ny fivoahany dia mandritra ny telo andro, ary ny farafahabetsany dia folo andro ka voafetra mba ho telo andro ny farafahakeliny araka ny fahitan’ireo manam-pahaizana sasany toa an’ny As-sayed As-sistani. Fa raha nahita ny rà ny vehivavy nandritra ny roa andro ary nijanona izany, avy eo nitohy andro iray na roa mialohan’ny fahataperan’ny folo andro raha nisaina nanomboka tamin’ny fiandohany, dia tsy raisiny ho ràn’ny fadimbolana izany na dia ilay fitandremana tsara atao amin’izany dia ny manambatra ny zavatra avelan’ny vehivavy rehefa amin’ny fotoan’ny fadimbolana sy ny manao ny asan’ny vehivavy misy fitsihan-drà amin’ny andro ahitana ilay rà, ary manambatra ihany koa ny lalàna mifehy ny vehivavy misy fadimbolana sy ny vehivavy madio tamin’ny fotoan’ny fijanonan’ily rà.

M.54: Ferana ny fivoahan’ny ràn’ny fadimbolana mba ho aorian’ny fahampian’ny taonan’ny vehivavy sy alohan’ny fahenim-polo taonany. Noho izany, ny rà rehetra hita amin’ny ankizivavy mbola tsy ampy sivy taona araka ilay calendrier hidjriyah dia tsy raisina ho ràn’ny

fadimbolana; ary torak'izany koa, ny rà izay hita aorian'ny fahenim-polo taonany.

M.55: Mety hita indraindray ny ràny fadimbolana amin'ny fotoana mahabevohoka, na alohan'ny fisehoan'ily vohoka izany na koa aoriany.

M.56: Tsy voafetra ho andro maro ny **الطُّهْرُ** “twouhre”¹ manelanelana ny fadimbolana roa fa kosa ny “twouhre” dia tsy tokony ho latsaky ny folo andro, ary misy alina sivy anelanelan'izany. Fa raha ohatra ny “twouhre” manelanelana ny fadimbolana roa dia latsaky ny folo andro, tena marina fa ny iray amin'izy roa ireo dia tsy heverina ho fadimbolana.

أَحْكَامُ الْحَائِضِ

Lalàna mifehy ny vehivavy mandeha fadimbolana

Tsy ara-dalàna ny “swalàt wadjib” na “moustahab” ataon'ny vehivavy mandeha fadimbolana sy ny fanoloana ny swalàt izay tsy vitany nandritra ny nandehanan'ny fadimbolany, ary tsy ara-dalàna aminy koa ny fifehezana fa kosa wadjib aminy ny manolo izay tsy vitany tamin'ny volana Ramadan, torak'izany koa dia wadjib aminy ny manolo ny fifehezana nohon'ny voady tamin'ny fotoana voatokana, araka ny fitandremana tsy maintsy arahina.

Tsy ara-dalàna aminy koa, ny fanaovana **إِعْتِكَافٌ** “ien'tiqàf” na ny **طَوَافٌ** “twawàf”, ary tsy misy ny mahasamihafa an'izany eo amin'ny “twawàf” izay wadjib na moustahab.

M.57: Haràm amin'ny vehivavy mandeha fadimbolana izay rehetra haràm amin'ny olona voan'ny djanàbah. Miverèna any amin'ny **M.53**.

¹ Fahadiovan'ny vehivavy amin'ny fadimbolana izay manelanelana ny fadimbolana anankiroa.

M.58: Tsy ara-dalàna ny manome طلاق “twalàq” na fisaraham-panambadiana ho an’ny vehivavy mbola ao anatin’ny fadimbolana. Fa ny antsipirian’izany dia hita ao amin’ireo boky lehibe.

M.59: Ny fandroana nohon’ny fadimbolana dia mitovy amin’ny fandroana nohon’ny djanàbah afa-tsy ny fanaovana ny fikasana. Ary misy manam-pahaizana sasany mahita fa mahasolo ny woulwou izany fandroana izany, fa ny fitandremana tsara atao dia ny manao woulwou mialoha ny fandroana.

e. Ny ràn’ny fiterahana النفاس

Ny ràn’ny fiterahana na “nifàs” dia rà mivoaka amin’ny vehivavy eo am-piterahana na aoriany ka ny fivoahan’izany rà izany dia niankina tamin’ily fiterahana ihany araka ny mahazatra.

Tsy manana “nifàs” ny vehivavy izay tsy nahitàna rà mihitsy teo am-piterahana, na koa nahitana izany ihany fa taorian’ny fotoana lava izay fantatra fa io rà io, dia tsy niankina tamin’ily fiterahana araka ny mahazatra; ohatra hita izany rà izany taorian’ny fahafolon’ny andro nisehoan’ily fiterahana.

M.60: Tsy manam-petra ny farafahakelin’ny fotoana fivoahan’ny nifàs fa mety ho ao anatin’ny fotoana fohy fotsiny; nefa kosa ny farafahabetsany dia folo andro, na dia ny fitandremana tsara atao raha mihoatra hatramin’ny faha-18 andro ny fivoahany, ny lalàna mifehy azy amin’izay fotoana izay dia ny manambatra ny zavatra avelan’ny vehivavy mandeha nifàs sy ny manao ny asan’ny vehivavy mandeha istihàlwah na fitsihan-drà araka ny fahitan’ny As-sayed As-sistanī. Izay mila fanazavana bebe kokoa mikasika izany dia miverena amin’ily bokin’ny As-sayed As-sistanī antsoina hoe “المسائل المنتخبة” ao amin’ny M.71.

M.61: Ny malaza amin’ireo manam-pahaizana, ny lalàna mifehy ny vehivavy mandeha fadimbolana mikasika ireo zavatra wadajib sy moustahab ary makrouh dia mbola ireo hatrany no mifehy ireo vehivavy mandeha nifàs.

f. Ny fitsihan-drà الإستحاضة

Ny fitsihan-drà na istihàlwah dia rà mivoaka amin’ny vehivavy arakaraka ny toetrany voajanahary; izy io dia tsy anisan’ny fadimbolana na nifàs. Noho izany, ny rà rehetra izay tsy fadimbolana no sady tsy nifàs ary tsy ràny virijiny na koa vay na ratra dia ràny “istihàlwah”. Ary izany rà izany matetika dia mifanohitra amin’ny toetran’ny ràny hãilwou izay efa nolazaina tany aloha. Tsy ferana ny farafahakeliny sy ny farafahabetsany ny faharetan’ny fivoahany, na ny طُهْرُ “twouhre” izay manelanelana istihàlwah anankiroa. Tsy mitranga amin’ny vehivavy mbola tsy ampy taona ny istihàlwah ary ny fanekena ny fivoahan’izany aorian’ny fahafenoan’ny vehivavy ho enimpolo taona dia ahitana tsikera araka ny voalazan’ny As-sayed As-sistanī (دام ظلّه).

الإِسْتِحَاضُ وَ أَحْكَامُهُ

Ny fitsihan-drà sy ny lalàna mifehy azy

Ny istihàlwah dia mizara telo: ny betsaka sy ny antonony ary ny kely.

Ny istihàlwah betsaka dia ny fahafenoan’ily rà amin’ny landihazo izay entin’ny vehivavy ka tanteraka hatrany amin’ily “couche”.

Ny istihàlwah antonony kosa dia tafiditra amin’ily landihazo ny rà nefa tsy mihoatra ka tsy mahavoan’ny “couche”.

Ny istihâlwah kely indray dia fandotoan'ny rà ilay landihazo, fa kosa tsy tafiditra ao anatiny. Ny tsirairay amin'ireo karazany istihâlwah telo ireo dia samy manana ny lalàna mifehy azy.

M.62: Wadjib amin'ny vehivavy manana istihâlwah betsaka ny manao fandroana in-telo: dia ny fandroana ho an'ny “swalâtous-soubh”sy ny fandroana ho an'ny “swalâtoudh-dhouhr” sy ny “answr” izay atao mitambatra ary ny fandroana ny “swalâtoul-maghrib” sy ny “inçhà'e” izay atao mitambatra ihany koa; fa azo atao ny manasaraka ny “swalâtoudh-dhouhr” sy ny “swalâtoul-answr”, toy izany koa ny “swalâtoul-maghrib” sy ny “swalâtoul-inçhà'e” araka ny fahitàn'ny As-sayed As-sistanî. Amin'izay fotoana izay dia “wadjib” amin'ilay vehivavy ny manao fandroana ho an'ny “swalât” tsirairay; fa ny fitandremana tsara atao dia ny manao “woulwou” alohan'ny fandroana.

Izany voalaza rehetra izany no atao raha mitohy tsy ankijanona ny fisian'ilay rà amin'ny landihazo. Fa raha tapatapaka kosa ny fisehoan'ilay rà amin'ny landihazo ka ahafahany mandro sy manatanteraka swalât iray na mihoatra alohan'ny fisehoan'ilay rà fanindroany, amin'izay fotoana izay, ny fitandremana tsy maintsy arahina dia mandro rehefa miseho ilay rà. Koa noho izany raha mandro sy nanatanteraka ny swalât, avy eo niseho ilay rà amin'ilay landihazo alohan'ny fanatanterahana ny swalât faharoa na eo ampanaovana azy, dia wadjib aminy ny mandro ho an'izany swalât izany, ary tsy azony atao ny manakambana ireo swalât anankiroa amin'ny fandroana anankiray. Fa raha mifanelanelana ny fisehoan'ilay rà anankiroa amin'ny fetra izay hahavitany manatanteraka swalât roa na mihoatra, araka ny fahitan'ny As-sayed As-sistanî, amin'izay fotoana izay dia azon'ilay vehivavy atao ny mampitambatra swalât anankiroa ka tsy ilaina intsony ny manavao ilay fandroana.

M.63: Wadjib amin'ny vehivavy izay mandeha istihâlwah antonony ny manao woulwou isaky ny swalât, sahala amin'ny maha-wadjib aminy ny mandro indray mandeha isan'andro alohan'ny woulwou,

ary manatanteraka ny fandroana mialohan'ny swalât izay nitrangan'ily istihâlwah; koa raha ny “istihâlwah” antonony no nitranga alohan'ny fanatanterahana ny “swalât soubh” dia mila mandro avy eo manao ny woulwou izay vao manatanteraka ny swalât. Ary ampy ankoatry ny swalât soubh amin'ireo swalât ny manao woulwou fotsiny. Raha nitranga taminy ny istihâlwah alohan'ny “swalât adh-dhouhr” dia mila mandro sy manao woulwou ho an'ily swalât ary manatanteraka ny swalât hafa ankoatrany amin'ny alalan'ily woulwou; ary toy izany hatrany no atao. Ny zava-dehibe dia ilay vehivavy mila mampitambatra ny woulwou amin'ny fandroana iray ho an'ily swalât izay nitrangan'ny fitsihan-drà antonony teo alohany.

M.64: Tsy wadjib ny mandro ho an'ily istihâlwah kely, fa kosa ny wadjib eo aminy dia ny fanaovan'ily vehivavy woulwou isaky ny hanao swalât wadjib na moustahab.

M.65: Ny fitandremana ho an'ny vehivavy mandeha istihâlwah dia mila mitsapa ny tenany alohan'ny swalât mba hahafantarany hoe, iza amin'ireo karazany fitsihan-drà anankitelo ireo no mitranga aminy. Fa raha nanao swalât tsy miaraka amin'ny fitsapana izy, dia simba avy hatrany ny fanompoany, raha tsy hoe angaha nifanandrify tsara tamin'ily lalàna izay mifehy azy ny asa nataony. Izany voalaza izany, raha toa ka nanana fahafahana hanao ilay fitsapana ilay vehivavy, fa raha tsy nanana fahafahana kosa izy, dia mila mihevitra fa tsy ao anatin'ny istihâlwah antonony na koa betsaka, raha tsy hoe angaha efa nitranga tany aloha taminy ny iray amin'ireo karazana istihâlwah ireo, ka amin'izay fotoana izay dia heveriny fa ny teo aloha ihany no niverina.

M.66: Ny fitandremana ataon'ny vehivavy mandeha istihâlwah dia ny fanaovany swalât avy hatrany aorian'ny fandroana ka tsy iandrasana fotoana ela, ary adidiny ny miaro ny fivoahan'ily rà raha azony antoka ny fiantrakany manomboka amin'ny fahavitan'ily fandroana ka hatramin'ny fahavitan'ily swalât ataony.

M.67: Tsy wadjib ny mandro nohon'ny fijanonan'ily ra eo amin'ny istihâlwah antonony araka ny fahitan'ny As-sayed As-sistani. Fa eo amin'ny istihâlwah betsaka kosa ny maha-wadjib ny fandroana dia nohon'ny fanajana ilay fitandremana raha toa ka nivoaka taminy ilay ra ary tsy nitohy izany hatramin'ny fahavitan'ny swalât izay notanterahiny araka ireo lalàna mifehy azy; ary torak'izany koa eo amin'ny ankoatr'io swalât io, raha toa ka tsy miseho eo amin'ny "couche" ilay ra eo amin'ny fanombohan'ily fandroana voalohany.

M.68: Haràm amin'ny vehivavy mandeha istihâlwah ny mitsapa ny soratra ao amin'ny Qur'an raha mbola tsy nanao fidiovana tamin'ny alalan'ny woulwou na ghousele izy.

كَيْفِيَّةُ الْغُسْلِ

Ny fomba fandroana

M.69: Tsy mety ny fandroana raha tsy amin'ny alalan'ny rano madio, nahazoana alalana, ary tsy miampy zavatra hafa izay manova ny maha-izy azy. Tahak'izany koa, ny toerana hanatanterahana ny fandroana dia mba ho toerana nahazoan-dàlana fa tsy nalaina an-keriny.

M.70: Wadjib ny manao fikasana alohan'ny handro. Toy izao ny fanaovana azy:

أَغْتَسِلُ مِنْ مَسِّ الْمَيْتِ - او مِنْ الْجَنَابَةِ او مِنْ الْحَيْضِ - قُرْبَةً إِلَى اللَّهِ تَعَالَى.

“Agh'tasilou min massil-mayyiti - aou minal-djanàbah aou minal-haïlwi - qourbatane ila-LLahi Ta'anla.”

Dikany: “Izaho dia mandro nohon'ny fikasihana faty - na nohon'ny djanàbah na fadimbolana - mba hanakaiky an'i Allah Ilay Avo Indrindra”.

Avy eo sasàna miaraka ny loha sy ny tenda ka atao mihoatra kely mahazo amin'ny faritra sasantsasany amin'ilay vatana mba hisian'ny fahatokisana ary atao lena tsara ny hoditra, avy eo dia manasa ny vatana iray manontolo araka ny voalazan'ireo manam-pahaizana toa an'ny As-sayed As-sistānī (دام ظلّه), fa ny manam-pahaizana hafa kosa toa an'ny As-sayed Al-khomein (رض) dia milaza fa ilaina aloha ny manasa ny ilam-batana havanana mihoatrakely amin'ny ilam-batana havia sy amin'ilay tenda mba hisian'ny fahatokisana, izay vao manasa ny ilam-batana havia torak'izay natao teo amin'ny ilam-batana havanana.

Tiana ny manamafy fa tsy azo atao ny manasa ny vatana mialohan'ny loha.

M.71: Raha misy loto ara-pinoana azo tsapain-tanana amin'ny vatana dia wadjib ny manala izany mialoha ny fandroana.

الْحَدَّثُ الْأَصْغَرُ

Ny loto kely ara-pinoana izay tsy hita maso

Al-hadathoul-asw'ghar dia loto ara-pinoana. Raha toa ka mitranga amin'ny olona nohon'ny iray amin'ireo antony manokana dia mahatonga ny tsy maintsy hanaovana woulwou rehefa hanao swalàt.

Ireto avy ireo karazana loto kely ara-pinoana:

-Ny fivoahan'ny pipy na kaka.

-Ny fivoahan'ny hetotra.

-Ny zavatra rehetra izay mahatonga ny fahaverezan-tsaina toy ny torimaso, fahatoranana, hadalana, hamamoana.

-Ny fitsihan-drà.

Koa raha miseho amin'ny olona ny iray amin'ireo tranga ireo dia tsy mety aminy ny manao swalât raha tsy manao woulwou. Tahaka izany koa, dia tsy azo atao ny mitsapa ny soratra masina ao amin'ny Qour'an sy ny anaran'Andriamanitra hoe: “Allah”, na koa ireo toetra voatokana ho Azy toy ny AL-Quayyoun الْقَيُّوم , Al-Khàliq الخالق, Ar-Ràziq الرَّازِق... sns.

الْوُضُوءُ وَ شَرَّاطُهُ

Ny fidiovana masina woulwou sy ireo fepetrany

Ireto avy ireo fepetra takiana amin'ny woulwou:

Voalohany: Ny fahadiovan'ny rantsam-batana izay atao woulwou, alohan'ny hanombohana azy. Ilaina ny tsy hisian'ny loto azo tsapain-tanana amin'ireo ratsam-batana, fa tsy mampaninona kosa ny manadio ilay loto eo am-panaovana woulwou.

Faharoa: Ny tsy fisian'ny sakana, izany hoe tsy ahitana zavatra mipetaka amin'ny rantsam-batana izay atao woulwou, toy ny menaka, ny loko ...sns, izay manakana ny rano tsy ho tonga amin'ny mason-koditra.

M.72: Tokony hitandrina ny mpanao woulwou amin'ny fisian'ny tai-maso na ny vanja sy ireo hafa amin'ny karazana haingo fanaon'ny vehivavy. Koa adidy ny manala izany mialoha ny fanasàny tarehy, raha ohatra ka manakana ny rano tsy ho tonga any amin'ny mason-koditra izany; raha tsy izay dia tsy ara-dalàna ny woulwou.

Fahatelo: Ny fahadiovana sy ny fahazoan-dàlana amin'ilay rano.

Voafetra amin'ilay rano izay hanaovana woulwou ny mba ho rano madio nahazoan-dàlana, ary tsy mifangaro. Torak'izany koa, ny toerana hanaovana azy dia mba ho toerana nahazoan-dàlana fa tsy nalaina ankeriny.

كَيْفِيَّةُ الْوُضُوءِ

Ny fomba fanaovana ny woulwou

Rehefa hanomboka hanao ny woulwou dia moustahab ny miteny izao teny manaraka izao:

بِسْمِ اللَّهِ وَبِاللَّهِ اللَّهُمَّ اجْعَلْنِي مِنَ التَّوَّابِينَ وَاجْعَلْنِي مِنَ الْمُتَطَهِّرِينَ

M.73: Wadjib ny manao fikasàna toy izao rehefa hanao woulwou:

أَتَوَضَّأُ قُرْبَةً إِلَى اللَّهِ تَعَالَى

“Atawalwaou qourbatane ila-LLahi Taanla”.

Dikany: “Izaho dia manao woulwou mba hanakaiky an’i Allah Ilay Avo Indrindra”.

Avy eo, atomboka ny woulwou ka ny tarehy no sasàna mialoha, izay manomboka amin’ny faran’ny fanirian’ny volon-doha ka hatreny amin’ny saoka, ary manaraka ny halavan’ny tarehy. Fa ny sakan’ny tarehy dia araka ny zehin’ny ankihibe sy ny fanondro adala. Koa wadjib ny fanasana izay tafiditra ao amin’izany fetra izany. Ny fitandremana tsy maintsy arahina dia ilaina ny fanasana avy eny ambony midina mankeny ambany, ary tanteraka izany amin’ilay fomba fanasana mahazatra, ka ampy ny mandraraka an’ilay rano eny ambony avy eo manaraka azy amin’ny fanasana amin’ireo sisiny anankiroa amin’ny mahazatra na dia tsy mahitsy aza ilay fanasana.

Avy eo, manasa ny tanana havanana miantomboka eo ambony kelin’ny kiho, ka hatreny amin’ny ratsan-tanana, tahak’izany ihany koa, no atao amin’ny havia. Fa ny fitandremana tsy maintsy atao amin’izany dia ny fanasana azy avy eny ambony midina ambany.

Ary safoina amin'ny felatanana havanana ny tampon-doha, ka aroso hatreo amin'ny tendron'ny volo, ary tandremana mba tsy hihoatra ka ho tonga amin'ny handrina izay efa lena. Wadjib mba tsy ho lava ny volo ka tsy hahatonga ny fisafoana ho eo ambonin'ilay volo mihoatran'ilay faran'ny itsirian'ny volo. Fa raha lava ny volo dia wadjib ny manasaraka azy; ary atao ny fisafoana ho eo amin'ny fisasahany.

Wadjib ny fisafoana ny vohon-tongotra, manomboka eny amin'ny ratsany hatreo amin'ny kitrokely, izay atao amin'ny alalan'ny felantanana havanana ho an'ny tongotra havanana, avy eo misafo ny tongotra havia amin'ny alalan'ny felatanana havia.

Tsara ho marihina fa tsy azo atao amin'ilay tanana misafo ny maka rano hafa rehefa vita tanteraka ny woulwou sy alohan'ny fisafoana, ary tsy azo atao ihany koa ny mampidina ny rano avy amin'ny sandry ho lasa eny amin'ny felatanana mialohan'ny fisafoana, indrindra fa ny mitanty azy, koa aoka hitandrina.

الدُّعَاءُ الْمُسْتَحَبُّ حَالَ الْوُضُوءِ

Ireo dou'a tsara atao rehefa manao woulwou

Moustahab eo amin'ny fanombohan'ny woulwou ny miteny manao hoe: بِسْمِ اللَّهِ “BismiLLAH” na miteny بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ “BismiLLAHIR-RahmāniR-Rahīm” na koa ny miteny hoe: مِنَ اللَّهِ وَبِاللَّهِ اللَّهُمَّ اجْعَلْنِي مِنَ التَّوَّابِينَ وَاجْعَلْنِي مِنَ الْمُتَطَهِّرِينَ “BismiLLAHI wa BiLLAHI Allāhoumma-dj'anlnī minat-tawwābīna wa-dj'anlnī minal-moutatwahhīrīna”.

Dikany : “Amin'ny anaran'i Allah sy amin'ny alalan'i Allah, ry Allah ô! Ataovy aho mba ho anisan'ireo mpibebaka aho ary ataovy mba ho anisan'ireo madio”.

Voaray ny hadith avy tamin'ny Al-Imàmous-Swàdiq (a.s) manao hoe : izay manao woulwou ka manonona ny anaran'i Allah dia ho lasa madio ny vatany manontolo ary ny woulwou lasa كَفَّارَةٌ onitra ho azy amin'ny fahotana manelanelana ny woulwou anankiroa, fa izay tsy manonona ny anaran'i Allah kosa dia tsy madio ny vatany afa-tsy ilay faritra azon'ny rano.

Ary voaray ihany koa fa moustahab amin'ny mpanao woulwou, rehefa manasa ny tanany roa ny miteny hoe:

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ، الْحَمْدُ لِلَّهِ الَّذِي جَعَلَ الْمَاءَ طَهُورًا وَلَمْ يَجْعَلْهُ نَجِسًا

“BismiLLAHIR-RahmàniR-Rahīm, al-hamdou LILLAHIL-ladhi dja'anlal-màa twahourane wa lam yadj'anl'hou nadjisane”.

Dikany: “Amin'ny anaran'i Allah, Ilay Be Indra-fo, Ilay Be Fiantrana, dera sy laza ho an'i Allah izay nanao ilay rano ho madio fa tsy nanao azy ho maloto”.

Ary rehefa mikotsam-bava dia miteny hoe:

اللَّهُمَّ لِقْنِي حُجَّتِي يَوْمَ الْقَاكِ. وَأَطْلِقْ لِسَانِي بِذِكْرِكَ وَشُكْرِكَ.

“Allàhoumma laqqini hodjjati yawma al'qàka wa atw'liq lisàni bidhikrika wa choukrika”.

Dikany: “Ry Allah ô! Ampahafantaro ahy ny porofoko amin'ny andro hihaonako Aminao, ary ampiresaho ny lelako amin'ny fahatsiarovana sy fankasitrahana amam-pisaorana Anao”.

Rehefa misintona rano amin'ny orona dia miteny hoe :

اللَّهُمَّ لَا تُحَرِّمْ عَلَيَّ رِيحَ الْجَنَّةِ، وَاجْعَلْنِي مِمَّنْ يَسْتُمُّ رِيحَهَا وَرَوْحَهَا وَطِيبَهَا وَرِيحَانَهَا.

“Allâhoumma là touharrim anlayya rīhal-djannah, wa dj’anlī mimman yachoummou rīhahà wa raw’haà wa twībahà wa rayehànahà”.

Dikany : “Ry Allah ô! Aza atao haràm amiko ny rivotry ny paradisa, ary ataovy aho mba ho anisan’ny mifoka ny rivony sy hahazo ny fahafinaretany, sy ny hanitrany ary ny anjara-masoandrony”.

Ary rehefa manasa ny tarehy dia miteny hoe :

اللَّهُمَّ بَيِّضْ وَجْهِي يَوْمَ تَسْوَدُ فِيهِ الْوُجُوهُ ، وَلَا تُسَوِّدْ وَجْهِي يَوْمَ تَبْيِضُ فِيهِ الْوُجُوهُ.

“Allâhoumma bayyilw wadj’hī yawma tas’waddou fihil-woudjouhōu wa là tousawwid wadj’hī yawma tab’yallwou fihil-woudjouh”.

Dikany: “Ry Allah ô! Ataovy mazava ny tarehiko amin’ny andro izay hivadihan’ny tarehy ho maizina, ary aza atao maizina ny tarehiko amin’ny andro izay hampazava ireo tarehy”.

Ary eo amin’ny fanasana ny ilan’ny tånana havanana dia miteny hoe:

اللَّهُمَّ أَعْطِنِي كِتَابِي بِيَمِينِي وَالْخُلْدَ فِي الْجَنَانِ بِيَسَارِي وَحَاسِبِنِي حِسَاباً يَسِيرًا، وَلَا يَكُونُ عَلَيَّ عَسِيرًا.

“Allâhoumma aen’twinī kitābī biyamīnī wal-khoulda fil-djināni biyasārī wa hāsibnī hisābane yasīrane, wa là yakounou anlayya ansīrā”.

Dikany: “Ry Allah ô! Tolory ahy amin’ny an-kavanako ny bokiko ary ny fipetrahana amin’ny mandrakizay ao amin’ny paradisa amin’ny an-

kaviako koa tsarao amin’ny fitsarana mora aho fa tsy amin’ny fahasarotana”.

Ary amin’ny fanasana ny ilan’ny tanana havia kosa dia miteny hoe:

اللَّهُمَّ لَا تُعْطِنِي كِتَابِي بِشِمَالِي وَلَا مِنْ وَرَاءِ ظَهْرِي ، وَلَا تَجْعَلْ يَدِي مَغْلُولَةً
إِلَى عُنُقِي وَأَعُوذُ بِكَ مِنْ مَقْطَعَاتِ النَّيِّرَانِ.

“Allàhoumma là touen’twinī kitàbī bichimàlī wa là min warà-i dhwah’rī, wa là tadj’anl yadī magh’loulatane ilà on’nouqī wa aondhou bika min mouqattwaàntin-nīrānī”.

Dikany: “Ry Allah ô! Aza manolotra ny bokiko amin’ny ankavanako, na ao afarany lamosiko ary aza afehezinao amin’ny tendako ny tanako ary mangataka fiarovana Aminao aho amin’ireo tapatapak’ilay afo”.

Ary eo am-pisafoana ny tapon-doha dia miteny hoe :

اللَّهُمَّ عَسِّنِي رَحْمَتِكَ وَبَرَكَاتِكَ.

“Allàhoumma ghach’chini rahmataka wa barakàtika”.

Dikany: “Ry Allah ô! Rakofy ny famindramponao sy ny fahasoavanao aho”.

Eo am-pisafoana ny vohon-tongotra roa dia miteny hoe :

اللَّهُمَّ تَبَّتْ قَدَمِي عَلَى الصِّرَاطِ يَوْمَ تَزَلُّ فِيهِ الْأَقْدَامُ وَاجْعَلْ سَعْيِي فِيمَا
يُرْضِيكَ عَنِّي يَا أَرْحَمَ الرَّحِمِينَ.

“Allàhoumma thabbite qadamī anlasw-swiràtwi yawma tazillou fihil-aqdāmou wa-dj’anl saen’yī fimà yourlwika annī yà Ar’hamar-Ràhimīn”.

Dikany: “Ry Allah ô! Afikiro amin’ily swirâtwe ny faladian-tongotro amin’ny andro izay ampisolifatra ireo faladian-tongotra ary ataovy amin’ny zavatra izay mahafaly Anao ny fiezahako ô ry Ilay Be Indra-fo noho ireo Mpamindra fo”.

Niteny ny Imàm Ali (a.s) tamin’ny zanany anankiray antsoina hoe Mouhammad Ibn Al-hanafîyyah taorian’ny nahavitan’ny woulwou sy ny famakiana ireo dou’a ireo hoe:

يَا مُحَمَّدُ، مَنْ تَوَضَّأَ مِنْهُ وَضُؤِي وَقَالَ مِثْلَ قَوْلِي خَلَقَ اللَّهُ عَزَّوَجَلَّ مِنْ كُلِّ قَطْرَةٍ مَلَكًا يُقَدِّسُهُ وَيُسَبِّحُهُ وَيُكَبِّرُهُ وَيَكْتُبُ اللَّهُ تَعَالَى لَهُ ثَوَابَ ذَلِكَ إِلَى يَوْمِ الْقِيَامَةِ.

Dikany: “Ry Mouhammad ô! Izay nanao woulwou mitovy amin’ny woulwou-ko sy niteny mitovy amin’ny fitenenako, isaky ny teten-drano iray i Allah Ilay Be Voninahitra dia hanamboatra Anjely hankalaza sy hidera ary hanome voninahitra Azy, koa soratin’i Allah ho azy hatramin’ny andro farany ny fahasoavana azo avy amin’izany”.

Eo ampanaovana woulwou dia moustahab ny mamaky ny “souratoul-qadr” ary rehefa nahavita woulwou dia mamaky ny “àyatoul-koursi”.

Fa araka ny voalazan’ny hadith hafa ihany koa dia moustahab ny mamaky ny souratoul-qadr in-telo aorian’ny fahavitan’ny woulwou. Hamafisina fa izay manao izany isaky ny woulwou dia soratana ho azy ny fahasoavan’ireo olona lehibe ireo: ny Mpaminany Moussa (a.s) sy ny Mpaminany Issa (a.s) ary ny Mpaminany Mouhammad (s.a.w).

Ary rehefa tapitra ny woulwou dia moustahab ny miteny hoe:

الْحَمْدُ لِلَّهِ رَبِّ الْعَالَمِينَ ، أَشْهَدُ أَنْ لَا إِلَهَ إِلَّا اللَّهُ وَحْدَهُ لَا شَرِيكَ لَهُ وَأَشْهَدُ أَنْ مُحَمَّدًا عَبْدُهُ وَرَسُولُهُ ، اللَّهُمَّ صَلِّ عَلَى مُحَمَّدٍ وَآلِ مُحَمَّدٍ . اللَّهُمَّ اجْعَلْنِي مِنَ التَّوَابِينَ وَاجْعَلْنِي مِنَ الْمُتَطَهِّرِينَ وَاجْعَلْنِي مِنْ عِبَادِكَ الصَّالِحِينَ.

اللَّهُمَّ إِنِّي أَسْأَلُكَ تَمَامَ الْوُضُوءِ وَ تَمَامَ الصَّلَاةِ وَ تَمَامَ رِضْوَانِكَ وَ الْجَنَّةِ.

Misy hadith milaza manao hoe: tsy misy fahotana izay vitan'ily mpanompo ka tsy ho voavela rehefa mamaky ny souratoul-qadr miaraka amin'io dou'a io aorian'ny woulwou.

أَحْكَامُ الْوُضُوءِ

Ireo lalàna mifehy ny woulwou

M.74: Wadjib ho an'ily mpanao woulwou ihany no manao woulwou ny tenany, fa tsy mety raha olon-kafa no ampanaovina azy afa-tsy amin'ny antony tsy azo anoharana, toy ny fahalemena izay tsy ahafahana manetsika ny tanana ohatra.

M.75: Wadjib ny mandamina araka ny filaharany ireo fihetsika atao amin'ny woulwou, izany hoe: ny tarehy no sasàna aloha, avy eo ny tanana havanana sy ny tanana havia, ary misafo ny tampon-doha sy ny vohon-tongotra havanana ary izay vao ny vohon-tongotra havia. Koa tsy azo atao ny manao tsirambina amin'izany filaharana izany.

M.76: Torak'izany koa, dia wadjib ny manaja ny “mouwalàte” na fifanarakarahana eo amin'ny fanasana ireo rantsam-batana ireo, koa tsy azo atao ny manasa tarehy avy eo miandry fotoana ela vao manasa ny tanana ka lasa maina ny ratsam-batana voalohany alohan'ny fanasana an'ily manaraka. Marina tokoa fa simba ny woulwou raha manao toy izany.

أَحْكَامُ التَّيْمُمِ

Ireo lalàna mifehy ny tayammoum

Ny “tayammoum” dia fidiovana masina izay atao amin'ny alalan'ny tany madio.

Ireo antony mahatonga ny fanaovana tayammoum

Raha tsy afaka manao woulwou na ghousele ny olona iray, nohon'ny tsy fisian'ny rano amin'ny toerana misy azy, na koa nohon'ny aretina izay mampisy fiantraikany amin'ny fikasihany rano, na nohon'ny fahateren'ny fotoana, na tsy fahafahany ho tonga any amin'ny toerana misy rano ...sns amin'ireo antony maromaro samihafa, dia wadjib aminy ny manao tayammoum solon'ny woulwou na ghousele; ary tsy azo atao mihitsy ny manao swalât raha tsy nahavita ny tayammoum.

بِمَاذَا نَتَيَّمُ

Amin'inona no hanaovana tayammoum

M.77: Tsy mety ny manao tayammoum raha tsy amin'ny alalan'ny tany, izany hoe: ny vovoka, ny fasika, ny vato voajanahary ...sns amin'ireo zavatra izay azo antsoina ho tany. Ny vato vandana madio dia azo anaovana tayammoum.

M.78: Tsy mety ny manao tayammoum amin'ny harena ankibon'ny tany, toy ny vy, ny vatosoa, ny volamena, ny safira ...sns na dia avy tamin'ny tany no niaviany. Tahak'izany koa, tsy mety ny manao tayammoum amin'ny simenitra sy ny sokay, fa raha tsy misy afa-tsy iray amin'izy ireo kosa, amin'izay fotoana izay dia tsy maintsy manao ny tayammoum, fa ilaina ny famerenana ny swalât raha mbola manampotoana na manolo azy aorian'ilay fotoana, rehefa miala ny olana araka ny voalazan'ireo manam-pahaizana sasany.

M.79: Raha tsy mahita ny iray amin'ireo zavatra hanaovana tayammoum ny olona, dia azony atao ny manao azy amin'ny vovoka mivondrona eny amin'ny toerana rehetra eny. Raha mahavita manangona

vovoka avy amin'ny toerana maromaro izy dia wadjib ny manao izany. Fa raha tsy mahavita izany izy dia wadjib ny mitady toerana misy vovoka maromaro, mba hahafahany manao ny tayammoum.

M.80: Voafetra ny zavatra hanaovana tayammoum mba ho zavatra madio no sady maina, izany hoe: tsy fotaka; fa tsy maninona na dia mando kely. Tahak'izany koa, voafetra mba ho nahazoan-dàlana ary koa tsy mifangaro amin'ny zavatra tsy mety hanaovana tayammoum izay betsaka mihoatra an'ilay vovoka.

كَيْفِيَّةُ التَّيْمُّ

Ny fomba fanaovana tayammoum

Voalohany dia ilaina ny manao fikasana toy izao:

أَتَيْمُّ بَدَلًا عَنِ الْوُضُوءِ ، - أَوْ - بَدَلًا عَنِ الْغُسْلِ قُرْبَةً إِلَى اللَّهِ تَعَالَى.

Dikany: “Izaho dia manao tayammoum solon'ny woulwou, - na - solon'ny ghoule mba hanakaiky an'i Allah Ilay Avo Indrindra”.

Avy eo ny felatanana roa miaraka no akapoka eo amin'ny toerana misy vovoka, ary araraka indray mandeha ny vovoka izay mipetaka eo amin'ny felatanana, safoina amin'ny alalan'ny tanana roa manomboka amin'ny fanirian'ny volo hatreny amin'ny volomaso, izay eo amin'ny faran'ny orona ambony ary manaraka ny halavan'ny tarehy. Ny sakany dia ny handrina rehetra no tafiditra, avy eo misafo ny vohon-tanana havanana amin'ny felatanana havia, izay manomboka amin'ny fitohizan'ny felatanana, ka hatramin'ny lohan'ny ratsan-tanana, ary tahak'izany ihany koa ny havia, izay safoina amin'ny felatanana havanana.

M.81: Wadjib ny fisafoana manomboka avy eny ambony midina ambany. Ary tsy maintsy ho ny tenany ihany no manao azy mivantana

raha tsy hoe misy ny tsy fahafahany nohon'ny antony tsy azo anoharana. Ary tsy voafetra ho twahàrah ny rantsan-tanana hanaovana tayammoum raha toa ka loto maina no mipetaka aminy. Torak'izany koa, takiana ny filaminana sy ny fitohizana amin'ny fanaovana tayammoum toy ny fomba hitantsika tamin'ily fanaovana woulwou.

أَحْكَامُ الْجَبْرِ

Ireo lalàna mikasika ny djabīrah

Ny “djabīrah” dia ny faritra misy ratra na vay na taolana vaky na hotsoka eo amin'ny rantsam-batana ka tsy azo kasihina rano rehefa mila hanao woulwou na ghoule nohon'ny fisian'ny “plâtre” na “bandage” izay manarona ilay faritra, na nohon'ny fisian'ny fiantraikany rehefa mikasika rano na koa ny fisian'ny nadjis eo amin'ily faritra. Tena marina fa amin'ny toe-javatra tahak'izany dia misy lalàna maromaro samihafa mamehy azy, fa mba ho famintinana an'izany rehetra izany dia tokony manao woulwou aloha ary avy eo manao tayammoum ny olona tratran'izany “djabīrah” izany; satria raha ohatra ka ny woulwou no lalàna takiana aminy dia efa nanatanteraka izany izy; ary raha tayammoum kosa no lalàna takiana aminy dia efa nahavita izany izy, fa raha izy roa mitambatra no tokony ho izy dia efa nahavita izany koa izy. Sahala amin'izany ihany koa ny lalàna mifehy ny ghoule.

Ilaina ny fitandremana amin'ny fotoana ilay “bandage” tafahoatra araka ny mahazatra, satria wadjib ny famahàna ilay mihoatra alohan'ny hanao woulwou raha mety ka afohezina amin'ily fetra izay ilaina fotsiny.

M.82: Rehefa manao woulwou miaraka amin'ny “djabīrah” dia tsy ara-dalàna ny manasa azy, fa ny wadjib dia ny fisafoana ny eo amboniny. Ary raha voan'ny nadjis ilay “djabīrah”, ny tena tsara dia ny famonosana azy ravin-damba madio ka eo amboniny ihany no hosafoina.

Ireo lalàna momba ny fivoahana

Ny lalàna momba ny fivoahana dia ny lalàna mikasika ny famoahan'ny olombelona ny malotony toy ny pipy sy kakà.

M.83: Tsy azo atao ny mitodika na miamboho ny qiblah rehefa mipipy na mikaka; fa tsy maintsy mitodika miatsinanana na miakandrefana (raha eto Madagasikara).

Voaray avy amin'ny hadith masina milaza hoe:

"إِذَا جَلَسَ أَحَدُكُمْ لِحَاجَّتِهِ فَلَا يَسْتَقْبِلُ الْقِبْلَةَ وَلَا يَسْتَدْبِرُهَا"¹

Dikany: “Rehefa mipetraka mba hanao fivoahana ny iray aminareo dia aoka izy tsy hanatrika sy hiamboho ny qiblah”.

M.84: Wadjib amin'ny olona iharan'ny didy amin'ny fotoana fivoahana sy amin'ny fotoan rehetra ny manarona ny henatra eo anatrehan'ny olona hajaina na dia ny ankizy izay efa mahay manavaka ny tsara sy ny ratsy aza. Miavaka amin'ity lalàna ity kosa izay manan-jo aradalàna amin'ny hafa hakana fahafinaretana, toy ny mpivady. Tahak'izany koa, dia tsy maninona ny mijery ny henatry ny zaza mbola kely.

M.85: Wadjib ny manadio ny faritra fivoahan'ny pipy ka diovana in-droa raha amin'ny rano kely, fa raha amin'ny rano be kosa dia indray mandeha ihany dia efa ampy. Ny faritra fivoahan'ny kaka dia azo atao ny manadio azy amin'ny alalan'ny taratasy na lamba na vato ...sns. Ary ny tena tsindriana manokana eto raha vato no ampiasaina dia wadjib ny mampiasa vato madio anankitelo; fa raha ilaina ny mampiasa mihoatra izany, vao mampadio azy dia wadjib ny manao izany. Ny tena tsara indrindra anefa dia ny manadio azy amin'ny alalan'ny rano ihany. Izany

¹الفتاوى الواضحة لمحمد باقر الصدر

voalaza izany no atao, raha tsy miparitaka na manenika ny manodidina ny lava-body ny loto, fa raha ilay kaka no miparitaka, amin'izay fotoana izay dia tsy maintsy mampiasa rano, ary tsy mety mihitsy ny mampiasa vato amin'ny toe-javatra toy izany.

النَّجَاسَاتُ الْمَعْفُورَةُ عَنْهَا

Ireo loto azo leferina

Efa nolazaintsika tany aloha fa wadajib ny fahadiovan'ny vatana sy ny lamba rehefa hanatanteraka ny swalât nefa kosa misy tranga azo leferina ny fisian'ny rà eo amin'ny vatana na lamba eo ampanaovana swalât, ary izany dia:

1- Tokony tsy hihoatran'ny haben'ny loham-panondro ny fetran'io rà io, raha tsy avy amin'ny biby izay tsy azo hohanina ny nofony toy ny liona, na biby izay nadjis ny tenany toy ny alika, na avy amin'ny biby maty ho azy, na tsy ràny ny haïlw sy nifâs ary istihâlwah. Marina tokoa fa amin'ny tranga toy izany dia tsy mampaninona ny manao swalât amin'ny lamba na vatana izay misy rà arak'ilay fetra voalaza teo.

2- Ilay rà dia tokony mivoaka avy amin'ny fery na ratra mbola tsy sitrana, ary tsy mety mihitsy ny manadio ilay faritra hivoahan'ilay rà nohon'ny tsy fijanonany. Marina tokoa fa azo atao ny manao swalât amin'io rà io, na dia tsy nofatorana aza ilay ratra. Fa kosa ilaina ny fitandremana mba tsy hifindra amin'ny faritra hafa mora diovina eo amin'ny vatana na lamba izay lavitry ny ratra.

M.86: Tsy mampaninona ny mitondra nadjis na zavatra voan'ny nadjis eo ampanaovana swalât, raha toa ka ilay nadjis tsy avy amin'ny biby maty ho azy, na ireo biby izay tsy azo hohanina ny nofony, na biby izay nadjis ny tenany.

الصَّلَاةُ وَفَضْلُهَا

Ny swalàt sy ny tombontsoany

Marihina fa ny swalàt dia iray amin'ireo andry iorenan'ny finoana islam. Ny swalàt no fanompoana tsara indrindra aorian'ny fananam-pinoana an'i Allah, izy io no fototra sy famantarana ny finoana islam sy hafatra farany napetran'ny Mpaminany Mohammad (s.a.w) sy ireo Mpaminany rehetra teo alohany (a.s), ary izy io ihany koa no voalohany hanontaniana an'ireo mpanompo amin'ny andro farany, araka ny hadith voaray avy tamin'ny Mpaminany farany (s.a.w) sy ireo fianankaviany masina (a.s).

Ny swalàt dia mampifandray ny mpanompo sy i Allah Tompony. Noho izany, dia tokony homen-danja sy raisina ho zava-dehibe izy io. Ilaina ny fandraisana fanapahan-kevitra amin'ny tsy fanamaivanana azy mihitsy ka manatanteraka azy ampitoniana sy am-panentrentena lehibe. Koa manatanteraka ny roukoun sy ny soudjoud ary ireo singa rehetra amin'ny fomba feno sy ara-dalàna, satria araka ny voalazan'ny hadith fa raha ekena ny swalàt dia ekena ihany koa ny asa soa rehetra ankoatr'azy, fa raha tsy ekena kosa dia tsy misy na inona na inona azo ekena.

قال رسول الله (ص): "الصَّلَاةُ عَمُودُ الدِّينِ، إِنْ قُبِلَتْ قُبِلَ مَا سِوَاهَا وَإِنْ رُدَّتْ رُدَّ مَا سِوَاهَا".

Niteny ilay Irak'i Allah (s.a.w) hoe: "Ny swalàt no andrin'ny finoana, koa raha ekena izy dia ekena avokoa ny ankoatr'azy, fa raha lavina dia lavina izay ankoatr'azy".

عن الإمام الصادق (ع) أَنَّهُ قَالَ: "إِنَّ شَفَاعَتَنَا لَا تَنَالُ مُسْتَخْفًا بِالصَّلَاةِ".

Voaray avy tamin’ny Imàm As-Swàdiq (a.s) manao hoe: “Marina tokoa fa ny fanavotanay dia tsy manavotra izay mpanao tsirambina ny swalàt”.

وجاء في الحديث: إِنَّ مَنْ تَرَكَ صَلَاتَهُ مُتَعَمِّدًا فَقَدْ بَرِنَتْ مِنْهُ مِلَّةُ الْإِسْلَامِ،
وَأَنَّهُ مَا بَيْنَ الْكُفْرِ وَالْإِيمَانِ إِلَّا تَرْكُ الصَّلَاةِ".

Voaray avy amin’ny hadith ny teny milaza hoe : “Marina tokoa fa izay mamela ny swalàt an-tsitrapo dia efa lavitra aminy finoana islam, ary tsy misy ny eo anelanelan’ny koufr sy ny imàne raha tsy ny famelana ny swalàt”.

المُقَدِّمَةُ الثَّانِيَّةُ

Fampidirana faharoa

مَكَانُ الْمُصَلِّي

Ny toerana fanaovana swalàt

M.87: Wadjib amin’ny toerana izay hanaovana swalàt mba ho toerana nahazoan-dàlana, tsy nalaina an-keriny. Tsy mety kosa ny swalàt atao amin’ny toerana fananan’olona, nefa tsy nahazoan-dalana tamin’ny tompony afa-tsy eny amin’ny tany izay midadasika sy tsy mifefy. Marina tokoa fa azo atao ny manao swalàt amin’io toerana io, raha tsy fantatra ny fankahalan’ny tompony amin’ny hanaovana swalàt eo amin’izany.

M.88: Ny toerana tsara indrindra hanaovana swalàt dia ao amin’ny moske nohon’ny tombontsoa sy fahasoavana lehibe izay misy aminy.

المَقْدَمَةُ الثَّالِثَةُ

Fampidirana fahatelo

لِبَاسِ الْمُصَلِّي

Ny lamban'ny mpivavaka

M.89: Wadjib ny manakona ny henatra eo am-panaovana swalât. Ary ny henatra eo amin'ny lehilahy dia ny mahalehilahy azy sy ny fitombenana. Ireo ihany no antsoina hoe henatra fa tsy ny faritry ny vatana hafa ankoatra azy ireo.

Fa eo amin'ny vehivavy kosa dia ny vatany iray manontolo afa-tsy ny tarehiny, ny rantsan-tanany sy ny faladian-tongony. Tsy azon'ny vehivavy atao ny mampiseho ny vatana na dia kely aza eo am-panaovana swalât. Raha miseho ny iray amin'ireo atao hoe henatra eo am-panaovana swalât nohon'ny fanadinoana, eny fa na dia ny singam-bolo iray amin'ny vehivavy aza, ka nahita izany ny mpivavaka amin'ny fotoan'ny swalât dia wadjib aminy ny mamerina indray ilay swalât hatrany am-boalohany. Fa raha tsy hainy kosa ny fisehoan'ny henatra hatramin'ny fahataperan'ny swalât, amin'izay fotoana izay dia heveriny ho ara-dalàna ihany ny fanompoany ka tsy misy olana.

M.90: Wadjib mba ho lamba matevina no hanaromana ny henatra, fa tsy lamba manify, fa raha manify izany ka hita taratra ny henatra dia simba avy hatrany ny swalât.

M.91: Tsy azon'ny lehilahy atao ny manao lamba landy, na lamba vita amin'ny volamena; fa amin'ny vehivavy kosa dia tsy misy olana.

M.92: Takiana mba ho lamba madio no entina hanaovana swalât, sy lamba izay nahazoana alalana, fa tsy nalaina an-keriny. Takiana ihany koa izany lamba izany mba tsy ho avy amin'ny singa misy aina amin'ny

biby maty ho azy, ary koa tsy anisan'ny singan'ny biby izay tsy azo hohanina ny nofony na dia iray amin'ny volovolon'ny saka aza. Koa raha mipetaka amin'ny lamba ny volovolon'ny saka, ka nentina nanaovana swalât dia manimba ny swalât raha nataony an-tsitrabo izany, na koa nohon'ny habadoana vokatry ny tsirambina tamin'ny fianarana ny lalàna. Fa raha toa ka nanao swalât tamin'io lamba io nohon'ny fanadinoana, na nohon'ny tsy fahalalany fa avy amin'ny singan'ny biby izay tsy azo hohanina ny nofony, dia tsy simba ny swalât amin'izay fotoana izay.

M.93: Tsy mampaninona raha ny lamba izay tsy natao hanarona ny henatra no misy nadjis eo am-panaovana swalât, toy ny satroka sy ny bakiraro sy ny fehikibo...sns, fa kosa tsy mety izany raha ilay nadjis no avy amin'ny singa misy aina amin'ny biby maty ho azy, na avy amin'ny singan'ny biby izay tsy azo hohanina ny nofony.

المُقَدِّمَةُ الرَّابِعَةُ

Fampidirana fahefatra

دُخُولُ الْوَقْتِ

Ny fidiran'ny fotoana

Tsy mety ny manatanteraka ny swalât fanao andavan'andro amin'ny fotoana rehetra izay tiana hanatanterahana azy, fa kosa samy manana ny fotoana voatokana amin'izany izy ireo ka toy izao izany:

Ny swalâtous-swoubh: ny fotoana fanaovana azy dia manomboka amin'ny vao mangirandratsy marina ka hatramin'ny fiposahan'ny masoandro.

Ny swalàtoudh-dhouhr sy ny swalàtoul-anstr: ny fotoan'ireo swalàt roa ireo dia manomboka amin'ny “zawàl”, izany hoe ny fotoana izay ahitana ilay masoandro eo afovoan'ny lanitra ka manomboka mitongilana kely miankandrefana mandram-pilentehan'ny masoandro tanteraka, izay tsy ahitana ny tara-masoandro intsony. Ary ny fotoana alohan'ny filentehan'ny masoandro, izay tsy hahavitana manatanteraka afa-tsy rak'ate efatra ihany dia fotoana voatokana ho an'ny swalàtoul-anstr fotsiny. Koa tsy ara-dalàna ny manao ny “swalàtoudh-dhouhr” amin'io fotoana io.

Ny swalàtoul-magh'rib sy ny swalàtoul-inchà-e: ny fotoana fanaovan'azy roa ireo dia manomboka amin'ny tsy fahitana intsony ilay soritra mena eny atsinanana toerana fiposahan'ny masoandro, izay manambara ny filentehan'ny masoandro tanteraka, ary mitohy ilay fotoana hatramin'ny misasak'alina. Fa ny olona nanadino na tratran'ny fahaterena ka tsy afaka nanatanteraka ny swalàtoul-magh'rib sy ny incha'e tamin'ny fotoany, amin'izay fotoana izay dia mitohy aminy ny fotoana hatramin'ny mangiran-dratsy.

M.94: Ny swalàt rehetra izay tsy vita tamin'ny fotoany dia wadjib ny manolo azy ivelan'ny fotoana, amin'ny fikasàna قَضَاءُ “qalwà'ane”. Ary azo vitaina ny “swalàtoul-qalwà'e” amin'ny fotoana rehetra izay tiana, na amin'ny andro na amin'ny alina, fa ny tena tsara indrindra dia ny manolo azy avy hatrany.

Ny fikasàna amin'ny “swalàtoul-qalwà'e” dia toy izao:

”أُصَلِّي صَلَاةَ الصُّبْحِ - مَثَلًا - قَضَاءً قُرْبَةً إِلَى اللَّهِ تَعَالَى.”

Dikany: “Izaho dia manao swalàt solon'ilay swalàtous-soubh - ohatra - mba hanatanteraka ny didin'i Allah Ilay Avo Indrindra”.

M.95: Ireo fotoana izay voalaza ao anatin'ny alimanaka na “calendrier” islamika sasany dia azo iankinana, fa kosa ny fotoan'ny

swalâtoul-magh'rib dia miandry 12mn eo ho eo aorian'ny adhàn, ary torak'izany koa ny amin'ny swalâtous-soubh araka ny voalazan'ireo manam-pahaizana sasany, fa ny fotoan'ny swalâtoudh-dhouhr kosa dia arahina arak'izay voalaza ao ihany.

Fanazavana an'ireo fotoana ireo tsara ho fantatra:

Voalazan'ireo manam-pahaizana fa misy ny fotoana izay mahabe voninahitra ireo swalât fanao andavan'andro izay nantsoin'izy ireo hoe: "وَقْتُ الصَّلَاةِ الْمُفَضَّلِ". Koa ny tiana hambara amin'izany dia izao:

Voalohany:

Ny swalâtous-soubh: ny swalâtous-soubh na al-fadjr dia manana fotoana miavaka, ary izany fotoana izany dia manomboka amin'ny fiposahan'ny mangirandratsy marina ka hatramin'ny fiposahan'ny masoandro, ary ny mahazatra amin'io fotoana io dia maharitra eo ho eo amin'ny adiny iray sy sasany.

Ny mangirandratsy marina dia ilay taratra fotsy izay manomboka mihitatra manaraka ny faravodilanitra ary lasa miavaka amin'ilay haizin'ny alina, ka mifara izany amin'ny fiposahan'ny masoandro. Fa ny fotoana mahabe voninahitra ny swalâtoul-fadjr ara-dalàna kosa dia tapitra alohan'ny fihitaran'ilay taratra fotsy amin'ny faravodilanitra.

Marina tokoa fa ny masoandro alohan'ny fiposahany dia ahitana hazavana mena eny amin'ny faravodilanitra atsinanana izay maneho fa hiposaka ny masoandro. Rehefa miseho io hazavana mena io, dia tapitra ny fotoana mahabe voninahitra ny "swalâtoul-fadjr". Koa noho izany, raha ny olona iharan'ny didy no manatara ny swalât hatramin'ny fisehoan'io mena io, dia efa very aminy ilay fotoana mahabe voninahitra, fa izy kosa dia efa nahavita ny adidy alohan'ny fiposahan'ny masoandro, ka tsy

mahazo fahotana. Miverena amin' ilay boky antsoina hoe “الفتاوى الواضحة”, nosoratan' i Mouhammad Baqir As-swadri (رحمه الله).

Faharoa:

Ny swalâtoudh-dhouhr: ny swalâtoudh-dhouhr dia manomboka eo afovoan'ny fotoana manelanelana ny fiposahan'ny masoandro sy ny filentehany. Izany hoe: raha zaraina roa mitovy ny fotoana eo amin'ny lafiny ora sy minitra dia ny voalohany amin'ny antsasany faharoa no voalohan'ny fotoanan'ny swalâtoudh-dhouhr, izay antsoina hoe "الزَّوَال" "az-zawâl", izany dia miala kely amin'ny mitatao vovonana mankany amin'ny filentehany. Ny boky masina Qour'an dia miantso azy hoe: "ذُلُوكِ الشَّمْسِ...". Izany fotoana izany, indraindray mifanandrify amin'ny 12 ora marina, indraindray mety mialoha, na koa mihemotra kely.

Tsara ho marihina anefa fa ny fotoan'ny swalâtoudh-dhouhr dia mitohy hatramin'ny filentehan'ny masoandro, ary ny fotoana mahabe voninahitra azy kosa dia tsy mitohy hatrany fa miantomboka amin'ny fotoan'ny “zawâl” hatramin'ny hitovian'ny aloka amin'ny tompony izay hita miatsinanana, satria ny zava-drehetra dia manome aloka avokoa izay manondro miatsinanana, mifanohitra amin'ny fotoana mialoha ny “zawâl”, ny aloka izay hita miakandrefana.

Ny swalâtoul-answr: ny fotoan'ny swalât al-answr dia manomboka amin'ny fotoan'ny “zawâl”, fa ny answr dia wadjib ny manatanteraka azy aorian'ny dhouhr. Mitohy ny fotoany hatramin'ny filentehan'ny masoandro, ary ny fotoana mahabe voninahitra azy, dia miaraka amin'ny fiatombohan'ny dhouhr ka hatramin'ny halavan'ny aloka izay hita lava roa heny miatsinanana amin'ny halavan'ny tompony.

Ny swalâtoul-maghrib: ny swalâtoul-maghrib no swalât fahefatra amin'ireo swalât fanao andavan'andro ka ny fotoany dia manomboka amin'ny filentehan'ny masoandro. Eny, ny tsy fahitana ny masoandro eny

amin'ny lanitra dia tsy midika ho filentehany, fa ilaina ny fialàn'ily tarapahazavan'ny masoandro sisa tavela eny amin'ny faravodilanitra aorian'ny filentehany. Izany dia ilay taratra mena hitantsika eny atsinanana rehefa tsy tazana ilay masoandro, izay antsoin'ireo manampahaizana hoe "الْحُمْرَةُ الْمَشْرِقِيَّةُ". Koa rehefa manomboka tsy hita eny atsinanana io taratra mena io dia efa tafiditra ny fotoan'ny swalâtoul-maghrib. Ny mahazatra amin'io fotoana io dia eo ho eo amin'ny 12 minitra aorian'ny filentehan'ny masoandro. Ary amin'ny alalan'ny tsy fahitana ilay taratra mena no ahafahantsika manavaka ny dikan'ny hoe "عُرُوبُ الشَّمْسِ" sy ny hoe "مَغْرِبُ الشَّمْسِ". Ilay teny voalohany raha hazavaina dia midika ho tsy fahitan'ny maso ilay masoandro, fa ilay teny faharoa kosa dia midika ho fialan'ily taratra mena eny atsinanana araka ny fanazavana hita teo ambony. Mitohy ny fotoan'ny swalâtoul-maghrib hatramin'ny misasak'alina. Ny atao hoe misasak'alina dia fotoana izay eo anelanelan'ny filentehan'ny masoandro hatramin'ny fisehoan'ny mangirandratsy marina. Koa raha tapitra ny antsasany voalohany amin'izany fotoana noresahina izany, dia tapitra ny fotoan'ny swalâtoul-maghrib. Ny fahataperan'ity antsasan'ny alina ity amin'ny mahazatra dia eo ho eo amin'ny 11 ora alina sy fahefany, afa-tsy ny olona izay manana fialantsiny tamin'ny fahataran'ny swalât, ohatra ny vehivavy izay tao anatin'ny fadimbolana, na koa ny olona izay nanadino ny swalât, na ny olona resi-tory nandritra ny fotoan'ny swalât. Tena marina fa ny fotoana mikasika ireo olona manana fialantsiny ireo, dia mitohy hatrany aorian'ny misasak'alina ary tsy tapitra raha tsy any amin'ny fisehoan'ny mangirandratsy marina.

Ny swalâtoul-maghrib dia manana ny fotoana mahabe voninahitra azy, izay miafara eo amin'ny voalohandohan'ny alina. Io fotoana io dia manomboka amin'ny voalohan'ny fotoan'ny maghrib, ka mitohy hatramin'ny fialàn'ily taratra mena eny amin'ny faravodilanitra andrefana, ka ny fialàn'io taratra mena io dia eo ho eo amin'ny adiny iray aorian'ny filentehan'ny masoandro.

Ny swalâtoul-inchà-e: ny swalâtoul-inchà-e no farany amin'ireo swalât wadjib fanao andavan'andro. Ny fotoany dia manomboka amin'ny filentehan'ny masoandro, araka ny efa voalaza tamin'ny swalâtoul-maghrib teo, ka mitohy izany hatramin'ny misasak'alina, izay mitovy amin'ny swalâtoul-maghrib ihany fa saingy tsy azo atao ny minia manao azy mialoha ny maghrib. Fa ny fotoana mahabe voninahitra azy kosa dia ilay ampahatelon'ny fotoana amin'ny voalohan'ny alina. Raha tapitra io ampahatelon'ny fotoana voalohany io, nefa ilay mpivavaka mbola tsy nahavita ny swalâtoul-inchà-e dia efa very aminy ilay voninahitr'ilay swalât, fa kosa tsy nahazo fahotana izy raha mbola nanatanteraka azy mialohan'ny misasak'alina. Izay mila fanazavana bebe kokoa mikasika izany dia tokony hiverina amin'ilay boky "الفتاوى الواضحة" izay voalaza teo aloha.

المُقَدِّمَةُ الْخَامِسَةُ

Fampidirana fahadimy

الإِسْتِئْبَالُ

Ny fitodihana any amin'ny qiblah

M.96: Ny atao hoe mitodika any amin'ny qiblah dia ny fitodihana any amin'ny "Ka'aba" masina eo am-panaovana swalât, ary misy ny fahasamihafan'ny fitodihana arakaraka ny firenena manodidina ilay Ka'aba.

Ny olona izay tsy mahay ny qiblah **القبلة** dia afaka mahafantatra izany amin'ny alalan'ny fomba maromaro. Raha ny eto Madagasikara no jerena dia avy any avaratra no misy ny qiblah izay fantatra amin'ny famantaran'ilay mpivavaka, fa ny sandry havanana dia miatrika any amin'ny fiposahan'ny masoandro, ary ny havia kosa dia any amin'ny

filentehany. Fantatra ihany koa ny qiblah, amin’ny fitodihan’ny ny fasan’ireo silamo, na koa amin’ny fipetrak’ireo “mihràb”-n’ny Moske, ka ny atao hoe “mihràb” dia ilay toerana somary milentika eo amin’ny rindrina izay natao ho fitsanganan’ny imàm ao amin’ny Moske.

M.97: Raha tena tsy hain’ny olona mihitsy ny fahafantarana ny qiblah, na amin’ny fomba ahoana na amin’ny fomba ahoana, amin’izay fotoana izay dia azony atao ny manatanteraka ny swalàt any amin’ny toerana izay tiany hitodihana, araka ny voalazan’ireo manam-pahaizana sasany.

أَفْعَالُ الصَّلَاةِ

Ireo fihetsika atao amin’ny swalàt

Ny swalàt dia mizara singa iraika ambiny folo izay tsy maintsy tanterahina:

- 1-An-niyah النَّيَّةُ
- 2-Takbiratoul-ihrà” تَكْبِيرَةُ الْإِحْرَامِ
- 3-Al-qiyàm الْقِيَامُ
- 4-Al-qirà’ah الْقِرَاءَةُ
- 5-Ar-roukouon الرُّكُوعُ
- 6-As-soudjoudُ السُّجُودُ
- 7-Adh-dhikrُ الذِّكْرُ
- 8-At-tachahoudُ التَّسْبُحُ
- 9-At-taslimُ التَّسْلِيمُ
- 10-At-tartibُ التَّرْتِيبُ
- 11-Al-mouwàlàte أُمُورُ الْآةِ

Fa ny singa faharoa ambin’ny folo dia ny al-qounouèة الْقُنُوتُ fa saingy moustahab izy io.

الأَذَانُ وَالْإِقَامَةُ

Ny adhàn sy ny iqàmah

Anisan'ny tena moustahab alohan'ny fanombohan'ny swalàt wadjib dia ny fanaovana adhàn sy ny iqàmah, ka ilaina ny mitodika any amin'ny qiblah eo am-panaovana azy ireo.

Ny adhàn dia mitaky ny fanatanterahana azy amin'ny feo ambony, ka toy izao ny fomba fanaovana azy:

اللَّهُ أَكْبَرُ

Allahou Akbar (in-4)

أَشْهَدُ أَنْ لَا إِلَهَ إِلَّا اللَّهُ

Achehadou an-llà Ilàha ill-ALLAH (in-2)

أَشْهَدُ أَنْ مُحَمَّدًا رَسُولُ اللَّهِ

Achehadou anna Mouhammadan-rasoulou-LLAH (in-2)

أَشْهَدُ أَنْ عَلِيًّا وَلِيُّ اللَّهِ

Achehadou anna Anliyane waliyyou-LLAH¹ (in-2)

حَيَّ عَلَى الصَّلَاةِ

Hayya -an'las-swalàh (in-2)

حَيَّ عَلَى الْفَلَاحِ

Hayya-an'lal falàh (in-2)

حَيَّ عَلَى خَيْرِ الْعَمَلِ

¹ Moustahab ny fanaovana azy fa tsy wadjib.

Hayya-an'là khaïril an'mal (in-2)

اللَّهُ أَكْبَرُ

Allahou Akbar (in-2)

لَا إِلَهَ إِلَّا اللَّهُ

Là ilàha Illa-LLAH (in-2)

Ny iqàmah kosa dia vakiana amin'ny feo antonony ary mitovy amin'ny adhàn ihany, saingy mihena ny isan'ny takbîr voalohany, ka lasa in-droa, ary miampy ilay fehezanteny hoe: “قَدْ قَامَتِ الصَّلَاةُ” qad qàmatis-swalàh” in-droa aorian'ilay fehezanteny hoe: “حَيَّ عَلَى خَيْرِ الْعَمَلِ” hayya an'là khaïril an'mal”; fa ilay التَهْلِيلُ “tah'lîl” dia vakiana indray mandeha ihany.

Azo atao ny manafohy ireo fehezanteny ireo ho singa tsirairay, raha misy ny mahamaika an'ilay mpivavaka.

M.98: Voafetra amin'ny adhàn sy ny iqàmah ireto fepetra manaraka ireto :

1-Ny fikasàna : vakiana ny adhàn sy ny iqàmah miaraka amin'ny fikasana, koa tsy ampy ny fanononana azy ireo tsy miaraka amin'ny fikasana ; ka ilaina ny manao izany fikasana izany amin'ny fanakaikezana an'i Allan noho izy ireo anisan'ny fanompoana, ary ny fitandremana tsy maintsy arahina dia ny fanondroana an'eritreritra ihany koa ny swalàt izay nahatonga ny fanaovana ilay adhàn sy iqàmah. Koa toy izao ny fanaovana fikasana amin'ny adhàn:

أُذِّنُ لِمُصَلِّةِ الصُّبْحِ - مثلاً - قُرْبَةً إِلَى اللَّهِ تَعَالَى.

Dikany: “Izaho dia manao adhàn ho an'ny “swalàt soubh” - ohatra - mba hanakaiky an'i Allah Ilay Avo Indrindra”.

Ary toy izao indray ny fikasana atao amin'ny iqàmah:

أَقِيمِ لِبَلَدِكَ الصُّبْحَ - مثلاً - قُرْبَةً إِلَى اللَّهِ تَعَالَى.

Dikany: “Izaho dia manao iqamah ho an’ny “swalât soubh” - ohatra - mba hanakaiky an’i Allah Ilay Avo Indrindra”.

2-3-Ny fahavorian’ny saina sy ny fananam-pinoana : tsy voatery anefa ny fahampian’ny taona ; noho izany dia heverina ara-dalàna ny adhàn sy ny iqàmah ataon’ny ankizy tsy ampy taona raha ohatra izy ka mahay manavaka ny tsara sy ny ratsy.

4-Ny mahalahy : araka ny fitandremana tsy maintsy arahina dia ilaina mba ho lehilahy no manao adhàn, ka noho izany dia tsy ara-dalàna ny adhàn sy ny iqàmah ataon’ny vehivavy raha nataony ho an’ny lehilahy. Eny, raha nataony ho an’ny samy vehivavy dia tsy olana.

5-Ny filaminana: izany hoe ny manao adhàn alohan’ny iqàmah, ary torak’izany koa ny filaminana amin’ireo fehezantenin’izy ireo. Raha namela ny filaminana eo amin’ireo fehezanten’ny adhàn sy ny iqàmah dia mila haveriny izany mandram-pilaminany, afa-tsy hoe nisy fahasimbana tamin’ilay fitohizana, ka amin’izay fotoana izay dia ilaina ny mamerina azy hatramin’ny voalohany.

6-Ny fitohizana: ilaina ny fitohizana eo amin’ny famakiana an’ireo fehezantenin’ny adhàn sy ny iqàmah. Noho izany, dia tsy ara-dalàna ny iray amin’izy ireo raha misy elanelana lava izay mamafa ny endriny amin’ny mahazatra araka ny fitandremana tsy maintsy arahina, ary torak’izany koa, tsy mety ny elanelam-potoana lava eo amin’ny adhàn sy ny iqàmah, ary koa eo amin’ny iqàmah sy ny swalât.

7-Ny famakiana: ilaina ny famakiana ny adhàn sy ny iqàmah mba ho amin’ny teny arabo, noho izany dia tsy ara-dalàna ny fandikana azy

amin'ny fiteny hafa ankoatra ny teny arabo, ary torak'izany koa tsy aradalàna ny fanononana diso azy ireo.

8-Ny fidiran'ny fotoana : ilaina ny fanaovana ny adhàn sy ny iqàmah rehefa tafiditra ny fotoan'ny swalàt.

9-Ny fitsanganana sy ny fitodihana: ilaina ny mitsangana sy mitodika any amin'ny qiblah rehefa manao adhàn sy iqàmah. Ary ny twahàra dia anisan'ny fepetra takiana amin'ny fanaovana iqàmah fa amin'ny adhàn dia moustahab izany.

Tiana ny mampahatsiahy fa araka ny voalazan'ireo manampahaizana sasany dia ilaina ny imàm mba hitsangana vao atao ny famakiana ny iqàmah raha toa ka ny ankoatr'azy no mamaky izany, fa amin'ny adhàn kosa dia moustahab.

M.99: Moustahab ny miato kely isaky ny avy mamaky ny fehezanteny tsirairay ao amin'ny adhàn sy ny iqàmah, ary ilaina ny famakiana miadana eo amin'ny adhàn sy manafaingana kosa eo amin'ny iqàmah. Torak'izany koa, moustahab ny mamaky ilay adhàn amin'ny fahaizana manonona tsara ny alif (ل) eo amin'ny voalohan'ny teny sy ny hà (ه) izay hita amin'ny farany eo amin'ireo sasantsasan'ny fehezantenin'ilay adhàn; toy izany koa ny mampiakatra ny feo sy ny mametraka an'ireo ratsan-tànana eo amin'ny sofina, sy ireo moustahab hafa ankoatr'izany.

M.100: Makrouh ny firesahana zavatra hafa izay tsy misy fifandraisana amin'ny adhàn sy ny iqàmah eo am-pamakiana azy ireo, koa mihamafy ny maha-makrouh izany eo amin'ilay iqàmah; eny, raha mitranga izany, amin'izay fotoana izay dia moustahab ny mamerina ilay iqàmah, ary ny tena makrouh indrindra dia ny miresaka zavatra hafa aorian'ilay fehezantenin'ny iqàmah manao hoe: "فَقَدْ قَامَتِ الصَّلَاةُ".

M.101: Moustahab ny mampifanelanelana ny swalât sy ny iqàmah amin’ny “raka’ante” anankiroa farafahakeliny, na “sadj’dah” anankiray, na fipetrahana, na fitenenana afa-tsy amin’ny swalâtoul-fadjr izay makrouh ny firesahana. Ary moustahab ny miteny ao amin’ily soujoud manao hoe: "لَا إِلَهَ إِلَّا أَنْتَ رَبِّي سَجَدْتُ لَكَ خَاضِعًا خَاشِعًا". Na miteny ilay fehezanteny manao hoe : "سَجَدْتُ لَكَ خَاضِعًا خَاشِعًا دَلِيلًا".

M.102: Ny fikasana dia tsara raha atao ao am-po fa tsy amoahana feo.

M.103: Moustahab ho an’ny olona izay manatanteraka ny swalât dimy isan’andro ny manao adhàn sy iqàmah isaky ny swalât izay tanterahina ara-potoana izany hoe: “أَدَاءٌ”, na tsy ara-potoana, izany hoe “فَضَاءٌ”, na salama tsara ilay olona na marary, na lahy izy na vavy, na eo an-tanàna na manao dia lavitra, ary mihamafy ny maha-moustahab izany, indrindra fa ho an’ny lehilahy, fa amin’ily iqàmah dia hamafisina bebe kokoa ny fanatanterahana azy, mihoatra ny adhàn.

M.104: Foana ny fanaovana adhàn sy iqàmah eo amin’ny toerana sasantsany, anisan’izany:

1-Rehefa tafiditra ao amin’ny swalât djàmàanh izay efa nanaovana ny adhàn sy iqàmah, na dia imàm aza izy na mae’moum.

2-Raha niditra tao amin’ny Moske mba hanatanteraka swalât ny olona iray, ka nahatojo ny swalât djàmàanh efa tafatsangana, na efa vita fa kosa ireo mpivavaka dia mbola samy eo an-toerany avy, koa raha te hanao swalât manirery io olona io dia tsy hamafisina aminy ny fanaovana adhàn sy ny iqàmah; -eny, ny fitandremana tsara atao dia ny tsy manao ilay adhàn, raha tsy hoe angaha ataony mibitsibitsika miafina izany-, ary raha te hanao swalât djàmàanh izy dia foana ho azy ny fanaovana adhàn sy ny iqàmah.

3-Raha toa ka naheno adhàn sy iqàmah nataon'ny olon-kafa mba ho fanatanterahana ny swalàt ny mpivavaka iray, dia marina tokoa fa ampy ho azy izany adhàn sy iqàmah henony izany, raha ohatra ka tsy nisy elanelam-potoana lava teo amin'ilay swalàt izay hataony sy ilay adhàn sy iqàmah henony.

Fampahatsiahivana

قال الله تعالى : "قَدْ أَفْلَحَ الْمُؤْمِنُونَ ، الَّذِينَ هُمْ فِي صَلَاتِهِمْ

خَاشِعُونَ."

Dikany : “Henika ny fahasambarana tanteraka ireo mpino, izay manetry tena ao amin'ny fanompoana swalàt ataon'izy ireo.”

Araka ny voalazan'ireo hadith maro izay voaray avy tamin'ny Mpaminany (s.a.w) sy ireo Mpitarika masina (a.s), dia tsy ho tsarina ny mpanompo iray amin'ny swalàt izay vitany afa-tsy arakaraka ny fifantohana nataony manoloana izany, koa aoka hita ndrina ny tsirairay mba tsy hiatrika ny swalàt ao anatin'ny hakamoana na rendremana na mieritreritra zavatra hafa ao amin'ny swalàt, fa mila mampitodika tanteraka ny fo eo anatrehan'ny Tompo ary tsy hisahirana amin'ny raharahan'izao tontolo izao. Marina tokoa fa ny swalàt dia fizarana mankany amin'i Allah, ary ny mpanompo dia mijoro eo anatrehan'i Allah, noho izany, dia tokony hitsangana amin'ny fitsanganan'olona andevo izay malemy, mpitia, mpatahotra, mpanantena, mahantra, mpangataka, ary koa tokony hanao ny swalàt toy ny swalàt fanaovam-beloma ka mihevitra fa tsy hiverenany intsony izany swalàt izany.

Ary teo ny Imàm Zainoul-Anbidīne (a.s) rehefa mitsangana manatanteraka ny swalàt dia sahala amin'ny vatan-kazo izay tsy misy zavatra mampietsiketsika azy afa-ts'izay ahetsiketsiky ny rivotra, ary torak'izany koa, ny Imàm As-Swàdik sy ny Imàm Al-Bàqir (a.s) teo rehefa

mitsangana amin'ny swalàt izy ireo dia miova loko, indraindray mena ary indraindray mavo, toy ny mangataka amin'ny olona izay hitan'izy ireo maso.

Noho izany, ny mpanompo dia tokony hijoro marina amin'ilay fitenenany manao hoe :

"إِيَّاكَ نَعْبُدُ وَإِيَّاكَ نَسْتَعِينُ"

Dikany : “Ianao Irery ihany no tompoinay ary Ianao Irery ihany no italahoanay famonjena”.

Koa tsy tokony intsony ho mpanompon'ny faniriany sy mangataka fanampiana ankoatr'Ilay Tompony.

Torak'izany koa, raha ohatra mila manatanteraka ny swalàt, na ankoatran'ny swalàt amin'ireo fanompoana, dia tsara aloha ny mangataka famelan-keloka sy fibebahana amin'i Allah ary ilaina koa ny manenina amin'ireo tsirambina sy fahotana vita eo anatrehan'i Allah mba ho anisan'ireo mpatahotra Azy, fa hoy indrindra ny Quor'an masina mikasika ireo mpatahotra an'i Allah manao hoe:

"إِنَّمَا يَتَقَبَّلُ اللَّهُ مِنَ الْمُتَّقِينَ"

Dikany : “Marina tokoa fa i Allah dia tsy mankasitraka afa-tsy avy amin'ireo manam-patahorana”.

Farany dia tiako ny mampahatsiahy ny tsirairay fa tsy misy tokoa ny fitahiana afa-tsy izay avy amin'i Allah, koa Izy Irery ihany no iankinako sy iverenako, ary Izy no ampy ho ahy sy Fianteharana tsara indrindra.

Ny fihetsika voalohany ao amin'ny swalàt dia ny fanaovana ny “niyyah” na fikasana.

Ny antsoina hoe “niyyah” dia ny fikasana atao amin’ny fanatanterahana ny fihetsika iray, ary toy izao ny fomba fanaovana azy amin’ny swalât:

"أُصَلِّي صَلَاةَ الصُّبْحِ - مَثَلًا - قُرْبَةً إِلَى اللَّهِ تَعَالَى"

“Ouswalli farlwa swalâtis-soubhi...qourbatane ila LLah Ta’anla”

Dikany: “Izaho dia manao ny swalâtous-soubh - ohatra - mba hanakaiky an’i Allah Ilay Avo Indrindra”.

Ny tena tsara dia ny manao ny fikasana ao am-po fa tsy mamoaka feo.

M.105: Tsy maintsy tononina ny karazana swalât izay atao, ohatra ny hoe “swalâtous-soubh”, na “swalâtoudh-dhouhr”, na “swalâtoul-answr” na “swalâtoul-maghrib”, na “swalâtoul-inchà’e”. Tsy voatery tononina kosa ny hoe **أَدَاءٌ أَوْ قَضَاءٌ** “adà’ane na kalwà’ane”, torak’izany koa, ny fanononana ny hoe **وَاجِبٌ أَوْ مُسْتَحَبٌّ** “wàdjibane na moustahabbane”.

M.106: Wadjib ny tsy fanadinoana ilay fikasana eo am-panaovana swalât, izany hoe tsy manadino ilay adidy izay tanterahina, fa ilaina ny mahatadidy hatrany ny fikasana mandritra ny swalât izay atao.

M.107: Raha nikasa ny hanapaka ny swalât nohon’ny antony tsy azo ialàna ilay mpivavaka, avy eo foana ilay antony izay saika nanapahany ilay swalât, ka niverina indray tamin’ny fikasany teo aloha izy, amin’izay fotoana izay dia azony atao ny manohy ny swalât raha ohatra ka mbola tsy nanao fihetsika na singan’ny swalât tao anatin’ny fotoana izay nampisy fisalasalana na nahasanganehana azy teo, no sady tsy mbola nanao

fihetsika izay manimba ny swalàt izy, fa raha tsy izany dia simba ilay swalàt.

Ny fihetsika faharoa ao amin'ny swalàt dia ny fanaovana ny “takbīratoul-ihrām”.

تَكْبِيرَةُ الْإِحْرَامِ
Takbīratoul-ihrām

Ny “takbīratoul-ihrām” dia atao aorian'ny fahavitan'ny mpivavaka ilay fikasana, ka adidiny avy hatrany ny manatanteraka izany. Ny fanaovana azy dia ny fitenenana hoe اللهُ أَكْبَرُ Allahou Akbar ary ireo felatanana roa dia ampiakarina tandrifin'ny sofina sy atodika mankany amin'ny qiblah.

M.108: Wadjib ny fanatanterahana io takbīr io amin'ny teny arabo mazava, izay tononina tsara araka ny maha-izy azy ireo litera. Tsy azo atao ny manambatra io takbīr io amin'ny teny hafa eo aloha na teny aoriany. Wadjib ny fanatanterahana azy eo am-pitsanganana ho an'izay olona mahavita izany, ary ilaina ihany koa ny mifikitra sy mijoro mahitsy, izany hoe tsy mihetsiketsika.

M.109: Tsy mety ny minia manao ny takbīr in-droa. Fa raha nitranga izany dia wadjib ny manao azy fanintelony. Ny tena tsara anefa dia ny manao azy indray mandeha ihany araka ny voalazan'ny manampahaizana sasany, fa raha nanao ilay takbīr fanindroany nohon'ny fanadinoana dia wadjib aminy ny manao azy fanintelony.

M.110: Raha nanadino ny fanaovana takbīratoul-ihrām ny mpivavaka, izany hoe nanomboka ny fivavahany tsy nisy takbīr izy, dia tsarina ho simba ilay swalàt ka wadjib aminy ny mamerina azy.

Ny fihetsika fahatelo ao amin'ny swalàt dia ny “qiyām”.

الْقِيَامُ Al-qiyàm

Ny “qiyàm” dia ny fitsanganana tsy maintsy atao eo amin’ny swalât wadjib raha manana fahafahana sy safidy anao izany izy, fa foana ny maha-wadjib izany raha misy ny fialan-tsiny; fa amin’ny swalât moustahab kosa dia tsy wadjib izany “qiyàm” izany.

M.111 : Anisan’ny fepetra amin’ny swalât wadjib ny fitsanganana eo amin’ny fanatanterahana ny takbîratoul-ihràm sy amin’ny famakiana na fanaovana dhikr solon’ilay famakiana, alohan’ny roukoûon sy aoriany. Ary ny tsy fanaovana ny “qiyàm” an-tsitrao dia manimba tanteraka ny swalât. Koa wadjib ny fanatanterahana ny swalât eo am-pitsanganana, fa tsy mety ny swalât mipetraka raha toa ka mahavita mitsangana ihany ny mpivavaka, ary simba ny swalât raha manao takbîratoul-ihràm na roukoûon amin’ny fipetrahana na dia amin’ny fanadinoana aza. Tsy simba kosa anefa ny swalât raha nanao fihetsika hafa ankoatra ireo roa voalaza ireo tamin’ny fanadinoana.

M.112: Ny olona izay tsy afaka mitsangana dia mahazo manatanteraka ny swalât mipetraka na matory raha tsy mahavita mipetraka izy. Fa kosa wadjib aminy, ny manatanteraka eo am-pitsanganana ireo fihetsiky ny swalât izay vitany.

Amin’ny fotoana ny olona tsy afaka manatanteraka ny swalât eo am-pitsanganana dia wadjib ny manao izay vitany eo amin’ny fitsanganana, na dia singa iray amin’ny swalât fotsiny aza; fa ny ambiny kosa dia tanterahiny amin’ny endrika rehetra izay hahafahany manatanteraka azy.

Ny fihetsika fahefatra ao amin’ny swalât dia ny “qirà’ah”.

الْقِرَاءَةُ
Al-qirà'ah

Ny “qirà'ah” na ny famakiana dia wadjib ao amin'ny swalât fa kosa tsy anisan'ireo “arkàn”¹ أركان .

Ary ny tiana ho lazaina amin'ny hoe : al-qirà'ah eto dia ny famakiana ny souratoul-fâtihah sy ny sourate iray feno aoriany araka ny fitandremana tsy maintsy arahina afa-tsy amin'ny fotoana mahamaika na marary, na koa amin'ny fahateren'ny fotoana sy fahatahorana ...sns amin'ireo toe-javatra izay tsy azo ialàna na dia amin'ny mahazatra araka ny fahitàn'ireo manam-pahaizana toa an'i As-sayed As-sistani. Marina tokoa fa amin'ny toe-javatra tahak'izany dia azo atao ny mionona fotsiny amin'ny famakiana ny “souratoul-hamdou”, ary mamela ilay sourate manaraka. Eny, fa wadjib ny manao izany amin'ny fahateren'ny fotoana sy ny amin'ny fotoana itrangan'ny fahatahorana indraindray.

Ny toeran'ilay famakiana dia amin'ny raka'anh voalohany sy faharoa amin'ireo swalât rehetra na wadjib na moustahab. Raha namaky ny sourate iray mialohan'ny souratoul-fâtihah an-tsitrapo ny mpivavaka dia simba ny swalât, fa raha amin'ny fanadinoana kosa, ka tsaroany izany nialohan'ny roukoun dia ilaina ny mamerina ilay sourate aorian'ny “souratoul-fâtihah”, fa raha nahatsiaro izany aorian'ny roukoùn izy dia heverina ara-dalàna ilay swalât.

M.113: Misy fepetra maromaro no mifehy ny famakiana:

1 - Manatanteraka azy amin'ny teny arabo, izany hoe amin'ny fomba mazava ny fanononana ny litera. Izay tsy mahay mamaky amin'ny teny arabo dia wadjib aminy ny mianatra. Fa raha misy fahatarana ny

¹ Ireo arkàn-n'ny swalât dia ireo adidy ao amin'ny swalât izay manimba ny swalât raha natao mihoatra na tsy ampy na dia amin'ny fanadinoana aza

fianarany hatramin'ny fahateren'ny fotoan'ny swalât, dia adidiny ny manaraka ny imàm izay mahay mamaky tsara. Raha tsy mety aminy anefa izany dia azony atao ny mamaky izay hainy, raha tsy hoe angaha tena tsy afa-mianatra izy ary hita fa tsy mahavita mamaky mihitsy raha tsy amin'ny fahadisoana. Amin'izay fotoana izay dia tsy wadjib aminy ny manaraka ny imàm izay mahay mamaky.

Addin'izay olona moana ny mamaky an'eritreriny, ary mamaky ny litera izay hainy tononina. Torak'izany koa dia ilaina ny fanisany amin'ny ratsan-tanany ny isan'ny teny izay novakiany.

2 - Ny famakiana dia atao amin'ny raka'anh voalohany sy faharoa. Raha namela io famakiana io amin'ireo raka'anh roa ireo, ka nanao izany an-tsitrapo dia simba ny swalât, fa raha natao nohon'ny fanadinoana kosa dia tsy manimba azy.

3 - Ilaina ny famoahana feo amin'ny “swalâtous-soubh” sy “swalâtoul-maghrib” ary ny “swalât al-inchà'e”. Ny tiana ho lazaina amin'ny famoahana feo dia ny fahenoan'izay eo akaikinao ny feonao; ary tsy mamoka feo kosa ny amin'ny “swalâtoudh-dhouhr” sy ny “swalâtoul-answer”. Ny tiana ho lazaina amin'ilay tsy famoahana feo dia ny famakiana azy amin'ny feo ambany tsy henon'ny hafa, izany hoe mibitsibitsika.

M.114: Azon'ny vehivavy atao ny tsy mamoka feo amin'ny swalât rehetra ataony, fa kosa mibitsibitsika.

4 - Tsy azo atao ny mamaky ny iray amin'ireo souratoul-an'zàim "سورالعزائم" ao amin'ny swalât ataony, ka ireto avy izany:

"سورة السجدة"، "سورة حم فصلت"، "سورة النجم"، "سورة العلق".

5 - Mila vakiana mitohy ireo fehezanteny amin'ny sourat fa tsy azo tapatapahina.

M.115: Ho an'izay nanadino ny famakiana amin'ny swalât mandram-pahatongany eo amin'ny roukoun dia tohizany ilay swalât fa tsy manimba azy izany. Ary ny fitandremana tsara atao dia mila manao soudjoudous-sah'wou anankiroa aorian'ilay swalât.

M.116: Wadjib ny mamaky ny “بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ” afa-tsy amin'ny “souratout-taw'bah” سورة التوبة .

M.117: Tsy maninona ny mamaky mihoatra ny sourate anankiray ao amin'ny raka'anh iray eo amin'ireo swalât moustahab, fa ny fitandremana tsy maintsy arahina kosa dia ny tsy manao izany amin'ny swalât wadjib.

M.118: Tsy azo atao amin'ny swalât wadjib ny mionona eo amin'ny famakiana ny سورة الضحى “souratoulw-lwouhà” na ny سورة الانشراح “souratoul-inshirah” ary torak'izany koa, amin'ny سورة الفيل “souratoul-fil” sy ny سورة الإيلاف “souratoul-ilâf” ao amin'ny raka'anh iray, fa izay te hamaky ny iray amin'ireo sourate ireo dia wadjib aminy ny mampiaraka ny famakiana ao amin'ny raka'anh iray ireo sourate anankiroa voalohany, na ireo sourate anankiroa izay manaraka fa tokony hirindra ny fomba famakiana ka ilaina ny famakiana ny “بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ” isaky ny sourate.

Ny fihetsika fahadimy ao amin'ny swalât dia ny “roukouon”.

الرُّكُوعُ
Ar-roukouon

Ny “roukouon” dia fihondrehana izay ataon'ny mpiavavaka ka ny tanana roa no mitehina amin'ny lohalika roa, ary miteny izy toy izao:

سُبْحَانَ رَبِّيَ الْعَظِيمِ وَ بِحَمْدِهِ

“Soub’hàna rabbiyal-andwīmi wa biham’dihi”.

Azo atao ny manao ny fiderana rehetra ho an’i Allah, toy ny hoe:

“Soub’hàna-LLAHI” سُبْحَانَ اللَّهِ , na “Allahou Akbar” اللَّهُ أَكْبَرُ ; na ankoatr’izay, fa kosa ilaina ny mamerina izany in-telo.

M.119: Raha nanadino ny roukouon ny mpivavaka ka nahatsiaro izany izy taorian’ny fahavitan’ny swalât, na koa taorian’ireo fiankohofana anankiroa dia simba ilay swalât. Fa raha nahatsiaro kosa izy alohan’ny soudjoud faharoa, dia wadjib aminy ny miverina mitsangana mba hanatanteraka ny rouko’on, izay vao mipetraka manatanteraka ireo soudjoud anankiroa, ary mamarana ilay swalât izy. Rehefa vita izany dia wadjib aminy ny manao soudjoud nohon’ny fanadinoana izany hoe ny سُبُجُودُ السَّهْوِ soudjoudous-sah’wi in-droa aorian’ily swalât; ny voalohany dia nohon’ny soudjoud niampy iray nataony, ary ny faharoa kosa, dia nohon’ny fitsanganany niampy iray.

Ny fihetsika fahenina ao amin’ny swalât dia ny “soudjoud”.

السُّجُودُ

As-soudjoud

Ny atao hoe “soudjoud” dia fiankohofana izay ny handrina sy ny felatanana roa sy ny lohalika roa ary ny ankihiben-tongotra roa no atehina amin’ny tany, ary miteny toy izao ny mpivavaka:

"سُبْحَانَ رَبِّيَ الْأَعْلَىٰ وَبِحَمْدِهِ"

“Soub’hàna Rabbiyal-a’enlà wa biham’dihi”

Azo atao ny manao ny fiderana sy ny fahatsiarovana rehetra an'i Allah, toy ny hita tamin'ny roukouon.

Ny soudjoud dia tsy maintsy atao in-droa isaky ny raka'anh.

M.120: Ny soudjoud dia misy fepetra maromaro:

1-Tsy ilaina ho avo ny toerana izay hametrahana ny handrina, na koa ho iva amin'ily toerana hametrahana ny ankihiben-tongotra roa, izany hoe: tsy mila ho avo na iva mihoatra ny filaharan'ny rantsan-tanana efatra milahatra mitsivalana na mandry ny haavony.

2-Ilaina mba hadio ara-pinoana na “twahàrah” ilay toerana hametrahana ny handrina.

3-Ilaina ny fametrahana ny handrina eo ambonin'ny tany, na koa eo amin'ny zava-maniry izay tsy azo hohanina na atao fitafiana.

Tsy azo atao ny manao soudjoud amin'ny harena an-kibon'ny tany na solitany, fa azo atao kosa ny soudjoud eo ambonin'ireo karazana tany izay mety handrahoana toy ny tany anamboarana biriky na tanimanga. Azo atao ihany koa ny manao soudjoud eo ambonin'ny vato sy ny vovoka ...sns, amin'ireo karazana singan'ny tany. Tsy mety anefa ny soudjoud raha ambonin'ny zavatra izay natao ho fitafiana, na amin'ireo karazan-damba nozairina, na koa ambonin'ny zavatra izay mety ho fihinan'olombelona amin'ireo karazan-tsakafo. Fa mety kosa raha atao ambonin'ny zavatra tsy fihinana toy ny bozaka, hazo, ravin-kazo ...sns.

4-Tsy azo atao ny mampihetsiketsika an-tsitrapo ny iray amin'ireo ratsam-batan'ny soudjoud eo anivon'ily “dhikr” fa raha manao izany dia simba ny swalât, raha nohon'ny fanadinoana kosa no nanaovana izany dia tsy simba, ary amin'izay fotoana izay dia wadjib aminy ny mamerina ny “dhikr” izay nisehoan'ny fihetsiketsehan'ny iray tamin'ireo ratsam-batan'ny soudjoud.

Raha sendra nisy zavatra nitranga amin'ily mpivavaka, ka mila mampihetsika ny singa iray amin'ireo rantsam-batan'ny soudjoud izy, dia wadjib ny mangina amin'ny dhikr; rehefa vita ilay fihetsiketsehany, izay vao mamerina manao ilay dhikr.

M.121: Raha nanadino soudjoud anankiroa ny mpivavaka, ka efa tafiditra tamin'ily roukouon izay aorian'izy roa, na koa efa vita tanteraka ny swalât, dia simba ilay swalât nataony. Ary raha nahatsiaro kosa izy nialohan'ny roukouon, dia wadjib aminy ny mijanona amin'ny fihetsika rehetra izay nataony, ka avy hatrany dia manao ny soudjoud, avy eo miverina manohy indray amin'ny fihetsika niaingany teo aloha. Koa rehefa vita ny swalât, dia manao “soudjoud al-saĥ’wi” nohon'ny fitsanganana niampy.

M.122: Raha nanadino ny soudjoud iray ny mpivavaka, raha vitany ny manenjika izany eo am-panaovana swalât, tahaka ny voalaza teo aloha dia wadjib ny manao izany. Fa raha tsy vitany kosa, dia manolo izany izy aorian'ily swalât, ary tsy simba ny swalât nataony.

Ny fihetsika fahafito ao amin'ny swalât dia ny “dhikr”.

الذِّكْرُ

Adh-dhikr

Ny antsoina hoe “dhikr” dia ny fiderana ataon'ny mpivavaka manao hoe:

سُبْحَانَ اللَّهِ وَالْحَمْدُ لِلَّهِ وَلَا إِلَهَ إِلَّا اللَّهُ، وَاللَّهُ أَكْبَرُ

“Soub’hàna LLAHI wal ham’douli LLAHI wa là ILÀHA illa LLAHOU wa-LLAHOU Akbar”.

Amin'ny raka'anh fahatelo no anaovana an'ilay fiderana, ka atao izany amin'ny swalâtoul-maghrib eo amin'ny raka'anh fahatelo sy raka'ante anankiroa farany amin'ny swalâtoudh-dhouhr sy ny swalâtoul-answr ary ny swalâtoul-inchà'e.

Moustahab ny famerenana azy in-telo, ary wadjib ny tsy famoahana feo fa mibitsibitsika eo am-panaovana azy, ka tsy misy fahasamihafana na eo amin'ny lehilahy na eo amin'ny vehivavy.

Ny fihetsika fahavalo ao amin'ny swalât dia ny “tachahhoud”.

التَّسْبِيحُ

At-tachahhoud

Ny atao hoe “tachahhoud” dia ny teny fanekena na ny fijoroana vavolombelona atao isaky ny mahavita raka'ante anankiroa eo amin'ny swalât rehetra, afa-tsy amin'ny “swalâtoul-maghrib” eo amin'ny raka'anh fahatelo sy amin'ilay raka'anh iray ao amin'ny “swalâtoul-witr”, ka toy izao ny fomba famakiana azy:

"أَشْهَدُ أَنْ لَا إِلَهَ إِلَّا اللَّهُ وَحْدَهُ لَا شَرِيكَ لَهُ وَأَشْهَدُ أَنَّ مُحَمَّدًا عَبْدُهُ وَرَسُولُهُ
اللَّهُمَّ صَلِّ عَلَى مُحَمَّدٍ وَعَلَى آلِ مُحَمَّدٍ".

“Ach’hadou allà ILAHA ill’Allahou wah’da’hou à charika lahou wa ach’hadou anna Mouhammadane anb’douhou wa rasoulouhou; Alla’houmma swalli an’là Mouhammadine wa àli Mouhammad”.

M.123: Tsy maintsy atao amin'ny fomba fipetrahana ny fanatanterahana ny tachahhoud. Fa ny tsara atao kosa dia ny fametrahana ny ranjo ho ambany, ary ny tampon-tongotra havanana dia ambonin'ny faladian-tongotra havia.

M.124: Tsy maintsy tanterahina amin’ny teny arabo mazava ny tachahhoud, koa raha nanadino izany ny mpivavaka, ary tsy nahatsiaro izany raha tsy efa any amin’ny roukouon na koa efa vita mihitsy ny swalât, dia tsy simba ilay swalât nataony, fa wadjib aminy ny manefa izany aoriana ary ampiarahana amin’ny soudjoudous-sah’wi.

Ny fihetsika fahasivy ao amin’ny swalât dia ny “taslîm”.

التَّسْلِيمُ
At-taslîm

Ny “taslîm” dia firarian-tsoa izay tenenina aorian’ny tachahhoud farany amin’ny swalât, ka toy izao ny fanaovana azy:

الْسَّلَامُ عَلَيْنَا وَعَلَىٰ عِبَادِ اللَّهِ الصَّالِحِينَ. االسَّلَامُ عَلَيْكُمْ وَرَحْمَةُ اللَّهِ وَبَرَكَاتُهُ .

“As-salâmou an’lainà wa an’là inbadiLLAHIs-swàlihîna. As-salâmou an’laïkoum wa rahmatou-LLAHI wa barakâtouh”.

Fa moustahab ny fitenenana an’ity fehezanteny manaraka ity, mialoha ireo salâm anankiroa ireo:

الْسَّلَامُ عَلَيْكَ أَيُّهَا النَّبِيُّ وَرَحْمَةُ اللَّهِ وَبَرَكَاتُهُ

“As-salâmou anlaïka ayyouhan-nabiyyou wa rah’matou-LLAHI wa barakâtouh”.

M.125: Azo atao ny manao ny iray amin’ireo salâm anankiroa ireo, izay efa voalaza tetsy ambony, ary tsy voatery ampiarahana izy rehetra.

M.126: Raha nanadino ny taslîm ny mpivavaka, ka nahatsiaro izany izy alohan’ny fanaovany ny fihetsika izay manimba ny swalât, toy

ny fitenenana sy ny fihomehezana, na koa nialohan'ny fisian'ny elanelam-potoana maharitra dia wadjib aminy ny manatanteraka ihany ilay taslīm. Raha nahatsiaro izany anefa izy, taorian'ny fihetsika izay nanimba ny swalât na taorian'ny fisian'ny elanelam-potoana maharitra dia heverina ho ara-dalàna ihany ny swalât izay nataony.

الشُّرُوطُ الْعَامَّةُ

Ireo fepetra amin'ny ankampobeny

Tsara ny manamarika fa anisan'ireo fihetsika ao amin'ny swalât sady fepetra wadjib takiana amin'ny mpivavaka ireto manaraka ireto.

Ny fihetsika fahafolo ao amin'ny swalât dia ny “istiqrâr”.

الْإِسْتِقْرَارُ

Al-istiqrâr

Anisan'ny fepetra maha-ara-dàlana ny swalât ataon'ny mpivavaka dia ny fifikarany eo am-pitsanganana ka tsy azony atao ny mampihetsika ny tongotra roa sy mampiakatra azy miala amin'ny tany. Torak'izany koa, tsy mety ny manatanteraka ny swalât eo ambonin'ny zavatra mihozongozona, na mihetsiketsika toy ny sambo mijanona izay ahetsiky ny onja, na koa ambonin'ny fiara izay mandeha.

M.127: Raha voatery hanatanteraka ny swalât ambonin'ny fiara izay mandeha ny olona, na amin'ny fiaramanidina, dia azo atao izany ary tsy azo atao mihitsy ny manemotra ny fotoana hatramin'ny fijanonan'ily fiaramanidina, raha ohatra ka izany no hahatonga ny fanatanterahana ilay swalât ho tara. Sahala amin'izany koa dia wadjib aminy ny manatara ny

fanatanterana ilay swalàt hatramin'izay hijanonan'ilay fiara, raha ohatra ka mbola malalaka ilay fotoana.

Ny fihetsika faharaika ambin'ny folo ao amin'ny swalàt dia ny “tartib”.

التَّارْتِيبُ
At-tartib

Wadjib ny manatanteraka ireo fihetsiky ny swalàt araka ny filaharany, tahaka ny voalaza tamin'ny fomba fanaovana azy teo aloha. Raha mamela an-tsitrapo ny filaharana dia simba ny swalàt, fa raha tamin'ny fanadinoana, ka nahatsiaro izany ilay mpivavaka teo ampanaovana swalàt, dia wadjib aminy ny manatratra izany raha vitany. Ny ohatra mazava amin'izany dia, raha namaky ny sourate hafa alohan'ny souratoul-fàtihah ka nahatsapa izany alohan'ny roukoùon, ny wadjib aminy dia ny mamaky ny souratoul-fàtihah avy eo vao mamerina mamaky ilay sourate aorian'ny souratoul-fàtihah. Fa raha tsy nahatsiaro kosa izy, raha tsy taorian'ny roukoùon, dia ara-dalàna ihany ny swalàt nataony.

Ny fihetsika faharoa ambin'ny folo ao amin'ny swalàt dia ny “mouwàlâte”.

المَوْالَاتَةُ
Al-mouwàlâte

Ny atao hoe al-mouwàlâte dia ny fitohizana avy hatrany amin'ny fanatanterahana ireo fihetsiky ny swalàt, ka tsy azo atao mihitsy ny mampisy elanelana lava eo amin'ny fihetsika roa mifanaraka. Ary raha mamela izany fitohizana izany na dia amin'ny fanadinoana aza, dia simba ny swalàt, raha ohatra ka niova ilay endriny.

Fa ny singa faharoa ambin'ny folo dia ny “qounoùte” .

الْقُنُوتُ

Al-qounoùte

Ny qounoùte na ny fangatahana dia singa moustahab amin'ny swalât rehetra, na amin'ny swalât wadjib izany na amin'ny swalât moustahab, afa-tsy amin'ny “swalâtouch-chaf'in” صَلَاةُ الشَّفْعِ araka ny malaza amin'ny anakamaroan'ireo manam-pahaizana; koa raha manao qounoùte ny mpivavaka amin'izany swalât izany, dia tokony manao izany amin'ny fikasana ho رَجَاءُ الْمُطَلَّوِيَّةِ izany hoe, atao amin'ny fanantenana mba ho anisan'ny tadiavin'i Allah. Ary misy ny fanamafisana ny fanaovana ny qounoùte eo amin'ireo swalât wadjib izay hamoahana feo, indrindra amin'ny swalâtous-soubh, swalâtoul-djournou'anh, swalâtoul-maghrib, ary ny swalâtoul-witr izay swalât moustahab.

Ny maha-moustahab ny qounoùte dia ny fanaovana azy indray mandeha aorian'ny famakiana alohan'ny roukoûon eo amin'ny raka'anh faharoa afa-tsy amin'ny swalâtoul-djournou'anh sy ny swalâtoul-eind ary swalâtoul-ayâte izay mbola hazavaina ny sasany amin'izy ireo amin'ny manaraka.

M.128: Tsy ferana ny fanaovana ny fangatahana manokana amin'ny qounoùte fa mety avokoa ny fangatahana rehetra, na amin'ny alalan'ny fanaovana dhikrouLLAH na amin'ny alalan'ny fangatahana tsotra Aminy, na koa amin'ny alalan'ny fiderana amam-pankalazana Azy. Eny, na dia ampy aza ny fanaovana الصَّلَاةُ عَلَى النَّبِيِّ (ص) “as-swalâtou an'lan-nabi (s.a.w)”, ary torak'izany koa ampy amin'ny qounoùte ny fitenenana ny hoe سُبْحَانَ اللَّهِ “soubhàna Allah” in-dimy na in-telo na in-dray ihany, fa ny tsara dia ny mamaky ireo douàn izay voaray avy tamin'ireo olo-masina havan'ilay Mpaminany toy izao douan antsoina hoe كَلِمَاتُ الْفَرَجِ izao:

"لَا إِلَهَ إِلَّا اللَّهُ الْحَلِيمُ الْكَرِيمُ ، لَا إِلَهَ إِلَّا اللَّهُ الْعَلِيُّ الْعَظِيمُ ، سُبْحَانَ اللَّهِ رَبِّ السَّمَوَاتِ السَّبْعِ وَرَبِّ الْأَرْضِينَ السَّبْعِ وَمَا فِيهِنَّ وَمَا بَيْنَهُنَّ وَرَبِّ الْعَرْشِ الْعَظِيمِ وَالْحَمْدُ لِلَّهِ رَبِّ الْعَالَمِينَ."

M.129 : Moustahab ny manao takbir alohan'ny quonoute ary mampiakatra ireo felatanana roa eo ampanaovana ilay takbir no sady mampidina azy ireo, avy eo mampiakatra azy roa ireo indray manolohana ny tarehy. Misy miteny amin'ireo manam-pahaizana hoe : mila velarina ary atodika any amin'ny lanitra ireo felan-tanana ary ilay voho-tànana mitodika amin'ny tany, ary ilaina mba hifampipetaka ireo tanana anankiroa ary toy izany ireo rantsan-tànana afa-tsy hoe ireo ankihibe anankiroa. Ilaina ny fijerevany an'ireo ratsan-tànana.

M.130 : Moustahab ny famoahana feo amin'ny fanaovana quonoute, amin'ilay imàm sy izay manao swalàt mitokana ary koa ilay mae'moum, fa kosa makhrou amin'ilay mae'moum ny mampiheno ny feony an'ilay imàm.

M.131 : Raha nanadino ilay quonoute ny mpivavaka ka nidina, koa raha ohatra nahatsiaro alohan'ny fahatongavany tamin'ny fetran'ilay roukon, dia mila miverina manatanteraka an'ilay quonoute izy. Fa raha ohatra taorian'ny fahatongavan'ilay fetra no nahatsiaro izy dia manolo ny quonoute rehefa avy mampiakatra ny lohany miala amin'ilay roukon. Ary raha taoriana amin'ny fidirana an'ilay soudjoud izy vao nahatsiaro, dia mila manolo izany aorian'ny swalàt amin'ny endriky ny fipetrahana mitodika amin'ny quiblah. Ny fitandremana tsara atao, ny manolo raha ohatra ka nahatsiaro ilay quonoute aorian'ny fidinana amin'ny soudjoud alohan'ny fametrahana ny handrina amin'ny tany. Fa raha namela ny quonoute an-tsitram-po eo amin'ilay toerany, na namela azy aorian'ny nahatsiarovany taorian'ilay roukon, amin'izay fotoana izay dia tsy manolo.

M.132 : Misy manam-pahaizana sasany toa an'As-sayed Al-khouï (رحمه الله) mahita fa tsy tanteraka ara-dalàna ny quonoute, amin'ny alalan'ny dou'a izay misy fahadisoana na dou'a tsy natao tamin'ny teny arabo, na dia tsy mampaninona amin'ny fahamarinan' ilay swalàt aza izany.

كَيْفِيَّةُ الصَّلَاةِ

Ny fomba fanaovana swalàt

Rehefa avy nianarantsika tamin'ny antsipiriany ireo fihetsika mandrafitra ny swalàt sy ireo fepetra rehetra takiana mialoha azy dia tonga ao an-tsaintsika avy hatrany ahoana ny fomba fanaovana azy, izay hazavaina toy izao manaraka izao:

Mila mijoro mahitsy ny mpivavaka izay efa nahavita woulwou, mitodika any amin'ny qiblah ary manao ny fikasana toy izao raha ohatra ka ny swalàtous-soubh no atao :

أُصَلِّيَ فَرَضَ صَلَاةِ الصُّبْحِ قُرْبَةً إِلَى اللَّهِ تَعَالَى

“Ouswallī farlwas-swalàtis’ swoubhi qourbatane ila-LLAHI Taànlà”.

Avy eo, manao ny takbīratoul-ihrām toy izao: “Allahou Akbar” اللهُ أَكْبَرُ izay tenenina amin'ny feo antonony, ary dia mamaky ny souratoul-fātihah, aorian'izay dia mamaky sourate feno iray hafa ohatra ny souratout-tawhīd, avy eo manao takbīr dia mandeha manao roukoùn ka miteny toy izao ao anatin' ilay roukoùn:

سُبْحَانَ رَبِّيَ الْعَظِيمِ وَبِحَمْدِهِ

“Soub’hàna rabbiyal-andhwīmi wa biham’dihī” .

Avy eo dia mampiakatra ny loha avy amin'ny roukoùn ka mijoro mitsangana ny mpivavaka, avy eo midina amin'ny tany ary manao ny soudjoud mametraka ny handrina amin'ny tany, ary miteny manao hoe:

سُبْحَانَ رَبِّيَ الْأَعْلَىٰ وَبِحَمْدِهِ

“Soub’hàna rabbiyal-a’enlà wa biham’dihì”.

Ary mampitraka kely ny loha no sady miteny manao hoe:

أَسْتَغْفِرُ اللَّهَ رَبِّي وَأَتُوبُ إِلَيْهِ

“Astagh’firouLLAHA rabbī wa atoùbou ilaihi”.

Avy eo miverina manao soudjoud fanindroany ary miteny sahala amin’izay notenenina tamin’ny soudjoud teo aloha.

Ny fitambaran’ireo fihetsika rehetra ireo no antsoina hoe: “raka’anh iray”.

Rehefa avy eo, dia miverina mitsangana ny mpivavaka, ka miaraka amin’izy mitsangana iny dia miteny manao hoe:

بِحَوْلِ اللَّهِ وَقُوَّتِهِ أَقُومُ وَأُقْعَدُ

“BihaouliLLAHI wa qouwwatihi aqoumou wa aq’ound”.

Ary miverina mamaky souratoul-fâtihah sy sourate feno iray hafa, avy eo mampiakatra ny tanana, ka ny felatanana roa no manatrika ny lanitra, ary manao قنوت “qounoûte” mangataka amin’i Allah izay tiany, na hatsarana ho an’ny tena na koa ho an’ny hafa, nefa tandremo fa tsy azo atao ny manao fangatahana ratsy ho an’ny hafa. Misy sasantsasany amin’ireo douan fanao amin’ny qounoûte no efa nosoratanay ao amin’ny faran’ity boky ity.

Aorian'ilay qounoûte dia miondrika manao roukoûon, avy eo manao soudjoud indroa tahaka ny teo aloha. Avy eo mipetraka manatanteraka ny tachahâhoud, ka toy izao ny teny ho lazaina:

أَشْهَدُ أَنْ لَا إِلَهَ إِلَّا اللَّهُ وَحْدَهُ لَا شَرِيكَ لَهُ، وَأَشْهَدُ أَنَّ مُحَمَّدًا عَبْدُهُ وَرَسُولُهُ،
اللَّهُمَّ صَلِّ عَلَى مُحَمَّدٍ وَآلِ مُحَمَّدٍ.

“Ach’hadou allà ILAHA ill-ALLAHOU wah’dahou là charika lahou, wa ach’hadou anna Mouhammadane anb’douhou wa rasoulouhou; Allaoumma swalli an’là Mouhammadine wa àli Mouhammad”.

Avy eo manao ny taslim, ka miteny manao hoe:

السَّلَامُ عَلَيْكَ أَيُّهَا النَّبِيُّ وَرَحْمَةُ اللَّهِ وَبَرَكَاتُهُ، السَّلَامُ عَلَيْنَا وَعَلَى عِبَادِ اللَّهِ
الصَّالِحِينَ، السَّلَامُ عَلَيْكُمْ وَرَحْمَةُ اللَّهِ وَبَرَكَاتُهُ.

“As-salâmou anlaïka ayyouhan-nabiyyou wa rah’matou-LLAHI wa barakâtouhou, As-salâmou an’laïnà wa an’là inbâdiLLAHIs-swâlihîna, as-salâmou an’laïkoum wa rahmatou-Ilaîhi wa barakâtouhou”.

Rehefa vita izany, dia tsara ny mitodika kely miankavanana sy miankavia no sady miteny hoe: "السَّلَامُ عَلَيْكُمْ وَرَحْمَةُ اللَّهِ وَبَرَكَاتُهُ", ka vita hatreo ny fomba fanaovana ny swalâtous-soubh.

Raha ohatra kosa ka ny swalâtoudh-dhouhr no atao dia toy izao ny fikasana atao:

أُصَلِّيَ فَرَضَ الظُّهْرِ قُرْبَةً إِلَى اللَّهِ تَعَالَى

“Ouswallî farlwas-swalâtidh-dhwouhri qourbatane ila-LLAHI Taànlà”.

Manao ny swalât tahaka ny “swalâtous-soubh” teo ny mpivavaka, fa rehefa tonga amin’ny tachahâhoud izy dia tsy mbola manao ny taslim fa

mitsangana avy hatrany ary eo am-pitsanganana dia manao an'izao dhikr izao indray mandeha na in-telo:

سُبْحَانَ اللَّهِ وَالْحَمْدُ لِلَّهِ وَلَا إِلَهَ إِلَّا اللَّهُ، وَاللَّهُ أَكْبَرُ

“Soubhàn’Allaḥi wal-ham’douliLLAHI wa là Ilāḥa ill’Allaḥou w’Allaḥou Akbar”.

Avy eo, mandeha manao roukouon sy manao soudjoud indroa. Hatreo dia nahavita ny raka’anh fahatelo izy, ary miverina mitsangana manatanteraka ny raka’anh fahefatra ka manao tasbīh tahaka ny teo ihany eo am-pitsanganana, ary manao roukouon sy manao soudjoud in-droa. Avy eo dia mipetraka manao tachah̄houd sy taslīm, ka mifarana eo ilay swalātoudh-dhouhr. Tahak’izany koa ny fomba fanaovana ny swalātoul-answr, fa ny mahasamihafa azy fotsiny dia ny fikasana atao.

Rehefa milentika ny masoandro, ka tafiditra ny fotoan’ny swalātoul-magh’rib, dia manao fikasana na “niyyah” ny mpivavaka. Ny fomba fanaovan’azy dia mitovy amin’ny fanaovana ny swalātoudh-dhouhr teo aloha, fa rehefa tonga eo amin’ny raka’anh fahatelo aorian’ny soudjoud faharoa dia mipetraka avy hatrany manao ny tachah̄houd sy ny taslīm; ary dia mifarana hatreo ny swalāt. Ny swalātoul-inchà’e dia mitovy ihany koa amin’ny swalātoul-dhwouhr fa ny fikasana ihany no mahasamihafa azy ireo.

Marihina anefa fa ny swalātous-soubh sy ny swalātoul-magh’rib ary ny swalātoul-inchà’e dia mila mamoka feo eo amin’ny famakiana ny souratoul-fātīhah sy ilay sourate manaraka azy ; fa amin’ny swalātoudh-dhouhr sy ny swalātoul-answr kosa dia mila mibitsibitsika fa tsy mamoka feo. Ary amin’ny raka’anh fahatelo sy fahefatra dia itovizan’ny rehetra amin’ny famakiana ny dhikr izay samy mibitsibitsika, eny fa na dia ny souratoul-fātīhah ihany aza no vakiana ho solon’ily dhikr.

M.133: Moustahab ny manao “takbīr” isaky ny aorian’ny fahavitan’ny fihetsiky ny swalāt tsirairay. Ary torak’izany koa, aorian’ny dhikr amin’ny roukouon sy amin’ny soudjoud dia moustahab ny miteny hoe : "اللَّهُمَّ صَلِّ عَلَى مُحَمَّدٍ وَآلِ مُحَمَّدٍ" .

التَّعْتِيبُ

At-taen’qīb

Ny atao hoe: at-taen’qīb dia fanaovana dhikr na dou’a aorian’ny fahavitan’ny swalāt, ary anisan’izany dia ny fanaovana takbir in-telo aorian’ny at-taslīm, mampiakatra ny tanana roa tahaka an’izay efa voalaza teo aloha. Ary anisan’izany koa izay tena tsara indrindra dia ny manao ny tasbīh Az-Zahrà (a.s) ka toy izao no fomba fanaovana azy:

Allahou Akbar اللهُ أَكْبَرُ in-34.

Al-ham’dou liLLAHI الْحَمْدُ لِلَّهِ in-33.

Soubhàna-LLAHI سُبْحَانَ اللهِ in-33.

Torak’izany koa, moustahab ny famakiana ireo andinin’ ny Qour’an izay mora vakian’ilay mpivavaka, indrindra ny souratoul-fàtihah, ny ayatoul-koursī, ny ayatouch-chaḥadah, ayatoul-moulk, ayatous-sakh’rah ...sns. Ary koa mangataka amin’i Allah izay zavatra tiany ho an’ny tenany manonkana, na ho an’ny hafa, avy eo manao “soudjoudouch-choukr” ho mariky ny fisaorana an’i Allah. Ny tena tsara amin’ny fanaovana soudjoudouch-choukr dia ny fitenenana in-jato toy izao : شُكْرًا “choukrane” na ny fitenenana in-telo ny teny hoe : شُكْرًا لِلَّهِ “choukrane liLLAHI”.

فَعَنِ النَّبِيِّ (ص) أَنَّهُ قَالَ: "إِنَّ اللَّهَ تَعَالَى لَمَّا أَرَادَ أَنْ يُنَزِّلَ فَاتِحَةَ الْكِتَابِ وَآيَةَ الْكُرْسِيِّ وَالشَّهَادَةَ وَآيَةَ الْمَلِكِ وَالسَّخْرَةَ تَعَلَّقَ بِالْعَرْشِ وَلَيْسَ بَيْنَهُمْ وَبَيْنَ اللَّهِ حِجَابٌ وَقُلْنَا يَا رَبِّ تُهَيِّئْنَا إِلَى دَارِ الدُّنُوبِ وَإِلَى مَنْ يُعَصِّيكَ وَنَحْنُ مُتَعَلِّقَاتُ بِالطُّهُورِ وَالْقُدُسِ فَقَالَ اللَّهُ تَعَالَى: وَعِزَّتِي وَجَلَالِي مَا مِنْ عَبْدٍ قَرَأَكُنَّ فِي دُبُرِ كُلِّ الصَّلَاةِ إِلَّا أَسَكَّنْتُهُ حَظِيرَةَ الْقُدُسِ وَلَأَنْظُرَنَّ إِلَيْهِ بَعْدَ الْمَكْتُوبَةِ سَبْعِينَ نَظْرَةً فِي كُلِّ يَوْمٍ وَلَا أَفْضِيَنَّ لَهُ سَبْعِينَ حَاجَةً أَدْنَاهَا الْمَغْفِرَةَ وَلَا أُعِيدُهُ مِنْ كُلِّ عَدُوٍّ وَلَا أَنْصُرُهُ عَلَيْهِ وَلَا يَمْنَعُهُ مِنْ دُخُولِ الْجَنَّةِ إِلَّا الْمَوْتُ".

Dikany : Voaray avy tamin'ny Mpaminany (s.a.w) rehefa i Allah te hampidina ilay souratoul-fâtihah sy ny ayatoul-koursi¹ sy ny ayatouch-chaḥadah² sy ny ayatoul-moulk³ ary ny ayatous-sakh'rah⁴, dia nihantona tamin'ilay Seza fiandrianana izy ireo ary tsy misy efitra nanelanelana teo amin'izy ireo sy ilay Famindrampon'i Allah ka niteny izy ireo hoe : ry Tompo ô ! Ianao ve mampidina anay amin'ny tontolon'ny fahotana sy amin'izay mpanohitra Anao, nefa izahay eto dia efa mihantona amin'ny fahadiovana sy ny fahamasinana. Namaly azy ireo i Allah Ilay Avo Indrindra hoe : Mianiana amin'ny Voninahitro sy ny Fahalehibeazako Aho fa tsy misy mpanompo iray izay mamaky anareo isaky ny aorian'ny swalat raha tsy efa napetrako aminy ny valan'ny fahamasinana ary tena marina fa isan'andro aho dia hijery azy im-pitopolo aorian'ny fanatanterahan'ilay adidy sy tontosaiko ho azy ny faniriany miisa fitopolo ka farafahakeliny amin'izany dia ny famelan-keloka, ary arovako izy amin'ireo fahavalony rehetra ka avotako eo amin'izy ireo, ary tsy misy ny andrasany tsy hidirany ao am-Paradisa afa-tsy ny fahafatesana ihany.

¹ Souratoul-baqarah ayat : 255-256

² Sourate àli Imràn ayat :18

³ Sourate àli Imràn ayat : 26

⁴ Souratoul-aanràf ayat : 54

مُبْطَلَةُ الصَّلَاةِ

Ireo zavatra manimba ny swalàt

Rehefa mitranga ny iray amin'ireto zavatra ireto dia izany no mahatonga ny swalàt ho simba:

1/2 - Ny fihinanana sy ny fisotroana الْأَكْلُ وَالشَّرْبُ

Tsy azo atao ny mihinana, na misotro eo am-panaovana swalàt, raha toa ka mamafa ny endriky ny swalàt izany. Noho izany, izy ireo dia manimba ny swalàt, na dia natao amin'ny fanadinoana aza. Fa tsy mampaninona ny mitelina ny poti-tsakafo, izay tavela eo anelanelan'ny nify.

3 - Ny fitenenana الْكَلَامُ

Izany hoe ny firesahana na fitenenana ireo teny izay ankoatra ny dhikr ao amin'ny swalàt, na dia litera iray aza, ary izany fitenenana izany dia manimba ny swalàt, raha natao an-tsitrapo fa tsy tamin'ny fanadinoana.

M.134: Raha misy olona manao salàm na fiarahabana amin'ny mpivavaka eo am-pivavahana, amin'ny teny manao hoe: السَّلَامُ عَلَيْكُمْ “as-salàm anlaikoum!”, fa tsy amin'ny fiarahabana hafa amin'ireo karazana fiarahabana, dia wadjib amin'ilay mpivavaka ny miato kely, ary mamerina ilay fiarahabana عَلَيْكُمْ السَّلَامُ tahaka ny niarahaban'ilay olona azy teo ihany; avy eo manohy ny swalàt tamin'izay nijanonany teo izy. Fa tsy mety mihitsy ny mamaly azy hoe: وَعَلَيْكُمْ السَّلَامُ “wa anlaikoum salàm”.

4 - Ny fihomehezana الضَّحْكُ

Ny fihomehezana dia tsy manimba ny swalàt, afa-tsy hoe namoahana feo toy ny mikakakaka, ary ny fitsikiana kosa izay tsy misy feo mivoaka dia tsy manimba ny swalàt, tahaka izany koa ny fihomezana izay natao tamin'ny fanadinoana dia tsy manimba.


5 - Ny fitomaniana الْبُكَاءُ

Ny fitomaniana dia manimba ny swalàt, raha natao nohon'ny alahelo mikasika ny fiainan'izao tontolo izao na “donia” izany. Ohatra, ny fitomaniana mikasika ny fangirifiriana, fanagejana, na ny faty. Fa raha natao nohon'ny fahatahorana an'i Allah kosa, dia tsy manimba azy izany, ary tsy manimba ihany koa raha natao tamin'ny fanadinoana.

6 - Ny fitodihana الْإِنْفَاتُ

Ny fitodihana dia fihodinan'ny tarehy fotsiny, na tarehy miaraka amin'ny vatana miala amin'ny qiblah. Raha io fitodihana io no eo anelanelan'ny qiblah sy ny havanana, na anelanelan'ny qiblah sy ny havia, dia manimba ny swalàt raha natao an-tsitrapo; ary tsy manimba kosa raha amin'ny fanadinoana. Fa raha tonga amin'ny tendro havanana na tendro havia ny fitodihana, na koa mihoatra any aoriana aza dia tsaraina ho simba avy hatrany ny swalàt, na dia natao an-tsitrapo na amin'ny fanadinoana. Tsy mampaninona ny mijery amin'ny sisiny roa na dia tsy tsara izany, fa tsy miaraka amin'ny fitodihana, ny maso irery ihany no misompirana mijery, na tafatodika kely fa saingy tsy maneho ny fialan'ilay mpivavaka amin'ny qiblah.

Sary manazava ny fitodihana



FANAMARIANA:

Laharana (1) sy (2) dia manimba ny swalât raha atao an-tsitrapo fa tsy amin’ny fanadinoana.

Laharana (3), (4), (5) ary (6) dia manimba ny swalât raha atao an-tsitrapo na amin’ny fanadinoana.

7 - Ny fihetsika izay mamafa ny endriky ny swalât

مَا يَمْخُو صُورَةَ الصَّلَاةِ

Toy ny fanjairana, ny fandihizana, ny fitehafana...sns amin’ireo zavatra izay mifanipaka amin’ny endriky ny swalât eo am-panaovana azy, ary tsy misy ny mahasamihafa ny fanaovana an’ireo zavatra mamafa ny endriky ny swalât ireo, raha natao an-tsitrapo na tamin’ny fanadinoana.

8 -Ny fitsipahana an’ireo fepetra مَخَالَفَةُ الشَّرْطِ

Izany dia ny famelàna ny iray amin’ireo fampidiran’ny swalât, na ireo fepetrany, na ireo fihetsiky ny swalât araka ny fomba efa voalaza antsipiriany tany aloha.

9/10 -Ny famehezan-tanana sy ny fitenenana “àmîne”

التَّكْتِيفُ وَ قَوْلُ آمِينَ

Ny famehezan-tanana dia ny fametrahana ny tanana iray ho eo ambonin’ny tanana hafa, ary ny fitenenana “àmîne” dia ilay tenenina aorian’ny famakiana ny souratoul-fâtihah.

Raha nanao toy izany an-tsitrapo ny mpivavaka dia simba ny swalât, raha tsy hoe angaha nataony fotsiny izany mba ho fangatahana izany hoe “douan”.

M.135: Tsy azo atao ny manapaka ny swalât, raha tsy misy antony manokana mitombona, fa raha nanimba ny swalât tsy amin’ny antony kosa

dia mahazo fahotana. Noho izany, ilaina ny fisian'ny antony na dia hampangina zaza mitomany aza, na hamono ireo biby izay mitondra poizina, na ankoatr'izany amin'ireo zava-dehibe izay raha avela izany dia mety miteraka fiantraikany ratsy amin'ilay mpivavaka.

أَحْكَامُ الْخَلْلِ وَالشُّكِّ وَالسَّهْوِ

Ireo lalàna mikasika ny fahabangana sy ny fisalasalana ary ny fanadinoana

1– Ireo lalàna mikasika ny fahabangana أَحْكَامُ الْخَلْلِ

Ny tiana hambara amin'ny fahabangana dia ireo fahadisoana izay mety hitranga amin'ny mpivavaka amin'ny fanadinoana ary mety ny manitsy azy eo am-panaovana swalât, ka tsy voatery ny fanapahana sy ny famerenana azy.

Efa nandalo tany aloha ireo fihetsika rehetra momba ny swalât, ny sasantsasany dia mikasika ny fahabangana; ary ny sisa tavela no hambara manaraka eto.

M.136: Efa voalaza teo aloha fa ny olona nanadino ny tachahhoud, na sadjidah iray, ka nahatsiaro izany izy taorian'ny fidirana amin'ny roukouon, na taorian'ny fahavitan'ny swalât tanteraka, ary mbola tsy nitoditodika, dia adidiny ny manefa ilay tachahhoud na ilay sadjidah anankiray izay adinony. Izany dia atao amin'ny fikasana toy izao:

أَفْضِي التَّسَهَّدَ، (أَوْ) السَّجْدَةَ قُرْبَةً إِلَى اللَّهِ تَعَالَى.

“Aq'lwit-tachahhouda – na – aq'lwis-sadj'dah qorbatane ila-LLAHI Taàna”.

Avy eo, manao ilay tachahhoud irery ihany hatramin'ny farany. Torak'izany koa, raha toa ka hanefa ilay sadj'dah iray, avy eo manao "soudjoudous-sahwi" anankiroa.

M.137: Raha nanadino ny tachahhoud ny mpivavaka ka efa namarana ilay swalat hatramin'ny farany, no sady efa nitodika an-daniny sy ny an-kilany, dia wadjib aminy ny manefa ilay tachahhoud ary avy eo mamerina indray mandeha ny swalat.

2 – Lalàna mikasika ny fanadinoana احكام السهو

Izany dia ilay fanadinoana izay nahatonga ny fahabangana sasantsasany amin'ireo fihetsika atao ao amin'ny swalat. Efa nandalo matetika tamintsika ny fiteny hoe سجود السهو "soudjoudous-sahwi", koa ahoana ny fomba fanaovana azy, ary oviana izy io no tsy maintsy tanterahina?

كَيْفِيَّةُ سُجُودِ السَّهْوِ

Fomba fanaovana soudjoudous-sahwi

Ny "soudjoudous-sahwi" dia atao eo am-pipetrahana ka manao fikasana toy izao:

"أَسْجُدُ سَجْدَتِي السَّهْوِ بِسَبَبِ -..زِيَادَةِ التَّسْلِيمِ مَثَلًا- قُرْبَةً إِلَى اللَّهِ تَعَالَى".

“ Izaho dia miankohoka amin'ny fanaovana "soudjoudous-sahwi" anankiroa nohon'ny antony - taslīm niampy ohatra - mba hanakaiky an'i Allah Ilay Avo Indrindra”.

Avy eo, mametraka ny handrina sy ireo rantsan-batan'ny soudjoud amin'ny tany, ary miteny manao hoe:

"بِسْمِ اللَّهِ وَبِاللَّهِ السَّلَامُ عَلَيْكَ أَيُّهَا النَّبِيُّ وَرَحْمَةُ اللَّهِ وَبَرَكَاتُهُ".

Avy eo dia mampitraka ny loha no sady mipetraka ary miverina manao soudjoud fanindroany, ka mamerina ilay teny izay notononina teo aloha iny. Avy eo, mipetraka manao tachahhoud sy taslīm, ary ny tsara amin'ilay taslīm dia ny miteny fotsiny hoe:

"السلام عليكم ورحمة الله وبركاته"

M.138: Wadjib ny manao ny “soudjoudous-sahwi” avy hatrany aorian'ny fahavitan'ny swalāt; fa raha nanadino izany, dia tsy maintsy atao rehefa nahatsiaro.

M.139: Ny tena tsara dia mila tanteraka ireo fepetran'ny swalāt rehetra eo am-panaovana ny “soudjoudous-sahwi”, na dia tsy wadjib aza izany. Fa ny wadjib kosa dia ny fanaovana ny “soudjoud” ho eo ambonin'ny zavatra izay mety hanaovana azy.

مُوجِبَاتُ سُجُودِ السَّهْوِ

Ireo mahatonga ny soudjoudous-sahwi

Wadjib ny fanaovana ny “soudjoudous-sahwi” noho ireto antony manaraka ireto:

- Rehefa avy nanolo ny tachahhoud, na ny sadj'dah iray izay hadino.

- Rehefa niresaka tamin'ny fanadinoana ny mpivavaka tao anatin'ny swalāt.

- Rehefa avy nanao taslīm tanteraka na ny ampahany, tamin’ny toerana izay tsy tokony hanaovana azy, ohatra, ny olona nanao salām amin’ny tachahhoud voalohany nohon’ny fiheverany fa efa amin’ny tachahhoud farany, avy eo vao nahatsiaro tampoka.

- Rehefa avy nanampy ny fitsanganana na koa nanadino toy ny hoe nipetraka teo anivon’ny famakiana, na nitsangana tamin’ny toerana tokony hipetrahana.

- Raha misalasala ny amin’ny raka’anh fahefatra sy ny fahadimy, izay mbola ho avy ny fanazavana mikasika izany.

M.140: Ny tena tsara dia ny manao “soudjoudous-sahwi” amin’ireo zavatra rehetra niampy na banga ao amin’ny swalât.

M.141: Raha mihamaro ny antony mahatonga fanadinoana, dia wadjib ny manao “soudjoudous-sahwi” arakaraka ny isan’ny zavatra hadino.

أَحْكَامُ الشَّكِّ

Ireo lalàna mikasika ny fisalasalana

Ny atao hoe شَكٌّ “shakk” na fisalasalana dia ny tsy fahafantaran’ily mpivavaka ny fihetsika iray izay efa nataony na mbola tsy nataony.

Eny, mety efa nataony io fihetsika io na mbola tsy nataony tokoa. Izany fisalasalana izany dia mety hitranga amin’ireo fihetsiky ny swalât, ohatra amin’ny lafin’ny famakiana na roukouon na zavatra hafa ...sns. Mety hiseho ihany koa izy io amin’ny isan’ny raka’anh ohatra, misalasala moa ve amin’ny raka’anh faharoa sa efa amin’ny fahatelo.

Amin'ireo karazana fisalasalana anankiroa ireo dia samy manana ny lalàna mifehy azy manokana ny tsirairay.

أَحْكَامُ الشُّكِّ فِي الْأَفْعَالِ

Lalànan'ny fisalasalana amin'ireo fihetsika

Izany dia ahitana trangan-javatra maromaro:

M.142: Ny fihetsika rehetra izay mampisalasala ny efa nahavitana azy na tsia, aorian'ny fialàna amin'ny toerany, ka nanomboka manao fihetsika hafa manaraka ny mpivavaka, dia tsy voatery tanterahiny izany. Ohatra, rehefa misalasalana amin'ny famakiana, kanefa izy efa eo amin'ny roukouon, na misalasalana amin'ny roukouon, nefa izy efa ao amin'ny soudjoud ...sns, ary toy izany hatrany amin'ireo fihetsiky ny swalât. Fa raha ohatra ny fisalasalana amin'ny zavatra iray alohan'ny mbola tsy niala tamin'ny toerana tokony hanaovana azy, toy ny olona misalasalana amin'ny famakiana, nefa mbola ao anatin'ny fitsanganana, dia wadjib aminy ny manatanteraka ny famakiana, na koa misalasalana amin'ny roukouon aorian'ny fahavitan'ny famakiana, dia wadjib aminy ny manatanteraka ny roukouon, ary toy izany hatrany no atao rehefa tojo fisalasalana amin'ireo fihetsika sisa tavela.

M.143: Raha misalasalana izy fa efa nanao soudjoud iray sa roa, dia wadjib aminy ny mihevitra fa efa nanao iray izy; ary manatanteraka ilay faharoa.

M.144: Raha misalasalana fa efa nahavita ny “swalâtoudh-dhwouhr” amin'ny fotoana hanomanany ny “swalâtoul-ansr”, dia wadjib aminy ny mihevitra fa mbola tsy nahavita ny “swalâtoudh-dhwouhr” izy, ka amin'izay fotoana izay, wadjib aminy ny manatanteraka izany, dia torak' izany ihany koa, no ampiharina amin'ny “swalâtoul-maghrîb”.

Tsy maintsy tanterahina ireo zavatra mampisalasala, raha mbola misy ny fotoana. Fa raha misalasala aorian'ny fahataperan'ny fotoana, dia tsy voatery aminy ny manatanteraka izany.

أَحْكَامُ الشَّائِكُ فِي الرَّكَّعَاتِ

Lalànan'ny fisalasalana eo amin'ireo rakaànte

Izany dia ahitana tranga maromaro samihafa:

M.145: Ny fisalasalana amin'ny isan'ireo rakaànte, raha eo amin'ny rakaanh voalohany sy faharoa dia manimba avy hatrany ny swalât, na eo amin'ny “swalâtous-soubh” izany na eo amin'ireo swalât hafa. Torak'izany koa, ny fisalasalana amin'ny “swalâtoul-maghrib” eo amin'ny rakaanh voalohany na eo amin'ny faharoa na eo amin'ny fahatelo, dia samy mahatonga ny fahasimban'ny swalât avokoa.

M.146: Ny fisalasalana amin'ny isan'ireo rakaànte eo amin'ny swalât manana rakaànte efatra, dia mety misy fanamboarana azo atao, koa ny tena tsara ho fantatra amin'izany dia ireto tranga anankitelo manaraka ireto:

1- Ny olona misalasala amin'ny rakaanh faharoa sy fahatelo, aorian'ny “dhikr” eo amin'ilay soudjoud faharoa, dia mihevitra ny tenany efa eo amin'ny rakaanh fahatelo izy ka tohizany hatramin'ny farany ilay swalât; avy eo izy mitsangana manao swalât rakaanh iray ho fitandremana izay antsoina hoe: صلاة الإحتياط “swalâtoul-ihtiyât”.

2- Raha misalasala amin'ny rakaanh fahatelo sy fahefatra, na aiza na aiza misy azy ao amin'ny swalât, dia mihevitra izy fa efa amin'ny rakaanh fahefatra, ka tohizany hatramin'ny farany ilay swalât, avy eo izy mitsangana manao swalât rakaanh iray ho fitandremana, fa kosa azony atao ny manao rakaanh roa amin'ny fipetrahana.

3- Raha misalasala amin'ny rakaanh fahefatra sy fahadimy, aorian'ny dhikr eo amin'ny soudjoud faharoa, dia mihevitra izy fa efa eo amin'ny rakaanh fahefatra, amin'izay fotoana izay, dia wadjib aminy ny manao “soudjoudous-sahwi” anankiroa. Fa raha nitranga aminy teo ampitsanganana kosa ilay fisalasalana, amin'izay fotoana izay dia wadjib aminy ny mipetraka avy hatrany, ary manao ny tachahhoud sy taslim, avy eo ampy ho azy ny manatanteraka rakaanh iray “ihtiyàtw”, atao eo ampitsanganana ary manao “soudjoudous-sahwi” anankiroa izy avy eo.

صَلَاةُ الْإِحْتِيَاظِ
Swalàtoul-ihytiàtw

M.147: Ny “swalàtoul-ihytiàtw” dia atao aorian'ny fahavitan'ny taslim an'ilay swalàt izay nisehoana fisalasalana teo aminy, ka atao alohan'ny hitodihana any an-kavanana na an-kavia ary mila mitsangana ny mpivavaka manao fikasana toy izao:

"أُصَلِّي رَكْعَةً الْإِحْتِيَاظِ قُرْبَةً إِلَى اللَّهِ تَعَالَى."

“Izaho dia manao rakaanh anankirain'ny fitandremana, mba hanakaiky an'i Allah Ilay Avo Indrindra”.

Avy eo manao takbiratoul-ihram, sy mamaky suratoul-fatihah mibitsibitsika tsy miaraka amin'ny sourate hafa. Avy eo manao rokoùn sy soudjoud anankiroa, dia manao tachahhoud sy taslim ary mifarana ny swalàt.

M.148: Raha sendra tafatodika izy taorian'ny taslim, tamin'ilay swalàt izay nisehoana fisalasalana, alohan'ny hanatanterahany ny “swalàtoul-ihytiàtw”, dia wadjib aminy ny mamerina ilay swalàt feno.

Ireo lalàna mifehy ny mpanao dia lavitra

Ny mpanao dia lavitra resahina eto dia ny olona izay mandao ny toerana ipetrahany, toy ny firenena sy ilay tanàna misy azy mankany amin’ny halavirana 44 kms mandroso fotsiny, na mandroso sy miverina, ary izany dia ahitana مسألة “mas’alah” na tranga maromaro.


M.149: Tanteraka izany fandehanana izany amin’ny fanapahana ny halavirana 44kms amin’ny lalàna mahitsy na mivilivily; ny zava-dehibe tsara ho fantarina dia ny fandozany ny toerana misy azy mankany amin’ny toeran-kafa izay mahatratra io halavirana io, na dia mahitsy ilay lalàna izorany na mivilivily. Tanteraka ihany koa ny fanapahana ny lalàna manana halavirana 22kms mandroso sy miverina.

M.150: Azon’ny mpandeha atao ny manomboka manafohy ny swalât ataony, izany hoe manao ny صلاة القصر “swalâtoul-qaswr” rehefa mihoatr’ily fetra izay antsoin’ireo manam-pahaizana hoe: حَدَّ التَّرْخُصِ “haddout-tarakhousw”, izay manomboka eo amin’ny faran’ny faritry ny tanàna, eo ho eo amin’ny 1km miala ny trano farany.

Rehefa mivoaka io faritra io ny olona dia heverina ho mpanao dia lavitra, ka wadjib aminy ny manao “swalâtoul-qaswr” na dia mbola tsy tonga any amin’izay toerana nokasainy haleha aza. Torak’izany koa, fa heverina ho efa tonga amin’ny tanànany izy, raha vao tafiditra amin’ily faritra voalaza teo iny¹, rehefa miverina mody.

¹ “haddout-tarakhousw”

Sary manazava ny “haddout-tarakhousw”



Tsy heverina ho mpanao dia lavitra ny olona iray, raha tsy efa mihoatra ny “haddout-tarakhousw” izay manodidina ny faritry ny tanàna, ka ny fetran’izany dia 1000 m na 1km miala ny trano farany amin’ny faritry ny tanàna, na amin’ny tendrony aiza, na aiza. Raha mila mandrefy ny halavan’ny tanàna sy ny tanàna hafa, dia miatomboka eo amin’ny trano farany amin’ny faritry ny tanàna, fa tsy amin’ny “haddout-tarakhousw”.

M.151: Rehefa hikasa ny hanapaka izany halavirana izany, koa raha vao manomboka ny fanapahana an'ily halavirana, arak'ireo fepetra izay mbola ho avy ny fanazavana, dia wadjib aminy ny manafohy ireo swalât izay manana rakaànte efatra ka lasa ho rakaanh anankiroa sahala amin'ny swalâtous-soubh. Ary ireo swalât ireo dia ny “swalâtoudh-dhouhr” sy ny “swalâtoul-answr” ary ny “swalâtoul-inchè’e”. Fa ny “swalâtous-soubh” sy ny “swalâtoul-maghrib” kosa, dia tsy miova fa mijanona amin'ny isan'ny rakaanh misy eo aminy ihany. Wadjib amin'ny mpanao dia lavitra ny manao fikasana amin'ny swalât fohy, ka toy izao izany ohatra:

"أُصَلِّي صَلَاةَ الظُّهْرِ قَصْرًا قُرْبَةً إِلَى اللَّهِ تَعَالَى".

Dikany: “Izaho manao “swalâtoudh-dhouhr” nafuhezina, mba hanakaiky an’i Allah Ilay Avo Indrindra”.

Izay manapaka ny halavirana voalaza teo aloha dia wadjib aminy ny manafohy ny swalât, afa-tsy ireto olona manaraka ireto:

1- Ny olona izay efa mpanao dia lavitra no asany. Izany olona izany, dia amin'ny alalan'ny fandehanana no hahazoany ny anjara masoandrony, toy ny mpitondra fiara, ny mpitondra sambo, ny mpitondra fiaramanidina, ny mpitondra olona na entana... sns.

2- Ny olona izay mivezivezy amin'ny asany, toy ny mpivarotra na olona izay mivezivezy any ambanivohitra, ka nanapaka ny halavirana eo am-pivezivezena maharitra.

Wadjib amin'ireo olona ireo ny manao swalât feno, na dia mpanao dia lavitra aza izy ireo.

3- Izay mandalo amin'ny tanindrazany: izany dia ny olona izay manana fonenana hafa eo afovoan'ny lâlana izay hombany alohan'ny hahatongavany amin'ily halavirana izay voalaza teo aloha, ka nandalo

tamin'ny tanindrazany izy alohan'ny fahatongavany amin'ilay halavirana 44 kms mandeha mandroso fotsiny, na 22 kms fa ataony mandroso sy miverina, kanefa ny fetra sisa tavela aorian'ny fandalovany tamin'ny tanindrazany dia tsy nahafeno ny halavirana izay tokony hanaovana swalâtoul-qaswr... Marina dia marina fa raha tojo dia lavitra tahak'izany dia tsy wadjib aminy ny fanaovana ny swalât fohy.

M.152: Ny tiana ho lazaina amin'ny tanindrazana eto dia ny toerana izay nahaterahan'ny olona na ipetrahany na iasany ka nahatonga azy ho anisan'ny tompon-tanàna izay tsy navelany mandrakizay ary na misy fananany ao amin'izany tanàna izany na tsia.

M.153: Raha hikasa ny hipetraka any amin'ny toerana halehany mandritra ny folo andro na mihoatra ny mpandeha iray, dia wadjib aminy amin'izay fotoana izay ny manao swalât feno. Raha mila manova ny fikasàny amin'ilay fijanonany ho folo andro na mihoatra dia azony atao izany, na dia tsy misy antony mahamaika raha toa ka tsy nikasa ny hiova hevitra mialoha izy. Fa rehefa avy nanao swalât wadjib feno izay manana raka'anh efatra, dia wadjib aminy ny mijanona amin'ny fanaovana swalât feno hatramin'ny hialàny amin'ilay tanàna; fa raha mbola tsy nanao swalât feno izy aorian'ilay fiovan'ny fikasàny dia wadjib aminy ny manafohy ny swalât.

4 - Ny olona izay tsy nanana fikasana nanapaka ilay halavirana: izany olona izany dia tsy nikasa ny hanapaka ilay halavirana 44 kms izay voalaza teo aloha. Koa raha nanapaka ny halavirana tsy tamin'ny fikasàna ny olona, dia wadjib aminy ny manao swalât feno. Ohatra amin'izany, ny mpihaza nanaraka ny biby izay nohazainy.

5 - Ny olona izay hanao dia lavitra nohon'ny fahotana: izany dia ny olona hanapaka halavirana nohon'ny antony haràm. Tahaka ny olona hikasa ny hanao dia lavitra mba hamono olona na hangalatra na hijangajanga... any amin'ny tanàna izay halehany. Raha manam-pikasàna

toy izany izy ohatra, dia efa fahotana lehibe no ataony, koa raha hanao swalàt izy dia manao swalàt feno.

M.154: Raha ny swalàt feno no natao an-tsitrapo amin'ny fanapahana ny halavirana, kanefa fantany tsara fa ny swalàt fohy no wadjib aminy, dia simba ny swalàt izay nataony. Fa raha natao nohon'ny fanadinoana, nefa fantany fa fohy no tokony hataony, ary nahatsapa fa mpanao dia lavitra izy, dia tokony hihevitra ihany koa izy fa simba ilay swalàt nataony, ka wadjib aminy ny mamerina izany raha mbola misy ny fotoana, na manolo rehefa ivelan'ny fotoana.

M.155: Ny swalàt izay tsy vita na tsy natao tamin'ny fanaovana dia lavitra, dia wadjib ny manolo azy ho fohy, ary tsy mety ny manolo izany ho feno na dia soloany any an-tanindrazany aza izany.

Rehefa manolo ny swalàt ivelan'ny fotoana, ohatra ny swalàtous-soubh dia toy izao ny fikasana atao:

"أُصَلِّيَ صَلَاةَ الصُّبْحِ قَضَاءً قُرْبَةً إِلَى اللَّهِ تَعَالَى".

Dikany: “Izaho dia manao swalàt solon'ny swalàtous-soubh mba ho fanatanterahana ny didin'i Allah Ilay Avo Indrindra”.

أَحْكَامُ صَلَاةِ الْجَمَاعَةِ

Ireo lalàna mifehy ny swalàtoul-djamàanh

Ny “swalàtoul-djamàanh” dia fananganana ny swalàt miaraka amin'ny vondron'olona, izay manaraka ny imàm eo alohan'izy ireo, ka antsoina hoe مَأْمُومِينَ “ma'emoumîna”, izany hoe ireo olona mpanaraka ny imàm; ary ny swalàt izay ataon'izy ireo miaraka no antsoina hoe: صَلَاةُ الْجَمَاعَةِ “swalàtoul-djamàanh”.

M.156: Anisan’ny fepetra takiana amin’ily مَأْمُوم “ma’emoum” ireto manaraka ireto:

1- Ilaina ny fitsanganana aorian’ny imàm, fa tsy azo atao ny mitsangana eo aloha, na milahatra miaraka amin’ny imàm amin’ny toerana iray, raha tsy hoe olona iray ihany no “ma’emoum”, amin’izay fotoana izay, dia wadjib ny mitsangana eo ankavanan’ny imàm amin’ny fomba raha manao soudjoud ny ma’emoum, dia ny lohany no milahatra tandrifin’ny lohalik’ily imàm. Fa raha vehivavy kosa no imàm ary ireo vehivavy mitovy aminy no “ma’emoùmàte”, dia wadjib amin’ily vehivavy imàm ny milahatra eo afovoan’ireo vehivavy namany, fa tsy eo aloha.

2- Tsy ilaina ho ambany ny toerana izay hitsanganan’ny “ma’emoum” mihoatra ny toerana izay hitsanganan’ny imàm, amin’ny fomba ahitana fa ny toerana misy ny imàm dia avo noho izay misy ny “ma’emoumīna”, izay mirefy zehy iray na mihoatra. Eny, izany voalaza izany dia heverina amin’ny fitsanganana marindrano fa tsy miraika.

3- Ilaina ny fahitan’ny “ma’emoum” ily imàm, izany hoe tsy tokony hisy zavatra manelanelana azy ireo, na dia fitaratra aza. Fa raha misy rindrina, na varavaran-kazo na fitaratra na misy efitra lamba, na elanelana be mihoatra ny 1m eo ho eo, dia tsy ara-dalàna ny swalàtoul-djamàanh, afa-tsy vehivavy no ma’emoum; marina tokoa fa amin’izay fotoana izay, dia tsy mampaninona na dia misy fisarahana amin’ny alalan’ny lamba ...sns eo amin’ny ma’emoum vehivavy sy ny imàm lehilahy, fa ilaina kosa ny mitandrana ireo fepetra sisa tavela.

4- Ilaina ny fanajan’ny ma’emoum ny fanarahana an’ily imàm, ka tsy ara-dalàna ny mialoha ny imàm amin’ny fihetsika, toy ny roukoùn sy ny soudjoud...sns. Fa ny mialoha an’ily imàm amin’ny fitenenana kosa dia tsy maninona, nefa tsy mety ny mialoha azy amin’ny “takbīratoul-ihrà” sy ny “taslim”.

5- Tsy tokony hikasa ny hitokana manirery hatreny ampiandohan'ily Swalâtoul-djamâanh ny ma'emoum, fa tsy maninona kosa izany fitokanana manirery izany raha mitranga aminy eo afovoan'ny Swalât raha toa ka tsy nanana izany fikasana izany hatrany am-boalohany izy.

Marihina fa izany dia misy fifanoherana amin'ireo samy manampahaizana, misy amin'izy ireo no mahita fa azo atao izany, fa ny sasany kosa mahita fa tsy azo atao. Koa samia mitandrina arakaraka ny manampahaizana izay arahany.

M.157: Ireo fepetra takiana amin'ny imàm :

1- Ny fanaovana ny rariny العدالة: takiana amin'ny imàm mba ho olona mpino, mpatahotra an'i Allah, tsy manao haràm, ary tsy mamela ny wadjib.

2- Takiana mba ho ara-dalàna ny Swalât ataony amin'ny lafiny rehetra indrindra fa amin'ny famakiana. Fa raha ny famakian'ily imàm no tsy ara-dalàna na dia misy fialan-tsiny aza toy ny tsy maha-arabo azy ka tsy afaka manonona tsara ny litera arabo, dia tsy azo atao ny manaraka azy.

3- Takiana ny fanaovany Swalât mba ho eo ampitsanganana fa raha manao Swalât mipetraka ny imàm noho izy manana fialan-tsiny, kanefa mitsangana ireo “ma'emoumîna” dia tsy azo atao ny manaraka azy, afa-tsy hoe, mipetraka toa azy koa ireo “ma'emoumîna”, izay vao ara-dalàna ny Swalât.

4- Ilaina ny imàm mba ho ampy taona.

5- Vory saina.

6- Mpanaraka ireo mpitarika na Imàm roa ambiny folo avy amin'ireo ankohonan'ily Mpaminany (s.a.w).

7- Tsy zanaka azo tamin'ny fijangajangana.

8- Tsy olona avy nosaziana tamin'ny lalàna islamika.

9- Mba ho lehilahy izy, raha toa ka lehilahy ihany koa ireo “ma'emoumîna”.

M.158: Wadjib amin'ny ma'emoum ny manao fikasana amin'ny fanarahana an'ily imàm, ary tahak'izany, ilaina koa izy mba hamaritra tsara ilay imàm izay arahiny amin'ny swalât. Koa ampy ny famaritana azy amin'ny ankapobeny, fa tsy voatery ny fahafantarana ny maha-izy azy na ny fiaviany...sns.

Toy izao ny fikasàna atao rehefa hanaraka ny imàm ao amin'ny swalât, ohatra ny swalâtous-soubh:

أُصَلِّي صَلَاةَ الصُّبْحِ مَأْمُومًا قُرْبَةً إِلَى اللَّهِ تَعَالَى.

Dikany: “ Izaho dia manao swalâtous-soubh eo amin'ny toeran'ny mpanaraka, mba ho fanatanterahana ny didin'i Allah Ilay Avo Indrindra ”.

Fanamarihana: ilaina amin'ny imàm ny manonona mihitsy ny fitarihany an'ireo “ma'emoum” ao amin'ny fikasana hanao swalâtoul-djournouanh sy swalâtoul-eind, ka toy izao ilay fikasana :

أُصَلِّي صَلَاةَ الْجُمُعَةِ - او صَلَاةَ الْعِيدِ... - إِمَامًا قُرْبَةً إِلَى اللَّهِ تَعَالَى.

Dikany: “Izaho dia manao swalâtoul-djournouanh - na swalâtoul-eind - eo amin'ny toeran'ny mpitarika, mba ho fanatanterahana ny didin'i Allah Ilay Avo Indrindra”.

M.159: Wadjib ny fanarahan'ny “ma'emoum” ny imàm manomboka amin'ny fiandohan'ny swalàt ataony. Fa raha toa ka efa nanomboka ny swalàt mitokana ny ma'emoum, avy eo mitsangana ny swalàtoul-djamàanh ka te hanaraka izany izy, dia tsy azony atao ny miditra sy manaraka ny swalàtoul-djamàanh, raha tsy vita aloha ny swalàt izay efa nataony.

M.160: Azo ataon'ny ma'emoum ny miditra amin'ny swalàtoul-djamàanh na dia efa nanomboka ny swalàt aza ny imàm, ary misy fomba anankiroa no ahafahany miditra amin'izany:

Voalohany: Ny fidirana amin'ny rakaanh voalohany, alohan'ny imàm tsy mbola nahavita roukoùn. Amin'ny izay fotoana izay dia manao takbīratoul-ihrām ny ma'emoum, ary miditra sy miaraka amin'izy ireo amin'ilay swalàt, ka mitsangana raha mitsangana izy ireo sy miaramihondrika amin'ny roukoùn rehefa manao roukoùn izy ireo ... ary toy izany hatrany, hatramin'ny faran'ilay swalàt.

Faharoa: Ny fidirana amin'ny swalàt fa tsy amin'ny rakaanh voalohany. Eto rehefa te hiditra amin'ny djamàanh ilay ma'emoum dia mila mahatratra an'ny imàm eo aloha na afovoan'ny roukoùn na dia aorian'ny “dhikr” aza, fa tsy azo atao ny miditra amin'ny djamàanh raha aorian'ny fialan'ilay imàm amin'ny roukoùn. Raha sendra niditra taorian'ny fialan'ilay imàm amin'ny roukoùn anefa izy, dia tokony hihevitra ny tenany ho manao swalàt mitokana, ka amin'izay fotoana izay dia wadjib aminy ny mitandrana ireo adidy rehetra takiana amin'ny olona manao swalàt mitokana.

Ohatra amin'izany: raha niditra amin'ny swalàtoul-djamàanh ny ma'emoum, amin'ny fotoana ilay imàm eo amin'ny rakaanh faharoan'ny swalàtoudh-dhouhr, dia io no rakaanh voalohany ho an'ilay ma'emoum, fa faharoa ho an'ilay imàm. Koa rehefa eo amin'ny fipetrahana manao ny tachahhoud ny imàm, ny ma'emoum kosa dia mila miomana hitsangana

amin'ny alalan'ny fipetrahany midingodingo, no sady miandry hatramin'ny fahavitan'ily imàm ny tachahhoud, avy eo miara-mitsangana aminy. Eto ny imàm dia hanatanteraka ny rakaanh fahatelo izay hamakiany ny tasbîh efatra, fa ilay ma'emoum kosa dia hanatanteraka ny rakaanh faharoany, ka ilaina ny famakiany ny souratoul-fâtihah sy sourat iray hafa feno izay tsy hamoahana feo raha mahatratra izany izy. Koa rehefa mandeha amin'ny roukouon sy soudjoud ny imàm dia ilaina manao izany miaraka aminy ilay ma'emoum, ary tokony hanao tachahhoud noho izy mbola ao anatin'ny rakaanh faharoa, fa ilay imàm dia mitsangana mba hanatanteraka ny rakaanh fahefatra. Rehefa vitan'ny ma'emoum ny tachahhoud dia mila mitsangana manaraka ny imàm izy, ary manao ireo tasbîh efatra ihany koa noho izy mbola amin'ny rakaanh fahatelo, izay vao manao roukouon miaraka amin'ily imàm, ary toy izany hatrany no atao hatramin'ny fahatongavan'ily imàm eo tachahhoud. Fa amin'izay fotoana izay kosa ny ma'emoum dia mila miomana hitsangana toy ny teo aloha mba hanatanteraka ny rakaanh fahefatra farany ho azy, aorian'ny taslîm nataon'ny imàm. Fa mba hahatonga azy hazava bebe kokoa dia ilaina ny famerenana sy fampiharana matetika.

M.161: Raha te hiditra amin'ny rakaanh fahatelo na fahefatra ny ma'emoum dia tokony hiandry ny fidiran'ny imàm amin'ny roukouon, araka ny fitandremana tsy maintsy atao hoy ny ankamaroan'ny manampahaizana, satria raha miditra amin'ny swalâtoul-djamàanh, amin'ny fotoana imàm eo am-pitsanganana, dia wadjib aminy ny mamaky souratoul-fâtihah farafaharatsiny kanefa mety tsy tontosany ny famakiana, ka amin'izay fotoana izay dia voatery manao swalât mitokana izy. Raha eo am-pitsanganana ny imàm dia tokony andrasan'ny ma'emoum hiditra ao anatin'ny roukouon aloha, izay vao manao takbîr ary miditra amin'ny swalâtoul-djamàanh sy miaraka amin'ily imàm.

M.162: Ny swalâtoul-djamàanh dia tsy wadjib, fa kosa tena moustahab, ary manam-boninahitra sy fahasoavana lehibe eo amin'ny

finoana islam. Koa izay mahazo fitahiana amin'ny fanatanterahany izany no tsara vintana indrindra eo anatrehan'i Allah.

Fampatsiahivana: Moustahab ny swalâtoul-djamàanh amin'ireo swalât wadjib rehetra, misy fanamafisana amin'ny maha-moustahab azy, amin'ireo swalât fanao andavan'andro, torak'izany koa ny fanatanterahana azy ara-potoana "أَدَاءٌ", fa indrindra ny swalâtous-swoubh sy ny swalâtoul-maghrib ary ny swalâtoul-inchà'e. Misy fahasoavana lehibe ny swalâtoul-djamàanh ka maro ireo hadith tena mamporisika amin'ny fanaovana azy, ary misy ihany koa ny mitory fanomezan-tsiny amin'ny famelàna azy.

Fantaro fa ny ankamaroan'ireo zavatra moustahab dia tsy misy famporisihana maro mihoatra ny fampitsanganana ny swalâtoul-djamàanh.

Voaray amin'ny hadith izay milaza hoe:

"رَكَعَةٌ وَاحِدَةٌ يُدْرِكُهَا الْمُؤْمِنُ مَعَ الْإِمَامِ خَيْرٌ مِنْ مِائَةِ دِينَارٍ يَتَصَدَّقُ بِهَا عَلَى الْمَسَاكِينِ".

(عن منهاج الصالحين)

Dikany: “Rakaanh anankiray hiarahan'ny mpino amin'ny imàm dia tena tsara ho azy mihoatra ny iray hetsy dinar avoakany ho harena fiantrana -na swadaqah- ho an'ireo mahantra”.

وفي رواية محمد ابي عمارة قال:

"أُرْسِلْتُ إِلَى الْإِمَامِ الرِّضَا (ع) أَسْأَلُهُ عَنِ الرَّجُلِ يُصَلِّي الْمَكْتُوبَةَ وَحَدَهُ فِي مَسْجِدِ الْكُوفَةِ أَفْضَلُ أَوْ يُصَلِّيهَا مَعَ جَمَاعَةٍ؟

فقال (ع): "الصَّلَاةُ فِي جَمَاعَةٍ أَفْضَلُ".

Dikany: Ary amin'ny hadith hafa voaray avy amin'i Mouhammad ibn Ammar miteny manao hoe:

“Nandefa hafatra tamin’ny Imàm Rilwa (a.s) aho izay nanontaniako Azy mikasika ny olona manao swalàt wadjib mitokana ao amin’ny Mosken’i Koufa nanao hoe: izany ve no tsara sa izy mivavaka miaraka amin’ny djamàanh?

Dia namaly azy ilay Imàm (a.s) hoe: ny swalàtoul-djamàanh no tsara kokoa”.

مَعَ أَنَّهُ وَرَدَ أَنَّ الصَّلَاةَ فِي مَسْجِدِ الْكُوفَةِ تَعْدِلُ أَلْفَ صَلَاةٍ ، وَفِي بَعْضِ الْأَخْبَارِ أَلْفَيْنِ.

Izany hoe, voaray anefa, fa ny swalàt anankiray atao ao amin’ny Mosken’i Koufa dia mitovy amin’ny swalàt arivo, ary amin’ny hadith hafa milaza fa mitovy amin’ny swalàt roa arivo.

وَ قِيلَ لِإِمَامِ الصَّادِقِ (ع) : "إِنَّ النَّاسَ يَقُولُونَ : إِنَّ الصَّلَاةَ فِي جَمَاعَةٍ أَفْضَلُ مِنْ صَلَاةِ الرَّجُلِ وَحْدَهُ بِخَمْسٍ وَ عَشْرِينَ صَلَاةً . فَقَالَ : صَدَقُوا .

وَقَالَ : مَنْ تَرَكَهَا رَغْبَةً عَنْهَا وَ عَنِ جَمَاعَةِ الْمُؤْمِنِينَ مِنْ غَيْرِ عِلَّةٍ فَلَا صَلَاةَ لَهُ ."

Dikany: Nisy niteny tamin’ny Al-Imàm As-Swàdiq (a.s) nanao hoe: “Nisy olona milaza fa ny swalàt atao djamàanh dia tena tsara mihoatra ny swalàt in-dimy ambin’ny roapolo izay ataon’ny olona iray mitokana. Namaly Izy hoe: marina ny tenin’izy ireo.

Ary hoy Izy (a.s) : ny olona izay namela ny swalàtoul-djamàanh nohon’ny tsy fitiavana azy sy tsy fitiavan’ireo mpino izay tsy amin’antony, dia tsy misy swalàt nataony”. Izany hoe, tsy feno ny swalàt nataony amin’ny lafiny fahasoavana.

Koa hatreto ry namana mpino dia hita fa manana ny lanjany tokoa ny swalàtoul-djamàanh eo amin’ny finoana islam. Raha sitrapon’i Allah

dia mbola ho resahina amin'ny boky hafa ireo hadith izay manasongadina ny lanjan'ny swalàtoul-djamàanh.

بَعْضُ النَّوَافِلِ الْيَوْمِيَّةِ

Sasantsasany amin'ireo swalàt moustahab fanao andavan'andro

Tiana ny mampahatsiahy fa amin'ny finoana islam dia misy swalàt moustahab maro izay manan-danja tokoa, indrindra fa ireo swalàt moustahab fanao andavan'andro.

Voaray avy tamin'ny Al-Imàmoul-Hassan Al-Anskari (a.s) izay niteny nanao hoe : ny famantarana ny olona mpino dia anankidimy, anisan'izany ny fanatanterahana ireo swalàt miisa 51 rakaànte.

عَنِ الْإِمَامِ الْحَسَنِ الْعَسْكَرِيِّ (ع) قَالَ: "عَلَامَاتُ الْمُؤْمِنِ خَمْسٌ: صَلَاةٌ إِحْدَى وَخَمْسِينَ، أَيُ الْفَرَائِضِ الْيَوْمِيَّةِ وَهِيَ سَبْعُ عَشْرَةَ رَكْعَةً وَالنَّوَافِلُ الْيَوْمِيَّةُ وَهِيَ أَرْبَعٌ وَثَلَاثُونَ رَكْعَةً وَزِيَارَةُ الْأَرْبَعِينَ وَالتَّخْتُمُ بِالْيَمِينِ وَتَعْفِيرُ الْجَبِينِ بِالسُّجُودِ وَالْجَهْرُ بِبِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ"

Dikany : Voaray avy tamin'ny Al-Imàmoul-Hassan Al-Anskari (a.s) izay niteny nanao hoe : “Ny famantarana ny olona mpino dia anankidimy : ireo swalàt 51 rakaànte, izany hoe: ireo swalàt wadjib fanao andavan'andro, izay miisa 17 rakaànte sy ireo swalàt moustahab atao andavan'andro, miisa 34 rakaànte sy ny zyàratoul-arba'ine sy ny fanaovana peratra amin'ny tanana an-kavanana sy ny fiankohofana amin'ny alalan'ny soudjoudoush-shoukr ary ny famakiana amin'ny feo avo ny BismiLLAHir-Rahmànir-Rahim”.

Tahaka izao no filaharan'ireo swalàt moustahab voalaza ireo:

-Misy rakaànte 8 mialoha ny swalàtoudh-dhouhr izay tanterahina tsiroaroa, ka toy izao no fikasana atao amin'izany:

"أُصَلِّي رَكَعَتِي نَافِلَةَ الظُّهْرِ قُرْبَةً إِلَى اللَّهِ تَعَالَى".

-Misy rakaànte 8 ihany koa mialoha ny swalàtoul-answr, ka toy izao koa ny fikasana:

"أُصَلِّي رَكَعَتِي نَافِلَةَ الْعَصْرِ قُرْبَةً إِلَى اللَّهِ تَعَالَى".

-Fa ny nàfilatoul-maghrib dia misy rakaànte 4 izay atao aorian'ny swalàtoul-maghrib, ka tanterahina tsiroaroa, ary toy izao ny fikasana atao amin'izany:

"أُصَلِّي رَكَعَتِي نَافِلَةَ الْمَغْرِبِ قُرْبَةً إِلَى اللَّهِ تَعَالَى".

-Ary rakaànte 2 izay atao eo am-pipetrahana aorian'ny swalàtoul-inchà'e ary izany dia mitovy amin'ny rakaanh iray izay atao eo am-pitsanganana; ary toy izao ny fikasana atao amin'izany:

"أُصَلِّي نَافِلَةَ الْعِشَاءِ قُرْبَةً إِلَى اللَّهِ تَعَالَى".

-Mialohan'ny swalàtous-swoubh" dia misy rakaànte 2, ka toy izao ny fikasana :

"أُصَلِّي رَكَعَتِي نَافِلَةَ الصُّبْحِ قُرْبَةً إِلَى اللَّهِ تَعَالَى".

Hamafisina etoana fa anisan'ny swalàt moustahab izay tena tsy tokony hadinoina dia ny صَلَاةُ اللَّيْلِ swalàtoul-làil izay antsoina ihany koa hoe: نَافِلَةُ اللَّيْلِ, izay swalàt fanao amin'ny alina tena manan-danja tokoa ka tsy tokony hatao tsirambina mihitsy ny fanatanterahana azy, noho ireo vokatsoa maro azo avy aminy araka ny voalazan'ireo manam-pahaizana.

Ny nàfilatoul-laïl dia voarafitra ho swalàt enina, ka ireo swalàt efatra voalohany, ny tsirairay amin'izy ireo dia misy rakaànte anankiroa, fa ilay fahadimy amin'izy ireo dia misy rakaànte anankiroa ihany koa izay antsoina hoe رَكَعَتِي الشَّفَعِ "rakaantaïsh-shaf'in", ary ilay swalàt fahenina kosa dia manana rakaanh iray, izay antsoina hoe رَكَعَةُ الْوَيْتْرِ "rakaantoul-witr".

Noho izany, ny swalàtoul-laïl dia manana rakaànte 11. Ary azon'ilay iharan'ny didy atao ny manafohy azy amin'ny fanaovana ny swalàtoush-shaf'in sy ny witr miaraka, na koa manafohy azy amin'ny swalàtoul-witr fotsiny, raha misy fahasahiranana na fahateren'ny fotoana.

Toy izao no fomba fanaovana ny swalàtoul-laïl raha ho lazaina ankapobeny:

Mila mijoro mahitsy ny mpivavaka izay efa avy nanao ny fidiovana masina "woulwou", ary mitodika any amin'ny "qiblah" amin'ny fotoana hanatanterahana azy, ka manao ny fikasana toy izao:

"أُصَلِّي رَكَعَتِي صَلَاةَ اللَّيْلِ قُرْبَةً إِلَى اللَّهِ تَعَالَى".

Dikany : "Izaho dia manao rakaànte anankiroan'ny swalàtoul-laïl mba ho fanatanterahana ny didin'i Allah Ilay Avo Indrindra".

Aorian'ny fikasana dia manao ny takbīratoul-ihrām, izany hoe ny fitenenana: اللَّهُ أَكْبَرُ "Allaho Akbar" amin'ny feo antonony. Avy eo, manomboka mamaky ny "souratoul-fātīhah", sy ny "souratout-taouhid" - ohatra -, na sourate hafa, avy eo manao takbīr dia mandeha miondrika amin'ny "roukouon" ka miteny hoe:

"سُبْحَانَ رَبِّيَ الْعَظِيمِ وَبِحَمْدِهِ".

Avy eo, mampiakatra ny loha miala amin'ny roukoûon dia miverina mitsangana mahitsy, ary avy eo midina amin'ny tany manao soudjoud ka miteny toy izao :

"سُبْحَانَ رَبِّيَ الْأَعْلَىٰ وَ بِحَمْدِهِ".

Ary mampitraka ny loha no sady miteny hoe:

"أَسْتَغْفِرُ اللَّهَ رَبِّي وَأَتُوبُ إِلَيْهِ".

Miverina manao soudjoud indray avy eo, ary mamerina ilay dhikr izay efa notenenina tamin'ny soudjoud teo aloha. Koa ireo fihetsika rehetra ireo no antsoina hoe rakaanh iray.

Miverina mitsangana ka mamaky souratoul-fâtihah sy surat iray hafa, avy eo mampiakatra ny tãnana roa mba hanao قُنُوتٌ qounoute na fangatahana, ka ny felatanana roa dia avelatra manatrika ny lanitra, ary mangataka amin'i Allah izay zavatra tianao ho an'ny tenanao, na ho an'ny hafa. Tandremo anefa fa tsy azo atao ny manao fangatahana ratsy ho an'ny hafa.

Avy eo manao roukoûon ary manao soudjoud in-droa tahaka ny teo aloha; ary mipetraka manatanteraka ny tachahhoud, ka miteny toy izao:

"أَشْهَدُ أَنْ لَا إِلَهَ إِلَّا اللَّهُ، وَحْدَهُ لَا شَرِيكَ لَهُ، وَأَشْهَدُ أَنَّ مُحَمَّدًا عَبْدُهُ وَرَسُولُهُ،
اللَّهُمَّ صَلِّ عَلَى مُحَمَّدٍ وَآلِ مُحَمَّدٍ".

Farany manao ny taslîm, ka miteny hoe:

"السَّلَامُ عَلَيْكَ أَيُّهَا النَّبِيُّ وَرَحْمَةُ اللَّهِ وَبَرَكَاتُهُ، السَّلَامُ عَلَيْنَا وَ عَلَىٰ عِبَادِ اللَّهِ
الصَّالِحِينَ، السَّلَامُ عَلَيْكُمْ وَرَحْمَةُ اللَّهِ وَبَرَكَاتُهُ".

Fa ny tsara kokoa, isaky ny mahavita swalàt iray dia ny mampitodika kely ny loha ho amin'ny an-kavanana sy an-kavia no sady miteny hoe:

...السَّلَامُ عَلَيْكُمْ وَرَحْمَةُ اللَّهِ وَبَرَكَاتُهُ."

Izany rehetra izany no swalàt iray amin'ireo swalàt efatra voalohany, izay nantsoina teo hoe: swalàtoul-laïl, ka toy izany hatrany no atao rehefa manatanteraka ireo swalàt telo sisa tavela.

Rehefa vita ireo, dia miroso amin'ny fanatanterahana ny swalàt fahadimy manana rakaànte anankiroa ihany koa, izay antsoina hoe : الشَّفَعِ صَلَاةُ "swalàtoush-shaf'in" ka toy izao ny fomba fanatanterahana azy :

Manao ny fikasana toy izao:

"أُصَلِّي رَكَعَتِي صَلَاةَ الشَّفَعِ قُرْبَةً إِلَى اللَّهِ تَعَالَى".

Dikany : “Izaho dia manao rakaànte anankiroan'ny swalàtoush-shaf'in mba ho fanatanterahana ny didin'i Allah Ilay Avo Indrindra”.

Eo amin'ny rakaanh voalohany, aorian'ny famakiana ny souratoul-fâtihah dia mamaky ny souratoul-falaq, ary mamaky ny souratoun-nàs eo amin'ny rakaanh faharoa, fa misy ny sasany amin'ireo manam-pahaizana mahita fa ny famakiana ny souratoun-nàs no mialoha ny souratoul-falaq. Avy eo dia mandeha roukouon, fa tsy manao qounoute araka ny voalazan'ny manam-pahaizana, ary tohizina hatramin'ny farany ny swalàt. Aorian'ny fahavitan'ny swalàt dia misy douanh moustahab tsara atao, ohatra ilay douanh izay manomboka amin'ilay teny manao hoe :

"إِلَهِي تَعَرَّضْ لَكَ فِي هَذَا اللَّيْلِ الْمُتَعَرِّضُونَ..."

Izany dia hita manontolo ao amin'ny bokin'ny douanh antsoina hoe مفاتيح الجنان, ao amin'ireo asa moustahab fanao amin'ny alin'ny antsasaky ny volana "cha'abàn".

Farany, mitsangana manatanteraka ny swalàt fahenina, voarafitra ho rakaanh iray, izay nantsoina hoe: صَلَاةُ الْوَيْتْرِ "swalàtoul-witr". Toy izao ny fikasana atao:

"أُصَلِّي رَكْعَةَ الْوَيْتْرِ قُرْبَةً إِلَى اللَّهِ تَعَالَى".

Dikany : “Izaho dia manao rakaanh anankirain'ny swalàtoul-witr mba ho fanatanterahana ny didin'i Allah Ilay Avo Indrindra”.

Avy eo dia miroso amin'ny famakiana ny souratoul-fâtihah sy ny souratout-tawhîd in-telo sy souratoul-falaq iray ary souratoun-nàs iray, fa raha tery ny fotoana, dia tsy maninona ny mamaky sourate iray ihany aorian'ny souratoul-fâtihah. Ary farany manao qounoute alohan'ny roukouon; ka eo am-panaovana ny qounoute dia moustahab ny mitomany nohon'ny fahatahorana an'i Allah, fa raha tsy mahatomany, dia maneho endrika mitomany. Avy eo mangataka izay tiana. Fa raha tsy mahay tsianjery ireo douanh fanao amin'ny qounoute amin'ny swalàtoul-witr dia azo atao ny mamaky izany amin'ny boky.

Moustahab ihany koa eo amin'ny qounoute ny mamerina im-pito ilay teny manao hoe:

"هَذَا مَقَامُ الْعَائِدِ بِكَ مِنَ النَّارِ".

Na mamerina in-telo ilay fehezanteny manao hoe:

"أَسْتَجِيرُ بِاللَّهِ مِنَ النَّارِ".

Ary anisan'ny moustahab ny mangataka famelan-keloka amin'i Allah ho an'ny mpino miisa efapolo na mihoatra, izay mbola velona na efa maty, amin'ny fitenenana manao hoe:

"اللَّهُمَّ اغْفِرْ لِفُلَانٍ، وَ...".

Izany hoe: ho solon'ily teny hoe : فلان dia tononina ny anaran'ireo mpino izay hangatahanao famelan-keloka amin'i Allah. Izay manao izany dia eken'i Allah ny fangatahany "incha Allah Ta'anlà".

Moustahab ihany koa ny famerimberenana im-pitopolo ilay teny manao hoe:

"أَسْتَغْفِرُ اللَّهَ رَبِّي وَ أَتُوبُ إِلَيْهِ".

Ary mbola misy douanh maro ankoatr'ireo izay tsara atao amin'ny qounoute amin'ny swalatoul-witr fa ho an'izay te hahalala bebe kokoa izany, dia tsara aminy ny miverina any amin'ireo boky douanh na fiqh izay mamelabelatra an'izany.

Koa rehefa vita ny famakiana ny taslīm amin'ny swalatoul-witr dia moustahab ny manao ny "tasbihatouz-Zahrà" (a.s), izay fantatra amin'ny fitenenana in-34 ny teny hoe : "اللَّهُ أَكْبَرُ" sy in-33 ny teny hoe : "الْحَمْدُ لِلَّهِ" ary in-33 ny teny hoe: "سُبْحَانَ اللَّهِ".

Aorian'ny swalàtoul-laïl dia misy douanh ihany koa izay moustahab ankoatra ny "tasbihatouz-Zahrà (a.s)" ka tsara ny miverina ao amin'ireo boky lehibe misy an'izany, ohatra ao amin'ny boky "مفاتيح الجنان" izay voalaza fa aorian'ily tasbihatouz-Zahrà (a.s) dia tsara ny miteny hoe : " اَلْحَمْدُ رَبِّ الصَّبَاحِ اَلْحَمْدُ لِقَالِقِ اَلْإِصْبَاحِ " , ary mamerina in-3 ilay fehezanteny manao hoe : "سُبْحَانَ رَبِّي اَلْمَلِكِ اَلْقُدُّوسِ اَلْعَزِيزِ اَلْحَكِيمِ" , ary moustahab ihany koa ny miteny hoe :

"يَا حَيُّ يَا قَيُّوْمُ يَا بَرُّ يَا رَحِيْمُ يَا غَنِيُّ يَا كَرِيْمُ أَرْزُقْنِي مِنَ التَّجَارَةِ أَعْظَمَهَا فَضْلاً وَ أَوْسَعَهَا رِزْقاً وَ خَيْرَهَا لِي عَاقِبَةً فَإِنَّهُ لَا خَيْرَ فِيمَا لَا عَاقِبَةَ لَهُ."

Voalaza ao amin'ny مفاتيح الجنان ihany koa fa ao amin'ilay boky مِصْبَاحُ الْمُتَهَجِّدِ dia misy douanh moustahab izay tsara vakiana aorian'ny swalâtoul-laïl, dia ilay douanh masina anankiray izay antsoina hoe : "دُعَاءُ" "الْحَزِينِ", izay mifono hevitra lalina dia lalina tokoa ary tokony tsy ho hadinon'ny mpino ny mamaky sy mandinika ny dikany; ka toy izao ilay douanh :

"أُنَاجِبُكَ يَا مُوجُوداً فِي كُلِّ مَكَانٍ لَعَلَّكَ تَسْمَعُ نِدَائِي فَقَدْ عَظُمَ جُرْمِي وَقَلَّ حَيَاتِي مُؤَلَايَ يَا مُؤَلَايَ ، أَيُّ الْأَهْوَالِ أَتَذَكَّرُ وَأَيُّهَا أُنْسَى وَلَوْ لَمْ يَكُنْ إِلَّا الْمَوْتُ لَكَفَى ، كَيْفَ وَمَا بَعْدَ الْمَوْتِ أَعْظَمُ وَأَدْهَى مُؤَلَايَ يَا مُؤَلَايَ حَتَّى مَتَى وَإِلَى مَتَى أَقُولُ لَكَ الْعُنْبَى مَرَّةً بَعْدَ أُخْرَى ثُمَّ لَا تَجِدُ عِنْدِي صِدْقاً وَلَا وَفَاءً فَيَا غَوْنَاهُ ثُمَّ وَاعُونَاهُ بِكَ يَا اللَّهُ ، مِنْ هَوَى قَدْ غَلَبَنِي وَمِنْ عَدُوٍّ قَدْ اسْتَكَلَبَ عَلَيَّ وَمِنْ دُنْيَا قَدْ تَزَيَّيْتُ لِي ، وَمِنْ نَفْسٍ أَمَارَةٍ بِالسُّوءِ إِلَّا مَا رَحِمَ رَبِّي ، مُؤَلَايَ يَا مُؤَلَايَ إِنْ كُنْتَ رَحِمْتَ مِثْلِي فَارْحَمْنِي وَإِنْ كُنْتَ قَبِلْتَ مِثْلِي فَاقْبَلْنِي ، يَا قَابِلَ السَّحَرَةِ اقْبَلْنِي يَا مَنْ لَمْ أَرْزُلْ أَتَعْرِفُ مِنْهُ الْحُسْنَى يَا مَنْ يُعَدِّدُنِي بِالنِّعَمِ صَبَاحاً وَمَسَاءً ، إِرْحَمْنِي يَوْمَ آتِيكَ فَرِداً شَاخِصاً إِلَيْكَ بَصْرِي مُفْداً عَمَلِي قَدْ تَبَرَّأْتُ جَمِيعِ الْخَلْقِ مِنِّي نَعَمْ ، وَأَبِي وَأُمِّي وَمَنْ كَانَ لَهُ كُدِّي وَسَعْيِي فَإِنْ لَمْ تَرْحَمْنِي فَمَنْ يَرْحَمْنِي ، وَمَنْ يُؤْنِسُ فِي الْقَبْرِ وَحْسَتِي ، وَمَنْ يُنْطِقُ لِسَانِي إِذَا خَلَوْتُ بِعَمَلِي وَسَاءَ لَتَنِي عَمَّا أَنْتَ أَعْلَمُ بِهِ مِنِّي ، فَإِذَا قُلْتَ نَعَمْ ، فَأَيْنَ الْمَهْرَبُ مِنْ عَدْلِكَ ، وَإِنْ قُلْتَ لَمْ أَفْعَلْ قُلْتَ أَلَمْ أَكُنِ الشَّاهِدَ عَلَيْكَ ، فَعَفْوُكَ عَفْوُكَ يَا مُؤَلَايَ قَبْلَ سَرَابِيلِ الْقَطْرَانِ ، عَفْوُكَ عَفْوُكَ يَا مُؤَلَايَ قَبْلَ جَهَنَّمَ وَالنَّيِّرَانِ عَفْوُكَ يَا مُؤَلَايَ قَبْلَ أَنْ تُعَلَّ الْأَيْدِي إِلَى الْأَعْنَاقِ ، يَا أَرْحَمَ الرَّحِمِينَ وَخَيْرَ الْغَافِرِينَ."

Dikany :

"Izaho dia manatona Anao amin'ny fibitsibitsihana ry Ilay hita amin'ny toerana rehetra, mihaino ny antsoko tokoa angamba Ianao, fa tena efa mihabe ny fahotako ary mihakely ny henamasoko. Ry Lehibeko

ô ! Ry Lehibeko, amin'ny fahatahorana manao ahoana moa aho vao mahatsiaro ary amin'ilay manao ahoana kosa vao manadino, nefa raha tsy misy afa-tsy ny fahafatesana ihany dia efa ampy ! Koa ahoana indray àry raha aorian'ilay fahafatesana izay tena mahery tokoa no sady tena loza sy fahoriana lehibe! Ry Lehibeko ô ! Ry lehibeko, oviana àry mandram-pahoviana no hitalahoako Aminao ny fankasitrahana hafa indray aorian'ilay fankasitrahana, kanefa tsy mba hitanao amiko akory izay fitalahoana marina sy azo antoka. Ry Ilay Mpamonjy ahy ô, r'Ilay Mpamonjy ahy! Amin'ny alalanao ry Allah no hiavian'ireo fakam-panahy izay mandresy ahy, sy hiavian'ny fahavalo izay mampiditra fakam-panahy amiko, sy Aminao no hiavian'ny tontolo izay mihaingo ho ahy ary ny hiavian'ny fanahy izay mibaiko ahy mafy amin'ny haratsiana afa-tsy ilay nahazo ny famindrampon'ny Tompo. Ry Lehibeko ô ! Ry lehibeko, raha efa namindra fo ny olona izay mitovy amiko Ianao dia mba mamindrà fo amiko ihany koa, raha efa nanaiky izay mitovy amiko Ianao dia mba ekeo ihany koa aho. Ry Izay nanaiky ireo mpimasy ô! Ekeo aho ry Izay fantatro Aminy hatrany hatrany ny hatsarana. Ry Izay mampihinana ahy ny fahasoavana maraina sy hariva ô! Mamindra fo amiko amin'ny andro izay handehanako irery mankany Aminao, mimbanjina eny Aminao ny masoko, voaravaka ireo asako ary ny zava-boahary rehetra dia manalavitra ahy. Eny, mianiana amin'ny raiko sy ny reniko ary ireo izay niasarako sy ny niasako aho, fa raha tsy mamindra fo amiko Ianao, dia iza indray moa no mba hamindrafo ahy, sy iza no mba hanala ny fahasorisorenako ao ampasana, ary iza no hampiresaka ny lelako rehefa irery miaraka amin'ny asako aho sy manontany ny momba ahy Ianao izay Ianao ihany no mahafantatra tokoa mihoatra ahy?! Koa raha manaiky aho, dia aiza indray àry no handosirako ny rariny avy Aminao, ary raha laviko izany, dia hiteny Ianao hoe: Moa tsy Izaho ve no vavolombelona taminao. Koa miala tsiny Aminao, miala tsiny Aminao ry Lehibeko, alohan'ny hitafiana ny lobak'afao izay mandoro ny hoditra. Miala tsiny Aminao, miala tsiny Aminao ry Lehibeko, alohan'ny gehena sy ny afobe. Miala tsiny Aminao,

miala tsiny Aminao ry lehibeko, alohan'ny hahavoafatotra ireo tånana eo amin'ny hatoka. Ry Lehiben'ny mpamindrafo sy ny mpamela heloka rehetra ô!''.

Ny fotoana fanaovana ny swalåtoul-laïl dia manomboka amin'ny misasak'alina, araka ny fanazavana manaraka izay mbola ho avy, ary mitohy ny fotoany hatramin'ny mangirandratsy marina, izay fiatombohan'ny fotoana ny swalatoul-fadjr, fa ny fotoana izay mahabe voninahitra azy dia amin'ny fotoana ny "sah'r" na "وَقْتُ السَّحْرِ". Izany fotoana izany dia ny ampahatelon'ny faran'ny alina.

Eny, tsy ahazoana fahotana ny tsy fanatanterahana an'ireo swalåt moustahab izay voalaza ireo, kanefa ny fanatanterahana azy kosa dia mampisy tombontsoa sy ahazoana voninahitra lehibe tokoa eo anatrehan'i Allah; koa noho izany izay mpino marina dia tsy afaka mamela ny asa hahazoany fifalian'i Allah.

M.163: Tsy azo atao ny manao nàfilatoudh-dhouhr sy ny answr rehefa ao anatin'ny dia lavitra; fa ny nawàfil sisa tavela dia azo atao, afa-tsy ny nàfilatoul-inchà'e kosa dia tsara raha atao "رَجَاءُ الْمُطْلُوبِيَّةِ" araka ny voalazan'ny manam-pahaizana sasany.

صَلَاةُ الْجُمُعَةِ

Ny swalåtoul-djourn'anh

Ny "swalåtoul-djourn'anh" dia anisan'ny famantarana lehibe eo amin'ny finoana islam. Niteny i Allah ao amin'ny souratoul-djourn'anh andininy fahasivy manao hoe:

"يَا أَيُّهَا الَّذِينَ ءَامَنُوا إِذَا نُودِيَ لِلصَّلَاةِ مِنْ يَوْمِ الْجُمُعَةِ فَاسْعَوْا إِلَى ذِكْرِ اللَّهِ وَ
ذَرُوا الْبَيْعَ ذَٰلِكُمْ خَيْرٌ لَكُمْ إِنْ كُنْتُمْ تَعْلَمُونَ". سورة الجمعة، الآية 9.

“Ry ianareo mpino ! Rehefa tonga ny antso ho an’ny vavaka fanompoana amin’ny andro Zoma, dia mihazakazaha ho any amin’ny antson’i Allah ianareo, ka avelao avokoa ny asa aman-draharaha rehetra, izany dia tsara ho anareo raha mba fantatrareo”.

Fa amin’ny hadith izay voaray avy tamin’Al-Imàmous-Swàdiq (a.s) dia manao hoe:

"مَا مِنْ قَدَمٍ سَعَتْ إِلَى الْجُمُعَةِ إِلَّا حَرَّمَ اللَّهُ جَسَدَهَا عَلَى النَّارِ."

“Tsy misy faladian-tongotra izay miezaka mamonjy ny swalâtoul-djoum’anh, raha tsy harovan’i Allah amin’ny afobe ny tompon’ilay faladia”.

Ary niteny ihany koa Izy hoe :

"مَنْ تَرَكَ الْجُمُعَةَ ثَلَاثًا مِنْ غَيْرِ عِلَّةٍ طَبَعَ اللَّهُ عَلَى قَلْبِهِ."

“Ny olona izay mamèla ny swalâtou-djoum’anh in-telo tsy misy antony, dia hosaroman’i Allah ny fony .” Izany hoe, tsy hahita hatsarana sy fitahiana izany fo izany .

Ny swalâtoul-djoum’anh dia maka ny toeran’ny swalâtoudh-dhouhr, araka ny fanazavana avy amin’ireo manam-pahaizana, ary navahan’i Allah ny swalâtoul-djoum’anh amin’ireo swalât rehetra fanao andavan’andro, satria ny fanatanterahana azy amin’ny djamàanh dia nataony wadjib, ary tsy tokony hifanakaiky ny toerana anankiroa izay hanatanterahana azy, afa-tsy hoe ampy ny elanelana mampisaraka ny djoum’anh roa, araka ny fanazavana izay mbola ho avy.

Tsy nanome fandeferana ho an’ireo izay tara amin’ny fananganana ny swalâtoul-djoum’anh i Allah, raha tsy nohon’ny antony manokana, araka ny voalazan’ny manam-pahaizana sasany ao anatin’ny bokin’izy ireo, satria mantsy izy ireo mahita fa ny swalâtoul-djoum’anh dia heverina

ho toy ny fivoriana isan-kerinandro ho an'ny mpino rehetra. Izany dia miatomboka amin'ny fampianarana sy fananarana ary famelabelarana kolontsaina, izay atao mandritra ny toriteny roa, ka mifara amin'ny fanatanterahana ny vavaka fanompoana sy ny fitodihana any amin'i Allah.

Ny swalâtoul-djourn'anh dia misy raka'anh roa sahala amin'ny swalâtous-soubh, ary ny mampiavaka azy amin'ny swalâtous-soubh dia ny fisian'ny khoutb anankiroa mialoha azy, sy ny fanaovan'ny mpivavaka ny fikasana hanao swalâtoul-djourn'anh mba hanatanteraka ny didin'i Allah. Ary anisan'ny mampiavaka azy koa amin'ilay swalâtous-soubh dia ny fisian'ny qounoute anankiroa izay moustahab: ny voalohany dia atao alohan'ny roukoun amin'ny raka'anh voalohany ary ny faharoa dia aorian'ny roukoun amin'ny raka'anh faharoa. Tsy ara-dalàna ny swalâtoul-djourn'anh raha tsy mahafeno ireo fepetra.

شُرُوطُ صَلَاةِ الْجُمُعَةِ

Ireo fepetran'ny swalâtoul-djourn'anh

1-Wadjib ny fanaovana ny swalâtoul-djourn'anh ho djamàanh (ary ny atao hoe swalât djamàanh dia fivondronan'ireo olona miara-mivavaka ka iray amin'izy ireo dia ny imàm fa ny hafa kosa dia mae'moumīna izay manaraka an'ny imàm amin'ilay fitsanganany sy ny fihondrehany ary ny fiankohofany). Koa mba ho ara-dalàna ny swalâtoul-djourn'anh dia takiana aminy ireo fepetra rehetra izay takiana amin'ny swalâtoul-djamàanh.

Azo atao ny miditra amin'ny djamàanh ao amin'ny swalâtoul-djourn'anh eo ampanaovan'ny imàm ny raka'anh voalohany, eny fa na dia efa eo am-pitsanganana amin'ny raka'anh faharoa aza izy, ka miaraka aminy amin'ny fanatanterahana raka'anh iray, ary rehefa mamarana ny

swalât ilay imàm dia mbola manohy ny azy kosa ny mpivavaka amin'ny fanatanterahany ilay raka'anh faharoa. Fa raha tsy nahatratra ilay imàm raha tsy efa aorian'ny roukoun amin'ilay raka'anh faharoa kosa izy, amin'izay fotoana izay dia efa naman'ny tsy nahatratra ny swalâtoul-djourn'anh, koa ny wadjib aminy dia ny manatanteraka ny swalâtoudh-dhouhr rakaànte efatra.

Anisan'ireo fepetra maha-wadjib ny swalâtoul-djourn'anh dia mikasika ny isan'ireo vondron'olona manatanteraka ilay swalât izay tsy tokony ho latsaky ny dimy farafahakeliny ka ny iray amin'izy ireo dia ny imàm; fa raha tsy misy afa-tsy anankiefatra na latsak'izany dia tsy azo atao ny manangana ny swalâtoul-djourn'anh fa ny swalâtoudh-dhouhr no ataon'izy ireo. Araka ny fitandremana tsy maintsy atao dia tsy ampidirina ao anatin'izany isa dimy izany ny vehivavy sy ny zaza tsy ampy taona, na dia ara-dalàna aza ny swalât ataon'izy ireo.

Ary mbola anisan'ny fepetra maha-wajib ny swalatoul-djom'anh ihany koa dia ny fisian'ny imàm izay mahafeno ireo fepetra rehetra amin'ny fitarihana, toy ny al-andàlah (ny fanaovany ny rariny), ...sns amin'ireo fepetra arak'izay voalaza amin'ny swalâtoul-djamàanh.

2-Ilaina ny fisian'ny khoutbah anankiroa mialohan'ny swalât avy amin'ny tenan'ilay imàm mpitarika ny swalâtoul-djourn'anh ihany; izany hoe mila mitsangana izy ka midera sy mankalaza an'i Allah, mananatra ny olona mba hatahotra Azy, mamaky ny sourat avy ao amin'ny Quor'an masina, ary aorian'izany dia somary mipetraka kely. Avy eo dia mitsangana manao ny khoutbah faharoa, ka midera an'i Allah sy mankalaza Azy, mangataka fitahiana ho an'i Mouhammad (s.a.w) sy ireo Imàm Mpitarika ara-dalàna ny finoana Islam, ary koa mangataka famelan-keloka ho an'ireo mpino lahy sy vavy. Aorian' izany vao manomboka ilay swalât.

Wadjib amin'ilay imàm amin'ireo khoutbah anankiroa ireo ny mamoaika feo amin'ny fomba ahafahan'ireo mpino mpanatrika maheno azy na dia ny sasany ihany aza.

Ny fitandremana tsy maintsy atao, araka ny voalazan'ireo manam-pahaizana, mikasika ny fiderana an'i Allah sy ny fangatahana fitahiana ho an'i Mouhammad (s.a.w) sy ireo ankohonany masina dia atao amin'ny teny arabo. Ny sasany kosa mahita fa, raha ny ankamaroan'ny mpanatrika no tsy dia mahazo loatra ilay teny arabo, amin'izay fotoana izay, ny tsara atao dia lazaina amin'ny teny izay hahazoan'ny be sy ny maro azy araka ny voalazan'ny As-sayed As-sistani (دام ظلّه). Ary misy hafa ihany koa amin'ireo manam-pahaizana toa an' ny As-sayed Al-hakim At-wabatwabâi (دام ظلّه) no mahita fa ny fitandremana tsy maintsy arahina dia ny manambatra ireo fananarana mikasika ny fahatahorana an'i Allah, amin'ny teny arabo sy amin'ily teny hahazoan'ny be sy ny maro azy.

3-Tsy ara-dalàna ny swalâtoul-djourn'anh anankiroa niaraka natsangana tamin'ny toerana izay ambanin'ny فرسخ "farsakh" ny elanelan'izy roa. Ny "farsakh" iray dia eo ho eo amin'ny 6 kms. Raha ny iray amin'izy roa ireo no nialoha ny anankiray, ka nahafeno ireo fepetra rehetra, dia avy hatrany tsy ara-dalàna ilay faharoa. Fa raha miaramitsangana amin'ny fotoana iray izy roa ireo, dia samy tsy ara-dalàna avokoa.

Eny, raha ny iray amin'ireo djourn'anh anankiroa mifanakaiky ireo no tsy nahafeno ny fepetra, dia tsy manakana ny fitsanganan'ny djourn'anh hafa izany, na dia miara-mitsangana amin'ny fotoana iray, na koa tara ny fitsanganan'ily nahafeno fepetra.

Ny fidiran'ily fotoana dia anisan'ny fepetra maha-wadjib ny swalâtoul-djourn'anh, araka ny voalazan'ireo manam-pahaizana sasany. Misy ihany koa ny sasany amin'izy ireo no milaza fa ireo khoutbah anankiroa ireo dia azo atao mialohan'ny zawâl, fa kosa tokony ho faranana amin'ny fidiran'ily fotoana zawâl. Fa misy ny sasany hafa toa an'ny As-sayed Al-khouï (رحمه الله) no mahita fa tsy maintsy miandry ny fidiran'ny zawâl vao atomboka ireo khoutbah roa ireo.

Rehefa misy mampitsangana ny djoum'anh amin'ny tanàna iray ka feno ao aminy ireo fepetra rehetra maha-wadjib sy maha-ara-dalàna ilay swalât, amin'izay fotoana izay dia wadjib ny fanatrehana araka ny fitandremana tsy maintsy arahina; eny, tsy wadjib ny fanatrehana eo amin'ny famakiana ny khoutbah araka ny fahitan'ireo manam-pahaizana sasany toa an'ny As-sayed Al-khouï (رحمة الله).

Tsy azo atao ny miresaka eo ampanaovan'ily imàm ny khoutbah, fa ny fitandremana tsy maintsy arahina dia ny fihainoana izany ho an'ily olona mahazo ny resaka.

Mbola misy maro moa ireo fepetra mikasika ny swalâtoul-djoum'anh, fa nohon'ny fahakelezan'ity boky ity dia tsy afaka nivalampatra amin'izany ; nefa izay te hahalala izany bebe kokoa dia afaka miverina amin'ireo boky fiqh nosoratan'ireo manam-pahaizana.

Fanamarihana: Tsara ho fantatra fa ireo manam-pahaizana shian dia tsy mitovy hevitra amin'ny fahazoana sy ny tsy fahazoana manangana ny swalâtoul-djoum'anh amin'izao fotoana fanjavonan'ily Imàm (a.s) na ny غَيْبَةُ الْإِمَامِ "ghaibatoul-Imàm" izao.

Ireo manam-pahaizana taloha toa an'ny Cheikh At-twousi, dia nilaza fa azo atao izany; ary ny sasany toa an'ny Ach-charif Al-mourtalwa (رحمة الله عليهما) kosa dia nahita fa tsy azo atao.

Fa ireo manam-pahaizana taty aoriana toa an'ny Al-imàm Al-qàid, As-sayed Ali Al-housseini Al-khameni'i sy ny As-sayed As-sistani ary ny As-sayed Al-hakim At-twabatwabai (دام ظلهم), dia samy miombon-kevitra fa azo atao izy io. Ny As-sayed As-sistani dia milaza fa ny swalâtoul-djoum'anh izay atao amin'ny andro Zoma izay solon'ny swalâtdh-dhouhr, amin'izao vanim-potoana mampanjavona an'ny Al-Imàm Al-Mehdi (عجل الله) izao, dia وَاجِبَةٌ تَخْيِيرًا "wadjib takh'yir", izany hoe : "ny olona iharan'ny didy dia manana safidy amin'ny andro Zoma, na hanatanteraka

ny swalâtoudh-dhouhr izy, na hanatanteraka ny swalâtoul-djourn'anh araka ny fanazavany ao amin'ny boky fiqh izay antsoina hoe: "al-masâ`il al-mountakhabah" المسائل المنتخبة , p.96.

Nefa ny fananganana ny swalâtoul-djourn'anh no mendrika kokoa, anisan'ny miteny izany ny As-sayed As-sistani sy ny As-sayed Al-qâid Al-khameni`i.

Koa noho izany, ny mpino silamo dia tsy tokony hanao tsirambina ka hanakana ny tenany amin'ireo fahasoavana lehibe izay tokony ho azony amin'ny fanatrehany ny swalâtoul-djourn'anh.

صَلَاةُ الْأَيَّاتِ

Swalâtoul-âyâte

1-Ny antony tsy maintsy hanaovana azy

Wadjib ny manao ny swalâtoul-âyâte rehefa misy trangan-javatra voajanahary miseho, toy ny tako-bolana, tako-masoandro, horohoron-tany, sy izay tranga rehetra mampatahotra ny ankamaroan'ny olombelona toy ny haizina, ny hamenan'ny lanitra, ny rivotra mahery vaika an-tanety sy an-dranomasina...sns.

Ireo zavatra rehetra ireo no antsoina hoe: "âyâte" na famantarana ny maha-Lehibe Ilay Mpahary, sy fanondroana ny Heriny sy ny Fahendreny.

2-Ny fotoana hanatanterahana azy

Wadjib ny manatanteraka avy hatrany ny swalât, rehefa mitranga eto an-tany ny iray amin'ireo zavatra ireo. Koa raha io famantarana io no maharitra, ohatra ny tako-masoandro, dia wadjib ny swalât alohan'ny

fahataperany. Fa raha vetivety kosa ny fitrangany, toy ny horohoron-tany ohatra, dia wadjib avy hatrany ny manatanteraka swalât.

M.164: Rehefa mitranga ny tako-masoandro, na tako-bolana, ka tsy nahalala ny fisehoan'izany izy, dia wadjib aminy ny manolo ilay swalât, raha ohatra ka feno ilay fanakonana; izany hoe maizina tanteraka ny faribolan'ilay masoandro na ny volana. Fa raha ny ampahany ihany, dia tsy voatery ny manolo. Raha fantany kosa ilay fanokanana, kanefa izy tsy nanao swalât nohon'ny sitrapony, na nohon'ny fanadinoana, na koa ilay tranga niseho dia tsy ny fanakonana fa tranga hafa, amin'izay fotoana izay dia wadjib ny manolo mihitsy ny swalât, na dia ny ampahany na izy manontolo no takona, ary ny ankoatr'ireo fanakonana anankiroa ireo, dia wadjib ny manolo na fantany na tsy fantany.

3-Ny fomba fanaovana azy

Wadjib amin'ny swalâtoul-âyate ireo zavatra rehetra izay wadjib amin'ny swalât fanao andavan'andro, aorian'izany dia manao fikasana toy izao raha ohatra ka ny tako-masoandro no antony hanaovana azy:

"أَصَلِّيْ صَلَاةَ الْآيَاتِ لِكُسُوفِ الشَّمْسِ قُرْبَةً إِلَى اللَّهِ تَعَالَى".

Izay midika hoe: “Izaho dia manao swalâtoul-âyate nohon'ny tako-masoandro mba ho fanatanterahana ny didin'i Allah Ilay Avo Indrindra”.

Avy eo manao “takbīratoul-ihrām”, ka mamaky ny souratoul-fātīhah sy sourat iray, ary manao roukoun, avy eo mitsangana mamerina mamaky souratoul-fātīhah sy sourat iray hafa ka manao roukoun fanindroany, ary miverina mitsangana mamaky souratoul-fātīhah sy sourat iray hafa, ka manao roukouon fanintelony, dia miverina mitsangana indray mamaky ny souratoul-fātīhah sy sourat iray hafa ihany koa, ka manao roukoun faninefany, dia mbola miverina mitsangana indray ka mamaky ny souratoul-fātīhah sy sourat iray hafa hatrany ary manao ny

roukoun fahadimy. Rehefa vita io roukoun fahadimy io dia mandeha manao soudjoud in-droa ary mitsangana ka vita hatreo ny raka’anh voalohany. Avy eo dia manao ny toy ny natao tamin’ny raka’anh voalohany fa rehefa nahavita ny roukoun fahadimy izy dia midina manao soudjoud sy manao tacha’houd ary mamarana azy amin’ny taslîm. Koa dia tapitra eo ny swalâtoul-âyâte.

M.165: Ny swalâtoul-âyâte dia mirafitra ho raka’anh roa, ary isaky ny raka’anh dia manao roukoun dimy, ary mamaky ny souratoul-fâtihah sy surat iray hafa alohan’ny hanao roukoun iray.

M.166: Moustahab ny manao “kounoute” isaky ny fahavitan’ny roukoun anankiroa, fa azo atao ny manao kounoute indray mandeha fotsiny izay atao alohan’ily roukoun fahafolo eo amin’ily raka’anh faharoa.

M.167: Raha misalasala amin’ny isan’ny raka’anh ny olona amin’ny swalâtoul-âyâte dia simba avy hatrany ilay swalât, fa raha misalasala amin’ny isan’ny roukoun eo am-panaovana azy, ohatra misalasala fa ao anatin’ny roukoun fahatelo ve sa fahefatra, amin’izay fotoana izay dia heveriny fa ao anatin’ny roukoun fahatelo izy, ka manatanteraka ny sisa tavela. Mihevitra hatrany fa ao anatin’ny roukoun vitsy izy, avy eo manatanteraka ny roukoun izay nampisalasala azy. Tsy manan-danja ny fisalasalana raha ohatra ka mitranga aminy ao anatin’ny fanaovana soudjoud, na koa mitranga aminy aorian’ily swalât.

الصَّوْمُ وَشَرَائِطُ وَجُوبِهِ

Ny fifehezana sy ireo fepetra maha-wadjib azy

Famaritana:

Ny fifehezana dia fanakanana ny vatana amin'ny fihinanana, fisotroana ary ny ankoatr' izany amin'ny ireo zavatra mahatonga ny fahatapahan'ny fifehezana. Izany dia mandritra ny fotoana voafetra, manomboka amin'ny mangiran-dratsy hatramin'ny fialan'ny faritra mena hita eny atsinanana, aorian'ny filentehan'ny masoandro. Efa nandidian'i Allah an'ireo mpino silamo tahaka ny efa nandidiany ireo vahoaka tany aloha izany fifehezana izany, nohon'ny vokatsoa lehibe misy ao aminy, eo amin'ny ara-batana sy ara-panahy; na dia tsy tsapan'ily mpanompo aza izany.

Efa noderaina ny fifehezana ao amin'ny hadith masina, izay milaza fa izy io dia fiarovana amin'ily Afo, ary izy io dia misy ny moustahab no sady koa misy ny wadjib.

Tsy ara-dalàna ny fifehezana raha tsy atao miaraka amin'ny fikasàna ka toy izao ny fomba fanaovana azy:

"أَصُومُ هَذَا الْيَوْمَ قُرْبَةً إِلَى اللَّهِ تَعَالَى"

Dikany: “Izaho dia mifehy androany mba hanatanteraka ny didin'i Allah Ilay Avo Indrindra”.

Tsy maintsy ilaina ny hametrahana ny antony hanaovana ny fifehezana, ohatra nohon'ny antony ny volana masina Ramadan, na nohon'ny voady na kaffàrah izany hoe onitra ...sns.

M.168: Azo atao ny manao ny fikasana indray mandeha mandritra ny volana masina Ramadan, izay atao amin'ny voalohan'ny volana araka

ny fahitan'ny manam-pahaizana sasany toa an'ny As-sayed Al-khouï, sy ny As-sayed As-sistani. Koa toy izao ny fomba fanaovana azy:

"أَصُومُ هَذَا الْيَوْمَ وَكُلَّ يَوْمٍ مِنْ شَهْرِ رَمَضَانَ وَاجِبًا قُرْبَةً إِلَى اللَّهِ تَعَالَى"

Dikany: “Izaho dia manao ny fifehezana androany sy mandritra ny andro rehetra amin’ny volana Ramadan, mba hanatanteraka ny didin’i Allah Ilay Avo Indrindra”.

Fa ny tena tsara dia ny manavao isan’andro ny fikasana amin’ny fotoana fidiran’ny mangiran-dratsy.

M.169: Raha nanao fikasana ny olona iray fa hifehy izy rahampitso, nefa tafatory ka tsy tafafoha nandritra ny tontolo andro, dia ara-dalàna hatrany ny fifehezany.

Toy izao ny fikasana raha atao amin’ny alin’ny volana Ramadan ho an’izay hifehy rahampitso:

"أَصُومُ يَوْمَ عَدٍ مِنْ شَهْرِ رَمَضَانَ قُرْبَةً إِلَى اللَّهِ تَعَالَى"

Dikany: “Izaho dia hanao fifehezana rahampitso amin’ny andron’ny volana Ramadan mba hanatanteraka ny didin’i Allah Ilay Avo Indrindra”.

أَسْبَابُ وَجُوبِ الصَّوْمِ

Ireo antony maha-wadajib ny fifehezana

Adidin’ny mpino silamo ny mifehy nohon’ny antony maro samihafa, fa ny tena zava-dehibe dia:

a-Ny volana Ramadan

Tsy maintsy mifehy ny olona rehetra iharan'ny didy manana fahafahana, rehefa tafiditra ny volana masina Ramadan, mandritra ny tontolo andro, manomboka amin'ny mangiran-dratsy ka hatramin'ny filentehan'ny masoandro, izay miseho amin'ny fialan'ilay faritra mena eny amin'ny fiposahany.

b-Ny fifehezana nohon'ny kaffàrah

M.170: Ny fifehezana dia wadjib indraindray, nohon'ny kaffàrah na onitra avy amin'ny fahotana sasantsasany natao. Ohatra amin'izany dia ny fanapahana fifehezana an-tsitrapo amin'ny volana masina Ramadan, na koa fanoherana ny fianianana, na nohon'ny fahotana hafa izay mbola ho avy ny fanazavana mikasika izany. Ankoatr'izany, ny fototry ny fifehezana dia fanompoana moustahab, ka afaka tanterahina amin'ny fotoana rehetra izay tiana hanaovana azy, afa-tsy amin'ireo andro roa ny "eid", izany hoe eidoul-fitwr sy eidoul-oulwehà. Marina tokoa fa haràm ny mifehy amin'ireo andro anankiroa ireo.

M.171: Tanteraka ny tsinambolan'ny volana Ramadan amin'ny alalan'ny fahitana azy mivantana amin'ny maso, ary tanteraka torak'izany koa, amin'ny alalan'ny fijoroana lehilahy mpanao rariny anankiroa vavolombelona amin'ny fahitan'izy ireo ilay tsinambolana, na ihany koa amin'ny alalan'ny fahitan'ny vondron'olona maromaro raha mampisy fahatokisana izany. Toy izany ihany koa dia tanteraka ny tsinambolana aorian'ny fahataperan'ny faha-30 andron'ny volana Cha'aban.

d-Fepetra ny maha-wadjib ny fifehezana

Ny fifehezana dia tsy wadjib amin'ny olona silamo raha tsy efa feno aminy ireto fepetra manaraka ireto:

1-2 - Fahampian'ny taona sy ny saina

Ferana mba ho ampy taona ny olona iharan'ny didy ara-pinoana sy mba ho vory saina fa tsy olona adala. Noho izany, ny olona tratran'ny volana masina Ramadan raha mbola tsy ampy taona na mbola tsy vory saina, dia tsy wadjib aminy ny mifehy.

3 - Tsy fisian'ny aretina

Ferana mba hanana fahafahana amin'ilay fanaovana fifehezana amin'ny lafiny fahasalamana. Noho izany, ny olona izay ny fifehezana no manimba ny fahasalamany, dia tsy azony atao ny mifehy, fa raha mbola mikiry ny hifehy izy, dia heverina ho tsy ara-dalàna ny fifehezany.

Tsy tena ilaina ny fananana antoka amin'izany fa ampy ny fahatahorany ny hisian'ny vokadratsiny amin'ny tenany noho izy ihany no tena mahalala bebe kokoa ny tenany satria ny olombelona tsirairay no mahafantatra ny fahasalamany. Na koa afaka miankina amin'izany izy amin'ny alalan'ny fanambaran'ny mpitsabo raha ohatra ka misy ny fahatahorana an'ilay aretina arak'ilay tenin'ny mpitsabo. Eny, ampy ny tsy maintsy hanapahana ny fifehezana raha toa ka ilay mpitsabo no mahay sy atokisana, na dia tsy misy fahatoharana aza amin'ilay fanambarany. Fa raha misalasala amin'izany kosa ilay tsaboina, dia wadjib aminy ny manao fitsapana ho an'ny tenany: koa raha hitany fa mampisy vokadratsiny aminy ilay fifehezana, dia amin'izay fotoana izay mijanona tsy manohy izy, fa raha tsy izany kosa dia manohy hatrany.

M.172: Azo leferina ny vehivavy bevohoka sy ny mampinono, raha ilay fifehezana no hampisy vokadratsy aminy, na amin'ilay zanany minono.

M.173: Azo leferina amin'ny fifehezana ihany koa ny lehilahy sy ny vehivavy efa antitra, raha toa ka tsy mahavita mifehy izy arakaraka ny

taonany, sy nohon'ny fisian'ny halemena izay mpahazo araka ny mahazatra ny olona tahak'izy ireo.

M.174: Azo leferina amin'ny fifehezana ny olona tratran'ny aretin'ny hetaheta, izay tsy afa-miaritra na dia fotoana fohy aza. Koa wadjib aminy ny manafohy ny fetra izay ilaina, ka afaka misotro rano manala ilay hetaheta fotsiny izy fa tsy mahazo mihinana sakafo mihitsy.

M.175: Ny vehivavy bevohoka na mampinono, raha matahotra ny mifehy nohon'ny antony avy amin'ny zanany dia wadjib aminy ny mamoka onitra isaky ny andro tsy nifehezany. Ny fetran'ilay onitra dia telo ampahefatry ny kilao amin'ny lafarinina na vary, ary izany no antsoina hoe: الفدية “al-fid'yah”. Fa raha matahotra nohon'ny antony avy amin'ny tenany izy, dia amin'izay fotoana izay tsy wadjib aminy ny mamoka ilay fid'yah.

Na izany na tsy izany, raha tojo ny iray amin'ireo toe-javatra roa ireo izy, dia tsy maintsy manolo ny fifehezana izay tsy vitany izy, rehefa tapitra ny volana masina Ramadan ary efa niala taminy ny vokadratsy.

M.176: Ny olona antitra sy manana ny aretina hetaheta, raha mahavita ny mifehy saingy miaraka amin'ny fahasahiranana sy faharerahana mafy, dia azony atao ny manapaka ny fifehezany tahaka ny voalaza teo aloha, fa kosa wadjib ny mamoka ilay fid'yah araka ny fetra efa voalaza teo aloha, isaky ny andro izay tsy nifehezany. Fa raha tsy afaka mifehy mihitsy izy, amin'izay fotoana izay, dia tsy wadjib amin'izy roa ny mamoka ilay fid'yah. Ary raha heverina fa afaka ny manolo izy ireo, dia wadjib amin'ilay olona manana ny aretina hetaheta izany, fa tsy amin'ilay olona antitra.

M.177: Ny olona marary izay nanapaka ny fifehezany nandritra ny volana masina Ramadan, raha sitrana izy alohan'ny volana Ramadan manaraka, ary efa nanolo ny fifehezana izay tsy vitany, dia tsy wadjib

amin'ny mamoka ilay fid'yah, fa raha nanemotra ny fanoloana ilay fifehezana izy, ka tratan'ny volana Ramadan manaraka, amin'izay fotoana izay dia wadhib amin'ny ilay fid'yah miaraka amin'ny fanoloana. Fa raha nitohy ny aretany, ka tratan'ny volana Ramadan manaraka, amin'izay fotoana izay dia tsy wadhib amin'ny manolo, fa kosa ny wadhib amin'ny dia ny mamoka ilay fid'yah fotsiny ihany.

4 - Tsy fanaovana dia lavitra

Ferana amin'ny maha-wadhib ny fifehezana ny tsy fanaovan'ny olona dia lavitra amin'ny ilay fomba izay noresahintsika tao amin'ny swalât. Koa noho izany, ny olona izay nanapaka ny halavirana voaresaka mikasika ny dia lavitra dia wadhib ny manapaka ny fifehezana raha toa ka feno amin'ny ireto fepetra ireto:

a-Ilaina ny fanaovan'ny ny mpanao dia lavitra ny fikasana alohan'ny mangiran-dratsy. Noho izany, raha nandeha tampoka alohan'ny swalâtoudh-dhwouhr izy, dia tsy azony atao ny manapaka ny fifehezany, ary wadhib amin'ny manolo izany rehefa tapitra ny volana Ramadan.

b-Amin'ny andro izay hanaovany io dia lavitra io miala amin'ny toerana misy azy dia wadhib amin'ny manapaka ny fifehezany amin'ny andro io raha toa ka nanomboka ny diany izy ka efa niala amin'ny faran'ny ilay tanàna nialohan'ny swalâtoudh-dhwour.

M.178: Ny olona izay manao dia lavitra ho any amin'ny tanànany, na koa tanàna izay hikasany hipetrahana mandritra ny folo andro na mihoatra, raha toa ka tonga any alohan'ny swalâtoudh-dhwouhr izy - kanefa mbola tsy nihinana na nisotro teny am-pandehanana izy- dia wadhib amin'ny manao fikasana ny fifehezana ka manohy ilay fifehezany. Fa raha nanao dia lavitra nialohan'ny swalâtoudh-dhwour izy, ary tonga ao an-tanànany taorian'ny dhohr dia tsaraina ho simba ny fifehezana. Torak'izany koa, simba ny fifehezany raha toa ka nanao dia lavitra

nialohan'ny dhowr nankany amin'ny toerana izay tanàny no sady tsy nikasa hipetraka mandritra ny folo andro ao amin'izany tanàna izany, dia tsy misy ny mahasamihafa izany na tonga alohan'ny dhouhr izy na aoriana.

5 - Tsy fisian'ny fialan-tsiny ara-pinoana

Ferana ny maha-wadjib ny fifehezana mba tsy ao anatin'ny haïw ny vehivavy, na tsy ao anatin'ny nifàs aorian'ny fiterahana.

Marina tokoa fa ny vehivavy dia leferina raha tojo ny toe-javatra toy izany, fa wadjib aminy ny manolo aorian'izany.

المُفَطَّرَاتُ

Ireo zavatra manapaka ny fifehezana

Wadjib amin'ny mpino silamo ny mihataka lavitra amin'ireto zavatra manaraka ireto eo ampanaovana ny fifehezana:

1-2-Ny fihinanana sy ny fisotroana

Tsy azo atao ny mihinana na misotro na dia kely mitovy amin'ny poti-tsakafo tavela eo amin'ny nify, fa kosa tsy maninona ny olona izay mitelina ny rorany raha mbola ao am-bavany izany. Ary torak'izany koa, ny zavatra izay mivoaka avy amin'ny loha, na tratra raha mbola tsy tonga eo amin'ny faran'ny tenda.

M.179: Azon'ny mpifehy atao ny manotsam-bava eo ampanaovana ny woulwou na aoriany, fa kosa tsy mila mitelina rano an-tsitrabo; ary moustahab ny mandrora in-telo aorian'izany fanontsanam-bava izany.

M.180: Azon'ny mpifehy atao ny miborosy nify, fa raha navoaka mbola mando avy any am-bava ilay borosy dia tsy azo averina intsony, fa raha hamerina azy dia mila mandrora in-telo.

3-Mampiditra ny loha ao anaty rano

Ny malaza amin'ny ankamaroan'ireo manam-pahaizana dia milaza fa ny mampiditra ny loha ao anaty rano amin'ny fomba hoe: ny rano dia mandrakotra ny loha iray manontolo dia manimba ny fifehezana. Fa misy manam-pahaizana sasany toa an'ny As-sayed As-sistani dia mahita fa tsy manimba ny fifehezana izany fa kosa makrouh.

Ny fandroana, na ao amin'ny moraba na eo amin'ny orana milatsaka, dia tsy manimba ny fifehezana.

4-Fidiran'ny vovoka sy setroka ary ny etona

Raha mampiditra ireo zavatra ireo ao anaty kibony ny olona, dia tsaraina fa simba ny fifehezany raha nataony an-tsitrapo izany. Fa raha tafiditra ireo zavatra ireo nohon'ny fahaterena, toy ny olona voatery mandalo amin'ny lâlana be vovoka na koa misy afo manetroka be sy ny hafa ankoatr'izany mikasika ireo zavatra sarotra ialàna, dia amin'izay fotoana izay, tsy simba ny fifehezana raha tsy misy ny fahafahany mihataka lavitra amin'izany.

M.181: Ny vovoka dia manimba ny fifehezana, na kely, na betsaka, na matevina na manify; ary torak'izany koa ny setroka. Fa misy amin'ireo manam-pahaizana toa an'ny As-sayed As-sistani no mahita fa raha betsaka na matevina ilay vovoka, izay vao afaka manimba ny fifehezana. Fa ny etona kosa, dia tsy manimba ny fifehezana afa-tsy hoe matevina, ka lasa nivadika ho rano tao am-bava ary tafatelina, araka ny fahitan'ireo manam-pahaizana sasany toa an'ny Al-imàm Al-khoumeïni (رضي الله عنه).

5-Ny loa

Manimba ny fifehezana ny loa -na dia nohon'ny fahaterena- raha natao an-tsitrapo. Fa raha nivoaka aminy tsy nampoizina izany dia tsy manimba ny fifehezana.

6-Ny “serum” seraoma

Izany dia manimba ny fifehezana, na dia nohon'ny fahaterena aza. Fa ny tsindrona na ny sipozitoara dia marina tokoa fa tsy manimba ny fifehezana. Ary torak'izany koa dia tsy manimba ny fifehezana ny fanatetezana ny tsiranoka amin'ny orona, na amin'ny sofina na amin'ny maso na dia nahatsapana ny tsirony aza teo am-bava.

7-Ny firaisana ara-nofo

Voarara tanteraka ho an'ny mpifehy ny manao firaisana ara-nofo amin'ny atoandron'ny volana masina Ramadan. Simba ny fifehezana nohon'ny firaisana ara-nofo na nohon'ny fakana fahafinaretana samirery. Toy izany koa, ny olona tratan'ny djanàbah tamin'ny alina, dia tsy azony atao mihitsy ny mijanona amin'izany ka tsy nandro mandra-pahatonga ny mangira-dratsy. Fa raha tsy nandro izy hatramin'ny mangiran-dratsy, dia tsaraina fa simba ny fifehezany. Tsy simba anefa ny fifehezana amin'ny alalan'ny fanofisana amin'ny atoandro. Mikasika ny fifehezana “qalwà-e”, raha toa ka ny olona avy nifoha maraina no niaraka tamin'ny djanàbah dia tsaraina fa tsy ara-dalàna ny fifehezany amin'io andro io.

M.182: Ireo zavatra manapaka ny fifehezana ireo, dia tsy manimba ny fifehezana afa-tsy hoe, nataon'ilay mpifehy an-tsitrapo. Fa ny olona izay nanadino kosa, tena marina dia tsy simba ny fifehezana raha nitranga aminy ny iray amin'ireo zavatra ireo.

M.183: Toy ny hoe mety mitranga an-tsitrapo miaraka amin'ny safidy sy fahalalahana dia torak'izany koa, dia mety hitranga miaraka

fahaterana. Koa noho izany, ny olona izay noterena mba hanatanteraka ny iray amin'ireo zavatra manimba fifehezana ireo, dia tsarina ho simba ny fifehezany, fa tsy hahazoany fahotana izany, ary wadjib aminy dia ny manolo azy fotsiny.

M.184: Ny olona izay nanao ny iray amin'ireo zavatra manimba ny fifehezana ireo, an-tsitrapo, dia wadjib aminy ny manolo an'izany andro izany sy manefa ny kaffarah ho sazy, ka manana safidy eo amin'ny fifehezana mandritra ny volana roa misesy, na mampihinana mahantra 60 isaky ny andro tsy nifehezany.

M.185: Ny olona izay nanao fifehezana, nefa nanapaka izany amin'ny zavatra haram toy ny toaka..., amin'ny atoandro dia wadjib aminy ny manefa ny kaffarah in-droa ary izany dia ny fifehezana mandritra ny volana roa misesy no sady mampihinana mahantra 60 isaky ny andro nanaovany izany, ary tsy noresahintsika ny famoahana ny andevo, nohon'ny tsy fisian'ny andevo amin'izao vanim-potoana iainantsika izao.

الزَّكَاةُ

Ny zakàt

Famaritana:

Ny zakàt dia hetra voafaritra alaina amin'ny harena sasantsasany ananan'olona avy amin'ireo biby fiompy sy vokatra avy amin'ny fambolena ary volamena sy volafotsy. Ny zakàt dia wadjib amin'ny olona silamo tsirairay, miaraka amin'ny fepetra manokana, ary indraindray mety ho moustahab izy io. Ilaina ny fikasana mba hanatanterahana ny didin'i Allah eo amin'ny famoahana ilay zakàt. Koa toy izao ny fomba fanaovana azy:

"أُعْطِي هَذَا الْمَالَ زَكَاةً قُرْبَةً إِلَى اللَّهِ تَعَالَى."

Dikany: “Izaho dia manome ity harena ity ho zakàt, mba hanatanteraka ny didin’i Allah Ilay Avo Indrindra”.

Ireo fepetra maha-wadjib azy

1-2 - Ny fahampian’ny taona sy ny fahavorian’ny saina, tahaka ny efa voalaza tany aloha.

3 - Ilaina ny olona tompony mba hanana fahafahana mampiasa ny harenany, manana izany hoe, ilay harenany dia eo am-pelatanany sy hiadidiany. Fa raha nisy nangalatra na very ilay harena, dia tsy voatery hamoahana zakàt eo amin’ily harena; raha tsy hoe nitranga ny halatra na ny fahaverezany taorian’ny nahafeno ny fepetra amin’ny famoahana an’ily zakàt.

Izay zavatra tsy maintsy hamoahana zakàt

Wadjib tokoa ny mamoka zakàt amin’ireto zavatra manaraka ireto:

Amin’ireo karazana vokatra dia ny varim-bazaha sy ny karazany, atrendry, voaloboka maina, fa amin’ireo biby dia ny rameva, omby, ondry ary ny osy.

Tsy maintsy hamoahana zakàt ihany koa ny volamena sy ny volafotsy, fa ny fanazavana ireo zavatra voalaza ireo dia toy izao manaraka izao:

1-Eo amin’ireo vokatra

Wadjib ny famoahana zakàt ny amin’ireo vokatra izay voalaza teo, raha ampy 847kg ny lanjan’ny vokatra azo na mihoatra, fa raha latsak’izany kosa ny lanjany dia tsy voatery ny famoahana zakàt izany.

Ary ny fetran'ny zakàt amin'ny vokatra, dia misy fahasamihafany. Raha ohatra ilay tany notondrahan'ilay mpamboly tamin'ny alalan'ny fitaovana entina an-tanana na fitaovana masinina, amin'izay fotoana izay dia wadjib aminy ny mamoka ny zakàt antsaaky ny iray ampahafolon'ny vokatra, izany hoe 5% . Fa raha niankina kosa tamin'ny rotsak'orana ny fanondrahana azy, na koa amin'ireo zavatra izay tsy ilàna fandaniana, dia ny wadjib aminy ny mamoka iray ampahafolony, izany hoe 10%.

2-Eo amin'ireo biby fiompy

Wadjib ny famoahana zakàt, ny amin'ireo biby izay notanisaina teo ireo, rehefa mahafeno ireto fepetra manaraka ireto:

a)-Ilaina ny fisakafoanan'ireo biby mba ho eny ankalamanjana, fa raha nofahanana mandritra ny efatra andro tao anatin'ny taona iray na mihoatra dia amin'izay fotoana izay tsy wadjib ny famoahana zakàt amin'ireo biby ireo.

b)-Ilaina ny omby na ny rameva mba tsy ho biby izay nampiasaina an-tanimbary na hitarika sarety...sns, fa raha nampiasaina mandritra ny efatra andro na mihoatra tao anatin'ny taona iray, dia tsy wadjib ny famoahana zakàt.

d)-Ilaina mba hijanona ho fananan'ny tompony ireo biby ireo mandritra ny taona iray tsy misy fiovana. Fa raha nosoloina biby hafa ny teo am-pelatanany alohan'ny fahataperan'ny taona iray, dia tsy wadjib aminy ny famoahana zakàt. Ny fahafenoan'ireo biby sy ireo fepetra hafa voalaza teo ho iray taona dia ampy amin'izany ny fahatratrarany ny andro voalohany amin'ny volana faha-12 hitsahina. Koa raha tsy ampy ny iray amin'ireo fepetra ireo aorian'izany daty izany ka hatramin'ny fahafenoany

iray taona, dia tsy mampaninona amin'ny maha-wadjib ny famoahana ilay zakàt izany.

e)-Ilaina ny fahatratrarana ny isa voafaritra, ary izany dia misy fahasamihafana, arakaraka ny mahasamihafa ireo biby.

Rehefa feno ireto fepetra ireto, dia wadjib ny mamoka zakàt an'ireo biby arakaraka ny isan-jatony, koa ity no tabilao manazava izany:

Isan'ny Rameva	Fetran'ny zakàt
Dimy	Wadjib ny famoahana bengy na ondry iray
Folo	Wadjib ny famoahana osy na ondry roa
Dimy ambiny folo	Wadjib ny famoahana osy na ondry telo
Roapolo	Wadjib ny famoahana osy na ondry efatra
Dimy ambiny roapolo	Wadjib ny famoahana osy na ondry dimy
Enina ambiny roapolo	Wadjib ny famoahana rameva vavy iray, izay efa hiditra ny faharoa taonany, fa raha tsy misy aminy izany, dia azony atao ny mividy izany ary atao zakàt, na mividy rameva lahy iray izay hiditra ny fahatelo taonany
Enina ambiny telopolo	Wadjib ny famoahana rameva vavy iray, izay tafiditra ny fahatelo taonany
Enina ambiny efapolo	Wadjib ny famoahana rameva vavy iray, izay efa tafiditra ny fahefatra taonany
Iraika ambiny enim-polo	Wadjib ny famoahana rameva vavy iray, izay efa tafiditra ny fahadimy taonany

Enina ambiny fitopolo	Wadjib ny famoahana rameva vavy roa, izay samy efa tafiditra ny fahatelo taonany avy
Iraika ambiny sivy folo	Wadjib ny famoahana rameva vavy roa, izay samy efa tafiditra ny fahefa-taonany avy
Iraika ambiny roapolo ambiny zato na mihoatra	Eto dia wadjib ny mijery izay mifanandrify amin'ny isan'ny rameva izay misy na mifanandrify amin'ny isan'ny 40 na 50. Ary wadjib ny mamoka zakàt aminy, isaky ny 50 rameva vavy iray tafiditra amin'ny fahefa-taonany, ary amin'ny isa 40 dia wadjib ny mamoka rameva vavy efa tafiditra amin'ny fahatelo taonany. Ary eo amin'ireo rehetra ireo dia leferina isan'ny rameva izay eo anelanelan'ny fikajiana anankiroa.

Isan'ny Omby	Fetran'ny zakàt
Telopolo	Wadjib ny famoahana omby lahy na vavy tafiditra ny faharoa taonany
Efapolo	Wadjib ny famoahana omby vavy izay tafiditra ny fahatelo taonany. Ary izay mihoatra ny 40 ny isany dia isaina 30 na 40 arakaraka ny isa misy mifanandrify aminy no hanefana ny zakàt; fa izay anelanelan'ny fikajiana anankiroa dia leferina.

Isan'ny Ondry sy Osy	Fetran'ny zakàt
Efapolo	Wadjib ny famoahana osy iray
Iray ambiny roapolo ambiny zato	Wadjib ny famoahana osy roa
Iray sy roan-jato	Wadjib ny famoahana osy telo
Iray sy telon-jato	Wadjib ny famoahana osy efatra
Efajato na mihoatra	Wadjib ny famoahana osy iray isaky ny 100 isa. Rehefa eo anelanelan'ny fikajiana anankiroa, ohatra eo anelanelan'ny 40 sy ny 121, dia tsy misy famoahana zakàt ary toy izany hatrany; fa tsy maintsy ilaina ny fandinihina eto: raha ohatra ka osy vavy no tiana hamoahana zakàt amin'ireo osy dia ny ny wadjib ny fidiran'io osy io amin'ny taona fahatelo, fa raha ondry kosa no tiana hamoahana zakàt dia ny wadjib ny fidirany amin'ny faharoa taonany. Ara-dalàna amin'ireo biby hamoahana zakàt avy amin'ireo sokajin'ny ondry ny karazana rehetra na lahy na vavy.

3-Eo amin'ny volamena sy ny volafotsy

Ferana ny maha-wadjib ny famoahana zakàt eo amin'ny volamena sy volafotsy arak'ireto fepetra manaraka ireto:

Voalohany: Ilaina ilay tompon'ny volamena sy ny volafotsy mba ho olona feno ara-taona sy ara-tsaina, ka noho izany, dia tsy wadjib ny

famoahana zakàt amin'ireo harena anankiroa ireo raha ny ankizy kely sy ny olona adala no tompony.

Faharoa: Ilaina mba ho ampy ny fikajiana, ary ny tsirairay amin'izy roa dia manana fikajiana anankiroa, ary tsy misy ny zakàt raha tsy ampy ilay fikajiana voalohany amin'izy anankiroa. Ary ny eo anelanelan'ny fikajiana anankiroa dia manaraka ny fikajiana teo alohany. Koa ny fikajiana ny volamena dia 15 “mith'qàl sway'rafiyane” avy eo miampy tsitelotelo “mith'qàl sway'rafiyane” izany.

Fa ny fikajiana ny volafotsy dia 105 “mith'qàl sway'rafiyane”, avy eo miampy tsi-raika ambin'ny roapolo tsi-raika ambin'ny roapolo “mith'qàl sway'rafiyane” hatrany hatrany.

Ny lanja izay wadjib amin'ny famoahana zakàt, eo amin'izy roa tsirairay dia ampahefan'ny iray ampahafolony (2,5%) eo ho eo, araka ny fahitan'ny As-sayed As-sistani (دام الله). Ny “mith'qàl” iray dia mitentina dimy grama eo ho eo.

Fahatelo: Ilaina ilay volamena sy ilay volafotsy mba ho manankery ankehitriny; fa raha efa lany andro dia tsy voatery ny mamoaaka zakàt. Tsy wadjib ihany koa ny famoahana zakàt amin'ny volamena na volafotsy natao ravaka, araka ny fahitan'ny As-sayed Al-khouï.

Fahafatra: Wadjib ny fahafenoany taona iray mikasika ny fampirimana azy. Fa izay nampiasaina nalohan'ny fahafenoan'ny taona dia tsy voatery hamoahana izany. Fa kosa ilaina ny fitandremana amin'ny fahafantarana fa efa tafiditra ny andro voalohany amin'ny ilay volana faha-12 izay maha-wadjib ny famoahana ny zakàt.

Ny zakàt ho an'ny volamena dia avoaka volamena tahaka azy ihany; ary torak'izany ihany koa ny volafotsy.

زَكَاةُ الْفِطْرَةِ

Zakàtoul-fitw'rah

Ny zakàtoul-fitw'rah dia ilay zakàt wadjib ny famoahana azy rehefa tsinana ny volana “chawwàl” amin'ny alin'ny “eidoul-fitw'r”. Ny zakàtoul-fitw'rah dia wadjib amin'ny silamo tsirairay, lahy sy vavy izay ampy taona, vory saina, manan-katao, eo an-tanàna izy na tsy eo.

186: Ny fetran'ny “zakàtoul-fitw'rah” izay avoaka isaky ny olona tsirairay dia milanja roa sy fahefan'ny kilao, amin'ireo karazan-tsakafo toy ny lafarinina, atrendry, vary...sns, araka ny voalazan'ireo manampahaizana sasany, fa ny hafa toa an'ny “As-sayed As-sistani” dia miteny fa ampy ny mamoka izany ho telo kilao.

M.187: Wadjib amin'ny loham-pianakaviana izay manao fandaniana amin'ireo ankohonany ny mamoka ny zakàt, ho an'ny olona tsirairay izay ao amin'ny ankohonany, na kely izany na lehibe, na lahy na vavy, na dia vahiny izay ao an-trano amin'ny alin'ny “eid” aza, raha toa natory tao an-tranon'izy ireo. Fa ny vahiny nandalo izay tsy natory kosa dia tsy wadjib hamoahana “zakàtoul-fitw'rah” ho azy. Torak'izany koa, wadjib amin'ilay loham-pianankaviana, ny mamoka zakàt ho an'ny ankohonany rehetra na eo an-toerana izy ireo na tsy eo.

Izay homena ilay zakat:

Araka ny tokony ho izy dia ilay mpitsara ara-pinoana ara-dalàna no mandray ny zakàt, ary mizara azy amin'izay olona mendrika. Nefa azo atao ho an'ny olona izay mahita ny tenany fa mahavita mamaritra ny olona mendrika omena zakàt, ny manome azy avy hatrany fa tsy mila miverina amin'ilay mpitsara Moudjtaheid ara-dalàna. Eny, fa ny fiverenana aminy mikasika ny fizarana izany no tena tsara indrindra. Ary ny tena zava-dehibe amin'izay handaniana ilay zakàtoul-fitw'rah dia ireto manaraka ireto:

1-Ireo mahantra

Ireo mahantra dia ireo olona tsy manana ny hanin-kohaniny mandritra ny taona iray na dia amin'ny fomba tsikelikely aza dia tsy ananany. Koa ny olona manana anton'asa izay mahazo karama isambolana dia tsy azo antsoina mahantra, na dia tsy manana tahiry eo noho eo amin'ny sakafo hohaniny taona iray feno, satria vitany ny manao fandaniana ho an'ny tenany mandritra ny taona iray amin'ny alalan'ny karamany isambolana. Noho izany, ny mahantra dia olona izay tsy manana harena eo noho eo, na tsy manana fitadiavam-bola, ka lasa mianki-doha foana eo amin'ny fiainany.

M.188: Fantatra ny olona mahantra amin'ny toe-toetrany mivantana na koa amin'ny alalan'ny fanontaniana an'ireo olona izay mahalala azy atokisana ny fitenenany ny marina.

2-Amin'ny làlan'i Allah na “sabîli-LLAH”

Ny atao hoe “sabîli-LLAH” dia ny zava-drehetra izay hahazoan'ny be sy ny maro tombontsoa, toy ny fanamboarana tetezana, ny làlana ny hopitaly, ...sns amin'ireo tetik'asa ara-pahasalamana sy ara-kolontsaina ary ara-toe-karena.

3-4-Ny mpanao dia lavitra lany vatsy sy ny olona ananan'olona trosa

Azo omena ny zakàt ny mpanao dia lavitra lany vatsy izay antsoina hoe “ibnous-sabîl, raha toa ka lany izay eo am-pelatanany sy ny harenany ary tsy manana na inona na inona eo aminy mba hiverenany any toerana niaviany, ary koa tsy mahavita mahazo harena amin'ny alalan'ny trosa na mivarotra ny ampahany amin'ny harenany eo am-pelatanany na any amin'ny toerana niaviany; ary ilaina ny dia lavitra nataony dia tsy nohon'ny antony haràm. Na dia olona manam-bola aza izy any amin'ny toerana misy azy, nefa tsy misy hevitra mba hahazoany izany, dia azo

omena azy ny zakàt izay ampy hahatongavany any amin'ny toerana niaviany.

Torak'izany koa, dia azo omena ny zakàt ny olona izay ananan'olona trosa, mba hahafahany mandoa ny trosany, raha toa ka izany harena notrosainy izany dia nampiasainy tamin'ny fomba ara-dalàna.

Ireo fepetra takiana amin'ny olona mendrika homena ny zakàt:

Ferana mba ho feno amin'ilay olona mendrika homena ny zakàt, ireto fepetra manaraka ireto:

-Ny imàne: izany mba ho silamo izay mino ireo mpitarika masina roa ambiny folo avy amin'ny taranaky ny Mpaminany (s.a.w);

-Mba tsy olona mampiasa amin'ny fomba haràm ilay harena azony, tahaky ny fisotroana toaka, na filokana, ary torak'izany koa, mba tsy olona mpamela ny swalàt, na mpanao fahotana miharihary no omena azy.

-Mba tsy ho olona avy amin'ny taranak'i Hachim, ary izy ireo dia ireo sayed izay avy amin'ny taranak'ilay Irak'i Allah, na koa ireo izay avy amin'ny taranak'ireo razamben'ilay Iraka ka miafara amin'i Hachim, raha toa ka ilay mpanome ny zakàt dia tsy avy amin'ny taranak'i Hachim. Fa raha avy amin'ny taranak'i Hachim kosa no mpanome ilay zakàt, amin'ny olona mitovy karazana aminy dia azony atao tsara ny mandray izany.

-Tsy tokony ho ray, na reny, na zanaka na vady, no omena ny zakàt noho izy ireo efa adidin'ilay loham-pianakaviana ny famelomana azy ire, tsy ilàna tambiny. Marina tokoa fa, tsy azo atao ny manome ny zakàt wadjib ho an'ny olona izay mbola andraikitry ny tena ny mamelona azy, raha ohatra ka ny fanomezana azy ireo izany no mba hahafahan'izy ireo mamelontena. Fa raha zavatra hafa no antony hanomezana ho azy ireo ny zakàt, izay tsy adidin'ilay olona mpamelona ny manatanteraka izany toy ny fanefan'izy ireo trosa ohatra, marina dia marina tokoa fa, amin'izay

fotoana izay, dia azon'ny mpiantoka na ny mpamelona azy ireo atao ny manome an'ilay zakàt wadjib ho azy ireo mba ahafahan'izy ireo manefa ilay trosan'izy ireo.

الْخُمْسُ Al-khoums

Famaritana:

Ny “khoums” dia hetra mitentina 20%, alaina avy amin'ny fananan'ny olona eo amin'ny harena voatokana. Izany hetra izany dia wadjib raha feno aminy ireo fepetra mikasika azy. Ary wadjib amin'ilay olona iharan'ny didy mba ho feno taona sy vory saina, matotra, ary manana fahafahana amin'ny fampiasany ilay harena, tahaka ny hita tany aloha tamin'ireo fepetran'ny maha-wadjib ny zakàt.

Ny khoums dia fanompoana izay wadjib eo aminy ny fanaovana fikasana, amin'ny fanatanterahana ny didin'i Allah, ka ny fomba fanaovana an'ilay fikasana dia toy izao:

"أُعْطِي هَذَا الْمَالَ خُمْسًا قُرْبَةً إِلَى اللَّهِ تَعَالَى".

“Izaho dia manome ity harena ity ho “khoums”, mba hanatanteraka ny didin'i Allah Ilay Avo Indrindra”.

Izay harena wadjib aminy ny famoahana khoums:

Wadjib ny khoums eo amin'ny zavatra maromaro, fa ny tena zava-dehibe dia ireto manaraka ireto:

1-Ireo harena voajanahary izay novokarina amin'ny tany, na dia avy ety an-tanety izany na avy any an-dranomasina. Koa ireto avy izany:

a-Ireo harena an-kibon'ny tany toy ny volamena, solitany, sira, vatosoa sahala amin'ny diamondra, vatosoa maitso¹, vatosoa manga² ...sns, ary ilay harena navoaka dia tokony hitentina farafaharatsiny 20 dinar amin'ny volamena, mba ho wadjib ny famoahana ilay khoums eo amin'io harena io. Koa noho izany dia tsy wadjib ny famoahana ny khoums raha mitentina latsak'izany fetra izany ilay harena.

b-Izay harena voatahiry ambany tany ka tsy fantatra ny silamo izay tompony, na ilay tompony silamo dia efa ela ka tsy fantatra intsony ny taranany. Ary wadjib mba ho ampy 4 dinar ilay harena vao wadjib ny famoahana khoums. Koa noho izany dia tsy wadjib ny famoahana ny khoums raha mitentina latsak'izany fetra izany ilay harena.

d-Izay harena azo avy any an-dranomasina, izay azo avy amin'ny alalan'ny fisitrihana anaty rano fa tsy anisan'ny biby, toy ny “perle”, dingadingana, spaonjy ...sns. Ary ireo harena azo avy an-dranomasina ireo dia tsy manam-petra voafaritra, koa noho izany dia wadjib famoahana ny khoums amin'ilay harena azo dia kely aza.

2-Ny harena halàl mifangaro amin'ny harena haràm, ary izany dia ny harena halàl izay mifangaro amin'ny harena haràm toy ny vidina toaka, ny vidina biby maty ho azy, na vidin'ny fitaovana filokana na lamozika, na koa zana-bola ...sns, amin'ireo karazana tombom-barotra haràm. Koa raha tsy fantatry ny silamo ny fetran'ilay haràm, ary tsy hainy ihany koa ny tompony mba hahafahany mamerina izany, dia amin'izay fotoana izay, wadjib aminy, ny mamoaaka ny khoums amin'io harena io, mba ho lasa halàl ka ahazoany alalana ny mampiasa azy avy eo.

3-Ireo tombom-barotra, ary izany dia zavatra rehetra izay ahazoan'ny olona tombontsoa amin'ny fomba ara-dalàna, toy ny varotra na ny fambolena na ny fanomezana maimaim-poana ...sns. Marina tokoa

¹Emeraude

²Saphir

fa tokony hametra andro iray manokana isan-taona ny olona, ka izany andro izany no antsoina hoe: “lohataona”, mba ahafahany mijery ny tombontsoa azony tamin’ily harena izay tavela eo am-pelatanany taorian’ny fanesorana ny fandaniaha halàl rehetra nataony nandritry ny taona, sy ny fanesorany ny fandaniaha tamin’ny varotra, na fambolena nataony. Koa ny harena rehetra sisa tavela eo aminy amin’ireo harena hitamaso, na vola izay tsy nilainy no sady tsy nampiasainy tamin’ny fiainany nandritry ny taona lasa, dia wadjib ny famoahana ny khoums amin’izany harena izany.

Ary izany resaka izany dia misy fanazavana maromaro, fa tsy ilaina resahina eto raha toa ka ny olona iharan’ny didy no tsy maintsy miverina amin’ireo olona manam-pahaizana amin’ny “dini” mba hanazava azy mikasika izany bebe kokoa.

M.189: Tsy wadjib hamoahana “khoums” ny harena izay nolovain’ny olona amin’ny havany, afa-tsy ny fandovàna ny lova tsy nampoizina amin’ny olona Havana akaiky izay tsy nieritreritra ny handova azy. Tahak’izany koa, tsy wadjib amin’ny vehivavy ny mamoaaka khoums avy amin’ny vodiondry izay azony tamin’ny vadiny.

Izay homena ny khoums

Ny khoms izay avoaka amin’ireo harena ananantsika dia zaraina roa:

1-“Sahmoul-Imàm” (a.s) na anjaran’ny Imàm

Ny fetran’ily anjaran’ny Imàm dia 10%, omena an’ily manam-pahaizana mpanao ny rariny, ka ampiasainy amin’ireo raharaham-bahoaka isankarazany, toy ny fikarakarana ireo mahantra, na ireo tetik’asa tsara ara-pahasalamana, ara-kolontsaina, na ny ara-pinoana...sns, fa tsy azon’ny olona atao mihitsy ny mampiasa io harena io raha tsy nahazoana alalana avy amin’ily moudj’tahid mpanao ny rariny.

2-“Sahmous-sàdah”, ary izany dia ampiasaina ho an’ireo mahantra sy ireo kamboty mahatra sy ireo mpanao dia lavitra lany vatsy eny andalana avy amin’ireo sayed taranak’i Hachim sy ireo taranak’ily Mpaminany (s.a.w). Izany anjara izany dia azontsika atao ny manome mivantana ho an’izay atokisantsika fa mendrika omena izany amin’ireo taranak’i Hachim, ka tsy voatery maka alàlana amin’ily mpitsara aradalana; na dia izany aza no tena tsara kokoa.

M.190: Ireny fepetra izay nolazaintsika fa wadjib ny fahafenoan’ireo fepetra ireo amin’ily olona mendrika omena ilay zakat ireny, dia mbola ireny ihany koa no wadjib mba ho feno amin’ny olona izay omena ilay khoums, afa-tsy ny fepetra iray fotsiny dia ny: “tsy maninona raha olona tsy taranak’i Hachim no manome khoums ho an’ny taranak’i Hachim”.

الأمرُ بِالْمَعْرُوفِ وَ النَّهْيِ عَنِ الْمُنْكَرِ

Al-am’rou bil-ma’enrouf wan-na’h’you anil-moun’kar

Famporisihana amin’ny tsara sy fandrarana amin’ny ratsy

Anisan’ny adidy lehibe ao anatin’ny finoana islam ny famporisihana amin’ny tsara sy ny fandrarana amin’ny ratsy. Hoy indrindra i Allah manao hoe:

"وَلْتَكُنْ مِنْكُمْ أُمَّةٌ يَدْعُونَ إِلَى الْخَيْرِ وَيَأْمُرُونَ بِالْمَعْرُوفِ وَيَنْهَوْنَ عَنِ الْمُنْكَرِ وَأُولَئِكَ هُمُ الْمُفْلِحُونَ".

“Ary misia ny sasany aminareo ho anisan’ny vahoaka hiantso ny hafa, amin’ny hatsarana, ka hamporisika ny olona amin’ny tsara, ary mandrara azy amin’ny ratsy, ary izy ireo no ho avotra”¹.

وقال النبي (ص) : "كَيْفَ بِكُمْ إِذَا فَسَدَتْ نِسَاؤُكُمْ، وَفَسَقَ سَبَابُكُمْ، وَلَمْ تَأْمُرُوا بِالْمَعْرُوفِ وَلَمْ تَنْهَوْا عَنِ الْمُنْكَرِ

فَقِيلَ لَهُ : وَيَكُونُ ذَلِكَ يَا رَسُولَ اللَّهِ؟

قال (ص) : نَعَمْ.

فقال : كَيْفَ بِكُمْ إِذَا أَمَرْتُمْ بِالْمُنْكَرِ، وَنَهَيْتُمْ عَنِ الْمَعْرُوفِ

فَقِيلَ لَهُ : يَا رَسُولَ اللَّهِ (ص) وَيَكُونُ ذَلِكَ؟

فَقَالَ : نَعَمْ وَشَرٌّ مِنْ ذَلِكَ كَيْفَ بِكُمْ إِذَا رَأَيْتُمُ الْمَعْرُوفَ مُنْكَرًا وَالْمُنْكَرَ

مَعْرُوفًا؟²

Niteny ny Mpaminany (s.a.w) manao hoe: “manao ahoana ianareo raha ho simba ny vehivavinareo, miharatsy ny tanoranareo amin’ny fanoherana an’i Allah, ary tsy mamporisika amin’ny tsara no sady tsy mandrara amin’ny ratsy.

Koa nisy nanontany Azy (s.a.w) nanao hoe: moa ve hisy izany, ry Irak’i Allah?

Namaly Izy (s.a.w): Eny.

Ary mbola niteny ihany koa Izy (s.a.w), nanao hoe: manao ahoana raha toa ka mibaiko ny olona amin’ily haratsiana ianareo ary mandrara amin’ily hatsarana.

¹ Sourat al-Imra’n ayat 104

² منهاج الصالحين: الجزء الأول للسيد الخوني، ص350

Fa mbola nisy nanontany Azy (s.a.w) ihany hoe: ry Irak'i Allah, moa ve mbola hisy izany?

Namaly Izy (s.a.w) hoe: Eny fa ny ratsy mihoatra izany aza, dia manao ahoana ianareo raha mahita ilay tsara ho ratsy, ary ilay ratsy ho tsara?"

Voaray avy amin'ny hadith izay milaza hoe: “Marina dia marina fa ny famporisihana amin'ny tsara no manangana ireo adidy sy miteraka fandriam-pahalemana eny an-dàlana ary hahatonga ny maha-ara-dalàna ny tombom-barotra, manakana ny tsindrihazolena, mamelona ny tany, mamerina ny zon'ny voageja amin'ilay mpanageja, ho tavela hatrany ao anatin'ny fahasambarana ny fiaraha-monina raha manjaka ny famporisihana amin'ny tsara sy fandrarana amin'ny ratsy ary ny fifanampiana amin'ny hatsarana. Fa raha tsy misy manatanteraka ireo voalaza ireo, dia ho hesorina amin'ireo olombelona ny fahasoavana ka lasa manjakazaka amin'ny hafa ny sasany, ary tsy misy hanampy azy ireo na eto an-tany na any an-danitra”¹.

Famaritana:

Wadjib amin'ny silamo tsirairay iharan'ny didy izay mahafeno ireo fepetra izay mbola holazaina etsy ambany, ny mamporiska amin'ny tsara amin'ireny lalàna izay nandidian'i Allah an'ireo silamo, ary koa mandrara amin'ny ratsy amin'ireny asa ratsy izay nandraran'i Allah azy ireo. Eny, fa tsy ampy ny fanatanterahantsika fotsiny ny wadjib sy famelana ny haràm, fa kosa ilaina isika mba hiantso ny hafa amin'ilay lalan'ny fahitsiana sy ny fahamarinana, ary mitari-dàlana azy ireo amin'izany. Izany moa dia adidy sy andraikitra lehibe amintsika manoloana ireo rahalahintsika.

¹ Miverena any amin'ilay boky voalaza teo aloha.

M.191: Ny famporisihana amin’ny tsara sy ny fandrarana amin’ny ratsy eo anatrehan’ny finoana islam dia **وَاجِبٌ كِفَائِي** “wadjib kifâr”. Ny antsoina hoe “wadjib kifâr” dia ilay adidy izay wadjib amin’ny silamo rehetra fa kosa rehefa misy ny iray amin’ny mpino no nanatanteraka azy dia afaka adidy ireo mpino hafa. Fa raha tsy misy na dia iray aza no nanatanteraka izany dia ny rehetra no mahazo fahotana, ka mendrika ny hahazo ny sazin’i Allah.

Raha ilay adidy no moustahab dia ny fanaovana azy koa moustahab. Noho izany, rehefa misy manatanteraka izany dia mendrika azy ny fahasoavan’i Allah, fa raha tsy misy kosa ny manatanteraka dia tsy mahazo fahotana no sady tsy hahazo sazy.

Ireo fepetran’ny al-am’rou bil-ma’enrouf wan-naḥ’you anil-moun’kar

Wadjib amin’ny olona izay mamporisika amin’ny tsara sy mandrara amin’ny ratsy ny mahafeno ireto fepetra manaraka ireto:

1-Ny fahafantarana ny tsara sy ny ratsy

Ilaina mba hanana fahalalana mikasika ny hatsarana na ny haratsiana ny olona izay te hananatra sy te handrara amin’izany ary mahay manavaka azy ireo. Koa noho izany, ny olona izay mbola tsy mahay manavaka ny tsara sy ny ratsy dia tsy wadjib aminy ny manao ny iray amin’ireo noho izany tsy fahampian’ny fahalalana eo aminy izany, fa wadjib aminy ny mianatra ireo trangan-javatra izay matetika mitranga aminy eo amin’ny fiainany, ka avy eo vao afaka mamporisika na mandrara ny hafa amin’izany.

2-Fananana fanantenana

Ilaina mba hanana fanantenana ny mpananatra fa ilay fananarana izay ataony dia hanova sy hampisy tombontsoa amin’ily olona izay

hanariny. Raha mahalala anefa ilay mpananatra fa ny olona izay hanariny dia olona tsy miraharaha mikasika ny finoana, ary koa tsy hanova azy mihitsy ilay fananarana atao aminy, amin'izay fotoana izay dia tsy wadjib aminy ny mananatra azy amin'ny tsara.

3-Fahatokisana amin'ny tsy hisian'ny voka-dratsy

Ilaina izany mba tsy hisy fihantraikany ratsy avy amin'ilay olona hanarina manoloana ilay mpananatra sy ny manodidina azy. Ohatra amin'izany, raha toa ka matahotra ilay mpananatra fa sao dia halain'ny olona hanariny baràka izy na ampjaliany amin'ny kapoka, na mandravarava ny harenany, na koa mampahory ireo fianankaviany...sns, fa raha ny toy izany no atahorany dia tsy wadjib aminy ny mamporisika amin'ny tsara sy ny mandrara amin'ny ratsy, raha tsy hoe, amin'ireo tranga izay ny fananarana amin'ny tsara sy fanakanana amin'ny ratsy dia zava-dehibe na manan-danja mihoatra ny fiarovan-tena.

Ireo fitaovana entina mamporisika amin'ny tsara sy ny mandrara amin'ny ratsy

Misy ireo fitaovana izay nofaritan'ny finoana islam mba ho entina mananatra sy mandrara, ka tsy azo lavina mihitsy izy ireo, dia ireto avy izany:

a-Fanehoana ny tsy fankahasitrahana amin'ny alalan'ny fo

Rehefa mahita zavatra tsy mety ny silamo iray dia wadjib aminy ny maneho fihetsika feno tsy fankahasitrahana ao am-pony, ary asehony ilay fanoherana amin'ny endrika ety ivelany.

b-Fanehoana ny tsy fankahasitrahana amin'ny alalan'ny lela

Rehefa mahita zavatra tsy mety ny silamo iray dia wadjib aminy ny manambara amin'ilay olona nanao izany, fa ny zavatra nataony dia

voarara ohatra, ary mananatra sy mampatahotra azy an'i Allah, ka mampahatsiahy azy an'ireo sazy nomanina ho an'ireo mpanohitra amin'ny andro farany, sy ireo valisoa ho an'ny mpankato, ary manazava aminy ny voka-dratsin'ny fihetsika nataony eo aminy sy ny fiaraha-monina. Fa ny fomba tsara indrindra atao dia ny mampiasa amin'ny ambaratonga ilay fananarana izay atomboka amin'ny teny malefaka sy malemy indrindra ka hatramin'ny teny mahery ary miafara amin'ny fitenenana mafy, saingy mila fitandremana izany rehetra izany, mba hanaraka fomba mahomby izay mety hanakana ilay olona amin'ilay fahaverezany sy ilay toetra ratsy hananany.

d-Fanehoana ny tsy fankahasitrahana amin'ny alalan'ny tanana

Ity fomba ankiray ity dia wadjib aorian'ny tsy fahombiazan'ny fampiharana ireo fomba anankiroa voalaza tetsy ambony. Raha tsy nahazoana tombontsoa ny fanehoana ny tsy fankahasitrahana tamin'ny alalan'ny fo sy tamin'ny alalan'ny lela, dia wadjib ny mampiasa ny tanana, raha ohatra ka misy vokatsua ny fampiasana izany. Ny kapoka izay atao dia tokony handeha amin'ny ambaratonga, ary atomboka amin'ny malefaka indrindra, ka mihamafy hatrany hatrany. Nefa ilàna fitandremana izany mba ho tratra ny tanjona amin'ny fampahitsiana azy.

Tsy azo atao ny mikapoka azy mafy raha ampy aminy ny malefaka, fa ny kapoka farany mafy azo atao kosa dia tsy tokony handratra ny nofony na hanapaka ny taolany.

Tena marina fa ny famporisihana amin'ny tsara dia anisan'ny adidy lehibe izay nandidian'i Allah antsika, arak'izany dia tokony hitandrina aloha isika amin'ny tenantsika ka miezaka manadio azy, manala azy amin'ny fahabangana sy ny baràka. Avy eo, dia mitodika amin'ireo havana sy fianakaviana mba hanoro lalana azy ireo amin'ny fahitsiana mialohan'ny hafa, ary miantso ny olon-drehetra tsy ankanavaka mba hitodi-doha amin'i Allah. Hamafisina, fa raha tsy miara-mitsangana

amin'ny fanatanterahana ity wadjib ity isika, dia tsy maintsy hanjakazakan'ireo olon-dratsy, ary amin'izay fotoana izay, dia sarotra mihitsy ny manangana ny fiaraha-monina silamo vanona izay hanjakan'ny fahamarinana sy fahasambarana.

Hatreto dia mifarana ny zavatra tianay resahina mikasika ireo “inbàdàte” na ireo lalàn'ny fanompoana, ary tohizana manaraka izany ireo “mouamalàte” na ireo lalànan'ny asa fifampiraharana .

القِسْمُ الثَّانِي

Fizarana faharoa

أَحْكَامُ الْمُعَامَلَاتِ

Ireo lalàna mikasika ireo asa fifampiraharana

الْمَكَايِبُ الْمُحَرَّمَةُ وَأَحْكَامُ الْوَدِيعَةِ
وَالِاسْتِعَارَةُ وَاللُّقْطَةُ

**Ireo tombom-barotra haràm sy ireo lalànan'ny fametrahan'antoka
sy ny findramana ary ny zavatra hita eny an-dàlana.**

الْمَحْرَمَاتُ

Ireo zavatra haràm

Fampidirana:

Ireo zavatra haràm dia ireo fihetsika rehetra na fitenenana izay nodidian'i Allah antsika ny mamela azy, ary nampitandrina Izy amin'ny saziny nohon'ny fanaovana izany. Misy fizarana roa izy ireo:

Voalohany: ireo izay misy fifandraisana amin'ny zavatra voarara amin'ny lafiny fihetsika na amin'ny lafiny fitenenana; izay tsy misy fifandraisana mihitsy amin'ny varotra. Izany no antsoina hoe: “al-mafàsìd” المفاسد na kolikoly.

Faharoa: ireo izay misy fifandraisana amin'ny varotra, izay antsoina hoe: “al-makàsiboul-mouharramah” الْمَكَايِبُ الْمُحْرَمَةُ na ireo tombom-barotra haràm.

الْمَفَاسِدِ

Al-mafàsìd

Ny “mafàsìd” na kolikoly dia miseho amin'ny fomba maromaro, fa eto dia ny vitsivitsy ihany no holazaina:

1-Ny lainga الْكُذْبُ

Ny antsoina hoe lainga dia fanambarana fisehoan-javatra izay tsy nitranga ary ilay mpitantara dia mahafantatra tsara ny tsy fitrangany. Koa izany lainga izany dia “haràm” na voarara, na dia natao am-pahamatorana na sangisangy, noho izany, dia tsy azo atao mihitsy ny mandainga araka ny mahazatra. Hoy indrindra i Allah hoe:

”إِنَّ اللَّهَ لَا يَهْدِي مَنْ هُوَ مُسْرِفٌ كَذَّابٌ“¹.

Dikany: “Marina dia marina fa i Allah dia tsy manitsy izay mpandainga tafahoatra”.

Niteny Al-Imàm Al-Bakir (a.s) nanao hoe:

”إِنَّ اللَّهَ جَعَلَ لِلشَّرِّ أَقْفَالًا ، وَجَعَلَ مَفَاتِيحَ تِلْكَ الْأَقْفَالِ الشَّرَّابَ ، وَالْكَذِبُ شَرُّ
مِنَ الشَّرَّابِ“².

Dikany: “Marina tokoa fa i Allah dia nametraka gadana ho an’ily haratsiana, ary ny fisotroan-toaka no nataony ho fanalahidin’ireo gadana ireo, kanefa ny lainga dia tena ratsy mihoatra ny fisotroan-toaka”.

M.192: Azo atao ny mandainga eo anatrehan’ireo olona anankiroa miady mba hampihavana azy ireo. Torak’izany koa, azo atao ny mandainga manoloana ny olona mpanageja izay mila hanao ratsy amin’ny tena; fa kosa isaky ny iray amin’ireo tranga anankiroa ireo, dia ilaina ny mamintina ny lainga atao arak’izay takiana. Tsy haràm ny tsy fahatanterahan’ny fampanantenana, raha tsy hoe ilay olona no efa nanana fikasana ny tsy hanatanteraka izany, tamin’ny fotoana ny fampanantenana, satria amin’izay fotoana dia tafiditra amin’ny lainga izay haràm.

2-Ny fifosana ^{الغَيْبَةُ}

Ny antsoina hoe fifosana dia fanambarana ny kilema miafina misy amin’ny mpino namana nefa izy tsy mankasitraka ny fanambarana sy fitenenana izany amin’ny fotoana ny tsy maha-eo azy, na dia kilema arabatana aza izany; ohatra toy ny fitenenana azy ho voan’ny raboka na “tuberculose” ...sns, na kilema ara-panahy, toy ny fitenenana azy ho olona be fiahiahiana, na kilema ara-pinoana, ohatra ny filazana azy ho tsy

¹سورة غافر، 28.

²الكافي .

mpanao swalât, na kilema ara-piainana toy ny fitenenana fa mahantra tsy manana lamba hitafiany izy, na fanambarana ny kilemany mikasika ny asany na ny vadiny na ny zanany ...sns amin'ireo kilema izay tsy mahafaly ny tompony ny filazana azy. Izany resaka rehetra izany dia raha ohatra ka ilay mpino no tsy mampiharihary ny fanaovany an' ilay fahotana. Fa izay mampiharihary ny fanoherany an' Andriamanitra sy ny fanaovana fahotana, tena marina fa azo atao ny mifosa azy, na dia ireny fahotana tsy ataony miharihary ireny aza.

Anisan'ny porofo lehibe, mandrara amin'ny fifosana dia ilay tenin'i Allah ao amin'ny "souratoul-houdjourâte", andininy faha-12 manao hoe:

"... وَلَا تَجَسَّسُوا وَلَا يَغْتَبَّ بَعْضُكُم بَعْضًا أَيُحِبُّ أَحَدُكُمْ أَنْ يَأْكُلَ لَحْمَ أَخِيهِ مَيْتًا فَكَرِهْتُمُوهُ...".

Dikany : "...Aoka tsy hitsikilo olona ianareo, na hifampifosafosa ianareo samy ianareo, moa ve tian'ny iray aminareo ny hihinana ny nofon'ny rahalahiny efa maty, halanareo ve izany?"¹

Niteny ny Mpaminany (s.a.w) nanao hoe:

"مَنْ اغْتَابَ عِنْدَهُ أَخُوهُ الْمُؤْمِنُ وَهُوَ يَسْتَطِيعُ نَصْرَهُ فَنَصْرَهُ، نَصْرَهُ اللَّهُ فِي الدُّنْيَا وَالْآخِرَةِ، وَمَنْ خَدَلَهُ وَهُوَ يَسْتَطِيعُ نَصْرَهُ خَدَلَهُ اللَّهُ فِي الدُّنْيَا وَالْآخِرَةِ".

Dikany : "Izay nifosaina ny namany mpino teo anatrehany, kanefa izy mahavita miaro azy, ka niaro azy izy, dia ho harovan'i Allah izy eto an-tany sy amin'ny andro farany. Fa izay namela azy ho afa-baraka, kanefa vitany ny miaro azy, dia alain'i Allah baraka ihany koa izy eto an-tany sy amin'ny andro farany"².

¹ Souratoul-houdjrâte 49 :12

² Jereo amin'ny boky: "الذنوب الكبيرة، الجزء الثاني" p.275

3-Fanaovana tsinontsinona ny mpino إِهَانَةُ الْمُؤْمِنِ

Izany dia fampijaliana ny mpino eo anatrehany amin'ny alalan'ny fitenenana, toy ny fanevatevana, fananihaniana, na koa amin'ny alalan'ny fihetsika toy ny kapoka, na amin'ny fihetsika rehetra izay maneho fanaovana tsinontsinona azy, ka mampijaly azy.

Niteny Al-Imàm Al-Swàdiq (a.s) nanao hoe:

"مَنْ حَقَّرَ مُؤْمِنًا مَسْكِينًا أَوْ غَيْرَ مَسْكِينٍ، لَمْ يَزَلِ اللَّهُ حَاقِرًا لَهُ مَا قَتَا حَتَّى يَرْجِعَ عَنْ مَحَقَّرَتِهِ إِيَّاهُ"¹.

Dikany : “Ny olona izay nanambany ny mpino iray mahantra na tsy mahantra, i Allah dia manambany azy mandrakariva ary mankahala azy mandra-pialany amin’io fanambanimbany io”.

Misy tenin’i Allah ao amin’ny “hadith quodsi” حَدِيثٌ قُدْسِيّ milaza nanao hoe:

" مَنْ أَهَانَ لِي وَلِيًّا فَقَدْ أَرْصَدَ لِمُحَارَبَتِي، وَأَنَا أَسْرَعُ شَيْءٍ إِلَى نُصْرَةِ أَوْلِيَائِي". -الكافي -

Dikany : “Ny olona izay manambanimbany ny sakaizako dia efa niomana miady Amiko izy, ary Izaho dia tena haingana indrindra amin’ny fanavotana ny sakaizako”.

Jereo ireo hadith ireo ao amin’ny boky "اصول الكافي", hadith voaray avy amin’i Al-Imàm Dja’enfar Al-Swàdiq (a.s)

¹الكافي -

4-Ny fialonana الحَسَدُ

Ny atao hoe fialonana dia fanirian'ny olona mba hialan'ily fahasoavana izay iainan'ny mpino rahalahiny, na koa fiezahany amin'ny fanesorany ilay fahasoavana amin'ny alalan'ny fitaka na fankahalana nohon'ny antony fialonana. Ary izany moa dia anisan'ireo fahotana lehibe. Hoy indrindra ny Al-Imàm As-Swàdiq (a.s) manao hoe:

"أُصُولُ الْكُفْرِ ثَلَاثَةٌ : الْحِرْصُ وَ الْإِسْتِكْبَارُ وَ الْحَسَدُ."

Dikany: “Ny fototry ny fanoherana an'i Allah dia avy amin'ny zavatra telo: ny fitsiriritana sy ny fanambonian-tena ary ny fialonana”.

Misy hadith voaray avy taminy (a.s) ihany koa manao hoe:

"إِنَّ الْحَسَدَ يَأْكُلُ الْإِيمَانَ كَمَا تَأْكُلُ النَّارُ الْحَطَبَ." (أصول الكافي)

Dikany: “Ny fialonana dia mihinana ny fananam-pinoana - na ny “imàne” -, tahaka ny afo mihinana ny kitay”¹.

5-Ny fampijaliana ny ray aman-dreny الْعُقُوقُ الْوَالِدَيْنِ

Izany dia ny fanaovan-dratsy ny iray amin'ireo ray aman-dreny izay miteraka fijaliana ho azy ireo, avy amin'ny fanaovana teny mahery na fanevatevana na kapoka na ny fanapahana ny fifandraisana amin'izy ireo ...sns.

Noho izany, dia wadjib amin'ny olona mpino ny manao soa sy mamindraho azy ireo ary tsy mampijaly azy ireo. Tokony hankatoavina ny ray aman-dreny amin'ny zavatra rehetra izay tsy miteraka ny fahatezeran'i Allah.

¹ Jereo amin'ny boky: "الذنوب الكبيرة، الجزء الثاني" p.308

Misy hadith iray izay voaray avy tamin'ny Mpaminany (s.a.w) manao hoe:

"إِنَّ أَكْبَرَ الْكِبَائِرِ الشَّرْكَ بِاللهِ وَ عُقُوقُ الْوَالِدَيْنِ."

Dikany : “Marina tokoa fa ny tena fahotana lehibe indrindra dia ny fanakambanana an’i Allah amin’ny zavatra hafa sy ny fampijaliana ny ray aman-dreny”.

Voaray ihany koa avy tamin’ny Al-Imàm As-Swàdiq (a.s) manao hoe:

"مَلْعُونٌ مَلْعُونٌ مَنْ ضَرَبَ وَالِدَيْهِ، مَلْعُونٌ مَلْعُونٌ مَنْ عَقَّ وَالِدَيْهِ."

Dikany: “Voahozona dia voahozona ny olona izay nikapoka ny ray aman-dreniny, voahozona dia voahozona izay nampijaly ny ray aman-dreniny”¹.

6-Fanapahana ny fifandraisana amin’ny havana قَطْعُ الرَّحْمِ

Anisan’ny fahotana lehibe ny fanapahana ny fifandraisana amin’ireo havana tena akaiky, sy ny tsy famangiana azy ireo ary ny tsy fifandraisana amin’izy ireo na dia lavitra aza no misy azy, kanefa izy dia manana fahafahana mifandray amin’izy ireo. Noho izany dia tsy azon’ny silamo atao mihitsy ny mifahavalo amin’ireo havany, na manapaka ny fifandraisana eo aminy, na dia tsy misy ny fifankahalana aza. Eny, wadjib aminy ny mifandray amin’izy ireo araka ny fomba mahazatra eo amin’ny samy olombelona. Ary ireo havana tena akaiky izay resahina eto dia: ny ray sy ny reny, ny raibe sy ny renibe, ny zanaka lahy sy vavy sy ny zanak’izy ireo, ny rahalahy sy ny anabavy sy ny zanak’izy ireo, anadahin-dreny sy ny rahavavin-dreny, ny rahalahan-dray sy ny anabavin-dray fa

¹ Jereo amin’ny boky: "الذنوب الكبيرة، الجزء الأول" p.138

tsy ny hafa ankoatr'ireo voatanisa ireo amin'ireo havana toy ny zanaky ny anabavin-dray sy ny zanaky ny rahalahan-dray, ary ny zanaky ny anadahin-dreny sy ny zanaky ny rahavavin-dreny ...sns amin'ireo Havana. Marina dia marina fa ny fifandraisana amin'ireo havana hafa ireo dia tsy wadjib.

Voalaza ao amin'ny hadith izao manaraka izao:

جَاءَ رَجُلٌ إِلَى النَّبِيِّ (ص) فَقَالَ: "أَيُّ الْأَعْمَالِ أَبْعَعُضُ إِلَى اللَّهِ؟

فَقَالَ (ص): الشَّرْكُ بِاللَّهِ،

قَالَ : ثُمَّ مَاذَا؟

فَقَالَ (ص): قَطِيعَةُ الرَّحْمِ.

قَالَ : ثُمَّ مَاذَا؟

فَقَالَ (ص): الْأَمْرُ بِالْمُنْكَرِ وَ النَّهْيُ عَنِ الْمَعْرُوفِ . -أصول الكافي-

Dikany : Nisy olona iray tonga tamin'ny Mpaminany (s.a.w), ka niteny hoe: “inona no fihetsika izay hankalahain'i Allah indrindra?

Namaly azy ny Mpaminany (s.a.w) hoe: ny fanakambanana an'i Allah amin'ny zavatra hafa.

Ary nanontany indray ilay olona hoe : dia inona ihany koa ?

Namaly azy ny Mpaminany (s.a.w) hoe: ny fanapahana ny fifandraisana amin'ny havana tena akaiky.

Ary mbola nanontany ihany koa izy hoe: avy eo inona ihany koa?

Dia namaly ny Mpaminany (s.a.w) hoe: ny mibaiko amin'ny fanaovana ratsy, sy ny mandrara amin'ny fanaovana tsara”¹.

رُوِيَ عَنِ الْإِمَامِ السَّجَّادِ (ع) قَوْلُهُ : إِيَّاكَ وَ مُصَاحِبَةَ الْقَاطِعِ لِرَحِمِهِ، فَإِنِّي وَجَدْتُهُ مُلْعُونًا فِي كِتَابِ اللَّهِ عَزَّ وَجَلَّ فِي ثَلَاثِ مَوَاضِعَ، قَالَ اللَّهُ عَزَّ وَجَلَّ:

" فَهَلْ عَسَيْتُمْ إِنْ تَوَلَّيْتُمْ أَنْ تُفْسِدُوا فِي الْأَرْضِ وَتُقَطِّعُوا أَرْحَامَكُمْ أُولَئِكَ الَّذِينَ لَعَنَهُمُ اللَّهُ فَأَصَمَّهُمْ وَأَعَمَّى أَبْصَارَهُمْ "

وَقَالَ اللَّهُ عَزَّ وَجَلَّ أَيْضًا: " وَالَّذِينَ يَنْقُضُونَ عَهْدَ اللَّهِ مِنْ بَعْدِ مِيثَاقِهِ وَيَقْطَعُونَ مَا أَمَرَ اللَّهُ بِهِ أَنْ يُوصَلَ وَيُفْسِدُونَ فِي الْأَرْضِ أُولَئِكَ لَهُمُ اللَّعْنَةُ وَلَهُمْ سُوءُ الدَّارِ "

وَقَالَ اللَّهُ عَزَّ وَجَلَّ أَيْضًا: " الَّذِينَ يَنْقُضُونَ عَهْدَ اللَّهِ مِنْ بَعْدِ مِيثَاقِهِ وَيَقْطَعُونَ مَا أَمَرَ اللَّهُ بِهِ أَنْ يُوصَلَ وَيُفْسِدُونَ فِي الْأَرْضِ أُولَئِكَ هُمُ الْخَاسِرُونَ "

Dikany:

Niteny ihany koa Al-Imàm As-Sadjàd (a.s) hoe: “Tandremono mihitsy, aza minamana amin’ny olona manapaka ny fifandraisana amin’ny havana, fa izaho dia nahita an’io olona io voahozona in-telo ao anatin’ny bokin’i Allah”.

“Moa ve raha mivily lâlana ianareo, dia tsy hanaparitaka fanimbana ety an-tany sy hanapaka fihavanana amin’ireo mpiray tam-po aminareo ? Izy Ireny no voaozon’i Allah, ka nataony marenina sy jamba”².

“Ireo izay mandika ny fifanekeny tamin’i Allah rehefa avy nanaiky izany, sy manapaka izay nodidian’i Allah mba hitambatra ary manimba ny eny ambonin’ny tany, dia ho voaozona sy hahazo ny fonenena ratsy”³.

¹ Jereo amin’ny boky: "الذنوب الكبيرة" p.159

² Sourat Mohammad 47:22-23

³ Souratour-raand 13:25

“Ireo izay mivadi-beliranovtamin’i Allah taorian’ny nilokalokana izany, sy manapaka izay nodidin’i Allah hifandray, sy mitarika fanimbana ety an-tany; izy ireo no ilay matiantoka”¹.

Ary miverena amin’ny fanazavan’ny manam-pahaizana mikasika ireo andininy ireo ao amin’ireo boky tafsir.

7-Ny vavolombelon’ny lainga شَهَادَةُ الزُّورِ

Anisan’ny fahotana lehibe ihany koa ny fijoroana vavolombelona amin’ny lainga, noho izany dia tsy azon’ny silamo atao mihitsy ny mijoro vavolombelona amin’ny zavatra tsy hitany no sady tsy fantany, na dia ao anatin’ny fahamarinana izy na tsia.

Voaray avy tamin’ny Al-Imàm Al-Swàdiq (a.s), nanao hoe:

”شَاهِدُ الزُّورِ لَا تَزُولُ قَدَمَاهُ حَتَّى تَجِبَ لَهُ النَّارَ.” - الكافي-

Dikany: “Ny mpijoro vavolombelon’ny lainga, dia tsy tsy afaka miala amin’ny toerana misy azy ireo faladian-tongony anankiroa mandrapahatratrarany afobe azy”.

Niteny koa ny Mpaminany (s.a.w) nanao hoe:

” لَا يَنْقُضِي كَلَامُ شَاهِدِ الزُّورِ مِنْ يَدِي الْحَاكِمِ حَتَّى يَتَّبِعُوا مَقْعَدَهُ مِنَ النَّارِ ”.

Dikany: “Mbola tsy tapitra ny tenin’ily mpijoro vavolombelon’ny lainga eo anatrehan’ny mpitsara, mandra-piomanany ny toerany ao amin’ily afobe”².

¹ Souratoul-baqarah 2:27

² Jereo amin’ny boky: "الذنوب الكبيرة، الجزء الأول" p.317

8-Ny fanambonian-tena التَّكْبِيرُ

Izany dia ny fahitan'ny olona ny tenany ho manam-boninahitra mihoatra ny mpino rahalahiny, ka mahatonga azy manao fihetsika maneho fizahozahoana sy fanambonian-tena.

Ohatra: manambony tena amin'ny fomba fipetraka, na amin'ny fomba firesaka, na ny famangiana ny hafa ... sns, amin'ireo fihetsika izay maneho fanambonian-tena.

Niteny Al-Imàm Al-Bàqir (a.s) hoe:

” الْكِبْرُ رِذَاءُ اللَّهِ وَالْمُتَكَبِّرُ يُنَازِعُ اللَّهَ رِذَاءَهُ ” . - الكافي-

Dikany: “Ny fanambonian-tena dia firakotr'i Allah, ka ny olona manambony tena dia mifaninana amin'i Allah amin'ilay firakotran'ny”.

Marina dia marina fa ny olona izay manambony tena, amin'ny fotoana hanamboniany ny tenany dia manadino tanteraka ny maha-andevon'i Allah azy, tsy tsaroany intsony fa ny zava-drehetra izay hananany dia avy amin'i Allah, mihevitra anefa izy fa izany dia avy aminy samirery, ka mahatonga azy lasa miteny tahaka an'i Firaona nilaza hoe : izaho no lehibe indrindra, izaho ilay avo indrindra, izaho ohatr'izao ... sns; koa farany dia mahita ny tenany ho mpifanandrina amin'i Allah sy misandoka ho Tompo. Sanatravina anie izany!

Ary niteny Al-Imàm As-Swàdiq (a.s) nanao hoe:

” إِنَّ فِي جَهَنَّمَ لَوَادِيًّا لِلْمُتَكَبِّرِينَ يُقَالُ لَهُ سَقْرٌ ، شَكَا إِلَى اللَّهِ عَزَّوَجَلَّ شِدَّةَ حَرِّهِ ، وَسَأَلَهُ أَنْ يَأْذَنَ لَهُ أَنْ يَنْفَسَ ، فَتَنَفَّسَ فَأَحْرَقَ جَهَنَّمَ ” . - الكافي-

Dikany: “Ao anatin'ny gehena dia misy lohasaha ho an'ireo mpanambony tena antsoina hoe “saqar”, nitaraina tamin'i Allah Ilay be Voninahitra io lohasaha io nohon'ny hafanany tafahoatra, ary nangataka

Taminy mba homena alalana haka aina izy, ka naka aina, ary tonga dia nandoro ilay gehena”.

Niteny ihany koa ny Al-Imàm As-Swàdiq (a.s) nanao hoe:

إِنَّ الْمُتَكَبِّرِينَ يُجْعَلُونَ فِي صُورِ الذَّرِّ، يَتَوَطَّأُهُمُ النَّاسُ حَتَّى يَفْرَعَهُ اللَّهُ مِنَ الْحِسَابِ " . -الكافي-

Dikany: “Marina tokoa fa ireo mpanambony tena dia havadika amin’ny endrika “atoma”¹, ka hitsahin’ny olona izy mandram-pahavitan’ily Fitsaran’i Allah”².

9- Ny fireharehana الرِّيَاءُ

Ny fireharehana dia fanehoan’ny olona ho manam-pinoana sy manam-pahatahorana an’i Allah nohon’ny famitahany ireo olona sy hahazoany fitokisan’izy ireo, ka lasa manao swalàt sy manao fifehezana izy noho io tanjona io, fa tsy nohon’ny mba hahazoany ny fifalian’i Allah Ilay Avo Indrindra. Ary izany no anisan’ny fihetsika tena ratsy indrindra izay hahatonga ilay mpanao azy hahazo fantiantoka sy hatezerana lehibe avy amin’i Allah.

Hoy indrindra i Allah mikasika ny toetran’ireo mpitsaravelatsihy manao hoe:

... "يُرَأَوْنَ النَّاسَ وَلَا يَذْكُرُونَ اللَّهَ إِلَّا قَلِيلًا"

Dikany : “...fisehosehoana amin’ny olona no ataon’izy ireo ary tsy mahatsiaro an’i Allah izy ireo afa-tsy vitsy monja”³.

¹ Ilay zavatra tena kely indrindra izay tsy azo zaraina

² Jereo amin’ny boky: "الذنوب الكبيرة، الجزء الثاني" p.114

³ Souratoun-nisà' 4 :142

Avy tamin'ny Al-Imàm As-Swàdiq (a.s), nilaza ilay irak'i Allah (s.a.w), nanao hoe:

"سَيَاتِي عَلَى النَّاسِ زَمَانٌ تَخَبْتُ فِيهِ سَرَائِرُهُمْ ، وَتَحْسِنُ فِيهِ عَلَانِيَتُهُمْ ،
طَمَعًا فِي الدُّنْيَا ، لَا يُرِيدُونَ بِهِ مَا عِنْدَ رَبِّهِمْ ، يَكُونُ دِينُهُمْ رِيَاءً ، لَا يُخَالِطُهُمْ خَوْفٌ
، يَعْمَهُمُ اللَّهُ بِعِقَابٍ فَيَدْعُوهُ دُعَاءَ الْعَرِيقِ فَلَا يَسْتَجِيبُ لَهُمْ"¹.

Dikany : “Ho avy ny fotoana iray amin’ny olombelona, haloto ny fikasana ao anatin’izy ireo, ary ny ivelany dia ho hita ho tsara, nohon’ny fanantenana ny fiainana eto an-tany. Izy ireo dia tsy nitady izay misy amin’ny Tompon’izy ireo; ny finoan’izy ireo dia fireharehana, tsy hanana fahatahorana mihitsy izy ireo, i Allah dia handrakotra sazy ho azy ireo, ka na dia mangataka Aminy amin’ny fangatahan’olona rendrika aza izy ireo, dia tsy hamaly azy ireo Izy”.

Niteny ihany koa Al-Imàm As-Swàdiq (a.s) nanao hoe:

"كُلُّ رِيَاءٍ شِرْكٌ ، إِنَّهُ مَنْ عَمِلَ لِلنَّاسِ كَانَ ثَوَابُهُ عَلَى النَّاسِ ، وَمَنْ عَمِلَ لِلَّهِ
كَانَ ثَوَابُهُ عَلَى اللَّهِ"².

Dikany: “Ny fireharehana rehetra dia fanakambanana an’i Allah amin-javatra; izay nanao asa ho an’olombelona dia tena marina fa any amin’ny olombelona ihany ny valisoany, ary izay niasa ho an’i Allah kosa dia any amin’i Allah ny valisoany”.

الإِسْرَافُ Fandaniam-poana 10-

Izany dia ny fampiasan’ny olona ny harenany sy mandany azy tsy araka ny mahazatra ny olona ny fampiasana azy. Ohatra amin’ny lafiny fanaka sy sakafo sy amin’ny fitafiana ...sns, amin’ny fomba izay tsy mifanaraka sy tsy mifanandrify amin’ireo filàny. Torak’izany koa, fa

¹الوافي الجزء الثالث ص 147 عن الكافي .

²الوافي الجزء الثالث ، ص137 عن الكافي.

haràm amin'ny olona ny mandany sy mampiasa ny haren'ny amin'ny zavatra tsy misy takalony. Ohatra amin'izany ny sakafo atao mihoatra nefa tsy lany ka hariana no iafarany.

Noho izany, dia wadjib amin'ny olona ny mahay mandajalanja amin'ny fandania izay ataony, ka tsy hanao fandanium-poana amin'ny haren'ny, sy manary fahantany ny haren'ny. Hoy indrindra i Allah hoe:

" وَكُلُوا وَاشْرَبُوا وَلَا تُسْرِفُوا إِنَّهُ لَا يُحِبُّ الْمُسْرِفِينَ."

Dikany: "Mihinàna sy misotroa ianareo, fa aza manao fandanium-poana, marina dia marina fa i Allah dia tsy tia ireo olona mpanao fandanium-poana"¹.

Voaray ihany koa avy tamin'ny Al-Imàm Ali (a.s), ny hoe:

"إِنَّ اللَّهَ إِذَا أَرَادَ بِعَبْدٍ خَيْرًا أَلْهَمَهُ الْإِقْتِصَادَ وَحَسْنَ التَّدْبِيرِ ، وَجَنَّبَهُ سُوءَ التَّدْبِيرِ وَالْإِسْرَافِ."

Dikany: "Tena marina fa raha tian'i Allah ho tsara ny mpanompo iray, dia omeny fahaizana hitsitsy sy ny fahaizana mandrindra, ary halaviriny amin'ny haratsian'ny fandanium-poana sy ny tsy fahaizamandrindra"².

11-Fanimbazimbana ireo zava-masina بِالْإِسْتِهَانَةِ بِالْمَقْدَسَاتِ

Izany dia fanambaniana ireo zava-masina islamika toa an'ireo Mpaminany, ireo Imàm masina, ny Quor'an sy ny Ka'aba masina ary ireo masdjid rehetra, tena marina fa izany rehetra izany dia haràm ny fanambaniana azy ireo amin'ny alalan'ny fitenenana sy fihetsika sahala amin'ny fanevatevana sy fandotoana ...sns amin'ireo fihetsika na fiteny.

¹ Souratoul-a'anràf 7:31

² Jereo amin'ny boky: "الذنوب الكبيرة، الجزء الثاني" p.93

Voaray avy tamin’ny Al-Imàm As-Swàdiq, ny hadith mikasika ny voninahitry ny Quor’an, ka hoy indrindra Izy (a.s) nanao hoe:

“فَيَقُولُ الْجَبَّارُ: وَعِزَّةٌ وَجَلَالِي وَارْتِفَاعِ مَكَانِي لِأَكْرَمَنَ الْيَوْمِ مَنْ أَكْرَمَكَ ،
وَلَأَهْيَنَنَّ مَنْ أَهَانَكَ.”¹

Dikany: “Hiteny “Al-djabbar”, izany hoe, Ilay Mpifehy amin’ny hadith-quods manao hoe: mianiana amin’ny Halehibeko sy ny Voninahitro ary ny Fahambonian’ny toerako Aho fa omeko voninahitra androany izay nanome voninahitra anao; ary alaiko baràka androany izay nanao tsirambina anao”.

Nisy ihany koa teny izay voaray tamin’ny Mpaminany (s.a.w) nanao hoe:

“أَنَا أَوَّلُ وَآفِدٍ عَلَى الْعَزِيزِ الْجَبَّارِ يَوْمَ الْقِيَامَةِ وَكِتَابُهُ وَأَهْلُ بَيْتِي ثُمَّ أُمَّتِي، ثُمَّ
أَسْأَلُهُمْ مَا فَعَلْتُمْ بِكِتَابِ اللَّهِ وَأَهْلِ بَيْتِي.”²

Dikany: “Izaho no voalohany handroso eo anatrehan’Ilay Tsitoha Mpifehy amin’ny andro farany, miaraka amin’ily bokiny sy ireo ankohonako, avy eo ny vahoakako, ka anontaniako izy ireo hoe: inona no nataonareo tamin’ily bokin’i Allah sy ireo ankohonako?”.

Ary voaray avy tamin’ny Al-Imàm As-Swàdiq (a.s) ny hoe:

“إِنَّ لِلَّهِ عَزَّوَجَلَّ حُرْمَاتٍ ثَلَاثٍ لَيْسَ مِنْهُنَّ شَيْءٌ: كِتَابُهُ وَهُوَ حِكْمَتُهُ وَنُورُهُ ،
وَبَيْتُهُ الَّذِي جَعَلَهُ قِبْلَةً لِلنَّاسِ ، وَعِثْرَةُ نَبِيِّكُمْ.”³

Dikany: “Marina tokoa fa i Allah Ilay be Voninahitra dia manana zavatra masina telo lehibe izay tsy misy mitovy aminy: ny bokiny ary izy

¹أصول الكافي - ج2 - فضل القرآن.

²أصول الكافي - ج2 - فضل القرآن

³الذنوب الكبيرة، الجزء الثاني. p.327

io no Fahendreny sy ny Fahazavany, ny tranony izay natao ho fitodihan'ny olombelona, ary ireo taranaky ny Mpaminaninareo”.

Eto dia misy zavatra vitsivitsy tsara ho marihina mikasika maha-haràm ny fanambaniana ny Quor'an masina ary ny maha-wadjib ny fanajana sy fanomezam-boninahitra azy.

a)-Marina tokoa fa ny fonon'ny Quor'an sy ny taratasy izay tsy misy soratra eo aminy dia manana anjara toerana mitovy amin'ny soratr'ilay Quor'an, mikasika ny fanajana sy fanomezam-boninahitra azy. Noho izany, ny mandoto ireo zavatra ireo dia haràm ihany koa, ary rehefa voan'ny loto dia wadjib ny manadio azy.

b)-Ny fanoratana ny Quor'an amin'ny ranomainty nadjis, na ny hafa ankoatr'izany izay mety hanoratana dia haràm. Koa raha sendra nosoratana tamin'izany, na voaloto taorian'ny nanoratana azy, dia wadjib ny manadio azy, ary raha tsy sarotra ny manao izany dia wadjib ny mamafa ilay soratra.

d)-Ny manome ny Quor'an amin'ny olona tsy mpino -kàfir- dia haram raha ohatra ka mahatonga ny fahafaham-baraka na ny tsy fanajàna ilay Quor'an, na koa mahatonga ny fikasihan'ilay tsy mpino ny soratry ny Quor'an.

Eny, ny sasany amin'ireo manam-pahaizana dia milaza aza fa tsy azo atao mihitsy izany, ary wadjib ny maka ilay Quor'an eny am-pelatanan'ilay kàfir.

e)-Raha toa ka latsaka ao amin'ny toerana fivoahana ilay Quor'an masina -sanatriavina anie izany- na ny taratasy avy amin'ilay Quor'an, na doua an'ireo olona masina, na ny fitomboka izay misy ny anaran'i Allah, na ny tourbah-n'ny Al-Imàm Al-Houssein (a.s) ... sns amin'ireo zavatra masina mikasika ny finoantsika sy ny madh'hab, izay efa raikitra ny maha-haràm ny fangalam-baràka azy sady wadjib ny fanajana azy, marina

dia marina fa raha mitranga ny zavatra tahak'izany, dia wadjib ny manala azy avy hatrany sy ny manadio azy na dia ilàna fandanium-bola lehibe aza ny fanaovana izany. Raha mbola tsy tavoaka ilay zava-masina dia haràm tanteraka ny fanaovana maloto amin'izany toerana izany. Ary raha tsy mety mihitsy ny fanesoarana io zava-masina io, dia wadjib ny manidy ilay toerana mba tsy hisy afaka manao maloto.

Tsara ho marihina fa izay rehetra noresahana mikasika ny maha-wadjib ny fanesorana ny zava-masina ao amin'ilay maloto, sy ny fanadiovana azy sy ny ankoatr'izany dia tsy voatokana fotsiny ho an'ny tompon'ilay toerana, na ho an'ilay olona nanao izany, fa kosa izany dia wadjib amin'ny silamo tsirairay izay nahafantatra, ary izany wadjib izany dia “wadjib kifāi”; koa raha tsy nisy olona na dia iray aza nanatanteraka izany dia ny olona rehetra nahafantatra izany no mahazo fahotana sy tompon'andraikitra ka hanontaniana any amin'ny andro farany.

12-Fifindramonina any amin'ny toerana feno haratsiana

الدُّخُولُ فِي مَوَاطِنِ الْفَسَادِ

Izany dia fitadiavana fivelomana any amin'ny toerana izay maro mpanao fahotana, sy betsaka manohitra an'i Allah. Ohatra: ireo tananàn'ny kàfir izay mampihena ny “imane” sy ny “dini” ny miaina ao aminy, toy ny famelana ny “wadjib”, na fihinanana ny zavatra “haràm”, izay tsy mampety mihitsy ny fiarovana an'ilay “dini” miaraka amin'ny fanaovana izany. Marina dia marina fa haràm amin'ny mpino ny mifindramonina sy miaina amin'ny toerana toy izany, na dia nohon'ny tanjona ara-dalàna aza toy ny fitadiavana ny anjaram-pivelomana na “rizki” na koa fitadiavana fahalalana...sns.

Ao anatin'ny souratoun-nisà andininy faha-97 dia misy resaka nifanaovan'ny Anjely sy ireo olona teo ampialan'aina, mikasika ny tsy fialàna amin'ny toerana izay hanimba ny finoana. Hoy i Allah Ilay Avo Indrindra manao hoe:

" إِنَّ الَّذِينَ تَوَفَّاهُمُ الْمَلَائِكَةُ ظَالِمِي أَنْفُسِهِمْ قَالُوا فِيمَ كُنْتُمْ قَالُوا كُنَّا مُسْتَضْعَفِينَ فِي الْأَرْضِ قَالُوا أَلَمْ تَكُنْ أَرْضُ اللَّهِ وَاسِعَةً فَتُهَاجِرُوا فِيهَا فَأُولَئِكَ مَأْوَاهُمْ جَهَنَّمُ وَسَاءَتْ مَصِيرًا."

Dikany : “Hamafisina fa ireo izay nanao tsy rariny tamin’ny tenany, ka rehefa manala ny fofonain’izy ireny ireo anjely, dia hiteny aminy hoe : taiza ianareo manoloana ny finoanareo, dia hoy izy ireo namaly hoe: izahay dia niharan’ny fandemena fony mbola teny ambonin’ny tany, namaly azy ireo ny anjely hoe : tsy malalaka va ny tanin’i Allah mba handosiranareo hifindrana monina ; izy ireo indrindra no hitoetra ao amin’ny gehena ary faharantsiam-piafarana toy inona moa izany”¹.

Amin’io andininy io dia manambara ny maha-wadjib ny fifindra-monina mba hiala amin’ny toerana izay tsy hahavitan’ny olona mampijoro ireo famantaran’ny finoana islam ka hahatonga ny fahasimbany.

Ary misy hadith voaray avy tamin’ny Mpaminany (s.a.w), milaza manao hoe:

"مَنْ فَرَّ بِدِينِهِ مِنْ أَرْضٍ إِلَى أَرْضٍ وَإِنْ كَانَ شِبْرًا مِنَ الْأَرْضِ اسْتَوْجِبَتْ لَهُ الْجَنَّةُ وَكَانَ رَفِيقَ أَبِيهِ إِبْرَاهِيمَ وَنَبِيِّهِ مُحَمَّدٍ (ص)." ²

Dikany :“Izay nandositra nohon’ny finoany, miala amin’ny toerana iray mankany amin’ny toerana iray hafa na dia zehy anankiray aza, dia wadjib aminy ilay paradisa, ary lasa naman’Ibrahim (a.s) Rainy sy i Mouhammad (s.a.w) Mpaminaniny izy”.

¹ Souratoun-nisà’ 4 :97

²الذنوب الكبيرة، الجزء الثاني. p.26

الْمَكَايِبُ الْمُحَرَّمَاتُ

Ireo entam-barotra haràm

Maro ireo entam-barotra haràm izay voarara amin'ny mpino silamo ny manamboatra sy mivarotra azy ireo. Ireto tanisainay manaraka ireto ny sasantsasany amin'izy ireo :

1.Ny biby maty ho azy **الْمَيْتَةُ**

Haràm amin'ny mpino silamo ny mivarotra ny biby maty ho azy, izay tsy novonoina araka ny lalàna islamika. Ary anisan'izany ireo hena izay nafarana avy any ivelany, izay azo antoka fa tsy novonoina aradala.

2.Ny toaka **الْخَمْرُ**

Haràm ny manamboatra sy ny mitatitra ary ny mivarotra azy na dia amin'ireo olona kàfir izay mahita fa halàl ny fisotroana azy. Tafiditra ao anatin'izany, ireo karazana toaka rehetra, eny fa na dia ny labiera sy ny divay aza.

3.Sary sikotra **التَّمَاثِيلُ**

Haràm amin'ny silamo ny manamboatra sary sikotra manana endrika biby rehetra izay misy fanahy toy ny olombelona sy ny hafa, eny fa na dia ireo saribakolin-jaza atao kilalao aza, izay namboarina amin'ny “coton” -landihazo- na “nylon”, araka ny voalazan'ny manam-pahaizana sasany toa an'ny As-sayed Al-khouï (رحمه الله). Torak'izany koa, haràm ny manamboatra vokovoko na “la croix”. Fa kosa tsy haràm ny mivarotra sy

ny mitahiry sary sikotra ao an-trano. Eny, ny silamo dia tokony hihataka lavitra amin'izany.

4. Ireo fitaovana filokana **آلات القمار**

Haràm ny manamboatra ireo fitaovana filokana, sy ny mivarotra azy, ary torak'izany koa ny milalao azy. Ary ny vola azo avy amin'ny filokana, na amin'ny fomba ahoana na amin'ny fomba ahoana..., na dia ny vola azon'izy samy ankizy amin'ny filalaovana kanety aza, dia tsy heverina ho fananany izany, koa wadjib ny mamerina izany any amin'ireo tompony. Fa ireny fitaovana ampiasaina ialana voly ireny kosa, izay tsy namboarina mba hilokana ny fotony, marina dia marina fa azo atao ny milalao azy, fa tsy miaraka amin'ny fanamby na loka, raha ohatra ka tsy mampisy disadisa eo amin'ny fiaraha-monina. Ary ny mamaritra ireo fitaovana ireo dia tsy maintsy miverina amin'ny fiaraha-monina sy amin'ireo tompon'ny traik'efa mikasika ny fahafantarana izany.

5. Ny fanaovana sary **الرسم**

Araka ny fahitan'ny manam-pahaizana sasany toa an'ny As-sayed Al-khouï dia haràm ny manao sarina biby izay misy fanahy, raha toa ka ilay sary dia maneho ny vatany feno; na dia miharihary aza ilay sary na tsia. Fa raha tsy maneho ny vatany feno ilay sary, toy ny sary maneho ny an-tsasaky ny vatany dia tsy haràm. Fa tsy haràm kosa anefa ny mivarotra sy mitahiry ireo sary ireo.

6. Ireo fitaovan'ny lamoziika **آلات الموسيقى**

Haràm ny manamboatra sy mampiasa ary mivarotra azy ireo, raha toa ka mbola azo antsoina hoe fitaovan'ny rendrarendra. Raha manana zavatra toy ireny ny silamo dia wadjib aminy ny manimba izany.

7. Ny majia السَّحْرُ

Haràm ny fanaovana majia sy ny mianatra ary mampianatra azy. Izany dia asa famitahana, izay manova sy mamitaka ny maso ary maneho ny olona ny zavatra tsy marina. Torak'izany koa, haràm ny mampiasa ireo zavatra izay fantatsika amin'ny anarana hoe “taktoubo”, nohon'ny fampijaliana olona.

8. Ny fakàna tambiny amin'ny zavatra wadjib أَخْذُ الْأُجْرَةِ عَلَى الْوَأَجِبِ

Haràm amin'ny silamo ny maka tambiny amin'ny asa izay wadjib aminy ny fanaovana azy maimaim-poana. Ohatra ny fandevenana, ny fanaovana swalàt amin'ny maty alohan'ny handevenana. Ary mazava loatra ny maha-haràm ny fakana io tambiny io amin'ny fanatanterahany ny swalàt na ny sawm izay wadjib ho an'ny tenany. Fa ny maka tambiny amin'ny fanefana ny swalàt na sawm ho solon'ilay olona efa maty kosa dia tsy maninona.

9. Ny fisolokiana الْغَشُّ

Haràm amin'ny mpino silamo ny manao fisolokiana amin'ny varotra izay ataony. Ary ny tiana ho lazaina amin'ny fislokiana dia ny fanaovan-javatra amin'ny entany izay manova sy maneho azy amin'ny endrika tsara na mampitombo azy. Ohatra amin'izany ny fampifangaroana ny ronono amin'ny rano, na fanaovana hoso-bolamena ny vy mba hivarotra amin'ny endrika volamena ...sns, amin'ireo zavatra maro izay azo hisolokiana.

10. Ny hira الغنى

Haràm ny hira izay malaza amin'ireo olona mpanota, torak'izany koa, ny maha-haràm ny maka karama na tambiny amin'izany. Ny harena izay alain'ny mpihira dia tsy fananany mihitsy, ka noho izany, dia wadjib aminy ny mamerina azy amin'ireo tompony. Izany houkm na lalàna izany dia mihatra ihany koa amin'ireo hira ao amin'ny cassette sy cd, vcd ...sns. Marina dia marina fa haràm ny mandika sy mivarotra azy ireny.

11. Fanampiana an'ireo mpanageja مَعُونَةُ الظَّالِمِينَ

Haràm amin'ny silamo ny miara-miasa amin'ireo mpanageja, sy manampy azy ireo amin'ny fanagejana sy ny fampahoriana ataon'izy ireo. Ny harena azo avy amin'izany dia haràm. Eny, ny zavatra omena atao ho fanomezana na fifaninanana dia tsy mampaninona ny maka azy, raha ohatra tsy nohon'ny antony haràm, ary koa tsy harena haràm no natao fanomezana, toy ny harena nalaina ankeriny.

12. Ny zana-bola الرَّبِّي

Haràm amin'ny silamo ny mivarotra ireo entam-barotra iray karazana izay hamidy amin'ny alalan'ny mizana na famarana raha manatombo. Ohatra ny mivarotra vary iray kilao amin'ny vary iray kilao sy antsasany. Eny, fa na dia samihafa aza ireo karazan'entana ireo, toy ny miloko fotsy ny anankiray fa ny iray kosa dia mena.

13. Ny fibodoana entam-barotra الإحتكَارُ

Izany dia ny fibodoana ilay entana mandritra ny fotoana mba tsy hisian'izany entana izany eny an-tsena kanefa ny olona dia mitady azy, nohon'ny faniriany mba hiakatra ny vidiny ka hivarotra azy amin'ny vidiny tena lafo. Koa izany fibodoana entana izany dia haràm raha amin'ireto entana manaraka ireto: ny varimbazaha, ny lafarinina, ny atrendry, ny voaloboka maina, ny menaka fa tsy ny hafa ankoatr'ireo

entana ireo. Fa kosa ny olona silamo marina dia tokony hihataka lavitra amin'ny fibodoana amin'ny karazana entam-barotra rehetra sy mba tsy ho antony mahatonga ny fijalian'ny olona.

14-Ny fankahalana الإعتدَاء

Tsy halàl amin'ny olona silamo ny harenan'ny namany silamo raha tsy azo tamin'ny fo madio sy tamin'ny fifalian'ny tompony tanteraka. Noho izany, dia tsy azo atao ny maka ny harenan'ny namana amin'ny alalan'ny fanagejana sy ny fakana ankeriny ; toy izany koa dia tsy azo atao ny manao izay mahamenatra ny namana mba ahazoana ny harenany raha tsy hoe nanaiky izany amin'ny fo madio izy, ary tsy azo atao koa ny mampiasa ny harenan'ny namana raha tsy nahazo alalana avy aminy, na mahafantatra ny fanekeny izany.

Eto dia misy sasantsasany amin'ireo tranga-javatra mikasika ny fananan'ny hafa, ary resahinay amin'ny lohateny vitsivitsy samihafa:

أَحْكَامُ الْوَدِيْعَةِ

Ireo lalànan'ny fametrahan-pananana

Ny atao hoe الْوَدِيْعَةِ “al-wadīanh” dia ny fametrahan'ny olona silamo na tsia ny fananany amin'ny olon-kafa, ary ilay fananana hapetraka dia tokony hanan-kaja halàl, fa tsy toy ny toaka na kisoa, ary ny tanjon'ily fametrahan-pananana dia ny fitehirizana sy fiarovana azy.

M.193: Wadjib amin'ny olona nametrahana ilay fananana ny manaja ilay fananana amin'ny toerana voaaro sy azo antoka mba tsy ho simba na ho very, ary tsy azony atao ny mampiasa raha tsy nahazo alalana avy amin'ny tompony. Fa raha toa ka nampiasa azy tsy nisy fahazoan-

dàlana, ka simba na very vokatr'izany ilay fananana, dia miantoka izy ary wadjib aminy ny manolo ny vidiny na mitovitovy amin'ilay fananana amin'ilay tompony.

M.194: Raha very na simba ilay fananana, taorian'ny fitehirizana azy tsara ary tsy mbola nampiasaina, amin'izay fotoana izay dia tsy miantoka ilay olona nametrahana azy, no sady tsy wadjib aminy ny manolo azy amin'ny tompony.

M.195: Wadjib amin'ilay olona nametrahana ny fananana ny mamerina izany avy hatrany rehefa mitady azy ny tompony, ary haràm aminy ny mampiandry, na mibodo, na tsy manome azy mihitsy.

M.196: Raha fantatr'ilay olona nametraham-pananana, fa ny olona izay nametraka fananana aminy io dia naka ankeriny, fa tsy fananany izany dia wadjib amin'ilay olona nametrahana ny mamerina izany amin'ilay tena tompony raha fantany; fa raha tsy fantany dia manao filazana izy, ary raha tsy hita ilay tena tompony dia ataony “swadaqah” ho azy izany, ary tsy azony atao mihitsy ny mamerina ilay fananana any amin'ilay olona nametraka azy izay mpaka ankeriny.

أَحْكَامُ الْإِسْتِعَارَةِ

Ireo lalàn'ny findramana

Ny atao hoe *الِإِسْتِعَارَةُ* “al-istiànràh” dia ilay fananana izay nindramintsika tamin'ny olon-kafa mba hakana tombontsoa fa avy eo dia haveriny amin'ny tompony ihany.

M.197: Wadjib amin'ilay mpindrana ny miaro ilay zavatra nindraminy amin'ny fahasimbana, ary ataony ho zava-dehibe ny fiarovana azy. Wadjib aminy ny manaja ilay fotoana nifanarahana tamin'ny

fampiasana azy, ary raha ilay fotoana nifanarahana no tapitra dia tsy azony atao ny mampiasa izany zavatra nindraminy izany raha tsy nahazoana alalana fanindroany. Raha mitaky ny fananany ilay tompony dia wadjib amin'ilay mpindrana ny mamerina izany avy hatrany, ary tsy azo atao ny mampiandry amin'ny famerenana azy.

M.198: Raha ilay mpindrana no nampiasa ny zavatra nindraminy tsy araka tokony ho izy, na tsy notehiriziny tsara ka simba, dia wadjib aminy ny manolo ny mitovy amin'izany na mitovy amin'ilay vidiny amin'ilay tompony.

M.199: Raha fantatr'ny mpindrana fa halatra ilay zavatra nindraminy, dia tsy azony atao ny mampiasa izany, raha tsy nahazoany alalana avy tamin'ilay tena tompony. Raha mila mamerina ny zavatra nindraminy izy, dia wadjib aminy ny mamerina izany any amin'ilay tena tompony fa tsy any amin'ilay mpangalatra izay mpindrana.

أَحْكَامُ اللَّقْطَةِ

Ireo lalànan'ny zavatra hita eny an-dàlana

Ny atao hoe اللَّقْطَةُ “al-louqatwah” dia ilay fananana very eny an-dàlana izay hitan'ny olona fa tsy fantatra ny tompony. Koa inona ary no adidy miandry ilay nahita izany fananana izany?

M.200: Raha ny harena na fananana izay hita eny an-dàlana no mitentina ambanin'ny dirham char'in izay milanja 2,5g amin'ny volafotsy, dia azo atao ny maka sy mampiasa azy. Fa ny tena tsara mihoatra izany dia ny fanaovana swadaqah ho an'ireo tompony izay tsy fantatra.

M.201: Raha ilay harena no mitovy lanja amin'ny dirham na mihoatra, dia toy izao no atao:

Raha toa ka ilay harena misy famantarana ahafahana mamantatra sy manavaka azy amin'ny harena hafa, dia wadjib ny mampahafantatra na manao filazana any amin'ilay toerana nahitana azy, ary ampahafantarina mandritra ny taona iray. Koa raha hita ilay tompony ary nahavita nanambara ireo famantarana mampiavaka misy amin'ilay harena, dia omena azy izany, fa raha tsy hita ilay tompony mandritra ny taona iray, amin'izay fotoana izay dia manana safidy ilay nahita arak'ireto fanazavana manaraka ireto:

1-Na tehiriziny ho fananana apetraka mandrakizay.

2-Na ataony swadaqah ho an'ilay tompony.

3-Na ampiasainy ho an'ny tenany.

Fa raha efa nataony “swadaqah” ho an'ilay tompony na nampiasainy ho an'ny tenany ilay harena, kanefa avy eo hita ihany ny tompony taorian'izany, dia wadjib ny manolo azy na manome ny mitovy vidy aminy any amin'ilay tompony. Izany voalaza izany no atao, raha ohatra ka ilay harena no hita teny ivelan'i Makka ilay tanàna masina. Fa raha tao an-tanàn'i Makka na tao amin'ireo toerana masina manodidina Azy no nahitana ilay harena, amin'izay fotoana izay dia tsy misy azo atao amin'izany harena izany afa-tsy ny manao azy ho swadaqah aorian'ny fampahafantarana azy mandritra ny taona iray.

M.202: Raha ny harena hita no tsy misy famantarana izay mampiavaka azy, na koa atokisana fa ny olona izay very harena, no efa lasa lavitra any amin'ny toerana tsy hahitana hevitra intsony ny fifandraisana aminy, dia wadjib ny manao “swadaqah” ho azy, fa manolo raha niseho ilay tompony taorian'izany. Torak'izany koa, azo atao ny mandray azy ho fananan'ny tena raha ny harena hita no tsy misy famantarana; ary amin'izay fotoana izay, dia tsy voatery hanaovana fampahafantarana izany.

M.203: Raha ilaina ny manao fandaniana amin'ny fampahafantarana ny harena very, toy ny vola aloa amin'ny fanaovana filazana, dia ilay nahita azy no miantoka izany fa tsy ny tompony.

M.204: Indraindray dia misy voromailala vahiny tonga amin'ny tany misy ireo olona mpiompy voromailala, nefa tsy azony atao ny maka izany voromailala izany, fa ny wadjib kosa dia ny mandroaka azy hiverina any amin'ny tompony, na ny mamela azy hiaraka amin'ny voromailalany sy mampahafantatra izany mandra-pahakivy azy amin'ny tsy fahafantarana ilay tompony, ka amin'izay fotoana izay dia manao swadaqah ho an'ilay tompony izy; ary tsy voatery soloina raha niseho izy taorian'izany famoahana swadaqah izany. Torak'izany koa, ny lalàna mikasika ny akoho vahiny izay tonga ao an-trano tafaraka amin'ny akohon'ilay tompon-trano.

أَحْكَامُ التَّجَارَةِ

Ireo lalàn'ny varotra

M.205: Ny olona iharan'ny didy dia tokony hianatra ireo lalàna mikasika ny varotra izay hiandraiketany, eny, dia wadjib aminy ny fianarany izany raha toa ka, mitady hivaona any amin'ilay adidy izay wadjib, nohon'ny antony tsy fianarana.

Misy hadith voaray avy tamin'ny Al-Imàm As-Swàdiq (a.s) manao hoe:

"مَنْ أَرَادَ التَّجَارَةَ فَلْيَتَفَقَّهُ فِي دِينِهِ لِيَعْلَمَ بِذَلِكَ مَا يَحِلُّ لَهُ مِمَّا يَحْرُمُ عَلَيْهِ، وَمَنْ لَمْ يَتَفَقَّهُ فِي دِينِهِ ثُمَّ اتَّجَرَ تَوَرَّطَ فِي الشُّبُهَاتِ"¹.

¹المسائل المنتخب ، p255.

Dikany: “Izay mila hanao asam-barotra, dia tokony hianatra mikasika ny finoany, mba ho fantany amin’ny alalan’izany izay halàl sy ny haràm aminy. Ary izay tsy nianatra ny finoany, kanefa avy eo mivarotra dia tsy maintsy ho tafiditra ao anatin’ireo olana”.

Moustahab amin’ny varotra, araka ny voalazan’ireo manampahaizana (رضوان الله عليهم) ny zavatra maromaro, ka anisan’izany ireto manaraka ireto:

1-Ny mampitovy ny vidin-javatra, eo amin’ny samy mpividy, raha tsy hoe nohon’ny antony manokana, toy ny fahantrana.

2-Ny mivarotra amin’ny vidiny mirary, raha tsy hoe, matahotra ny matiantoka.

3-Ny fanekena ny hamerenana ny entana efa lafo, raha nangataka ny hamerenana izany, ny iray amin’izy ireo dia ny mpividy na ny mpivarotra.

4-Ny mpanome dia tokony manana tombony kely mihoatra noho ny mpandray araka ny lalanàn’ny tolotra sy ny tinady.

M.206: Raha misalasala amin’ny maha-ara-dalàna na ny fahasimban’ily asa ara-barotra, nohon’ny antony tsy fahafantarana ny lalàna momba ny varotra, dia tsy azo atao ny mampihatra ny vokatry ny maha-ara-dalàna na ny mahasimba ilay varotra. Noho izany dia tsy azony atao ny mampiasa ilay zavatra nalaina na azo avy amin’ny andaniny sy ankilany. Eny, ny wadjib mifehy azy dia, na ny mianatra, na ny manao fitandremana -ihtiyat- na dia amin’ny alalan’ny fifanekana ...sns. Fa raha fantany kosa, ny faneken’ily andaniny amin’ny fampiasana ilay harena izay noraisina taminy, na dia misy aza ny fahasimban’ily varotra, amin’izay fotoana izay dia azo atao ny mampiasa azy.

M.207: Wadjib amin'ny olona iharan'ny didy ny mitady fidiram-bola, mba hahafahany manao fandania amin'ireo olona izay wadjib aminy ny miantoka azy ireo, toy ny vady sy ny zanaka raha toa ka tsy manana izany fandania izany izy. Ary moustahab ny manao izany nohon'ny antony ireo fandania izay moustahab ho azy ireo, toy ny manao fandania mihoatra amin'ny wadjib amin'ireo ankohonany, sy ny fanaovana fanampiana ny mahantra...sns.

المُعَامَلَاتُ الْمَكْرُوهَةُ وَ مَا يُكْرَهُ فِي الْمُعَامَلَاتِ

Fifampiraharana na varotra tsy tsara atao

M.208: Makrouh ny mandray ireo asa sasantsasany toy ny fifanakalozana ara-bola sy ny mivarotra lambam-paty sy sakafo. Torak'izany koa, makrouh ny fanaovana asa fivarotan-kena sy fanaovana asa maka ràn'olombelona, sy ny manao asa fifampiraharana amin'ny olona izay tsy nobeazina amin'ny hatsarana. Makrouh ihany koa ny fivarotana ny tany raha tsy hoe hividiana tany hafa ilay vidin'ny tany.

Araka ny voalazan'ireo manam-pahaizana (قَدَسَ اللهُ أَسْرَارَهُمْ) fa makrouh amin'ny asa fifampiraharana ny manao ireto fihetsika manaraka ireto:

1-Ny fidokafan'ny mpivarotra ny entany sy ny fitsikera'ny ilay mpividy azy.

2-Ny fitsabatsabahan'ny mpino silamo amin'ny ady varotra ataon'ny namany.

3-Ny fanaovana ady varotra eo anelanelan'ny fotoana fiposahana anankiroa.

4-Ny fianianana amin'ily fifampiraharahana raha ohatra ka marina, fa raha tsy izany kosa dia haràm.

5-Ny famarotana amin'ny toerana tsy ahitana ny kileman'ily entana.

عِلَاقَةُ الرَّجُلِ بِالْمَرْأَةِ

Ny fifandraisan'ny lehilahy amin'ny vehivavy

Fampidirana:

Araka ny fototry ny lalàna islamika, ny vehivavy rehetra dia haràm amin'ny lehilahy ny mikasika azy ireo sy ny mijery ny vatany, afa-tsy ny iray amin'ireto karazan'olona efatra ireto: ny vady, ny olom-pady, ny rafozana ary ny zanaka ara-pinonoana. Noho izany, ireto antony anankiefatra ireto no maha-halàl amin'ny lehilahy izany zavatra izany, dia:

-Ny fanambadiana

-Ny fihavanana

-Ny firafozanana

-Ny fampinonoana

‘Ndeha hazavaintsika tsirairay ireo zavatra ireo:

1. Ireo lalàn'ny fanambadiana أَحْكَامُ الزَّوْاجِ

Azon'ny lehilahy atao ny mijery ny vadiny sy ny mikasika azy aorian'ny fahavitan'izy ireo ny “fifamatoram-panambadiana” izay

mahatonga ny vehivavy ho lasa halàl amin'ny lehilahy. Ny fitandremana tsy maintsy atao amin'ny fifamatorana dia tokony hatao amin'ny teny arabo raha manana fahafahana amin'izany, fa raha tsy izany kosa, raha mahavita maka solontena izy dia wadjib aminy ny manao izany; fa raha tsy mahavita dia azo atao ny manao azy amin'ny teny hafa. Raha izy mivady kosa no hanao ny fifamatorana mivantana, izay aorian'ny fifanarahana amin'ily vodiondry, dia ny vehivavy no miteny mialoha amin'ny lehilahy manao hoe:

"زَوَّجْتُكَ نَفْسِي عَلَى الصِّدَاقِ الْمَعْلُومِ"

Dikany: "Izaho dia nampanambady anao ny tenako amin'ily vodiondry izay nifanarahana".

Ary mila mamaly izany avy hatrany ny lehilahy amin'ny teny manao hoe:

"قَبِلْتُ التَّزْوِيجَ"

Dikany: "Nekeko ny fanambadiana".

Izany voalaza izany no fomba fanaovana famatoram-panambadiana maharitra.

Fa amin'ily fanambadiana مُتَعَةً mout'anh na fanambadiana voafetra, raha izy roa no hanatanteraka izany mivantana, taorian'ny fifanarahana mikasika ilay fotoana sy ilay vodiondry, dia miteny toy izao indray ny vehivavy:

"زَوَّجْتُكَ نَفْسِي فِي الْمُدَّةِ الْمَعْلُومَةِ عَلَى الْمَهْرِ الْمَعْلُومِ"

Dikany: "Izaho dia nampanambady anao ny tenako mandritra ilay fotoana izay nifanarahana sy ilay vodiondry izay nifanarahana".

Ary mamaly azy avy hatrany tsy mihambahamba ny lehilahy manao hoe:

"قَبِلْتُ التَّزْوِيجَ."

Dikany: "Nekeko ny fanambadiana".

Hadith fananarana:

قَالَ رَسُولُ اللَّهِ (ص): "مَنْ كَانَ لَهُ امْرَأَةٌ تُؤْذِيهِ، لَمْ يَقْبَلِ اللَّهُ صَلَاتَهَا وَلَا حَسَنَةً مِنْ عَمَلِهَا حَتَّى تُعِينَهُ وَتَرْضِيَهُ، وَإِنْ صَامَتِ الدَّهْرَ، وَقَامَتِ، وَأَعْتَقَتِ الرِّقَابَ، وَأَنْفَقَتِ الْأَمْوَالَ فِي سَبِيلِ اللَّهِ، وَكَانَتْ أَوَّلَ مَنْ تَرَدُّ النَّارَ".

Niteny ilay Irak'i Allah (s.a.w) hoe: "Izay lehilahy ampijalian'ny vadiny dia tsy eken'i Allah ny swalàt na ny asa soa rehetra ataon'izany vehivavy izany, mandra-panampiany ilay vadiny sy fanaovany izay mahafaly azy, eny fa na dia mifehy mandrakariva sy mampitsangana ny swalàt sy manafaka ireo andevo ary manao fandania ny harena amin'ny lalan'i Allah aza izy. Fa izy no voalohany hiditra ao amin'ny afobe".

ثُمَّ قَالَ (ص): "وَعَلَى الرَّجُلِ مِثْلَ ذَلِكَ الْوِزْرِ وَالْعَذَابِ إِذَا كَانَ مُؤْذِيًا ظَالِمًا، وَمَنْ صَبَرَ عَلَى سُوءِ خُلُقِ امْرَأَتِهِ وَاحْتَسَبَهُ، أَعْطَاهُ اللَّهُ لَهُ بِكُلِّ مَرَّةٍ يَصْبِرُ عَلَيْهَا مِنَ الثَّوَابِ مِثْلَ مَا أُعْطِيَ أَيُّوبَ عَلَى بَلَائِهِ، وَكَانَ عَلَيْهَا مِنَ الْوِزْرِ فِي كُلِّ يَوْمٍ وَلَيْلَةٍ مِثْلَ رَمْلِ عَاجٍ، فَإِنْ مَاتَتْ قَبْلَ أَنْ يَرْضَى عَنْهَا حُسِرَتْ يَوْمَ الْقِيَامَةِ مَنكُوسَةً مَعَ الْمُنَافِقِينَ، فِي الدَّرَكِ الْأَسْفَلِ مِنَ النَّارِ".

Ary mbola niteny Izy (s.a.w) hoe: "Ny lehilahy ihany koa dia mahazo ny sazy sy fahotana toy izany, raha toa izy ka mpampijaly sy mpanageja, fa ny lehilahy izay miharitra amin'ny haratsian-toetran'ny vadiny, no sady ankininy amin'i Allah izany nohon'ny fanantenany fahasoavana, dia omen'i Allah azy isaky ny fiharetany amin'ny vadiny, ny fahasoavana mitovy amin'ilay fahasoavana nomeny ny Mpaminany

Ayoub (a.s) tamin'ily fitsapana nandalo taminy, ary hahazo fahotana ilay vehivavy isan'andro aman'alina izay mitovy isa amin'ny fasika àndj. Koa raha maty ilay vehivavy alohan'ny tsy mbola nahazoany fifalian'ny vadiny, dia atsangana amin'ny andro farany miaraka amin'ireo mpitsaravelatsihy izy, ka any amin'ny faran'ny afobe no hisy azy". -Enga anie i Allah mba hiaro antsika amin'izany!-

"وَمَنْ كَانَتْ لَهُ امْرَأَةٌ وَلَمْ تُؤَافِقْهُ، وَلَمْ تَصْبِرْ عَلَى مَا رَزَقَهُ اللهُ، وَسَقَتْ عَلَيْهِ وَحَمَلْتُهُ مَا لَمْ يَفِدِرْ عَلَيْهِ، لَمْ يَقْبَلِ اللهُ لَهَا حَسَنَةً تَنْقِي بِهَا النَّارَ، وَعَضِبَ اللهُ عَلَيْهَا مَا دَامَتْ كَذَلِكَ".

(الوسائل - كتاب النكاح)

Ary mbola niteny ihany koa Izy (s.a.w) hoe: “Ny lehilahy izay manambady ka tsy mifanaraka aminy ilay vehivavy, no sady tsy miharitra amin'ny anjara masoandro izay nomen'i Allah ny vadiny, ka lasa manao zavatra mavesatra aminy, mitaky aminy ny zavatra tsy vitany dia tsy eken'i Allah ho azy ny asa soa izay hiaro azy amin'ily afobe, ary tezitra aminy i Allah raha mbola manao izany izy”.

قَالَ النَّبِيُّ (ص) : "مَنْ صَبَرَ عَلَى سُوءِ خُلُقِ امْرَأَتِهِ أَعْطَاهُ اللهُ مِنَ الْأَجْرِ مَا أُعْطِيَ أَيُّوبَ (ع) عَلَى بَلَاءِهِ. وَمَنْ صَبَرَ عَلَى سُوءِ زَوْجِهَا أَعْطَاهَا اللهُ مِثْلَ ثَوَابِ أُسَيَّةَ بِنْتِ مَرْحَمٍ".

Niteny ny Mpaminany (s.a.w) nanao hoe: “Ny lehilahy izay niharitra tamin'ny toetra ratsin'ny vadiny dia omen'i Allah fahasoavana mitovy amin'izay nomeny ny Mpaminany Ayoub (a.s) tamin'ily fitsapana nandalo taminy”.

وَعَنْ أَمِيرِ الْمُؤْمِنِينَ (ع) قَالَ : "سَمِعْتُ رَسُولَ اللهِ (ص) يَقُولُ : أَيَّمَا امْرَأَةٍ هَجَرَتْ زَوْجَهَا وَهِيَ ظَالِمَةٌ حَشِيرَتْ يَوْمَ الْقِيَامَةِ مَعَ فِرْعَوْنَ وَ هَامَانَ وَ قَارُونَ فِي الدَّرَكِ الْأَسْفَلِ مِنَ النَّارِ إِلَّا أَنْ تَتُوبَ وَ تَرْجَعَ".

(مكارم الأخلاق)

Ary voaray tamin'ny filohan'ireo mpino (a.s), izay niteny nanao hoe: “ Henoko ilay Irak'i Allah (s.a.w) nilaza nanao hoe: na iza na iza amin'ny vehivavy mandao amin'ny vadiny kanefa izyno diso dia atsangana izy amin'ny andro farany miaraka amin'i Firaona sy Hāmàna ary Qàrouna any amin'ny efitra farany ambany amin'ilay afobe, afa-tsy hoe mibebaka sy miverina izy.”

Fanamarihana:

Mba ho ara-dalàna ny fifamatoram-panambadiana amin'ny vehivavy dia mila feno aminy ireto fepetra manaraka ireto:

1-Ilaina mba ho silamo izy na mpanaraka ny iray amin'ireo finoana nentin'ny Mpaminany tany aloha araka ny fahitan'ireo manam-pahaizana sasany, fa ny hafa amin'ireo manam-pahaizana toa an'i As-sayed As-sistani (دام ظلّه) dia azo atao ny manambady vehivavy kristiana na vehivavy jiosy raha amin'ny fanambadiana voafetra fa tsy fanambadiana mandrakizay.

2-Voarara mihitsy ny vehivavy silamo manambady lehilahy “kàfir” amin'ny fanambadiana maharitra na voafetra. Torak'izany koa, tsy azon'ny lehilahy silamo atao ny manambady vehivavy kàfir izay tsy manaraka ny finoana izay nentin'ireo Mpaminany tany aloha. Fa ny vehivavy izay manaraka ny finoana hafa tany taloha dia mitovy hevitra ireo manam-pahaizana amin'ny fahazoana manambady azy amin'ny fanambadiana voafetra, fa ny manambady azy amin'ny fanambadiana maharitra kosa dia ahitan'ireo manam-pahaizana olana; ny sasany amin'izy ireo dia manaiky fa ny sasany kosa dia mandà, tahaka ny efa noresahintsika teo aloha. Ary tahak'izany koa ny fanambadian'ny vehivavy “shian ithnà anshary” amin'ny lehilahy silamo tsy “shian”, ny sasany amin'ireo manam-pahaizana mahita fa azo atao izany nefa makrouh, eny ny fitandremana atao dia ny tsy manao izany, fa raha hatahorana ilay vehivavy sao ho very lalana ka hiala amin'ny fanarahana

ny finoan'ireo Ahloul-baït (a.s), amin'izay fotoana izay dia haràm ny manam-bady azy.

M.209: Raha lasa “kàfir” ny lehilahy taorian'ilay fifamatorana, izany hoe niala tamin'ny mahasilamo azy, ka nanaraka finoana hafa, avy hatrany dia simba ny fifandraisana ara-panambadiana, ary tonga dia misaraka tsy mila twalàq.

3-Tsy olom-pady ilay vehivavy alaina vady, toy ny anabavy, ny zanaka vavy. Tena tsy azon'ny lehilahy atao ny manambady ny iray amin'ireo fianankaviany akaiky. Jereo ny tabilao manambara ireo havana izay haràm ny manambady azy, etsy amin'ny pejy manaraka.

4-Ilaina ny fanambadian'ny vehivavy aorian'ny fahazoan-dàlana avy amin'ny rainy raha eo izy, na raibeny avy amin'ny rainy. Fa raha tsy nahazo fahazoan-dàlana avy amin'ny iray amin'izy ireo kosa, dia tsy aradalàna ny fanambadiana, raha tsy hoe nanaiky izy ireo taty aoriana. Izany lalàna izany dia natokana ho an'ny vehivavy virijiny izay mbola velona ny rainy na ny raibeny, fa tsy ho an'izay tsy virijiny na koa mbola virijiny fa efa maty ny rainy na ny raibeny, araka ny fahitan'ny As-sayed Al-khouï (رَحْمَةُ اللَّهِ عَلَيْهِ).

Eny, misy amin'ireo manam-pahaizana toa an'ny As-sayed As-sistani sy As-sayed Al-hakim At-twabatwabaï (حَفِظَهُمَا اللَّهُ) mahita fa, raha niala tsy tamin'ny fomba fanambadiana ara-dalàna ny mahavirijiny azy, dia heverina hatrany fa mbola virijiny izy, ka tsy maintsy maka alalana amin'ireo ray sy raibeny. Jereo ao amin'ilay boky الفِئَةُ لِلْمُعْتَرِبِينَ izay nosoratin'ny As-sayed As-sistani (دَامَ ظِلُّهُ).

5-Ilaina mba tsy ho mpiarahavavy no alaina vady. Marina tokoa fa tsy azon'ny lehilahy atao ny manambady mpiarahavavy miaraka, raha tsy hoe, manome twalàq ny iray avy eo vao afaka manambady ny hafa. Torak'izany koa, voafetra tsy ho vehivavy fahadimy no hanaovana

famatoram-panambadiana, satria raha ny vady fahadimy no nanaovana ny famatorana dia tsy ara-dalàna.

2. Ireo lalànan'ny fihavanana **أَحْكَامُ النَّسَبِ**

Azon'ny lehilahy atao ny mijery sy ny mikasika ny vehivavy fady azy, fa kosa tsy miaraka amin'ny faniriana. Tahak'izany koa, azon'ny vehivavy atao ny mijery sy mikasika ny lehilahy fady azy fa tsy miaraka amin'ny faniriana. Haràm amin'ny mpifady ny mifanambady. Ny tiana hambara amin'ireo mpifady amin'ny finoana islam dia ireto manaraka ireto:

Ny zanaka lahy sy ireo zanany, ny zanaka vavy sy ireo zanany, ny reny sy ny ray, ny raibe sy ny renibe, ny rahalahy sy ny anabavy ary ny zanak'izy ireo, ny rahalahy sy ny anabavin-dray, ny anadahy sy ny rahavavin-dreny. Ireo no ananantsika fifandraisana akaiky amin'ny lafimpihavanana izay avy amin'ny reny na ray.

M.210: Tsy azon'ny iray amin'ireo mpifady atao ny mifampijery henatra, ary indrindra fa tsy azon'ny lehilahy atao ny mijery ny vatan'ny olom-pady azy, izay eo anelanelan'ny foitra sy ny lohalika, na miaraka amin'ny faniriana na tsia, araka ny fitandremana arahina.

3. Ireo lalànan'ny firafozanana **أَحْكَامُ الْمُصَاهَرَةِ**

Azon'ny lehilahy sy ny vehivavy atao ny mifampijery vatana, raha misy eo amin'izy roa ny firafozanana. Izany hoe fifandraisana vokatry ny fifamatoram-panambadiana, ary ireto manaraka ireto izany:

a-Ny vehivavy dia halàl amin'ny vinantolahiny sy ireo vadin'ny zafiny avy amin'ny zanany vavy sy zanany lahy; ary izy dia halàl ihany

koa amin'ny zanaky ny vadiny sy ireo zanany. Halàl ihany koa izy amin'ny vadin'ny reniny sy ny rain'ny vadiny ary ireo raiben'ny vadiny avy amin'ilay reny sy ray.

b-Halàl amin'ny lehilahy ny vinantovaviny sy ireo vadin'ny zafiny avy amin'ny zanaka lahy na avy amin'ny zanaka vavy. Ary halàl aminy ihany koa ny vadin'ny rainy sy ny zanakavavin'ilay vadiny izay efa niray ara-nofy taminy. Halàl aminy koa ny renin'ny vadiny sy ireo reniben'ny vady avy amin'ilay reniny sy ny ray.

M.211: Izay efa nanao famatoram-panambadiana tamin'ny vehivavy iray, ka nanome twalàq azy alohan'ny mbola tsy nanao firaisana, dia azo atao ny manambady ny zanakavavin'ilay vehivavy.

4.Ireo lalànan'ny fampinonoana أَحْكَامُ الرِّضَاعِ

Raha nampinonoan'ny vehivavy iray ny ankizy lahy na vavy, arak'ireto fepetra manaraka ireto dia lasa zanak'ilay vehivavy ara-pinonoana ilay ankizy ary ny vadin'ilay vehivavy no lasa rainy:

a-Nampinono ilay vehivavy nandritra ny andro sy alina ary tsy nisakafo hafa ilay zaza, na ninono amin'ny vehivavy hafa.

b-Ninono in-dimy ambiny folo isa nifanesisesy ilay zaza, izay tsy nelanelan'ny finonoana tamin'ny vehivavy hafa izy, eny fa tsy maninona ny fisakafoanan'ilay ankizy ankoatra ilay nono.

d-Ninono tamin'ilay vehivavy ny zaza nandritra ny fotoana lava ary izany no nahatonga ny fitomboany ka nampitsiry ny nofo sy nampatanjaka ny taolana, na dia ninono tamin'ny vehivavy hafa sy nihinana sakafy ankoatra ny nono nandritra ny fotoana fohy aza izy. Marina tokoa fa raha mitranga ny iray amin'ireo zavatra telo ireo, dia ilay zaza no lasa zanak'ilay vehivavy sady lasa rainy ihany koa ny vadin'ilay

vehivavy. Ary ny zanak'izy mivady dia lasa rahalahy sy anabavin'ilay zaza. Koa noho izany, dia haràm amin'ilay zaza ny manambady ny iray amin'ireo zanak'ilay vehivavy nampinono azy. Torak'izany koa, fa haràm amin'ilay zaza ny manambady ilay vehivavy raha lehilahy izy, ary raha vehivavy kosa, dia haràm ny manambady ilay vadin'ilay vehivavy nampinono azy. Tsy haràm ny iray amin'ireo fianakavian'ilay zaza ninono ilay vehivavy nampinono na iray amin'ireo fianakavian'ilay vehivavy.

Tabilaon'ny mpifady avy amin'ny lehilahy sy ny vehivavy

Olom-pady amin'ny lehilahy	Antony
Ny reny	Nohon'ny fihavanana sy fampinonoana
Ny renibe avy amin'ny reny	Nohon'ny fihavanana sy fampinonoana
Ny renibe avy amin'ny ray	Nohon'ny fihavanana sy fampinonoana
Ny zanaka vavy	Nohon'ny fihavanana sy fampinonoana
Ireo zafy vavy (avy amin'ny zanaka vavy)	Nohon'ny fihavanana sy fampinonoana
Ireo zafy vavy (avy amin'ny zanaka lahy)	Nohon'ny fihavanana sy fampinonoana
Ny anabavy	Nohon'ny fihavanana sy fampinonoana
Ny zanakavavin'ny anabavy	Nohon'ny fihavanana sy fampinonoana
Ny zanakavavin'ny rahalahy	Nohon'ny fihavanana sy fampinonoana
Ny anabavin-dray	Miaraka aminy ny anabavin-draibe sy ny rahavavin-drenibe
Ny rahavavin-dreny	Miaraka aminy ny rahavavin-drenibe avy amin'ny reny sy ray
Ny renin'ny vady	Nohon'ny firafozanana

Ny zanakavavin'ny vady izay efa nitrangan'ny firaisana ara-nofa sy ireo zanany vavy	Nohon'ny firafozanana
Ny vadin'ny zanakalahy sy ireo vadin'ny zafy lehilahy sy ny zanaka vaviny	Nohon'ny firafozanana
Ny vadin'ny ray	Nohon'ny firafozanana
Ny reniben'ny vady, avy amin'ny reniny sy avy amin'ny rainy	Nohon'ny firafozanana
Olom-pady amin'ny vehivavy	Antony
Ny ray	Nohon'ny fihavanana sy fampinonoana
Ny raibe avy amin'ny ray	Nohon'ny fihavanana sy fampinonoana
Ny raibe avy amin'ny reny	Nohon'ny fihavanana sy fampinonoana
Ny zanaka lahy	Nohon'ny fihavanana sy fampinonoana
Ireo zafy lahy (avy amin'ny zanaka vavy)	Nohon'ny fihavanana sy fampinonoana
Ireo zafy lahy (avy amin'ny zanaka lahy)	Nohon'ny fihavanana sy fampinonoana
Ny anadahy	Nohon'ny fihavanana sy fampinonoana
Ny zanakalahin'ny anadahy	Nohon'ny fihavanana sy fampinonoana
Ny zanakalahin'ny rahavavy	Nohon'ny fihavanana sy fampinonoana
Ny rahalahin-dray	Miaraka aminy ny rahalahin-draibeny sy ny anadahin-drenibeny
Ny anadahin-dreny	Miaraka aminy anadahin-drenibe avy amin'ny ray sy ny anadahin-drenibe avy amin'ny reny

Ny rain'ny vady	Nohon'ny firafozanana
Ny zanakalahin'ny vady sy ireo zanany	Nohon'ny firafozanana
Ny vadin'ny zanakavavy sy ireo vadin'ny zafy vavy avy amin'ny zanaka lahy na vavy	Nohon'ny firafozanana
Ny vadin'ny reny	Nohon'ny firafozanana
Ny raiben'ny vady avy amin'ny rain'ny vady sy avy amin'ny reniny	Nohon'ny firafozanana

Eto dia misy trangan-javatra izany hoe “mas’ala” vitsivitsy tsara ho fantatra :

M.212: Azon'ny lehilahy na vehivavy atao, - raha ohatra ka, tsy anisan'ireo olona izay noresahina teo aloha ao anatin'ily tabilao - ny mijery ny vatan'ny olona hafa raha misy antony tsy azo ialàna. Ohatra: fanavotana ny olona rendrika na niara-boina na mpitsabo. Fa ny mikasika an'ily fitsaboana dia tsy azon'ny lehilahy atao ny mandeha amin'ny vehivavy mpitsabo, na koa ny vehivavy mamonjy lehilahy mpitsabo, raha tsy nohon'ny antony tsy azo ialàna; ary tokony tsy hamela ny mpitsabo hijery sy hikasika mihoatra ny fetra izay ilaina eo amin'ny fitsaboana.

M.213: Tsy azo atao ny mitokana miaraka amin'ny vehivavy eny amin'ny toerana mangina, izay tsy misy olona fahatelon'izy ireo, raha ohatra ka hahatonga “fitnah” na fakam-panahy sy fihetsika haràm ilay fitokanana. Fa raha tsy misy an'izany dia tsy maninona, nefa kosa ny fanalavirana izany no tena tsara.

Ireo lalànan'ny fihazàna sy ny famonoana biby

1-Ireo lalànan'ny fihazàna

Ny fihazàna tiana hambara eto dia ny fomba izay raha toa ka tamin'ny alalan'izany fomba izany no novonoina ny biby tsy fiompy, dia halàl ny fihinanana ny nofony, ary tsy heverina ho biby maty ho azy izy. Ary izany fihazàna izany dia ahitana fomba anankiroa:

Voalohany: Ny fihazàna amin'ny alalan'ny alika izay nampianarina hihaza. Raha silamo no nandefa ilay alika, ary nanononany ny anaran'i Allah talohan'ny nandefasany azy any amin'ilay biby izay nohazainy toy ny gazely na “girafe”, vorona ...sns, ka lasa ilay alika nihaza sy namono azy, ary ilay biby efa maty no nentiny tamin'ilay tompony, dia halàl ny mihinana an'io biby io ka tsy ilaina atao sombily intsony. Fa raha nentiny mbola velona ilay biby, amin'izay fotoana izay dia wadjib ny manao sombily azy mba ho halàl raha mbola malalaka ny fotoana hanaovana sombily azy, ary halàl ihany koa amin'ny fahateren'ilay fotoana.

M.214: Tsy maintsy dioovina na atao twahàrah ny faritra izay nokaikerin'ny alika tamin'ilay remby satria efa nadjis.

Faharoa: Famonoana ny biby amin'ny alalan'ny fanorahana an'ilay fitaovana maranitra toy ny lefona, kitsitsy, pilota, antsy, na bala izay manana loha maranitra, fa izay tsy manana loha maranitra toy ny bala “blanc”, tena marina tsy halàl ny biby raha nohazaina tamin'ny alalan'izany, raha tsy hoe, tratra mbola velona ilay biby ka novonoina araka ny lalàna islamika.

2-Ireo fepetran'ny fihazàna

Ferana mba ho “halàl” ny biby izay nohazaina amin'ny alalan'ny iray amin'ireo fomba roa voalaza teo, raha feno aminy ireto fepetra manaraka ireto:

a-Ilaina ny manonona ny anaran'i Allah rehefa mandefa ny alika, na alohan'ny hanorahana ilay fitaovana maranitra, ary tsy maninona amin'ilay fanononana ny anaran'i Allah raha taorian'ny fandefasana na taorian'ny fanorahana.., fa kosa ilaina izany alohan'ny fahavoazan'ilay biby. Noho izany, raha tojo ilay biby efa maty ny mpihaza dia halàl aminy ny mihinana azy ka tsy ilaina hatao sambily intsony. Fa raha tsy nanonona ny anaran'i Allah an-tsitrapo tamin'ny fandefasana ilay alika na tamin'ny fanorahana ilay fitaovana maranitra dia tsy azo hohanina ilay remby, raha tsy hoe, tratra velona ilay biby ka novonoina araka ny lalàna islamika. Ary halàla ihany koa raha tsy nahavoatonona ny anaran'i Allah tamin'ny fanadinoana.

b-Ilaina mba ho silamo ny mpihaza, fa raha tsy silamo izy dia tsy halàl ny biby izay nohazainy, na dia nanononany ny anaran'i Allah sy nataony sambily aza, raha tsy hoe, mbola velona ilay biby ary tratran'ny olona silamo izay namono azy amin'ny fomba islam.

صَيْدُ السَّمَكِ

Ny fanaratovana trondro

M.215: Ny fanaratovana trondro dia misy fomba anankiray fotsiny, ary izany dia ny fialan'ilay trondro mbola velona avy ao anaty rano ka efa ety ivelan'ilay rano izy vao maty, fa tsy anisan'izany ny trondro izay maty tao anaty harato tao an-drano ; fa izany dia halàl. Tsy ferana ho fitaovana voatokana no hanaratovana ny trondro, ary torak'izany koa, dia tsy ferana ho olona silamo ilay mamoa azy ao anaty rano, no sady tsy wadjib ny

fanononana ny anaran'i Allah amin'ny fotoana ny fandratoavana ny trondro.

3-Ireo lalànan'ny famonoana biby

Izany dia ilay fomba izay atao amin'ny famonoana ny bibidia na biby fiompy toy ny ondry na akoho...sns, amin'ireo karazana biby fihinana, mba ho lasa halàl sy madio ; ary misy fomba anankiroa izany:

a-النَّحْرُ “an-nahr” na tsindromina : izany dia fomba voatokana amin'ny famonoana rameva irery ihany. Tsindromina eo ambanin'ny tendany, ary avela hiporitsika ny ràny.

b-فَطْعُ الْأَوْدَاجِ na fanapahana ireo hozatra : izany dia ny fanapahana ireo hozatra izay eo amin'ny sisiny roa ny tenda, ka didiana amin'ny alalan'ny antsy eo anoloana mandra-pahatapak'ireo hozatra ireo eo amin'ny tenda, ary avela mba hiporitsika ny ràny mandra-pahafatiny. Tsy azo atao ny manapaka avy eny amin'ny hatok'ilay biby, ary tsy halàl ny biby raha vonoina toy izany. Torak'izany koa, dia tokony miaraka amin'ny lohany ilay tenda kely, mba ho halàl ny biby novonoina. Tsy aradàlana ilay fanapahana ny hozatra, raha tsy atao eo ambanin'ny tenda kely izany koa aoka mba hitandrina tsara.

Ireto avy ireo hozatra efatra ireo:

-Ny hozatra izay fandalovan'ny sakafo sy rano

-Ny hozatra fandalovan'ny rivotra

-Ireo hozatra anankiroa matevina, izay manodidina ny hozatra fandalovan'ny rivotra.

Raha tsy tapaka tanteraka ireo hozatra efatra ireo, dia tsy halàl ilay biby.

4-Ireo fepetran'ny famonoana

Misy fepetra maromaro amin'ny famonoana biby:

a-Ilaina mba hatodika any amin'ny “qiblah” ilay biby tiana hovonoina, fa tsy ampy ny fanatodihana ny lohany fotsiny, eny, tsy maintsy miatrika amin'ny “qiblah” ny rehetra amin'ny vatan'ilay biby manoloana, toy ny tendany, ny kibo sy tratrany, ireo tongotra amantanany. Ny biby izay novonoina ka tsy natodika tany amin'ny “qiblah” nohon'ny fanadinoana sy ny tsy fahalalana, dia halàl.

b-Ilaina mba ho olona silamo no mpamono ilay biby. Noho izany, tsy ara-dalàna ny famonoan'ny olona tsy silamo ny biby, na dia nanononany ny anaran'i Allah sy natodiny tany amin'ny “qiblah” aza izany.

d-Ilaina ny manonona ny anaran'i Allah eo am-pamonoana ilay biby, ary halàl ilay biby novonoina, raha nanadino ny fanononana ny anaran'i Allah, fa tsy halàl kosa raha nohon'ny tsy fahafantarana ny lalàna araka ny fahitan'ny manam-pahaizana toa an'i As-sayed Al-khouï sy As-sayed As-sistani...

e-Wadjib ny famonoana ny biby amin'ny alalan'ny vy maranitra, ka noho izany dia tsy azo atao ny mamono azy raha amin'ny alalan'ny zavatra toy ny vato maranitra, fitaratra ...sns, raha tsy hoe, amin'ny fotoana tsy ahitana ilay vy maranitra.

f-Ferana ny maha-halàl ilay biby novonoina, mba hivoaka avy aminy ny rà izay mahazatra amin'ny karazan'io biby io. Koa raha novonoina ny biby, nefa tsy nivoaka taminy ny fetran'ny rà mahazatra, na mivoaka fa mivaingana, na koa tsikelikely, kanefa izany dia tsy fahita amin'ny biby mitovy karazana aminy, dia tsy halàl izany biby novonoina izany. Torak'izany koa, dia ilaina mihetsika ny biby eo am-pamonoana

azy, na dia fihetsika tsootra aza raha ohatra ka manalasalala ny fahaveloman'ily biby nialohan'ny famonoana azy, fa ilay biby tsy nampisalasala ny fahavelomany dia tsy mihatra aminy io fepetra io.

Raha nivoaka rà kely ny biby teo am-pamonoana azy, izay vokatry ny ratra nahazo azy, dia tsy manafoana ny lalàna mifehy ny maha-halàl azy izany.

M.216: Haràm ny mampisaraka ny lohan'ily biby an-tsitrapo izay mbola tsy afak'aina, na dia azo hohanina aza ilay biby araka ny fahitan'i As-sayed As-sistani azy, ary tsy misy ny mahasamihafa izany, na amin'ny vorona, na amin'ny biby hafa. Fa ny manam-pahaizana sasany dia mahita fa tsy azo atao ny mihinana azy raha natao an-tsitrapo; ary raha natao nohon'ny fanadinoana, na nohon'ny faharanitan'ily antsy tafahoatra dia tsy haràm izany ary azo hanina ilay biby.

أَحْكَامُ الْأَطْعِمَةِ وَالْأَشْرِبَةِ

Ireo lalànan'ny fisakafoanana sy fisotroana

Fampidirana :

Ny fototry ny zavatra rehetra, izay misy amin'ny tontolo voajanahary dia halàl, ary azon'ny olombelona hohanina sy sotroina avokoa, raha manome tombontsoa ho azy izany. Fa ny lalànan'i Allah izay nentin'ny finoana islam dia nanavaka manokana karazana sakafo sy zava-pisotro sasany nohon'ny fisian'ny voka-dratsy eo amin'ny fanahy sy ny vatan'ny olombelona. Ary navondrona ireo zavatra ireo amin'ny lohateny ankapobeny izay hambara arak'izao manaraka izao:

Ireo zavatra haràm ara-tsakafo

Misy zavatra maromaro izay haràm ny fihinanana az, ary anisan'izany dia:

a-Ireo zavatra “nadjis” toy ny rà, ny kaka, ny kisoa ...sns amin'ireo zavatra izay nolazain'ny finoana islam fa ireo dia tena nadjis tokoa.

b-Ireo sakafo voan'ny “nadjis”. Izany dia ny sakafo rehetra mifangaro amin'ny zavatra nadjis izay voalaza tany aloha, ka tsy mety mihitsy ny fanadiovana azy.

d-Ireo zavatra izay tsy fihinana. Tafiditra ao anatin'izany ireo zavadrehetra izay tsy azo atao sakafo amin'ireo zavatra tsy sitraky ny olombelona, toy ny hazo, ny vato, ny fotaka, ny lamba, ary ny poizina ...sns, amin'ireo zavatra tsy ankasitrahana ny fihinanana azy.

M.217: Raha may ny sakafo ka lasa saribao dia tsy azo hohanina.

Ireo biby haràm tsy azo hohanina

Voarakitra amin'ireto biby manaraka ireto, ireo karazana biby izay haràm ny fihinanana azy:

a-Ireo biby manafika ny namany:

Ny tiana hambara eto dia ny biby izay mihinana ny namany, na eo amin'ny vorona izany, toy ny voromahery, ny papango, na koa ny biby antanety toy ny liona sy ny fosa ...sns.

b-Haràm ny mihinana bitro sy ny elefanta ary ny rajako.

d-Haràm ny fihinanana ny karazana bibikely sy ireo biby mandady rehetra, afa-tsy ny valala ihany; marina tokoa fa iza io dia halàl.

e-Ireo biby mihinana ny maloton'ny olombelona izay antsoin'ireo manam-pahaizana hoe الْحَيَوَانَاتُ الْجَلَالَةُ “al-hayawànàtoul-djallàlah”: ary izany dia ny biby rehetra izay mihinana ny maloton'olombelona ka mitombo ny nofony ary matanjaka ny taolany noho izany. Koa dia haràm ny mihinana azy, ary tsy ho lasa halàl mihitsy raha tsy hoe, aorian'ny fihinanany sakafo madio mandritra ny fotoana manokana mba hanadiovana azy.

Ny fomba fanadiovana azy

Sakanana ilay biby amin'ny fihinanany zavatra nadjis mandritra ny fotoana izay hanalàna ilay biby amin'ny fahalotoany. Ny fitandremana atao amin'izany dia mila arahana tsara ny fanadiovana mandritra ny fahataperan'ny fotoana voalazan'ny lalàna. Toy izao ny fanadiovana azy:

-ho an'ny akoho dia mandritra ny telo andro

-ho an'ny gisa sy ireo karazany dia mandritra ny dimy andro

-ho an'ny ondry aman'osy dia mandritra ny folo andro

-ho an'ny omby, mandritra ny roapolo andro

-ho an'ny rameva, mandritra ny efapolo andro.

f-Ny biby maty ho azy: haràm ny fihinanana ny biby rehetra izay maty ho azy.

g-Ny trondro izay tsy misy kirany: ny trondro rehetra izay tsy misy kirany dia “haràm” ny fihinanana azy, fa izay misy kirany kosa dia halàl

avokoa, ary tafiditra amin'izany ny “crevettes”, marina tokoa fa izy io dia halàl, ary torak'izany koa dia halàl ny trondro rehetra izay misy kirany amin'ny fiandohany fa niala izany nohon'ny antony izay mety nitranga taminy. Ohatra toy ny fikosehany matetika tamin'ny fasika na vato ka nahtonga ny fialan'ireo kirany.

رُوِيَ أَنَّ مُحَمَّدَ بْنَ مُسْلِمٍ سَأَلَ الْإِمَامَ أَبَا جَعْفَرٍ الصَّادِقِ (ع) عَنِ السَّمَكِ الَّذِي لَا قَشْرَ لَهُ؟ فَقَالَ: "كُلْ مَا لَهُ قَشْرٌ مِنَ السَّمَكِ وَمَا كَانَ لَيْسَ لَهُ قَشْرٌ فَلَا تَأْكُلْهُ".

Dikany : Voaray tamin'i Mouhammad ibn Mouslim, fa nanontany an'ny Imàm rain'ny Al-Imàm As-Swadiq (a.s) mikasika ny trondro tsy misy kirany; ary namaly azy ny Imàm (a.s) nanao hoe: “mihinàna ny trondro izay misy kirany, fa aza mihinana kosa ny tsy misy kirany”.

وَقَالَ الْإِمَامُ الصَّادِقُ (ع): "إِنَّ أَمِيرَ الْمُؤْمِنِينَ (ع) كَانَ يَرْكَبُ بَعْلَةً رَسُولِ اللَّهِ (ص) بِالْكُوفَةِ، ثُمَّ يَمُرُّ بِسُوقِ الْحَيْثَانَ، وَيَقُولُ: لَا تَأْكُلُوا، وَ لَا تَبِيعُوا مَا لَيْسَ لَهُ قَشْرٌ".

Dikany: Ary mbola niteny ny Al-Imàm As-Swàdiq (a.s) nanao hoe: “tena marina fa ilay filohan'ireo mpino (a.s), dia avy nitaingina ny apondran'ilay Irak'i Allah (s.a.w) tany Koufah, ary nandalo tao amin'ny tsenan'ny trondro ka niteny hoe: aza mihinana sy aza mivarotra ianareo ny trondro izay tsy misy kirany”.

h-Ny vorona: dia ny vorona rehetra izay mamelatra ny elany maharitra sy mahalana mikopaka rehefa mitsidina, torak'izany koa ny vorona izay tsy misy takorobabony sy ny haranany, ary ny vorona izay tsy manana ankihife avy aorian'ny felatongony, marina dia marina fa ny tsirairay amin'ireo karazam-borona anankiroa ireo dia haràm ny mihinana azy; tahak'izany koa ireo vorona izay manafika ny namany.

i-Haràm ny mihinana ireto taova manaraka ireto amin'ny biby izay novonoina:

-Ny arin-kena izany hoe ilay taova miendrika “aty” miloko menamena, mipetaka akaikin’ny havokavoka.

-Ny afero.

-Ny voa na vihy mahalahy ny biby.

-Ny tsokan-damosina.

-Ny mahavavy ny biby.

-Ny zanak’ati-doha na “cervelet” izany hoe ilay taova kely mitovy amin’ny voamaina, izay hita eo ambanin’ny ati-dohan’ny biby.

-Ny voakena.

-Ny voamaso.

Toy izany koa dia haràm ny mihinana ny tranon’amany sy ny tranon-janaky ny biby, sy ny hozatra roa mahery izay miantomboka amin’ny hatony mandalo amin’ny lamosiny ary miafara hatrany amin’ny rambony. Mbola haràm ihany koa ny mihinana taim-biby. Tsy misy ny mahasamihafa ny maha-haràm ireo zavatra voalaza ireo, na amin’ny vorona na amin’ny biby hafa ankoatra azy.

M.218: Haràm ny fihinanana fanihy sy ny vorombola.

الْأَشْرِبَةُ الْمَحْرَمَةُ

Ireo zava-pisotro haràm

Ireo zava-pisotro haràm dia ireto manaraka ireto:

1-Ny karazan-javatra mahamamo rehetra, anisan’izany ny labiera sy ny divay.

2-Ireo zavatra tsy fisotro amin'ireo karazana tsiranoka, toy ireo ranom-boankazo mafaitra sy ireo karazana solitany rehetra... sns.

3-Ireo zavatra poizina sy mahadomelina, na tsiranoka izany na mivaingana.

M.219: Haràm ny fipetrahana amin'ny latabatra izay fisotroan'olona toaka.

M.220: Ireo zavatra haràm rehetra noresahantsika ireo dia azo atao ny mihinana azy amin'ny antony tsy azo anoharana, toy ny hanoanana tafahoatra mety hahafaty, na fanafody izay tsy ahitana fanafody hafaentina manasitrana raha tsy amin'ny alalan'izany. Tena marina fa amin'ny teo-javatra toy izany dia azo atao ny mihinana azy, araka ny voalazan'ireo manam-pahaizana sasany.

أَحْكَامُ الْإِيْمَانِ وَالنُّذُورِ

Ireo lalànan'ny fianianana sy ny voady

Fampidirana:

Voalaza ao amin'ny lalàna islamika ny famporisihana amin'ny fanaovana voady, rehefa sendra olana ny olombelona, na koa misy faniriany tsara tiany ho tanteraka aminy, tahaka ny fahafantarana fa ny fomba mahazatra ny ankamaroan'ny olona rehefa te-hanamafy zavatra mitranga anankiray na te hanao izany, dia mianiana izy amin'ny zavatra izay hinoany fa masina sy manan-danja be eo aminy. Koa ny voady na ny fianianana dia samy manana ny lalàna mifehy azy avokoa, ary hazavaintsika manaraka eto izany:

1-Ireo lalàna mikasika ny voady

Ny voady na “nadh” dia ny fitenenan’ny mpino silamo manao hoe:

" نَذْرٌ لِلَّهِ عَلَىٰ أَنَّهُ إِذَا صَارَ - كَذًا - سَوْفَ أَفْعَلُ - كَذًا - ."

“Nadh’roun liLLAHI anlayyah an-nahou idhà swàra -kadhà-saoufa af’anlou- kadhà -” .

Dikany: “Manao voady amin’i Allah aho fa -rehefa misy zavatra mitranga toy izao- dia hataoko ny -zavatra sahala amin’izao-”.

Ny zavatra atao amin’izany moa dia toy ny famoahana swadaqah ho an’ireo mahantra, na manao fifehezana... sns, amin’ireo asa soa, arakaraka ny voady nokasaina.

Tsy mety ilay voady raha tsy natao amin’ily fomba voalaza teo. Noho izany, raha tsy miteny an’ily teny hoe: " نَذْرٌ لِلَّهِ عَلَىٰ " -manao voady amin’i Allah aho - ilay mpanao voady dia tsy mety ilay voady.

M.221: Wadjib ilay asa mahatonga ny fanaovana voady mba ho asa tsara araka ny fahitan’ny olona manan-tsaina, noho izany, raha nohon’ny antony famonoan’olona no hanaovana voady, na mba hangataka aman’ny olona ohatra, dia tsy mety ilay voady.

M.222: Wadjib amin’ny olona ny manatanteraka ilay voady, arakaraka ilay fikasany ka tsy mila manova izany. Raha tsy nanatanteraka ny voadiny mihitsy an-tsitrapo, kanefa manana fahafahana manao izany izy, dia wadjib aminy ny mamoaka “kaffàrah” na onitra. Izany dia ny fanafahana andevo, na fampihinanana mahantra miisa folo, na fampiakangoana azy ireo. Koa raha tsy afaka ny manatanteraka ny iray

amin'ireo zavatra telo ireo, dia wadjib aminy ny manao fifehezana telo andro misesy.

M.223: Raha tsy vitan'ily olona mihitsy ny nanatanteraka ny voadiny, dia afaka aminy ilay adidy raha ohatra ka ilay voady dia nanana fotoana voafaritra. Fa raha tsy izany, dia mbola mihatra aminy ilay adidy mandrapahavitany manatanteraka azy. Raha mitohy hatrany ny tsy fahafany manatanteraka azy mandritra ny androm-piainany, amin'izay fotoana izay, dia tsy wadjib aminy intsony ilay adidy.

2- Ireo lalàna mikasika ny fianianana

Ny atao hoe fiainianana na “yamīn” dia ny fifantan'ny mpino silamo amin'ny fisehoan-javatra iray, na amin'ny fanaovan-javatra iray na koa amin'ny famelàna azy. Ary tsy ara-dalàna ny fianianana raha tsy atao amin'ny alalan'i Allah na amin'ny alalan'ireo Anarana sy toetra voatokana ho Azy. Fa tsy tanteraka ny fianianana raha atao amin'ny alalan'ny ankoatr'ireo voalaza ireo, na dia amin'ireo zavatra masina aza toy ny Quor'an sy ny Ka'aba, na ny Mpaminany sy ireo Imàm masina (a.s).

M.224: Ferana mba ho amin'ny zavatra tsara sy eken'ny saina ny fianianana, tahaka ny voalaza tamin'ily voady, nefa mety kosa ny fianianana raha atao amin'ireo zavatra “moubàhah” na malalaka ny fanaovana azy, fa tsy mety amin'ny voady izany.

M.225: Haràm ny mianiana amin'ny lainga amin'ny zavatra tsy marina.

M.226: Raha mianiana amin'ny fanaovana na famelana zavatra iray, toy ny mianiana amin'ny fanatanterahana ny swalàt, na fialàna amin'ny fisotroan-toaka, avy eo izy nitsipaka izany, dia wadjib aminy ny mamoaika ilay kaffàrah izay noresahana tamin'ny voady teo aloha.

M.227: Raha nanao fianianana ny zanaka amin'ny hanaovany zavatra, na nanao voady amin'ny fanaovany zavatra iray, ka nanakana azy amin'izany ny rainy, avy hatrany dia simba ny fianianany sy ny voadiny, ary amin'izay fotoana izay, dia azony atao ny tsy manatanteraka ilay voady na ilay fianianana, araka ny voalazan'ireo manam-pahaizana sasany.

أَحْكَمُ الْكَفَّارَاتِ

Ny lalànan'ireo onitra

M.228: Ny kaffàrah na ny onitra dia indraindray tanterahina arak'ambaratongany, indraindray tanterahina ara-tsafidy, indraindray tanterahina arak'ambaratongany sy ara-tsafidy miaraka, ary indraindray koa dia ilay antsoina hoe “kaffàratoul-djam'oun” no tanterahina, izany hoe ny “onitra avondrona”.

M.229: Ny “kaffàratoudh-dhwiḥàr” sy ny “kaffàratoul-qat'l” izany hoe ny “onitra nohon'ny filazana amin'ny vady ho tahaka ny lamosin'ny reny” sy ny “onitra nohon'ny famonoana tsy faniniana” dia onitra atao arak'ambaratongany, ka wadjib amin'ireo onitra anankiroa ireo ny manafaka andevo; nefa raha tsy mahavita izany izy dia manao fifehezana ao anatin'ny roa volana mifanesy; fa raha mbola tsy mahavita izany koa izy dia mampihinana ny mahantra miisa enim-polo. Misy ambaratongany torak'izany koa, ny onitra ho an'izay nanapaka ny fifehezana andro iray taorian'ny zawàl amin'ny fanoloana ny fifehezan'ny volana Ramadany, ka ny wadjib amin'ilay kaffàrah dia ny mampihinana ny mahantra miisa folo, fa raha tsy mahavita izany izy dia manao fifehezana telo andro, ka ny fitandremana tsara atao dia ny manao izany mifanesy araka ny voalazan'ny As-sayed As-sistani.

M.230: Ny kaffàrah ho an'izay nanapaka fifehezana andro iray amin'ny volana Ramadany amin'ny alalan'ny iray amin'ireo zavatra

manapaka ny fifehezana izay voalaza tany aloha, na izay nitsipaka ny fampanantenana izay wadjib ny fanatanterahana azy dia atao ara-tsafidy, ary izany moa dia ny fanafahana andevo na fifehezana volana roa mifanesy na mampihinana ny mahantra miisa enim-polo.

M.231: Ny “kaffàratoul-ilà-i” izany hoe ny “onitra nohon’ny fianianana amin’i Allah mba tsy hiray ara-nofa amin’ny vadiny” sy ny “kaffàratoul-yamīn” izany hoe ny “onitry ny fianianana” ary ny “kaffàratoun-nadhr” izany hoe ny “onitry ny voady” na dia ny voadin’ny fifehezan’ny andro iray voatokana aza, dia mivondrona amin’ireo kaffàrah ireo ny ara-tsafidy sy ny arak’ambaratonga, ary izany moa dia ny fanafahana andevo na fampihinana ny mahantra miisa folo na mampitafy azy ireo ; fa raha tsy mahavita izany izy dia ny manao fifehezana telo andro mifanesy.

M.232: Ny kaffàrah ho an’izay namono mpino an-tsitrabo sy amin’ny tsindrihazolena dia “kaffàratoul-djam’oun” no tanterahina, ary izany moa dia ny fanafahana andevo sy ny fifehezana roa volana mifanesy ary ny fampihinana ny mahantra miisa enim-polo. Torak’izany koa ny kaffàrah ho an’izay nanapaka fifehezany andro iray amin’ny zavatra harām mandritra ny volana Ramadany, araka ny fitandremana tsara atao hoy ny As-sayed As-sistani.

أَحْكَامُ الْإِرْتِ

Ireo lalànan’ny fifandovàna

M.233: Misy ambaratonga telo ny fianakaviana eo amin’ny lafiny fifandovàna. Koa tsy afaka mandova ny iray amin’ireo havana ao amin’ny ambaratonga iray afa-tsy hoe tsy misy havan’ilay maty eo amin’ny

ambaratonga izay eo aloha. Toy izao àry ny filaminan'ireo ambaratonga ireo:

Ny ambaratonga voalohany dia ny ray aman-dreny sy ireo zanaka, na dia midina hatrany hatrany amin'ireo taranaka aza. Koa ny zanaka sy ny zanaky ny zanaka dia samy ao amin'ny ambaratonga voalohany. Afa-tsy hoe, ny fisian'ilay zanaka dia manakana ny zafy eo amin'ny fandovàna rehefa miaraka amin'ny zanaka ilay zafy.

Ny ambaratonga faharoa dia ireo raibe sy renibe, na dia miakatra hatrany hatrany, ary ny rahalahy sy anabavy, na ny zanak'izy ireo amin'ny fotoana tsy maha-eo azy ireo. Raha maro kosa ny zanaky ny rahalahy dia ilay tena akaiky amin'izy ireo manakana ilay lavitra eo amin'ny fandovàna. Noho izany, ny zanaky ny rahalahy dia mialoha amin'ny fandovàna an'ireo zafin'ny rahalahy... sns. Toy izany koa ny raibe dia mialoha amin'ny fandovàna an'ny rain'ny raibe.

Ny ambaratonga fahatelo dia ireo mpiray tampo avy amin'ny ray aman-dreny, rehefa tsy misy ny iray amin'izy ireo dia ny zanak'izy ireo no maka ny toeran'izy ireo. Fa mila jerena hatrany hatrany izay tena akaiky kokoa. Noho izany, ireo zanaka dia tsy mandova raha mbola eo ny rahalahin-dray sy ny anabavin-dray na anadahin-dreny sy ny rahavavin-dreny, afa-tsy hoe, amin'ny endrika anankiray, ary izany dia raha toa ilay maty dia mbola manana rahalahin-dray avy amin'ny ray , ka miaraka amin'ny rain'ilay maty avy amin'ny ray fotsiny. Ary ilay maty koa dia manana zanaky ny rahalahy avy amin'ny ray sy reny izay miaraka amin'ny rain'ilay maty avy amin'ny ray sy reny. Marina dia marina fa ny zanaky ny rahalahin-dray avy amin'ny ray sy reny avy -amin'ny tranga tahak'izany-, dia mialoha amin'ny fandovàna ilay rahalahin-dray avy amin'ny ray fotsiny. Fa raha maro ny rahalahin-dray, na ny zanaky ny rahalahin-dray, na misy ny vady lahy na ny vady vavy dia misy olana ny fampiharana an'io lalàna io.

Tsara ho marihina fa manoloana ireo ambaratonga rehetra ireo, ny vady lahy sy ny vady vavy, dia mandova izy roa ireoamin'ny endrika mahaleon-tena tsy miankina amin'ilay filaminana nolazaintsika teo, araka ny fanazavana izay mbola ho avy.

Fandovàna amin'ilay ambaratonga voalohany

M.234 : Raha tsy manan-kavana mpandova ilay maty eo amin'ny ambaratonga voalohany, afa-tsy ireo zanany, dia ho azy ireo ny harena rehetra. Raha manan-janaka iray izy, na lahy na vavy, dia ho azy ny fananana rehetra, fa raha maro ny zanany, ka samy lehilahy avokoa, na samy vehivavy izy rehetra, dia zarain'izy ireo mitovy ny lova. Raha namela zanaka lahy sy vavy maro, dia ny lehilahy no mahazo anjara avo roa heny mihoatra ny an'ny vehivavy, koa raha namela zanaka lahy iray sy zanaka vavy iray, dia zaraina telo ilay lova navelany, ary homena ny zanaka lahy ny anjara roa ary anjara iray izay tavela no anjaran'ilay zanaka vavy.

M.235 : Raha ohatra ilay maty tsy nanan-kavana tamin'ilay ambaratonga voalohany, afa-tsy ireo iray amin'ireo raman-dreniny fotsiny, dia lovainy ny harena rehetra. Fa raha mbola eo ilay ray sy reny, dia ny ray mahazo ny roa ampahatelon'ny lova ary ny reny mahazo ny iray ampahatelon'ny raha toa koa tsy misy sakana, fa raha misy mpanakana amin'ireo fianakaviany, dia mivadika ho iray ampahenina ny anjara azon'ny reny, ary ny sisa tavela dia ho an'ilay ray. Ohatra amin'izany, raha namela rahalahy maro ilay maty, marina tokoa fa na dia tsy mandova an'ilay aza izy ireo, fa kosa manakana ilay reny amin'ny fandovàna ka namadika ilay anjarany tokony ho azony amin'ilay iray ampahatelon'ny ho lasa iray ampahenina, ary izany raha ohatra ka feno amin'ireo rahalahy ireo, ireto fepetra manokana miisa enina manaraka ireto:

1-Ny fisian'ny ray.

2-Ny rahalahy sy anabavin'ily maty dia tsy mila latsaky ny lehilahy roa, na vehivavy efitra, na lehilahy iray sy vehivavy roa.

3-Ny rahalahin'ily maty dia tokony mba ho avy amin'ny rainy sy reniny miaraka, na avy amin'ny rainy fotsiny.

4-Ilaina ireo rahalahy ireo mba efa teraka fa tsy mbola ao am-bohoka.

5-Ilaina mba ho mpino silamo.

6-Ilaina mba ho olona malalaka fa tsy andevo.

M.236: Raha miaraka amin'ireo zanaka ny ray aman-dreny dia manana endrika maromaro:

Anisan'izany ny fiarahan'ny ray aman-dreny miaraka amin'ny zanakavavy iray, ary ilay maty dia tsy manan-drahalahy nahafeno ireo fepetra ny fanakanana izay noresahintsika teo aloha, amin'izay fotoana izay dia zaraina dimy ilay lova ka ny ray aman-dreny dia samy mahazo anjara anankiray avy ary ilay zanakavavy no mahazo ny anjara anankitelo.

Anisan'izany koa ny fiarahan'ny ray aman-dreny miaraka amin'ny zanakavavy iray, ary ilay maty dia manana rahalahy maro nahafeno ireo fepetra ny fanakanana izay efa noresahina teo aloha, ka ny lalànan'izany dia mitovy amin'ny lalànan'ily endrika teo ambony, araka ny voalazan'ny manam-pahaizana sasany, koa zaraina dimy ihany koa ilay lova ary tsy misy fiantraikany ny fisian'ireo rahalahy. Fa kosa ny malaza amin'ireo manam-pahaizana maro dia ireo rahalahy no manakana ny reny, amin'izay fotoana izay dia zaraina anankienina ilay lova ka ilay zanakavavy dia mahazo anjara anankitelo feno ary mbola mahazo koa ny telo ampahefan'ily ampahenina ($\frac{3}{4}$ -n'ny $\frac{1}{6}$) izy; arak'izany dia mihena ho ampahenina ny anjaran'ily reny ka lasa ampahenina miampy ampahefan'ily ampahenina ($\frac{1}{6} + \frac{1}{4}$ -n'ny $\frac{1}{6}$) ny anjaran'ily ray.

Vokatr'izany, dia zaraina ny lova ho fizarana efatra amby roapolo, ka ny reny no mahazo efatra amin'izany, ny ray kosa mahazo dimy, ary ny sisa tavela, izany hoe ireo dimy ambin'ny folo dia an'ilay zanakavavy; fa ny As-sayed As-sitanī dia mahita tsikera na “ish'kal” amin'izany fizarana izany; ary hoy izy (دَامَ ظِلَّهُ) : tsy tokony avela ny fanajana ilay fitandremana mikasika ny fahasamihafana eo amin'ilay anjara ampahadimy sy ny ampahenina amin'ilay anjaran'ny reny.

Mbola anisan'izany koa ny fiarahan'ny ray aman-dreny miaraka amin'ny zanakalahy, ka zaraina ny lova amin'ny fizarana enina ary samy mahazo ny anjara anankiray amin'izany ny ray sy ny reny, fa ny zanakalahy dia mahazo ny anankiefatra. Torak'izany, ny fizarana raha toa ka maro ireo zanaka miaraka amin'ireo ray aman-dreny. Samy mahazo ny ampahenina avy ny ray sy ny reny ary ireo zanaka no mahazo ny anjara anankiefatra izay zarain'izy ireo mitovy raha samy lahy izy ireo na samy vavy; fa raha tsy izany, dia zaraina amin'izy ireo arakaraka ilay fitsipika manao hoe: ny anjaran'ny lahy dia in-droa amin'ny anjaran'ny vavy.

M.237: Raha miaraka amin'ireo zanaka ny iray amin'ireo ray aman-dreny ireo dia manana endrika maromaro ihany koa:

Anisan'izany, ny anankiray amin'ireo ray aman-dreny dia mbola velona -ary ilay maty dia manana zanakavavy iray-, amin'izay fotoana izay dia mahazo ampahefan'ilay lova ny ray na ny reny fa ny sisa tavela rehetra kosa dia ho an'ilay zanakavavy.

Anisan'izany koa, ny anankiray amin'ireo ray aman-dreny dia miaraka amin'ny zanakalahy iray na maro navelan'ilay maty, ka amin'izay fotoana izay dia mahazo ny ampahenina ny anankiray amin'ireo ray aman-dreny ary ny sisa tavela dia ho an'ilay zanakalahy iray, fa raha maro izy ireo dia zarain'izy ireo mitovy izany.

Mbola anisan'izany koa, ny anankiray amin'ireo ray aman-dreny dia miaraka amin'ny zanakavavy maro navelan'ilay maty, ka mahazo ny ampahadiminy ny ray na ny reny ary ny sisa tavela dia ho an'ireo zanakavavy izay zarain'izy ireo mitovy.

Anisan'izany hatrany, ny anankiray amin'ireo ray aman-dreny dia miaraka amin'ny zanakalahy iray sy zanakavavy iray, koa dia mahazo ny ampahenin'ilay lova ny ray na ny reny ary ny sisa tavela dia zaraina ho an'ireo zanaka fa ny anjaran'ny lahy dia in-droa amin'ny anjaran'ny vavy.

M.238: Raha ilay maty no tsy nanan-janakalahy na vavy dia ho an'ny zanak'izy ireo ny lova ka ny zafin'ilay maty amin'ny zanany lahy no mandova ny anjaran'ny rainy na dia vehivavy aza izy, ary ny zafin'ilay maty amin'ny zanany vavy no mandova ny anjaran'ny reniny na dia lehilahy aza izy. Fa raha maro ireo zafy ireo amin'ny andaniny sy ankilany dia ny lahy no mahazo anjara in-droa amin'ny anjaran'ny vavy. Ohatra amin'izany, raha maty ny olona iray ka namela zafivavy avy amin'ny zanakalahy sy zafilahy avy amin'ny zanakavavy dia ilay vehivavy no mahazo anjara roa ary ilay lehilahy no mahazo anjara anankiray.

Fandovàna amin'ilay ambaratonga faharoa

M.239: Efa hita teo aloha fa ny rahalahy dia anisan'ilay ambaratonga faharoa, ary ny fandovàn'ny rahalahy amin'ny rahalahiny dia manana endrika maromaro, fa ny vitsivitsy amin'izany ihany no hotanisaintsika eto:

1-Raha rahalahy anankiray na anabavy anankiray no mpandova, amin'izay fotoana izay, dia ho an'izany rahalahy na anabavy anankiray izany ny harena rehetra na dia misy rahalahy avy amin'ny ray na avy amin'ny reny, na avy amin'izy roa miaraka aza.

2-Raha mpianadahy maro no mpandova, ary izy rehetra dia mpianadahy avy amin'ny ray sy reny, na avy amin'ny ray fotsiny. Amin'izay fotoana izay, ny harena dia zaraina mitovy, raha samy lehilahy izy rehetra, na samy vehivavy avokoa, fa raha tsy izany dia zaraina araka ilay fitsipika hoe: “ny lahy dia mahazo anjara in-droa amin'ny anjaran'ny vavy”, noho izany, ny anabavy dia mahazo ny anjara anankiray ary ny anadahy no mahazo ny anjara roa.

3-Raha mpianadahy maro no mpandova ary izy rehetra dia mpianadahy avy amin'ny reny, amin'izay fotoana izay, ilay lova dia zarain'izy ireo mitovy, na dia samy lehilahy izy ireo na samy vehivavy, na mifangaro.

4-Raha ny rahalahy iray avy amin'ny ray sy reny no miaraka amin'ny rahalahy iray avy amin'ny ray fotsiny fa tsy misy rahalahy avy amin'ny reny, amin'izay fotoana izay, dia mandova ny lova rehetra ilay rahalahy avy amin'ny ray sy reny, ary ilay rahalahy avy amin'ny ray fotsiny dia tsy mahazo anjara. Fa raha maro mianadahy ny avy amin'ny ray sy reny, amin'izay fotoana izay, dia mizara ny lova arak'ilay fitsipika hoe: “ny anjaran'ny lahy dia in-droa amin'ny anjaran'ny vavy”.

5-Raha ny rahalahy avy amin'ny ray sy reny, -na ny rahalahy avy amin'ny ray fotsiny, raha ohatra ka tsy manana rahalahy avy amin'ny ray sy reny-, no miaraka amin'ny rahalahy anankiray na anabavy anankiray avy amin'ny reny, dia mahazo ilay rahalahy na ny anabavy anankiray avy amin'ny reny ny iray ampahenina, ary zaraina amin'ireo mpianadahy avy amin'ny ray sy reny ny sisa tavela, ka ny anjaran'ny lahy dia in-droa amin'ny anjaran'ny vavy.

6-Raha ny rahalahy avy amin'ny ray sy reny -na ny rahalahy avy amin'ny ray raha tsy manana rahalahy avy amin'ny ray sy reny- no miaraka amin'ireo rahalahy sy anabavy maro avy amin'ny reny, dia zaraina telo ilay lova, ka ny anjara iray omena an'ireo mpianadahy maro

avy amin'ny reny, izay mizara ho anjara mitovy na dia ny lehilahy sy ny vehivavy aza. Ary ireo anjara anankiroa dia ho an'ireo tavela, ka ny anjaran'ny lehilahy no in-droa amin'ny anjaran'ny vehivavy.

7-Raha ireo mpianadahy avy amin'ny ray sy reny no miaraka amin'ireo mpianadahy avy amin'ny ray, sy rahalahy iray na anabavy iray avy amin'ny reny, dia tsy mahazo anjara amin'ilay lova ireo mpianadahy avy amin'ny ray, fa omena an'ilay rahalahy iray na ilay anabavy iray avy amin'ny reny ny ampahenina amin'ilay lova ary zaraina ny sisa tavela amin'ireo mpianadahy avy amin'ny ray sy reny, ka ny lehilahy no mahazo anjara roa amin'ny anjaran'ny vehivavy.

8-Raha ireo mpianadahy avy amin'ny ray sy reny sy mpianadahy avy amin'ny ray, ary mpianadahy avy amin'ny reny no miaraka dia tsy mahazo anjara lova ireo mpianadahy avy amin'ny ray tahak'ilay endrika izay efa nolazaintsika teo aloha, fa omena ireo mpianadahy o avy amin'ny reny ny iray ampahatelon'ilay lova, ka zarain'izy ireo mitovy na lahy na vavy, ary ny roa ampahatelo tavela dia omena ireo mpianadahy avy amin'ny ray sy reny, ka ny lehilahy no mahazo in-droa amin'ny anjaran'ny vehivavy.

M.240: Ireo raibe sy renibe dia anisan'ilay ambaratonga faharoa tahaka ireo mpianadahy izay efa nolazaintsika teo aloha, ary ny fandovàn'izy ireo dia manana endrika maromaro:

1-Raha tsy misy mpandova afa-tsy raibe iray na renibe iray avy amin'ny ray na avy amin'ny renin'ilay maty, dia omena an'ilay raibe na renibe ny lova rehetra, ary ny fisian'ilay raibe na renibe akaiky dia manakana ny lavitra amin'ny fandovàna.

2-Raha ilay mpandova dia ny raibe sy renibe avy amin'ny ray, koa ilay raibe dia mahazo ny anjara roa ampahatelon'ny, ary ilay renibe no mahazo ny anjara iray ampahatelo.

3-Raha ilay mpandova dia ny raibe sy renibe avy amin'ny reny, dia zaraina mitovy amin'izy roa ny lova rehetra.

4-Raha ilay mpandova dia iray amin'ireo raibeny anankiroa avy amin'ny rainy no miaraka amin'iray amin'ireo raibe anankiroa avy amin'ny reny, dia omena ilay raibe anankiray na ilay renibe anankiray avy amin'ny reny ny iray ampahatelo ary ny sisa tavela dia omena ny raibe na ny renibe avy amin'ny ray.

5-Raha ilay mpandova dia ny raibe sy renibe avy amin'ny ray miaraka amin'ny raibe sy renibe avy amin'ny reny, dia omena ny raibe sy renibe avy amin'ny ray ny roa ampahatelonny, ka ny anjaran'ny raibe dia in-droa amin'ny anjaran'ny renibe, ary omena ny raibe sy renibe avy amin'ny reny ny iray ampahatelonny ka zarain'izy roa mitovy.

M.241: Raha maty ny olona ka namela vehivavy vady sy raibe sy renibe avy amin'ny ray sy raibe sy renibe avy amin'ny reny, dia omena ireo raibe sy renibe avy amin'ny reny ny iray ampahatelon'ny lova ka zarain'izy ireo mitovy izany, ary ilay vehivavy vady no mandova ny anjarany izay mbola ho avy amin'ny manaraka ny fanazavana izany, fa ny sisa tavela dia omena ny raibe sy renibe avy amin'ny rain'ilay maty, ka ny lehilahy no mahazo anjara roa ny anjaran'ny vehivavy.

M.242: Raha ny vehivavy no maty ka namela vady lahy sy raibe sy renibe, dia ilay vady no mandray ny antsasak'ilay lova, fa ny sisa tavela dia ho an'ny raibe sy renibe araka ny fanazavana teo aloha.

M.243: Ny zanaky ny rahalahin'ilay maty dia tsy mandova raha mbola eo ireo rahalahiny, arak'izany dia tsy mandova ny zanaky ny rahalahy iray, na dia ny zanaky ny rahalahy avy amin'ny ray sy reny, raha mbola eo ny rahalahy na anabavy na dia avy amin'ny ray na avy amin'ny reny fotsiny izy ireo. Izany nolazaina izany no atao raha ohatra ka nanelingelina amin'ilay lova ilay zanaky ny rahalahy; fa raha tsy

nanelingelina izy, toy ny hoe: raha namela raibe anankiray ilay maty avy amin'ny reny sy zanaky ny rahalahy avy amin'ny reny ary rahalahy anankiray avy amin'ny rainy, dia ny zanaky ny rahalahy amin'izay fotoana izay, dia mikambana amin'ilay raibe amin'ilay anjara iray ampah telon'ilay lova ary ny roa ampahatelony ho an'ilay rahalahiny.

Fandovàna amin'ilay ambaratonga fahatelo

Ny rahalahin-drainy sy ny anabavin-drainy dia anisan'ilay ambaratonga fahatelo ka manana endrika maromaro ny fandovàn'izy ireo fa tsy resahintsika ato amin'ity boky ity izany, koa amporisihina ny mpino matahotra an'i Allah mba hiverina amin'ireo boky fiqh lehibe manazava izany mba tsy ho tratan'ny fandikan-dalàna, izay tena sarobidy tokoa eo anatrehan'i Allah!

Fandovàn'ny mpivady

M.244: Ny lehilahy dia mandova ny antsasaky ny lova raha ohatra ilay vehivavy izay vadiny maty dia tsy nanan-janaka na dia taranaka midina hatrany hatrany aza, ary mahazo ny iray ampahefan'ilay ny lova raha ohatra ka nanan-janaka ilay vehivavy, na dia tsy zanak'ilay lehilahy vadiny aza. Ary ny sisa tavela amin'ny lova dia zaraina amin'ireo mpandova hafa rehetra. Ny vehivavy ihany koa raha maty ilay lehilahy vadiny dia mahazo ny iray ampahefan'ilay lova raha ohatra ilay lehilahy tsy nanan-janaka, na dia taranaka midina hatrany hatrany aza, ary mahazo ny iray ampahavalo raha toa ka ilay lehilahy nanan-janaka na dia zanany tamin'ny vehivavy hafa, ary ny sisa tavela amin'ilay lova dia omena ireo mpandova hafa rehetra. Fa kosa ny vady vehivavy dia manana lalàna manokana mifehy azy amin'ny fandovàna. Tena marina fa misy ny sasantsasany amin'ireo harena dia tsy azon'ilay vady vehivavy atao mihitsy ny mandova azy, na lovainy mivantana izany na amin'ny alalan'ilay vidiny, ary amin'ny ankapobeny, ireo harena izay tsy azony lovainy ireo dia ny tany; ohatra raha misy trano na voly miorina eo

amin'ny tany iray dia tsy azony lovaina mihitsy ilay tany fa ny trano na ny voly eo aminy ihany no azony lovaina. Ary misy ihany koa ny sasany amin'ny fananana izay tsy azon'ilay vehivavy ny mandova azy mivantana, fa kosa manan-jo ny mandova ny vidiny izy, ary izany dia ny hazo sy ny voly, sy izay nahorina eo amin'ireo trano sy ny hafa ankoatran'ny. Tena marina fa ny vady vehivavy dia mahazo anjara amin'ny vidin'ireo harena ireo, ary ny manankery amin'ny vidin'ireo harena ireo dia ny vidiny amin'ny fotoana hanomezana azy. Raha ohatra ilay mpandova ka nanome azy ilay lova mivantana ho solon'ilay vidiny, dia ny fitandremana tsara ho an'ilay vady vehivavy dia ny manaiky izany. Eny, izany fitandremana izany dia tsy mifanalavitra amin'ilay fitandremana tsy maintsy arahina.

Fa ankoatra ireo harena ireo amin'ireo karazana lova rehetra, dia ilay vady vehivavy dia afaka mandova sahala amin'ireo mpandova rehetra.

M.245: Raha maro ireo vady vehivavy dia zaraina amin'izy ireo ilay iray ampahefatra na ilay iray ampahavalo na dia tsy mbola tsy nisy aza ny firaisana ara-nofa teo amin'izy ireo na amin'ny sasany amin'izy ireo. Eny, ilay vady vehivavy tsy mbola nanaovana firaisana ara-nofa, kanefa efa nanambady azy ilay lehilahy tamin'izy voan'aretina izay nahafaty azy, dia tsy ara-dalàna izany fanambadiana izany ka tsy mahazo vodiondry sy lova izany vehivavy izany. Fa raha ilay lehilahy kosa no nanambady vehivavy efa ao anatin'ny aretina izay nahafaty azy, dia afaka mandova azy izany lehilahy izany na dia mbola tsy nanao firaisana ara-nofa taminy aza, araka ny fahitàn'i As-sayed As-sistani (حفظه الله).

M.246: Mifandova ny mpivady raha toa ka ny fisarahan'izy ireo dia fisarahana izay antsoina hoe الطَّلَاقُ الرَّجْعِيّ “*twalàqour-radjai'in*”, raha mbola ao anatin'ny “*ind'dah*” ilay vehivavy, fa raha tapitra kosa ilay “*ind'dah*” na ilay *twalàq* nomena dia ilay antsoina hoe “*at-twalàqoul-bàin*” الطَّلَاقُ الْبَائِنُ, dia tsy mifandova izy ireo. Miverena amin'ilay fiqh ho an'ny vehivavy nosoratanay izay manazava mikasika ireo *twalàq* anankiroa ireo sy manazava mikasika ny atao hoe: “*al-ind'dah*”.

M.247: Raha ilay lehilahy izay narary no nanome twalàq ny vadiny, ka maty izy alohan'ny tsy mbola nahafeno taona iray -ny nanomezana twalàq-, izany hoe tsy mbola nahafeno roa ambiny folo volana, dia afaka mandova azy ilay vehivavy raha toa ka feno aminy ireto fepetra telo ireto:

1-Tsy nanambady lehilahy ankoatran'io vadiny io izy hatramin'ny fahafatesan'ily lehilahy teo afovoan'ily taona, fa raha tsy izany, araka ny fahitan'ny As-sayed As-sistani dia tsy afaka mandova izy, na dia ny fitandremana tena tsara dia ny fifanarahana.

2-Ilay twalàq dia tsy tokony avy amin'ny fangatahan'ily vehivavy amin'ny alalan'ny fanomezana zavatra na tsia, fa raha tsy izany dia tsy afaka mandova ilay vehivavy araka ny fahitan'ny As-sayed As-sistani (حَفِظَهُ اللهُ).

3- Ilay vady lehilahy izay narary dia maty noho izany aretiny izany na nohon'ny antony hafa ankoatr'izany, fa raha toa ka sitrana izy tamin'ily aretina ka avy eo maty nohon'ny antony hafa, dia tsy mandova azy ilay vehivavy.

M.248: Ny zavatra rehetra ampiasain'ily vehivavy amin'ireo lamba na ankoatr'izany nohon'ny fahazoan-dàlana avy ilay lehilahy vadiny fa tsy fanomezana azy ho fananany manokana, dia hiverina ho anisan'ily lova izay lovain'ireo mpandova fa tsy ho fananan'ily vehivavy manokana.

Ireo trangan-javatra samihafa mikasika ny lova

M.249: Omena maimaim-poana ho lovan'ily zanakalahy voalohany, na zanakalahy roa mitovy taona raha tsy misy lehibe amin'izy roa, ny Quor'an sy ny peratr'ily maty sy ny sabatra sy izay notafiany

tamin'ny vatany, fa tsy ny lamba izay nokasainy atao varotra na hafa. Raha maro ireo zavatra ireo ankoatra ilay lamba, ohatra izy nanana sabatra anankiroa, dia ny fitandremana tsara harahina dia ny manao fifanarahana miaraka amin'ireo mpandova hafa.

M.250: Ferana mba ho silamo ny mpandova raha ohatra ilay nampanova dia silamo, ka noho izany dia tsy mandova ny olona silamo ny olona kàfir, na dia ny olona silamo afaka mandova ny olona kàfir. Ary torak'izany koa, ferana mba tsy ilay mpandova no namono an-tsitrapo amin'ny fanagejana ilay nolovainy. Fa raha nahafaty azy tamin'ny fahadisoana toy ny fanorahana vato teny amin'ny toerana hafa ka nahavoana an'ilay olona lovaina ary maty tamin'izany izy, dia afaka mandova azy izy, fa kosa ny mandova ilay vidin-drà latsaka dia misy olana hoy ny As-sayed As-sistanī (حَفِظَهُ اللهُ).

M.251: Ny zaza ao am-bohoka dia mandova raha ohatra ka teraka velona, ary azo atao alohan'ny hiterahany ny mizara ny lova amin'izy ireo, fa ny fitandremana tsy maintsy harahina amin'izay fotoana izay, dia ny manokana ny anjaran'ny lahy iray raha tsy natokisana ho vehivavy izy. Eny, ny fitandremana tsara ataony dia ny manokana ny anjaran'ny lehilahy anankiroa na mihoatra aza, raha efa nisy fanahiana ho kambana. Koa raha teraka velona, ary nahazo zaza roalahy, dia samy efa nahazo ny anjarany avy izy roa, fa raha mpianadahy no teraka na mpirahavavy, na lehilahy iray sy vehivavy anankiroa, amin'izay fotoana izay dia zaraina ilay mihoatra amin'ireo mpandova arakaraky ny anjaran'izy ireo.

وَالْحَمْدُ لِلَّهِ رَبِّ الْعَالَمِينَ وَ صَلَّى اللهُ عَلَى مُحَمَّدٍ وَ آلِهِ الطَّاهِرِينَ.

في جُمْلَةٍ من الأَدْعِيَةِ المَأْتُورَةِ

Ireto misy vondrona dou'an voaray avy tamin'ireo olo-masina tsara atao amin'ny qounoute:

اللَّهُمَّ اجْعَلْنِي مِنْ جُنْدِكَ فَإِنَّ جُنْدَكَ هُمُ الْعَالِيُونَ، وَاجْعَلْنِي مِنْ حِزْبِكَ فَإِنَّ حِزْبَكَ هُمُ الْمُفْلِحُونَ، وَاجْعَلْنِي مِنْ أَوْلِيَائِكَ فَإِنَّ أَوْلِيَاءَكَ لَا خَوْفَ عَلَيْهِمْ وَلَا هُمْ يَحْزَنُونَ.

O ry Allah, ataovy mba ho anisan'ny miaramilanao aho, marina tokoa fa ireo miaramilanao no mpandresy, ary ataovy ho anisan'ny ekipanao aho, marina tokoa fa ilay ekipanao no avotra, ary ataovy mba ho anisan'ny sakaizanao aho, marina tokoa fa ireo sakaizanao no tsy misy fahatahorana eo amin'izy ireo no sady tsy misy malahelo.

اللَّهُمَّ أَغْنِنَا بِحَلَالِكَ عَنْ حَرَامِكَ، وَبِطَاعَتِكَ عَنْ مَعْصِيَتِكَ، وَبِفَضْلِكَ عَمَّنْ سِوَاكَ، بِرَحْمَتِكَ يَا أَرْحَمَ الرَّحِمِينَ.

O ry Allah, ataovy manan-karena izahay amin'ny alalan'ny zavatrao halàl fa tsy amin'ny haràm, ary amin'ny alalan'ny fankatoavana anao, fa tsy amin'ny alalan'ny fanoherana, ary amin'ny alalan'ny fitahiana, fa tsy amin'ny fitahian'ny hafa; amin'ny alalan'ny famindramponao. Ry ilay be famindram-po amin'ireo mpamindra fo.

اللَّهُمَّ تَبَّنِّي عَلَى دِينِكَ مَا أَحْيَيْتَنِي، وَلَا تُزِعْ قُلُوبِي بَعْدَ إِذْ هَدَيْتَنِي، وَهَبْ لِي مِنْ لَدُنْكَ رَحْمَةً إِنَّكَ أَنْتَ الْوَهَّابُ.

O ry Allah, ataovy mifikitra amin'ny finoanao aho mandritra ny fahavelomako, ary aza avelanao hivily ny foko aorian'ny fanitsiana ahy, ary omeo ahy ny famindram-po avy Aminao. Tena marina fa lanao no Ilay Tena Mpanome.

اللَّهُمَّ إِنَّا نَرْعُبُ إِلَيْكَ فِي دَوْلَةِ كَرِيمَةٍ، تُعِزُّ بِهَا الْإِسْلَامَ وَأَهْلَهُ، وَتُنْذِلُ بِهَا
النَّفَاقَ وَأَهْلَهُ، وَتَجْعَلُنَا فِيهَا مِنَ الدُّعَاةِ إِلَى طَاعَتِكَ، وَالْقَادَةِ إِلَى سَبِيلِكَ، وَتَرْزُقُنَا بِهَا
كِرَامَةَ الدُّنْيَا وَالْآخِرَةِ، بِرَحْمَتِكَ يَا أَرْحَمَ الرَّاحِمِينَ.

O ry Allah, tena marina fa izahay dia maniry ny mba hahazo firenena masina avy Aminao, amin'ny alalan'izany no hanomezanao ny voninahitry ny islamo sy ny mpanaraka azy, ary ravao ny fitsarambelatsihy sy ny mpanaraka azy, ary ataovy mba ho anisan'ny mpiantso ny olona amin'ny fankatoavana Anao amin'izany firenena izany izahay, sy mpitarika amin'ny lalanao, ary omeo anay amin'ny alalan'io firenena io ny voninahitra eto an-tany sy ny any ankoatra. Amin'ny alalan'ny famindram-ponao, ry Ilay be Famindrampo amin'ireo mpamindra fo .

اللَّهُمَّ اجْعَلْ قُوَّتِي فِي طَاعَتِكَ، وَنَسَاطِي فِي عِبَادَتِكَ، وَرَعْبَتِي فِي نَوَابِكَ،
وَزُهْدِي فِيمَا يُوجِبُ لِي أَلِيمَ عِقَابِكَ، بِرَحْمَتِكَ يَا أَرْحَمَ الرَّاحِمِينَ.

O ry Allah, ataovy ny heriko rehetra ho ao amin'ny fankatoavana Anao, ary ny fahazotoko ho amin'ny fanompoana Anao, ary ny faniriako dia ny hahazo ny fahasoavanao; ary fihafiako amin'ny fiainana eto an-tany dia mba tsy hahazoana ny fangirifirian'ny saza, ry Ilay be Famindram-po amin'ireo mpamindra fo.

Voambolana sasany amin'ny fiqh

Ny wadjib: dia ny fihetsika rehetra izay ahazoan'ny olombelona fahasoavana ny fanaovana azy, raha miaraka amin'ny fikasana mba hanatanteraka ny didin'i Allah, ary koa ahazoana sazy ny famelàna azy. Ohatra: ny swalât, ny swaom, ny hadj ho an'ny olona izay afaka mandeha, ny zakât, ny fanaovana ny tsara amin'ireo ray aman-dreny ...sns.

Ny haràm: dia ny fihetsika rehetra izay ahazoan'ny olombelona sazy ny fanaovana azy, ary ahazoana fahasoavana ny famelàna azy, raha miaraka amin'ny fikasana mba hanatantareka ny didin'i Allah. Ohatra: ny lainga, ny halatra, ny filokana, ny fampijaliana ny hafa, ny fijangajangana, ny fihinanana zava-pady na zana-bola ...sns.

Ny moustahab: dia ny fihetsika rehetra izay ahazoan'ny olombelona fahasoavana ny fanaovana azy, raha miaraka amin'ny fikasana mba hanatanteraka ny didin'i Allah, fa tsy ahazoana sazy kosa ny famelàna azy. Ohatra: ny fanaovana adhàn, na iqàmah, ny qounoute amin'ny swalât, na ny fiarahabana hoe: السَّلَامُ عَلَيْكُمْ “As-salàm Anlaikoum” ...sns.

Ny makrouh: dia ny fihetsika rehetra izay ahazoan'ny olombelona fahasoavana ny famelàna azy raha miaraka amin'ny fikasana mba hanatanteraka ny didin'i Allah, ary tsy ahazoana sazy ny fanaovana azy. Ohatra: ny torimaso eo anelanelan'ny fiposahan'ny mangiran-dratsy sy ny fiposahan'ny masoandro, ny fanapahana ny hoho amin'ny nify, ny fisakafoanana miaraka amin'ny vatana misy djanaba ...sns.

Ny moubah: dia ny fihetsika izay tsy ahazoan'ny olona sazy na fahasoavana ny fanaovana sy ny famelàna azy. Ohatra: ny fihinanana, ny fisotroana, ny torimaso mba hahazoana fahafinaretana...sns.

Ny kàfir: dia ny olona tsy mpino.

Ny zakât: dia ny hetra alaina avy amin'ny harena sasantsasany izay ananan'ny mpino.

Fomba nanoratana an'ireo litera arabo:

خ	ح	ج	ث	ت	ب	ا
<i>kh</i>	<i>h</i>	<i>dj</i>	<i>th</i>	<i>t</i>	<i>b</i>	<i>a</i>

ص	ش	س	ز	ر	ذ	د
<i>sw</i>	<i>ch,sh</i>	<i>s</i>	<i>z</i>	<i>r</i>	<i>dh</i>	<i>d</i>

ع	ع	ع	ع	ظ	ط	ض
<i>an</i>	<i>in</i>	<i>on</i>	<i>en</i>	<i>dhw</i>	<i>tw</i>	<i>lw</i>

ن	م	ل	ك	ق	ف	غ
<i>n</i>	<i>m</i>	<i>l</i>	<i>k</i>	<i>q</i>	<i>f</i>	<i>gh</i>

ي	ء	ه	و
<i>y</i>	<i>a</i>	<i>h</i>	<i>w</i>

Fizahan-takelaka :

Teny fampidirana	8
Ny ezaka sy ny fanarahana	10
1-Loharano nipoiran'ireo lalàna	11
2-Ny anjara asan'ireo Mpaminany.....	11
3-Ny anjara asan'ireo manam-pahaizana	11
4-Famaritana.....	12
A-Ny charīanh	12
B- Ny idjtihad	12
D- Ny taqlīd	13
5-Ireo lalàna mikasika ny taqlīd	13
6- Ireo fepetra takiana amin'ny mardjan.....	14
a) الْأَعْلَمِيَّةُ ny fahambonian'ny fahalalàna.....	14
b) الْعَدَالَةُ ny fanaovana ny rariny	14
d) الْحَيَاةُ ny fahavelomana.....	14
7- Lalàna amin'ny ankapobeny mikasika ny fanompoana	15
Fizarana voalohany	19
Ireo asa fanompoana	19
Ny swalàt.....	20
Ny swalàt fanao andavan'andro	20
Ireo fampidirana amin'ny swalàt	21
Fampidirana voalohany	21
Ny fahadiovana	21
Ireo karazana nadjis -al-khabath-	22

a-Ny kakà sy ny pipy.....	22
b-Ny rà	22
d-Ny biby maty ho azy	23
e-Ny toaka.....	23
f-Ny kafir	24
g-Ny alika sy ny kisoa an-tanety.....	25
h-Ny ranon'aina	25
Fomba fifindran'ny nadjis	26
Fomba fanadiovana	26
Ireo zavatra mpanadio.....	27
1 - Ny rano أَمَاءُ.....	27
Ny rano madio tsy mifangaro	28
Ny rano mifangaro	28
Ny rano kely	29
Ny rano be.....	29
Ny fanadiovana ny fitaovana an-dakozia.....	29
Ny fanadiovana ankoatr'ireo fitaovana an-dakozia.....	30
2 - Ny masoandro الشمس.....	31
3 - Ny tany الأرض.....	31
4 - Al-Istihàlah الأستحالة.....	32
5 - Al-inquilàb الأنقلاب.....	32
6 - Al-intiqualè الانتقال.....	32
7 - Al-islàm الإسلام.....	32
8 -Ny fanarahana التَّبَعِيَّة.....	33

9 – Ny tsy maha-eo ny silamo ampy taona, na izay mahay manavaka -ny tsara sy ny ratsy- غِيَابُ الْمَسْلَمِ الْبَالِغِ أَوْ الْمَمَيِّزِ	33
10-Fialan’ny vaingan’ny nadjjs زَوَالُ عَيْنِ النَّجَاسَةِ.....	33
11-Fanadiovana ny biby إِسْتِثْرَاءُ الْحَيَوَانَ 34	34
12-Ny fivoahan’ily rà mahazatra amin’ily biby novonoina	34
Ny lalàna mifehy an’ireo maty	35
Fepetra takiana amin’ily mampandro.....	39
Fomba fampandroana ny faty	40
Fampitafiana ny maty	43
Fepetra takiana amin’ily kafan.....	44
Fanosorana “kafour”	45
Ny swalàt atao amin’ny maty	46
Fomba fanaovana swalàt amin’ny maty	47
Fepetran’ny swalàt atao amin’ny maty	50
Fandevenana ny maty.....	52
Ny fomba fanaovana swalàtoul-wah’chah	57
Ireo fandroana moustahab	70
Ny loto lehibe ara-pinoana izay tsy hita maso.....	73
Ireo antony mahatonga ny loto lehibe ara-pinoana.....	73
a.Ny fikasihana faty " مَسُّ الْمَيِّتِ "	73
b.Ny djanàbah الْجَنَابَةُ	74
d. Ny fadimbolana الْحَيْضُ	76
Lalàna mifehy ny vehivavy mandeha fadimbolana.....	77
e. Ny ràn’ny fiterahana النَّفَاسُ	78
f. Ny fitsihan-drà الإِسْتِحَاضَةُ	79

Ny fitsihan-drà sy ny lalàna mifehy azy	79
Ny fomba fandroana	82
Ny loto kely ara-pinoana izay tsy hita maso	83
Ny fidiovana masina woulwou sy ireo fepetrany	84
Ny fomba fanaovana ny woulwou	85
Ireo dou'a tsara atao rehefa manao woulwou	86
Ireo lalàna mifehy ny woulwou	91
Ireo lalàna mifehy ny tayammoum	91
Ireo antony mahatonga ny fanaovana tayammoum	92
Amin'inona no hanaovana tayammoum	92
Ny fomba fanaovana tayammoum	93
Ireo lalàna mikasika ny djabirah	94
Ireo lalàna momba ny fivoahana	95
Ireo loto azo leferina	96
Ny swalàt sy ny tombontsoany	97
Fampidirana faharoa	98
Ny toerana fanaovana swalàt	98
Fampidirana fahatelo	99
Ny lamban'ny mpivavaka	99
Fampidirana fahefatra	100
Ny fidiran'ny fotoana	100
Fanazavana an'ireo fotoana ireo tsara ho fantatra:	102
Fampidirana fahadimy	105
Ny fitodihana any amin'ny qiblah	105
Ireo fihetsika atao amin'ny swalàt	106

Ny adhàn sy ny iqàmah.....	107
An-niyyah	114
Takbīratoul-ihràṁ	115
Al-qiyàm	116
Al-qirà'ah.....	117
Ar-roukoùn.....	119
As-soudjoud	120
Adh-dhikr	122
At-tachâhâhoud	123
At-taslim.....	124
Ireo fepetra amin'ny ankampobeny	125
Al-istiqrâr	125
At-tartīb	126
Al-mouwâlâte.....	126
Al-qounoûte	127
Ny fomba fanaovana swalât	129
At-taen'qīb	133
Ireo zavatra manimba ny swalât.....	135
1/2 - Ny fihinanana sy ny fisotroana الْأَكْلُ وَ الشَّرْبُ	135
3 - Ny fitenenana الْكَلَامُ	135
4 - Ny fihomehezana الصَّحَابُ	136
5 - Ny fitomaniana الْبَيْتُ	136
6 - Ny fitodihana الْإِلْتِقَاتُ.....	136
7 - Ny fihetsika izay mamafa ny endriky ny swalât	138
8 -Ny fitsipahana an'ireo fepetra مُخَالَفَةُ الشَّرْطِ.....	138

9/10 -Ny famehezan-tanana sy ny fitenenana “àmīne”	138
Ireo lalàna mikasika ny fahabangana sy ny fisalasalana ary ny fanadinoana	139
1– Ireo lalàna mikasika ny fahabangana أحكام الخلل	139
2 – Lalàna mikasika ny fanadinoana احكام السهو	140
Fomba fanaovana soudjoudous-sahwi	140
Ireo mahatonga ny soudjoudous-sahwi	141
Ireo lalàna mikasika ny fisalasalana	142
Lalànan’ny fisalasalana amin’ireo fihetsika	143
Lalànan’ny fisalasalana eo amin’ireo rakaànte.....	144
Swalàtoul-ihtiyàtw	145
Ireo lalàna mifehy ny mpanao dia lavitra	146
Ireo lalàna mifehy ny swalàtoul-djamàanh	150
Sasantsasany amin’ireo swalàt moustahab fanao andavan’andro	158
Ny swalàtoul-djourn’anh.....	167
Ireo fepetran’ny swalàtoul-djourn’anh.....	169
Swalàtoul-àyàte	173
1-Ny antony tsy maintsy hanaovana azy	173
2-Ny fotoana hanatanterahana azy	173
3-Ny fomba fanaovana azy	174
Ny fifehezana sy ireo fepetra maha-wadjib azy	176
Ireo antony maha-wadjib ny fifehezana	177
a-Ny volana Ramadan	178
b-Ny fifehezana nohon’ny kaffàrah	178
d-Fepetra ny maha-wadjib ny fifehezana	178
Ireo zavatra manapaka ny fifehezana.....	182

1-2-Ny fihinanana sy ny fisotroana	182
3-Mampiditra ny loha ao anaty rano	183
4-Fidiran’ny vovoka sy setroka ary ny etona	183
5-Ny loa	184
6-Ny “serum” seraoma	184
7-Ny firaisana ara-nofa	184
Ny zakàt	185
1-Eo amin’ireo vokatra	186
2-Eo amin’ireo biby fiompy.....	187
3-Eo amin’ny volamena sy ny volafotsy.....	190
Zakàtoul-fitw’rah	192
Al-khoums	195
Al-am’rou bil-ma’enrouf wan-nañ’you anil-moun’kar.....	198
Famporisihana amin’ny tsara sy fandrarana amin’ny ratsy.....	198
Fizarana faharoa	205
Ireo lalàna mikasika ireo asa fifampiraharaha.....	205
Ireo tombom-barotra haràm sy ireo lalànan’ny fametrahan’antoka	206
Ireo zavatra haràm.....	207
Al-mafàsìd	207
1-Ny lainga الكُذْبُ.....	207
2-Ny fifosana الغَيْبَةُ	208
3-Fanaovana tsinontsinona ny mpino إِهَانَةُ الْمُؤْمِنِ.....	210
4-Ny fialonana الحَسَدُ.....	211
5-Ny fampijaliana ny ray aman-dreny الْعُقُوقُ الْوَالِدَيْنِ.....	211
6-Fanapahana ny fifandraisana amin’ny havana قَطْعُ الرَّحْمِ.....	212

7-Ny vavolombelon'ny lainga شَهَادَةُ الزُّورِ.....	215
8-Ny fanambonian-tena التَّكْبُرُ.....	216
9-Ny fireharehana الرِّيَاءُ.....	217
10-Fandanim-poana الإِسْرَافُ.....	218
11-Fanimbazimbana ireo zava-masina الإِسْتِهَانَةُ بِالمَقْدَسَاتِ.....	219
12-Fifindramonina any amin'ny toerana feno haratsiana.....	222
Ireo entam-barotra haràm.....	224
1.Ny biby maty ho azy المَيْتَةُ.....	224
2.Ny toaka الخَمْرُ.....	224
3.Sary sikotra التَّمَاتِيلُ.....	224
4.Ireo fitaovana filokana آلَاتُ القَمَارِ.....	225
5.Ny fanaovana sary الرَّسْمُ.....	225
6.Ireo fitaovan'ny lamozika آلَاتُ المَوْسِيقَى.....	225
7.Ny majia السِّحْرُ.....	226
8.Ny fakàna tambiny amin'ny zavatra wadjib أَخْذُ الأُجْرَةِ عَلَى الوَاجِبِ.....	226
9.Ny fisolokiana العِشُّ.....	226
10.Ny hira الغَنَى.....	227
11.Fanampiana an'ireo mpanageja مَعُونَةُ الظَّالِمِينَ.....	227
12.Ny zana-bola الرِّبَى.....	227
13.Ny fibodoana entam-barotra الإِحْتِكَارُ.....	227
14-Ny fankahalana الإِعْتِدَاءُ.....	228
Ireo lalànan'ny fametraham-pananana.....	228
Ireo lalàn'ny findramana.....	229
Ireo lalànan'ny zavatra hita eny an-dàlana.....	230
Ireo lalàn'ny varotra.....	232


Fifampiraharaha na varotra tsy tsara atao	234
Ny fifandraisan'ny lehilahy amin'ny vehivavy	235
1. Ireo lalàn'ny fanambadiana أَحْكَامُ الزَّوْاجِ	235
2. Ireo lalànan'ny fihavanana أَحْكَامُ النَّسَبِ	241
3. Ireo lalànan'ny firafozanana أَحْكَامُ الْمَصَاهِرَةِ	241
4. Ireo lalànan'ny fampinonoana أَحْكَامُ الرِّضَاعِ	242
Tabilaon'ny mpifady avy amin'ny lehilahy sy ny vehivavy	243
Ireo lalànan'ny fihazàna sy ny famonoana biby	246
1- Ireo lalànan'ny fihazàna	246
2- Ireo fepetran'ny fihazàna	247
Ny fanaratovana trondro	247
3- Ireo lalànan'ny famonoana biby	248
4- Ireo fepetran'ny famonoana	249
Ireo lalànan'ny fisakafoanana sy fisotroana	250
Ireo zavatra haràm ara-tsakafo	251
Ireo biby haràm tsy azo hohanina	251
Ny fomba fanadiovana azy	252
Ireo zava-pisotro haràm	254
Ireo lalànan'ny fianianana sy ny voady	255
1- Ireo lalàna mikasika ny voady	256
2- Ireo lalàna mikasika ny fianianana	257
Ny lalànan'ireo onitra	258
Ireo lalànan'ny fifandovàna	259
Fandovàna amin'ilay ambaratonga voalohany	261
Fandovàna amin'ilay ambaratonga faharoa	264

Fandovàna amin'ilay ambaratonga fahatelo	268
Fandovàn'ny mpivady.....	268
Ireo trangan-javatra samihafa mikasika ny lova	270
Voambolana sasany amin'ny fiqh	274
Fomba nanoratana an'ireo litera arabo :.....	275

Anaran'ilay boky:	Didy aman-dalàna notsorina.
Mpadikan-teny:	Sheikh Salim Manrouf
Natonta:	Voalohany
Navoaka:	Teto Antananarivo, volana Jamàdi Al-oulà 1440H/2019.
Famoaham-boky:	Print Express Tél: 22 697 62 Fax: 22 551 53
Imprimatur:	INISMA

الفقه الميسر

Didy aman-dalàna notsorina



مدرسة دار الحكمة

Madrassah Dâroul-hikmah